



I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara Mandrakizay

Bokin'ny Mpampianatra
Fianarana filazantsara faha-250

Fandaharam-pianarana Fehizoro

Bokin'ny Mpampianatra - I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara Maharitra Mandrakizay

Fianarana ny filazantsara faha 250

Navoakan'
Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Ho raisina an-tanan-droa ireo fanamarihana sy fanitsiana. Mba alefaso izany, miaraka amin'ireo zavatra diso, ao amin'ny:

Seminaries and Institutes of Religion Curriculum Services
50 E. North Temple St., Floor 8
Salt Lake City, Utah 84150-0008
USA

Email: ces-manuals@ldschurch.org

Mba soraty azafady ny anaranao feno, ny adiresinao, ny paroasy sy ny tsatòka misy anao.
Aza adino ny manome mazava ny lohatenin'ilay boky. Avy eo dia zarao ny fanamarihana avy aminao.

© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 8/14
Fankatoavana ny Fandikana: 8/14
Fandikana ny *Jesus Christ and the Everlasting Gospel Teacher Manual*
Language
PD10052296 xxx

Votoatiny

Fampahafantarana ny Bokin'ny Mpampianatra - I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara

Maharitra Mandrakizay	v
1 I Jesoa no ilay Kristy velona	1
2 I Jesoa Kristy no ivon'ny tantaran'ny olombelona rehetra	5
3 I Jehovah sy ny Asa Fanompoany Talohan'ny Nahaterahany	10
4 Nahary ny Tany i Jehovah	14
5 I Jesoa Kristy no Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha	18
6 Fambara sy Tandindona ary Sarihatra maneho an'i Jesoa ilay Kristy	23
7 I Jesoa Kristy—Zanaka Lahitokan' Andriamanitra tao amin'ny nofo	27
8 Nanatanteraka ny Fahamarinana rehetra i Jesoa Kristy	32
9 Ny fitaomana lalina ananan'ny Mpamonjy	36
10 Avia, manaraha Ahy	40
11 Nandehandeha nanao soa i Jesoa Kristy	44
12 Ireo fahagagana teny amin'ny lalamben'i Palestina	49
13 Niantso Apôstôly Roambinifolo i Jesoa Kristy	54
14 I Jesoa Kristy no ilay Mesia	59
15 Nampiorina ny Fanasan'ny Tompo i Jesoa Kristy	63
16 Nanao ny Sorompanavotana ho an'ny Fahotan'ny Olona Rehetra ny Mpamonjy	68
17 Nijaly sy Maty teo amin'ny Hazofijalian'i Kalvary ny Mpamonjy	73
18 Nanao Asa Fanompoana tany amin'ny Tontolon'ny Fanahy ny Mpamonjy	77
19 Nitsangana tamin'ny maty Izy	82
20 Nanompo teo anivon'ny "Ondri[ny] Hafa" ny Mpamonjy	88
21 Nanorina ny Fiangonany i Jesoa Kristy	92
22 Niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray sy ny Zanaka	97
23 Namerina Tamin'ny Laoniny ny Fisoronany sy ny Fiangonany ary ny Filazantsarany ny Mpamonjy	102
24 Velona Izy!	107
25 Mbola Hiverina i Jesoa Kristy Indray Andro Any	112
26 Hanapaka amin'ny maha-Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Hitsara Izaon'ny Tontolo Izaon'ny Jesoa Kristy	117
27 I Jesoa Kristy no fahazavana sy fiainana ary fanantenan'izao tontolo izao	122
28 Vavolombelona Manokan'i Jesoa Kristy	126
Handouts	0

Fampahafantarana ny I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara Maharitra Mandrakizay, Bokin'ny Mpampianatra (Fianarana ny filazantsara faha 250)

Inona no andrasana amin'ny mpampianatra filazantsara?

Rehefa miomana hampianatra ianao, dia zava-dehibe ny mhahatakatra ireo Tanjon'ny Seminera sy Institiota Fianarana ny Filazantsara:

“Ny tanjontsika dia ny hanampy ny zavoto sy ny tanora manambady sy tsy manambady hahatakatra sy hiantehitra amin'ny fampianarana sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, sy ho mendrika ny hahazo ireo fitahiana avy amin'ny tempoly, ary hiomana sy hanomana ny fianakaviany ary ny hafa ho amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Ray any An-danitra” (*Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara: Boky Torolalana ho an'ireo Mpampianatra sy Mpitarika ao amin'ny Seminera sy Institiota fianarana ny Filazantsara* [2012], x).

Afaka manatratra io tanjona io ianao raha miaina ny filazantsara, sy mpampianatra amin'ny fomba mahomby ny filazantsara ho an'ireo mpianatra, ary mitantana araka ny tokony ho izy ny kilasinao na ny fandaharam-pianaranao. Rehefa miomana sy mpampianatra ny filazantsara araka ireo fomba ireo ianao, dia ho mendrika hahazo ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

Fahafahana ho anao ny manampy ireo mpianatra hianatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina mba hahafahan'izy ireo mampahatanjaka ny finoany sy hampiorim-paka ny fiovam-pony. Afaka manampy ireo mpianatra hanatanteraka izany ianao rehefa mitarika azy ireo mba hamantatra sy hahatakatra ary hahatsapa ny fahamarinan'ireo fotopampianarana sy fitsipika manan-danjan'ny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny maha-zava-dehibe ka miomana hampihatra izany.

Ilay boky torolalana hoe *Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara* dia loharano tena ilaina mba hahatakarana ny fandehan'ny fampianarana sy ny fomba hahitana fahombiazana ao an-dakilasy. Jereo matetika io boky torolalana io.

Inona avy ireo tanjon'ity fampianarana ity?

Ity fampianarana ity hoe: *I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara Maharitra Mandrakizay* (Fianarana ny Filazantsara faha 250), dia manome fahafahana an'ireo mpianatra handalina ny asa fanompoana mandrakizay ataon'i Jesoa Kristy, ka mifantoka amin'ny anjara asany avy any an-danitra hatramin'ny fiainany talohan'ny tety an-tany sy ny fiainany tety an-tany ary ny fiainany aorian'ny fiainana an-tany. Ireo soratra masina nankatoavina, sy ireo tenin'ny mpampianany maoderina ary ilay taratasy mitondra ny lohanteny hoe “Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly” (*Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2–3) dia ampiasaina ho loharano nentanim-panahy ho an'ity fampianarana ity. Ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny fandalinana ny fiainan'i Jesoa Kristy sy ny asa nanirahana Azy.



“Mamporisika anareo amim-pahavitrihana aho hanao drafitra fandalinana manokana mba hahatakatra bebe kokoa sy hankasitraka bebe kokoa ny vokatry ny zava-bitra tonga lafatra nataon'i Jesoa Kristy tamin'ny antso masina nanendrena Azy, izay tsy manant-sahala sy mandrakizay ary tsy misy fetra, amin'ny maha Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy. Ny fisaintsainana lalina ataon'ny tena manokana momba ny soratra masina miaraka amin'ny fandalinana sy ny vavaka avy amin'ny fo dia hanamafy ny fahatakaranao sy ny fankasitrahanao ny Sorompanavotany izay tsy voavidy vola” (“Velona Izy! All Glory to His Name!” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2010, 77).

Rehefa takatr'ireo mpianatra sy ankasitrahany ny maha-zava-dehibe ilay antso avy any an-danitra nomena ny Mpamonjy sy ny vokatr'izany eo amin'ny fiainan'izy ireo, dia hihamatanjaka izy ireo manoloana ireo olana eo amin'ny fiainana ary hahatsiaro ho vonona kokoa hifanakalo hevitra momba ireo anjara asa masin'ny Mpamonjy ao amin'ny drafitry ny famonjena, izay tafiditra tanteraka ao anatin'izany ny fiainan'izy ireo manokana.

Inona no andrasana amin'ireo mpianatra?

Tokony hamaky ireo andinin-tsoratra masina sy ireo lahatenin'ny mpaminany voatanisa ao amin'ilay fizarana hoe Vakitenin'ny Mpianatra hita ao amin'ny lesona tsirairay ireo mpianatra. Tokony hahafeno ireo fepetra takiana mikasika ny fanatrehana fotoam-pianarana ihany koa ireo mpianatra ary haneho fahaizana momba ireo fitaovana ampiasaina amin'ny fampianarana.

Ahoana no firafitr'ireo lesona ao amin'ity boky torolalana ity?

Ity fampianarana ity dia narafitra ho an'ny fampianarana mandritra ny tapa-taona ary ahitana lesona 28 izay nosoratana ho an'ny fotoam-pianarana maharitra 50 minitra. Raha mianatra indroa isan-kerinandro ny mpianatrao dia mampianara lesona iray isaky ny fotoam-pianarana. Raha indray mandeha isan-kerinandro ihany ny mpianatrao no mianatra mandritra ny 90 na 100 minitra dia mampianara lesona roa natambatra isaky ny fotoam-pianarana. Ny topimaso amin'ny ankapobeny ho an'ny lesona tsirairay dia ahitana fizarana efatra:

- Fampidirana
- Vakiteny Enti-mandalina
- Sosokevitra Enti-mampianatra
- Vakintenin'ny Mpianatra

Fampidirana

Io fizarana io dia manome fampahalalana fohy momba ny lohahevitra sy ireo tanjon'ny lesona.

Vakiteny Enti-mandalina

Io fizarana io dia manolotra loharanom-pitaovana hovakiana, toy ny hafatra avy amin'ny mpaminany maoderina, izay hanampy anao hahatakatra bebe kokoa ireo fotopampianarana sy fisipika ary ireo fahamarinan'ny filazantsara izay tafiditra ao amin'ilay topimaso amin'ny ankapobeny ho an'ny lesona.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Ilay fizarana hoe Sosokevitra Enti-mampianatra dia ahitana fitaovana izay manampy anao mba hahafantatra ny hoe *inona* no ampianarina sy ny hoe *fomba ahoana* no hampianarana azy (jereo koa ny fizarana 4.3.3 sy 4.3.4 ao amin'ny boky torolalana *Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara*). Ireo asa ampanaovina ho enti-mianatra izay aroso dia narafitra mba hanampiana ireo mpianatra hamantatra sy hahatakatra ary hampihatra fahamarinana masina. Azonao atao ny mampiasa ny sasany amin'ireo izay tolo-kevitra na izy rehetra rehefa ataonao izay hampifandray azy ireny amin'ny fomba fampianaranao sy izay hanomezana ny zavatra ilain'ny mpianatra sy mety amin'ny toe-javatra misy azy ireo. Rehefa mandinika ny fomba hampifanarahana ny votoatin'ny lesona amin'izay zavatra ilaina ianao, dia ataovy izay hanarahana ity torohevitra avy amin'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



“Matetika ny Filoha Packer no nampianatra, araka ny fahenoako azy, hoe mandray aloha isika, ary avy eo vao mampifanaraka. Raha mahay tsara ny fitaovana ampiasaina amin'ny lesona izay ampianarintsika isika, dia ho afaka hanaraka ny Fanahy Masina isika mba hahafahana mampifanaraka tsara ny lesona amin'izay ilaina avy eo. Kanefa raha ny fahafahana manova no resahina dia misy fakampanahy hanomboka amin'ny fampifanarahana raha tokony hoe manomboka amin'ny fanarahana. Mila fandanjalanjana izany. Olana mipetraka mandrakariva izany. Kanefa ilay hoe manaraka aloha vao mampifanaraka dia tena fomba tsara ahafahana mijanonana amin'ny tany marina” (“A Panel Discussion with Elder Dallin H. Oaks” [Fampitana amin'ny alalan'ny zanabolana ataon'ny Seminera sy Institiota fianarana ny Filazantsara, Aog. 7, 2012]; si.lds.org).

Ilay fizarana hoe Sosokevitra Enti-mampianatra dia ahitana fanambarana iray fara-fahakeliny miseho amin'ny sora-matevina mikasika fotopampianarana na fitsipika iray. Rehefa hitan'ireo mpianatra ireo fotopampianarana sy fitsipika ireo ka mizara ny zavatra nianarany izy, dia mety tsy hitovy amin'izay voasoratra ao amin'ity boky torolalana ity ny teny ampiasainy. Rehefa izay no mitranga, dia tandremo sao manao izay hiheveran'izy ireo hoe diso ny valinteniny. Na izany aza, raha misy fanambarana izay azo ahitsy mba ho marina kokoa, dia ataovy amim-pahamalinana izay hahatakaran'izy ireo izany mazava tsara.

Mba hanampiana ireo mpianatra ho lasa mpianatra soratra masina mandritra ny androm-piainany, dia ampianaro azy ireo ny fomba fampiasana ireo fitaovana fanampiana handalina izay hita ao amin'ireo soratra masina navoakan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Araraoty ireo fahafahanao manampy ireo mpianatra mandritra ny fotoam-pianarana mba hampiasa ireo fahaiza-manao sy fomba fandalinana soratra masina (jereo ny *Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara*, 20–23). Rehefa manao izany ianao, dia hitombo ny fitiavan'ireo mpianatra ny soratra masina, hahazo hery izy ireo hahita ny valin'ny fanontaniany, ary hianatra ny hotarihin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Vakitenin'ny Mpianatra

Io fizarana io dia mitanisa andinin-tsoratra masina sy lahateny nataon'ny manampahefana ambonin'ny Fiangonana izay hampitombo ny fahatakaran'ireo mpianatra ireo lohahevitra hita ao amin'ireo lesona. Amporisiho ireo mpianatra hamaky ireo fitaovana ireo alohan'ny handehanany hanatrika ny fotoam-pianarana tsirairay. Rehefa mandalina ireo fitaovana nentanim-panahy ireo izy dia tsy vitan'ny hoe ho vonona kokoa handray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ao am-pianarana, fa hahazo fahatakarana misimisy ihany koa momba ireo lohahevitra ao amin'ny

fandaharam-pianarana. Omeo ny lisitry ny “Vakitenin’ny Mpianatra” rehetra ireo mpianatra amin’ny fiandohan’ny taom-pianarana.

Ahoana no ahafahako miomana hampianatra?

Hanampy anao ny Tompo rehefa miomana ny hampianatra ianao. Rehefa miomana ianao, dia mety ho hitanao hoe manampy ny mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto amin’ny tenanao:

- Efa nivavaka ve aho mba hahazo ny fitarihan’ny Fanahy Masina?
- Efa nandalina ireo andinin-tsoatra masina sy vakiteny enti-mandalina nasaina novakiana ve aho?
- Efa namaky ny fandaharam-pianarana ve aho sy namaritra raha misy zavatra tokony amboarina mba hampifanaraka izany amin’ny zavatra ilain’ny mpianatro?
- Ahoana ny fomba ahafahako manara-maso ny vakitenin’ny mpianatra mba hahazoako antoka fa mahazo ny tombontsoa betsaka indrindra avy amin’izany ireo mpianatra.
- Ahoana no ahafahako manampy ny mpianatro tsirairay handray anjara feno amin’ny lesona?

Mety hanampy ireto sosokevitra manaraka ireto:

- Amporisiho ireo mpianatra hamaky ireo andinin-tsoatra masina sy ireo lahatsoratra nasaina novakiana alohan’ny lesona tsirairay.
- Andraso amin’ny mpianatra ny hanatontosany ny anjara asany amin’ny maha-mpandranto fahalalana azy.
- Omeo fahafahana matetika ireo mpianatra hanazava ireo fotopampianarana sy fitsipika amin’ny fomba filazany azy manokana sy hizara traikefa izay tena manampy ary hijoro ho vavolombelona momba ny zavatra fantany sy tsapany.
- Ovaovao ireo asa ampanaovina sy ny fomba fampianaranao isaky ny fotoam-pianarana ary koa ovaovao isan’andro.
- Mamorona tontolo ahafahana mianatra izay manasa ny Fanahy Masina ary hahazoan’ireo mpianatra fahafahana sy andraikitra hifampianatra (jereo ny F&F 88:78, 122).

Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott ao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifololahy hoe:



“Ataovy izay hisian’ny fandraisana anjara betsaka satria ny fampiasan’ny mpianatra ny fahafahana misafidy toy izany no manome fahafahana ny Fanahy Masina hampianatra. ... Rehefa tenenin’ireo mpianatra ny fahamarinana, dia voamarina ao amin’ny fanahin’izy ireo izany ary manamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananan’izy ireo manokana” (“To Understand and Live Truth” [evening with Elder Richard G. Scott, Feb. 4, 2005], 3; si.lds.org).

Ahoana no ahafahako mampifanaraka ny lesona ho an’ireo izay manana kilema?

Rehefa miomana ny hampianatra ianao dia aoka hahatsiaro ireo mpianatra izay mila fanampiana manokana. Amboary ireo atrikasa sy ny zavatra takiana mba hanampiana

I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara Maharitra Mandrakizay (Fianarana ny Filazantsara faha-250) Vakitenin'ny Mpianatra

Lisitra	Titra	Vakiteny ahafahako hampianatra
1	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 20:27-28; Mpanao 21:1-2 • Mpanao 22:1-2; Mpanao 22:3-4 • Mpanao 23:1-2; Mpanao 23:3-4 • Mpanao 24:1-2; Mpanao 24:3-4 • Mpanao 25:1-2; Mpanao 25:3-4
2	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 26:1-2; Mpanao 26:3-4 • Mpanao 27:1-2; Mpanao 27:3-4 • Mpanao 28:1-2; Mpanao 28:3-4 • Mpanao 29:1-2; Mpanao 29:3-4 • Mpanao 30:1-2; Mpanao 30:3-4
3	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 31:1-2; Mpanao 31:3-4 • Mpanao 32:1-2; Mpanao 32:3-4 • Mpanao 33:1-2; Mpanao 33:3-4 • Mpanao 34:1-2; Mpanao 34:3-4 • Mpanao 35:1-2; Mpanao 35:3-4
4	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 36:1-2; Mpanao 36:3-4 • Mpanao 37:1-2; Mpanao 37:3-4 • Mpanao 38:1-2; Mpanao 38:3-4 • Mpanao 39:1-2; Mpanao 39:3-4 • Mpanao 40:1-2; Mpanao 40:3-4
5	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 41:1-2; Mpanao 41:3-4 • Mpanao 42:1-2; Mpanao 42:3-4 • Mpanao 43:1-2; Mpanao 43:3-4 • Mpanao 44:1-2; Mpanao 44:3-4 • Mpanao 45:1-2; Mpanao 45:3-4
6	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 46:1-2; Mpanao 46:3-4 • Mpanao 47:1-2; Mpanao 47:3-4 • Mpanao 48:1-2; Mpanao 48:3-4 • Mpanao 49:1-2; Mpanao 49:3-4 • Mpanao 50:1-2; Mpanao 50:3-4
7	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 51:1-2; Mpanao 51:3-4 • Mpanao 52:1-2; Mpanao 52:3-4 • Mpanao 53:1-2; Mpanao 53:3-4 • Mpanao 54:1-2; Mpanao 54:3-4 • Mpanao 55:1-2; Mpanao 55:3-4
8	Andinin-tsoatra masina	• Mpanao 56:1-2; Mpanao 56:3-4 • Mpanao 57:1-2; Mpanao 57:3-4 • Mpanao 58:1-2; Mpanao 58:3-4 • Mpanao 59:1-2; Mpanao 59:3-4 • Mpanao 60:1-2; Mpanao 60:3-4

azy ireo hahomby. Ohatra, misy mpianatra sasany mety hahazo tombontsoa amin'ny fahafahana mahazo ny soratra masina natao amin'ny raki-peo. Azo alaina mora foana izy ireny ao amin'ny LDS.org.

Mba hahazoana hevitra sy loharano fanampiny, dia jereo ny pejina'ny Loharano ho an'ireo manana kilema ao amin'ny disabilities.lds.org sy ny fizarana mikasika ny Kilasy sy Fandaharam-pianarana Mifanaraka amin'ireo Mpianatra manana Kilema ao amin'ny boky torolalana mikasika ny fitsipika arahin'ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara.

I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara Maharitra Mandrakizay (Fianarana ny Filazantsara faha 250)

Vakitenin'ny Mpianatra

Fanamarihana: Tsy takiana aminao ny hamaky ny fitaovana atolotra ho vakiana izay tsy misy amin'ny fitenin'nao.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba ho vakiana
1	I Jesoa no ilay Kristy Velona	<ul style="list-style-type: none"> Jaona 20:30–31; 1 Nefia 6:4; 2 Nefia 25:23, 26. "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Apr. 2000, 2–3. Dieter F. Uchtdorf, "The Power of a Personal Testimony," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Nôv. 2006, 37–39.
2	I Jesoa Kristy no Ivon'ny Tantaran'ny Olombelona Rehetra	<ul style="list-style-type: none"> Almà 12:22–34; 34:9; 42:8, 11; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 22:1; 45:9; 66:2; Abrahama 3:24–27; 1 Petera 1:19–20; Mosesy 4:2. Robert D. Hales, "Agency: Essential to the Plan of Life," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Nôv. 2010, 24–27.
3	I Jehovah sy ny Asa Fanompoany Talohan'ny Nahaterahany	<ul style="list-style-type: none"> Apôkalypsy 12:7–11; Abrahama 3:15–25; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 138:55–56. Richard G. Scott, "Jesus Christ, Our Redeemer," <i>Ensign</i>, Mey 1997, 53–54, 59.
4	Nahary ny Tany i Jehovah	<ul style="list-style-type: none"> Genesisy 1:1; Jaona 1:1–3; Hebreo 1:1–2; Mosesy 2:1; Môrmôna 9:16–17; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 38:1–3; 76:22–24; 104:14–17; Jakôba 4:9; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 101:32–34; Mosesy 1:27–33, 39; 1 Nefia 17:36; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 49:16–17. Russell M. Nelson, "The Creation," <i>Ensign</i>, Mey 2000, 84–86.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba ho vakiana
5	I Jesoa Kristy no Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha	<ul style="list-style-type: none"> • Jaona 8:51–59; 18:5, 8; Eksodosy 3:11–14; 6:2–3; 3 Nefia 15:5; Mosesy 6:51–52, 64–66; Genesisy 17:1–9; Abrahama 1:18–19; 2:8–11. • “Enrichment Section A: Who Is the God of the Old Testament,” <i>Old Testament Student Manual: Genesis–2 Samuel</i>, ed. Faha-3 (Boky torolalan'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 2003), 45–48.
6	Fambara sy Tandindona ary Sariohatra maneho an'i Jesoa ilay Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • 2 Nefia 11:2–6; Mosesy 6:63. • Russell M. Nelson, “In This Holy Land,” <i>Tambuli</i>, Feb. 1991, 10–19
7	I Jesoa Kristy—Zanakalahitokan' Andriamanitra tao amin'ny Nofo	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 1:18–24; Lioka 1:26–35; Jaona 10:17–18; 1 Nefia 11:13–21; Môsià 3:7–8. • Robert E. Wells, “Our Message to the World,” <i>Ensign</i>, Nôv. 1995, 65–66.
8	Nanatanteraka ny Fahamarinana Rehetra i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 3:13–17; 2 Nefia 31:4–21 • Robert D. Hales, “The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom,” <i>Ensign</i>, Nôv. 2000, 6–9.
9	Ny Fitaomana Lalina ananan'ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • 2 Korintiana 5:21; Hebreo 2:17–18; 4:15–16; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:22; Matio 4:1–11; Lioka 22:42, 44; Jaona 6:38; 3 Nefia 11:11; Jaona 4:1–29.
10	Avia, manaraha Ahy	<ul style="list-style-type: none"> • Jaona 1:35–47; 2 Nefia 26:33; Almà 5:33–34; Matio 4:18–22; Lioka 5:11; 9:57–62; 14:25–33. • Dieter F. Uchtdorf, “The Way of the Disciple,” <i>Ensign na Liahona</i>, Mey 2009, 75–78. • Joseph B. Wirthlin, “Follow Me,” <i>Ensign</i>, Mey 2002, 15–17.
11	Nandehandeha nanao soa i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Asan'ny Apôstôly 10:38; Matio 5:9–12, 21–24, 38–41, 43–47; 6:14–15; 7:1–5. • Dallin H. Oaks, “Fitiavana ny Hafa sy Fiainana ao anatin'ny Fahasamihafana,” <i>Ensign na Liahona</i>, Nôv. 2014, 25–28. • Jeffrey R. Holland, “Ny Sarany Efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin'ny maha mpianatr'i Kristy,” <i>Ensign na Liahona</i>, Mey 2014, 6–9.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba ho vakiana
12	Ireo Fahagagana teny amin'ny Lalamben'i Palestina	<ul style="list-style-type: none"> • Marka 1:39–42; 2:1–12; 5:1–8, 19, 22–43; 8:1–9; Lioka 7:11–15; 1 Nefia 11:31; Môsià 3:5–6; 3 Nefia 17:5–9. • Sydney S. Reynolds, "A God of Miracles," <i>Ensign</i>, Mey 2001, 12–13.
13	Niantso Apôstôly Roambinifolo i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 10:1–8; 16:15–19; 17:1–8; Asan'ny Apôstôly 1:21–22; 2:22–24, 32; 3:12–16; 4:31–33; 5:29–32; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23. • Boyd K. Packer, "The Twelve," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2008, 83–87.
14	I Jesoa Kristy No ilay Mesia	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 21:1–11; Lioka 4:16–24; Jaona 6:5–15, 31–32, 49–53, 66–69. • Torolalana ho an'ny Soratra Masina: "Mesia" ; scriptures.lds.org. • G. Homer Durham, "Jesus the Christ: The Words and Their Meaning," <i>Ensign</i>, Mey 1984, 14–16.
15	Nampiorina ny Fanasan'ny Tompo i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 26:26–28; Lioka 22:17–20; 1 Korintiana 11:27–30; 3 Nefia 18:1–11, 28–29; 20:8–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:75–79. • Dallin H. Oaks, "Sacrament Meeting and the Sacrament," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Nôv. 2008, 17–20.
16	Nanao ny Sorompanavotana ho an'ny Fahotan'ny Olona Rehetra ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Marka 14:33–36; Lioka 22:39–46; Jaona 15:13; 1 Petera 3:18; 2 Nefia 9:21; Môsià 3:7; Almà 7:11–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–20. • David A. Bednar, "The Atonement and the Journey of Mortality," <i>Ensign</i>, Apr. 2012, 40–47.
17	Nijaly sy Maty teo amin'ny Hazofijalian'i Kalvary ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 27:26–54; Lioka 23:34–46; Jaona 10:11–18; 19:10–11, 19–37; 1 Nefia 19:9. • Jeffrey R. Holland, "None Were with Him," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2009, 86–88.
18	Nanao Asa Fanompoana tany amin'ny Tontolon'ny Fanahy ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 23:39–43; 1 Petera 3:18–20; 4:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:15, 22; 138:1–37. • Spencer J. Condie, "The Savior's Visit to the Spirit World," <i>Ensign</i>, Jolay 2003, 32–36.
19	Nitsangana tamin' ny maty lzy	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 24:1–48; Jaona 20; 1 Korintiana 15:1–29, 54–58. • Dallin H. Oaks, "Resurrection," <i>Ensign</i>, Mey 2000, 14–16.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba ho vakiana
20	Nanompo teo anivon'ny "Ondri[ny] Hafa" ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Jaona 10:11–16; 3 Nefia 11:1–17; 15:16–21; 16:1–3. • Ronald A. Rasband, "One by One," <i>Ensign</i>, Nôv. 2000, 29–30.
21	Nanorina ny Fiangonany i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 10:1–4; 16:19; 17:3–7; 18:18; Asan'ny Apôstôly 2:1–6, 14–26; 4:1–13, 18–21; Asan'ny Apôstôly 10:9–20, 25–28, 34–35, 44–48; Asan'ny Apôstôly 15:1–11, 13–19; Efesiana 2:19–20; 4:11–14. • Jeffrey R. Holland, "Prophets, Seers, and Revelators," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Nôv. 2004, 6–9.
22	Niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray sy ny Zanaka	<ul style="list-style-type: none"> • Joseph Smith—Tantara 1:5–26. • Dieter F. Uchtdorf, "The Fruits of the First Vision," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2005, 36–38. • Neil L. Andersen, "Joseph Smith," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Nôv. 2014, 28–31.
23	Namerina Tamin'ny Laoniny ny Fisoronany sy ny Fiangonany ary ny Filazantsarany ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:17, 38; 18:33–35; Joseph Smith—Tantara 1:17–20. • Tad R. Callister, "What Is the Blueprint of Christ's Church?" (Fampaherezam-panahy ho an'ny Tanora Tokan-tena sy Mpivady Vao Herotrerony an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana Jan. 12, 2014);LDS.org
24	Velona Izy!	<ul style="list-style-type: none"> • Môsià 5:1–15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5; 76:19–24; 110:1–4.
25	Mbola Hiverina I Jesoa Kristy Indray Andro Any	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 25:1–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:3–19. • Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany"; scriptures.lds.org. • Dallin H. Oaks, "Preparation for the Second Coming," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2004, 7–10.
26	Hanapaka amin'ny maha-Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Hitsara Izao Tontolo Izao i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 25:31–46. • Toko 45, "Ny Arivotaona," <i>Fitsipiky ny Filazantsara</i> [2009], 263–67. • Toko 46, "Ny Fitsarana Farany," <i>Fitsipiky ny Filazantsara</i> [2009], 268–74.
27	I Jesoa Kristy no Fahazavana sy Fiainana ary Fanantenan'izao Tontolo izao	<ul style="list-style-type: none"> • Salamo 146:5; Jaona 8:12; Romana 5:3–5; 15:13; 1 Petera 1:3; Etera 12:4, 32; Môrônia 7:3, 40–41; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–13; 138:14. • Dieter F. Uchtdorf, "Ny Fanantenana ny Fahazavan' Andriamanitra," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2013, 70, 75–77.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba ho vakiana
28	Vavolombelona Manokan'i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 5:14–16; 2 Nefia 25:26; Môsià 18:8–11; 3 Nefia 18:24. • D. Todd Christofferson, "Becoming a Witness of Christ," <i>Ensign</i>, Mar. 2008, 58–63.

I Jesoa no ilay Kristy Velona

1

Fampidirana

Nanambara ireo vavolombelona ankehitriny hoe: “Mijoro ho vavolombelona izahay amin’ny maha Apôstôly voatendriny anay—fa Jesoa no ilay Kristy Velona” (“Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon’ny Apôstôly,” *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 3). Tena zava-dehibe ny fananana ireo vavolombelona mahatoky an’ily Zanaka Malalan’ny Ray satria toa tsy manam-pahalalana

mikasika ny toetra marin’i Jesoa Kristy sy ny ifandraisany amin’ Andriamanitra Ray izao tontolo izao. Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra hamantatra io zavatra ilaina io sy hianatra ny fomba ahafahan’izy ireo mijoro ho vavolombelona tsaratsara kokoa mikasika an’i Jesoa Kristy amin’ny fianakaviana sy ireo namana ary ny manodidina.

Vakiteny Enti-mandalina

- “Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon’ny Apôstôly,” *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2–3.
- Dieter F. Uchtdorf, “Ny herin’ny Fijoroana ho Vavolombelon’ny tena manokana,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2006, 37–39.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Ilay Kristy Velona

Soraty eny amin’ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity:

Iza moa i Jesoa Kristy, ary nahoana ianao no mino Azy?

Lazao amin’ny mpianatra fa maro ny olona no mamaly an’io fanontaniana io amin’ny alalan’ny fijoroana ho vavolombelona. Fijoroana ho vavolombelona iray tahaka izany no ambara tao anatin’ily hira hoe “Velona Ilay Mpanavotra Ahy” (*Fihirana sy Hiran’ny Ankizy*, p. 76). Omano ho an’ny mpianatra ny tonon’ity fihirana ity, dia zarao ho andiany efatra izy ireo. Zarao andininy iray avy ny vondrona tsirairay ary asao izy ireo hamaky ny tonony. Omeo fotoana ampy izy ireo ary avy eo dia apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy ireo teny na andianteny izay nampiasaina ao amin’ity hira ity mba hanehoana hoe iza moa i Jesoa Kristy ary inona no ataony ho antsika? (Ny valiny dia tokony ahitana ny hoe “Mpanavotra,” “Kristy,” “Fiafarana,” “Tompo tia,” “Mpanjaka,” “Mpamonjy tsy miova.” Mankahery ny fanahy Izy, mitahy, manafaka, manampy, miaro, manome aina.)
- Inona avy ireo teny izay nampiasaina ato amin’ity hira ity mba hilazana ny fomba ahafahan’ny fijoroana ho vavolombelona mikasika an’i Jesoa Kristy miantraika any amintsika? (Ny valiny dia tokony ahitana ny hoe “mankahery” sy “mampitony.”)

Lazao amin’ny mpianatra fa ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo dia nanambara ny tenivavolombelon’izy ireo mitambatra mikasika an’i Jesoa Kristy ao amin’ny “Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon’ny Apôstôly” (jereo ny *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2–3). Omeo tahadikany io tenivavolombelona io ny mpianatra tsirairay, ary hazavao fa avy amin’ireo fotopampianarana sy fitsipika izay atolotra ao anatin’io fanambarana nentanim-panahy io ny ankamaroan’ireo

lohahevitra ao amin'ireo lesona ao anatin'ity fandaharam-pianarana ity. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andininy voalohany:

“Ho fankalazantsika ny fahatsiarovana ny nahaterahan' i Jesoa Kristy roa arivo taona lasa izay, dia manolotra ny tenivavolombelonay izahay ny amin' ny fisian' ny fiainany tsy manam-paharoa sy ny zava-tsoa tsy misy fetran' ny Sorompanavotany lehibe. Tsy nisy olona hafa nanana akony teo amin'ireo rehetra efa niaina sy mbola hiaina eto an-tany” (“Ilay Kristy Velona: Teny Vavolombelon'ny Apôstôly,” *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2)

- Inona no tianao ho fiantraikan'ny fianaranao mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany mandrakizay eo aminao ato anatin'ity enim-bolana ity? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia azonao atao ny manamafy fa **ny fandalinana amin-kitsimpo mikasika ny fiainan'i Jesoa Kristy dia hanampy antsika hankafy ny fitaomana lalina izay nananany ary mety hananana eo amin'ny fiainantsika.**)
- Amin'ny fomba ahoana no nahafahan'ny Mpamonjy nanana fiantraikany teo amin'ireo rehetra izay efa niaina na ireo izay mbola hiaina eto an-tany? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia ataovy izay hanantitranterana ny Sorompanavotana mihatra amin'ny rehetra izay nataon'ny Mpamonjy.)

Lazao amin'ny mpianatra fa ity fandaharam-pianarana ity dia hifantoka amin'ny asa fanompoana mandrakizay nataon'ny Mpamonjy nandritra ny fiainany teto an-tany sy ny fiainana taorian'ny fiainana an-tany. Rehefa mianatra mikasika ireo andraikitra masina maro sahanin'ny Mpamonjy ireo mpianatra dia hihalalina ny fitiavan'izy ireo sy ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo.

Jaona 20:30–31; 1 Nefia 6:4; 2 Nefia 25:23, 26

Ireo soratra masina dia nosoratana mba hahafahan'ny olona hino an'i Jesoa Kristy

Anontanio ny mpianatra hoe firy ireo boky izay heverin'izy ireo fa nosoratana mikasika an'i Jesoa Kristy. Hazavao amin'ny mpianatra fa izay fandalinana tsara mety hatao momba ny fiainan'i Jesoa Kristy dia tsy maintsy mifantoka amin'ny soratra masina. Manasà mpianatra telo hifandimby hamaky mafy an'ireto andinin-tsoratra masina ireto: Jaona 20:30–31; 1 Nefia 6:4; ary 2 Nefia 25:23, 26. Asaivo manaraka ireo mpianatra ary mitady ireo antony mahatonga ny soratra masina ho loharano tsara azo ampiasaina rehefa mandalina ny asa fanompoana mandrakizay nataon'ny Mpamonjy.

- Inona no fitsipika hampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo mikasika ny tanjon'ny soratra masina? (Na dia mety ho samy hafa aza ny teny ampiasain'ireo mpianatra, dia tokony hahita ity fitsipika manaraka ity izy ireo: **Rehefa mandalina ireo andinin-tsoratra masina mikasika ny Mpamonjy isika, dia hihamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika ary hanakaiky Azy kokoa isika.**)

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson ity, izay avy ao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo, ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



“Ny tena tanjon'ny soratra masina rehetra amin'ny farany dia ny hameno ny fanahintsika amin'ny finoana an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanaka lahinny. ...

“... Ny finoana dia azo avy amin'ny fijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona amin'ny fanahintsika, izany hoe Fanahy mankany amin'ny fanahy, rehefa mandre na mamaky ny tenin' Andriamanitra isika. Ary mihamafy orina ny finoana rehefa manohy

mamoky ny tenantsika amin'ny teny isika" ("Ny Fitahiana avy amin'ny Soratra Masina," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2010, 34, 35).

- Ahoana no fomba ahafahan'ny Soratra masina manampy antsika hanamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy hanakaiketzantsika Azy?
- Ahoana no fomba nahafahan'ny finoanao an'i Jesoa Krsity sy ny fijoroanao ho vavolombelona momba Azy nihanatanjaka tamin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina?

Omeo iray avy amin'ireo loharanom-pahalalana voatanisa ao amin'ny fizarana Vakitenin'ny Mpianatra ho an'ity fandaharam-pianarana ity ny mpianatra tsirairay. (Azo atao amin'ny taratasy izany na azonao atao ny manazava amin'ireo mpianatra ny toerana ahitan'izy ireo izany amin'ny endrika elektrônika.) Asaivo mametraka fanamby ireo mpianatra hanao ny vakitenin'ny mpianatra ato amin'ity fandaharam-pianarana ity ho anisan'ny fandalinana ataon'izy ireo isan'andro mandritry ity enim-bolana ity. Omeo antoka ireo mpianatra fa raha mahavita izany fanamby izany izy ireo dia ho ampianarin'ny Fanahy Masina ary hanakaiky kokoa ny Mpamonjy.

Lasa vavolombelon'i Jesoa Kristy

Hazavao amin'ny mpianatra fa tsy ampy ny mianatra fotsiny mikasika ny Mpamonjy ao amin'ny Soratra masina. Fa tsy maintsy mahazo tenivavolombelona ara-panahy ho an'ny tenantsika manokana koa isika na fijoroana ho vavolombelona amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy, Ilay Voahosotra, dia ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Zarao amin'ny mpianatra ity fanambarana nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf avy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity:



"Tsy afaka miantehitra amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'olon-kafa isika. Mila mamantatra ho an'ny tenantsika isika. Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: 'Ny Olomasin'ny Andro Farany tsirairay dia manana andraikitra hahafantatra ho an'ny tenany manokana amin'ny fomba azo antoka tsy amin'ahiahy fa i Jesoa no ilay Zanakalahin' Andriamanitra velona sy nitsangana tamin'ny maty' ("Fear Not to Do Good," *Ensign*, Mey 1983, 80).

"Ny loharano ahitana io fahalalana azo antoka io sy io faharesen-dahatra mafy orina io dia fanambarana masina, 'fa ny filazana an'i Jesoa no fanahin'ny faminiana' (Apôkalypsy 19:10).

"Mandray an'io fijoroana ho vavolombelona io isika rehefa miresaka amin'ny fanahy ao anatintsika ny Fanahy Masina. ...

"Ny ivon'io fijoroana ho vavolombelona io dia ny finoana an'i Jesoa Kristy hatrany sy ny fahalalana mikasika Azy sy ny asa masina nataony" ("The Power of a Personal Testimony," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2006, 38).

- Nahoana araka ny hevitrao no i Jesoa Kristy no tokony ho ivon'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika?
- Inona no tsapanao fa tian'i Jesoa Kristy ho ataonao amin'ny fijoroanao ho vavolombelona anananao momba Azy?

Aseho ity fanambarana nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Tokony hahita zavatra mitory an’i Jesoa Kristy ety amintsika ny olona. Ny fomba fihetsika, firesaka, fijery, ary na ny fomba fisainantsika aza dia ahitana taratra Azy sy ny fombany. ... Na dia tsy teo aza isika nandritra ny asa fanompoana nataony, rehefa mandalina ny soratra masina isika dia *mahita* an’i Jesoa sy ny zavatra noteneniny sy nataony. Ary rehefa maka tahaka izany fombany izany isika dia mijoro ho vavolombelona momba Azy” (“Ho lasa vavolombelon’i Kristy,” *Ensign*, Mar. 2008, 60).

Tohizo izany amin’ny fanontaniana ireo mpianatra hoe:

- Ahoana ny fomba nahitanao ireo olon-kafa nijoro ho vavolombelona momba an’i Jesoa Kristy tamin’ny alalan’ny zavatra nataon’izy ireo?
- Rehefa mieritreritra ny tontolo izay iainanao ianao, dia inona no azontsika atao mba hahatonga ny tenivavolombelona sy fijoroana ho vavolombelona ananantsika mikasika ny Mpamonjy hisy fiantraikany amin’ny hafa?

Mijoroa ho vavolombelona fa **rehefa mandray fijoroana ho vavolombelona mikasika an’i Jesoa Kristy amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina isika, dia manana andraikitra hizara izany.**

Ampanaovy fanamby ireo mpianatra mba ho vonona isan’andro ny hijoro ho vavolombelona mikasika an’i Jesoa Kristy amin’ny alalan’ny teny sy ny zavatra ataon’izy ireo. Entano izy ireo ho tonga ao amin’ny kilasy ka efa nahavita vaky ireo vakitenin’ny mpianatra nomena ho vitain’izy ireo, ary miaraka amin’ny fahavononana hizara hevitra, sy hametraka fanontaniana, ary handray anjara amin’ny fifanakalozan-kevitra.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Jaona 20:30–31; 1 Nefia 6:4; 2 Nefia 25:23, 26.
- “Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon’ny Apôstôly,” *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2–3.
- Dieter F. Uchtdorf, “Ny herin’ny Fijoroana ho vavolombelon’ny Tena Manokana,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2006, 37–39.

I Jesoa Kristy no ivon'ny tantaran'ny olombelona rehetra

2

Fampidirana

Teo am-pijoroana ho vavolombelona mikasika ny anjara toerana manandanja tazonin'i Jesoa Kristy eo amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra no nanambaran'ireo mpaminany ankehitriny hoe: "Mijoro ho vavolombelona amim-panajana izahay, fa ny fiainany, izay ivon'ny tantaran'ny olombelona rehetra, dia sady tsy nanomboka tao Betlehema no tsy nifarana tao Kalvary" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*,

Apr. 2000, 2). Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra hahatakatra kokoa fa ny Ray any An-danitra dia nametraka ny drafitry ny famonjeny tany amin'ny tontolo talohan'ny fiainana an-tany ary nanendry mialoha an'i Jehovah, ilay Jesoa Kristy talohan'ny nahaterahany, mba ho eo anivon'io drafitra io. Hentanina ny mpianatra mba hametraka an'i Jesoa Kristy ho eo anivon'ny fiainan'izy ireo eto an-tany.

Vakiteny Enti-mandalina

- Robert D. Hales, "Fahafahana misafidy: Zava-dehibe eo amin'ny drafitry ny fiainana," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 24–27.
- Dallin H. Oaks, "The Great Plan of Happiness," *Ensign*, Nôv. 1993, 72–75.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Almà 12:22–34

Ny Mpamonjy no ivon'ny drafitr' Andriamanitra

Aseho ity fanambarana nataon'ny Loholona Alexander B. Morrison avy ao amin'ny Fitopololahy ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany. Asao ny mpianatra hanaraka izany ary hamantatra izay zavatra nasehon'ny Ray any An-danitra tamin'ireo zanany tany amin'ny tontolo talohan'ny fiainana an-tany:



"Taloha elabe, talohan'ny nisian'ity tany izay hitoerantsika amin'izao fotoana izao ity, dia nanao drafitra ... Andriamanitra Raintsika. ... [Io] drafitra io dia nanomana fomba tonga lafatra ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra handraisana ny tsy fahafatesana sy hahazoana ny fiainana mandrakizay" ("Life—the Gift Each Is Given," *Ensign*, Des. 1998, 15–16).

- Inona avy ireo fitahiana nolazain'ny Loholona Morrison fa mety ho raisintsika any amin'ny farany ao anatin'ny drafitr' Andriamanitra? (Hazavao fa ny hoe tsy fahafatesana dia ilazana ny fitsanganana amin'ny maty—tsy ho faty intsony ny vatana—ary ny fiainana mandrakizay dia ilazana ny karazam-piainana izay iainan' Andriamanitra.)

Asao ireo mpianatra hamaky mangina ny Almà 12:25 ka hamantatra ny fomba niresahan'i Almà mikasika ny drafitr' Andriamanitra sy ny fotoana nanomanana izany. Asaivo milaza ny zavatra hitany izy ireo. (Nampianatra i Almà fa ny "drafitry ny fanavotan'" Andriamanitra dia nomanina "hatry ny fanorenana izao tontolo izao." Rehefa avy mamaly ireo mpianatra dia azonao hamafisina fa ny teny hafa hilazana ny drafitr' Andriamanitra dia ahitana ny hoe "drafitra feno famindram-pon'Ilay Mpahary lehibe" [2 Nefia 9:6]; "ny drafitry ny famonjena" [Almà 24:14]; "ny drafitra lehiben'Ilay

Andriamanitra Mandrakizay” [Almà 34:9]; “ilay drafitra lehiben’ny fahasambarana” [Almà 42:8]; ary ny “fanekempihavanana mandrakizay” [F&F 22:1; 45:9; 66:2].)

Ary avy eo dia asao ireo mpianatra hiaraka tsiroaroa handalina ny Almà 12:22–32 ka hitady ireo antony niantsoana ny drafitr’ Andriamanitra hoe drafitry ny fanavotana. Omeo fotoana ampy izy ireo ary manasà mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra hitan’izy ireo amin’ny kilasy manontolo. Ampio ireo mpianatra hahatakatra kokoa ireo andininy ireo amin’ny alalan’ny fanontaniana hoe:

- Araka ny fampianaran’i Almà, ahoana no mety hiafarantsika mandrakizay raha tsy nisy ny drafitry ny fanavotana? (Raha tsy misy ny drafitry ny fanavotana, dia tsy hisy fitsanganana amin’ny maty na fanavotana amin’ny fahotana, ka tavela ho very sy lavo ny zanak’olombelona sy ao anatin’ny toetry ny fahafatesana mandrakizain’ny vatana sy fanahy [jereo ihany koa ny 2 Nefia 9:6–13].)
- Nahoana no tena nilaina ny nanomezana fomba iray ahafahantsika mandresy ireo toe-javatra ireo?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Almà 12:33–34. Asao ny mpianatra hanaraka tsara, sady mitady izay zavatra nomanin’ Andriamanitra mba hanavotana ireo zanany. Ampio ireo mpianatra hilaza fotopampianarana na fitsipika iray izay ampianarina ao amin’ireo andinin-tsoratra masina ireo amin’ny fanontaniana hoe:

- Ahoana no fomba hamintinanao ny zavatra izay notanterahin’i Jesoa ho antsika ao anatin’ny drafitr’ Andriamanitra? (Tokony ahitana izao manaraka izao ny valiny: **Raha mibebaka isika ary tsy manamafy ny fontsika, dia hahazo famindram-po sy famelana ny fahotantsika amin’ny alalan’ny Zanaka Lahitokan’ Andriamanitra. Amin’ny alalan’i Jesoa Kristy irery ihany no hahazoantsika famelan-keloka sy hahafahantsika miditra eo anatrehan’ny Ray any Andanitra.**)

Mijoroa ho vavolombelona fa i Jesoa Kristy no ivon’ny drafitr’ Andriamanitra, ary amin’ny alalan’ny Sorompanavotany no nanomanana fomba ahafahantsika mahazo ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay.

Abrahama 3:24–27; 1 Petera 1:19–20

Efa voatendry mialoha i Jesoa Kristy mba ho Mpamonjy antsika

Asao ireo mpianatra handalina ny Abrahama 3:24–27 sy ny 1 Petera 1:19–20, ary hitady ny zavatra ampianarin’ireo andininy ireo mikasika ny anjara asan’ny Mpamonjy eo amin’ny drafitr’ Andriamanitra. Apetraho avy eo ireto fanontaniana manaraka ireto. (*Fanamarihana:* Ny fametrahanao fanontaniana tahaka izany dia ahafahanao manampy ireo mpianatra hianatra ny fomba famakafakana ireo andinin-tsoratra masina sy hamantatra ireo fotopampianarana ampianarina ao anatin’izy ireny.)

- Ao amin’ny Abrahama 3:26, inona no hevity ny teny hoe “toetrany voalohany” sy “toetrany faharoa”? (Ny hoe “Toetra voalohany” dia entina hilazana ny fiainana talohan’ny nahaterahana, ary ny hoe “toetra faharoa” dia hilazana ny fiainana antany.)
- Iza avy ireo olona telo voalaza ao amin’ny Abrahama 3:27, ary inona avy no nataon’ny tsirairay tamin’izy ireo? (Ny Ray any Andanitra sy i Jesoa Kristy ary i Satana. Antitrantero fa **tany amin’ny tontolo talohan’ny nahaterahana dia nanendry mialoha an’i Jesoa Kristy, ilay Zanany Lahimatoa, ny Ray any Andanitra, mba ho eo anivon’ny drafiny.**)

Ataovy izay ahatakarany mpianatra fa i Jesoa dia nantsoina hoe Jehovah tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Anontanio avy eo hoe:

- Inona no nampanantenain'i Jehovah an'ny Ray fa ho ataony any amin'ny fiainana an-tany raha nilaza izy hoe: "Inty Aho, iraho Aho,"? (Hampianatra ny filazantsarany, hanorina ny Fiangonany, hiaritra sy ho faty noho ny fahotantsika, ary hitsangana amin'ny maty.)
- Inona no nataon'ny Ray any An-danitra ho antsika tamin'ny nisafidianany an'i Jehovah ho Mpanavotra, raha ny mikasika ny zavatra azontsika ho tanterahana amin'ny ho avy?

Asaivo mandalina mangina ny Mosesy 4:2 ireo mpianatra ka mitady ireo fahamarinana manan-danja hafa mikasika ny fisafidianan'ny Ray any An-danitra an'i Jehovah ho Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Rehefa manazava ny zavatra hitany ireo mpianatra, dia ataovy izay ahitan'izy ireo ireto fahamarinana manaraka ireto: **Efa voafidy hatrany ampiandohana i Jehovah. Ny antony iray naha voafidy an'i Jehovah dia noho Izy nikatsaka ny hanao ny sitrapon'ny Ray sy hanome ny voninahitra rehetra ho an'ny Ray.** Mba hanantitranterana kokoa ireo fahamarinana ireo dia aseho ary vakio mafy ity teny nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"I [Jesoa Kristy] no hany toa nanana fanetrentena sy finiavana ampy tao amin'ny filankevitra talohan'ny nahaterahana ka nahafahany ho voatendry mialoha [hanatanteraka ny Sorompanavotana tsy misy fetra]" ("Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," *Ensign*, Mar. 2008, 35).

Asao ireo mpianatra haka sary an-tsaina ny mety ho endrik'izany hoe nanatrika teo rehefa nilaza tamin'ny zanany rehetra ny Ray any An-danitra fa i Jehovah Zanaka Lahimatoany no ho Mpamonjy antsika. Avy eo dia aseho ity fanambarana ity izay nataon'ny Mpaminany Joseph Smith (1805–44), ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Tany amin'ny fandrindrana voalohany tany an-danitra dia nanatrika teo avokoa isika rehetra ary nahita ny Mpamonjy nofidiana sy notendrena ary ny nanaovana ny drafitry ny famonjena ka nanaiky an'izany isika" (*Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* [2007], 209).

- Inona no heverinao fa efa fantatrao mikasika an'i Jehovah ka mety ho nanosika anao hanohana ny niantsoana Azy sy ny nanendrena Azy ho Mpamonjy sy Mpanavotra antsika?

Aseho ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Avy eo dia omeo fotoana kely ireo mpianatra hanoratra izay eritreritra sy fahatsapana ananan'izy ireo mikasika ny Mpamonjy rehefa mandalina ny fahamarinana masina nampianarin'ny Loholona Maxwell:



"Tsy mbola nisy olona nanome betsaka toy izany ho an'ny olona maro toy izany tamin'ny alalan'ny teny vitsy tahaka izany toy ny tamin'ny nilazan' i Jesoa hoe: 'Inty aho, iraho Aho.' (Abr. 3:27.)" ("Jesus of Nazareth, Savior and King," *Ensign*, Mey 1976, 26).

Azonao atao ny miangavy mpianatra vitsivitsy hizara izay nosoratan'izy ireo amin'ny mpianatra.

Mametraka ny Mpamonjy ho ivon'ny fiainantsika eto amin'ny fiainana an-tany

Asaivo miverina mijery ny Abrahama 3:25 ireo mpianatra, izay nianarantsika fa ny fiainana an-tany dia nataon'ny Ray any An-danitra ho fotoam-pisedrana, ahitana raha toa isika hankato ireo didiny. Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Miangavia mpianatra iray hamaky mafy io fanambarana io, ka mandritra izany ireo mpianatra dia hitady ny safidy iray izay tsy maintsy ataontsika ho anisan'ny fisedrana antsika eto an-tany:



"Kanefa alaivo sary an-tsaina anie: nisafidy ny hanaraka ny Mpamonjy Jesoa Kristy isika, tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana! Ary satria nanao izany isika dia nomena lalana ho ety an-tany. Mijoro ho vavolombelona aho fa amin'ny alalan'ny fanaovana safidy ny hanaraka ny Mpamonjy, eto an-tany amin'izao fotoana izao toy ny tamin' izany, no hahazoantsika fitahiambe mihoatra noho izany any amin'ny mandrakizay. Kanefa fantaro fa: tsy maintsy manohy misafidy ny hanaraka ny Mpamonjy isika. Ny fiainana mandrakizay no miankina amin'izany ary zava-dehibe ny fampiasantsika amim-pahendrena ny fahafahantsika misafidy sy ny zavatra ataontsika mba hahafahantsika mahazo fiainana mandrakizay" ("Fahafahana Misafidy: Zava-dehibe eo amin'ny Drafitry ny Fiainana," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 25).

Mba hanampiana ny mpianatra hahita sy hahatakatra fitsipika na fahamarinana iray izay nampianarin'ny Loholona Hales, dia apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no nianaranareo tamin'ny fanambaran'ny Loholona Hales mikasika ireo safidintsika eto amin'ity fiainana ity? (Rehefa avy namaly ireo mpianatra dia mijoroa ho vavolombelona fa **ny fisafidianantsika ny hametraka ny Mpamonjy ho ivon'ny fiainantsika mandritra antsika ety an-tany, no hahazoantsika fitahiana lehibe kokoa any amin'ny mandrakizay.**)
- Inona no heverinao fa mety ho tian'ny Loholona Hales hambara amin'ny teny hoe "ny fiainana mandrakizay no miankina amin'izany"?
- Inona avy ireo toetra na asa izay manambara fa misafidy ny hanaraka an'i Jesoa Kristy ny olona iray? (Soraty eo amin'ny solaitrabe ny valin-tenin'ireo mpianatra.)

Hazavao fa ho an'ny ankabeazantsika, dia mora ny mifantoka amin'ny Mpamonjy rehefa Alahady. Ahoana no fomba ahafahantsika manao izay hahatonga Azy ho ampahany manan-danja kokoa eo amin'ny fiainantsika mandritra ny herinandro? Omeo fotoana ireo mpianatra handiniana izay nataon'izy ireo androany mba hifantohana amin'ny Mpamonjy. Asao izy ireo hanoratra zavatra izay azon'izy ireo atao anio mba hametrahana ny Mpamonjy ho eo anivon'ny fiainan'izy ireo kokoa. Entano izy ireo hanao fanoloran-tena mangina amin'ny Ray any An-danitra fa hanao izany.

Farano ny lesona amin'ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ireo fahamarinana izay nampianarina androany.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Almà 12:22–34; 34:9; 42:8, 11; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 22:1; 45:9; 66:2; Abrahama 3:24–27; 1 Petera 1:19–20; Mosesy 4:2.
- Robert D. Hales, “Fahafahana Misafidy: Zava-dehibe eo amin'ny Drafity ny Fiainana,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 24–27.

3

I Jehovah sy ny Asa Fanompoany talohan'ny nahaterahany

Fampidirana

Araka ny voalazan'ireo mpaminany ankehitriny, dia "nampianatra ny fahamarinan'ny mandrakizay [i Jesoa Kristy], ny fisian'ny fiainantsika talohan'izao fiainana izao, ny tanjon'ny fiainantsika eto an-tany, ary ny zavatra afaka tanterahin'ireo zanaka lahy sy zanaka vavin' Andriamanitra amin'ny fiainana ho avy" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2). Ato anatin'ity lesona ity ny mpianatra dia hianatra fa tany

amin'ny fiainana talohan'ny fiainana an-tany, dia ny finoan'izy ireo fa hanatanteraka ny Sorompanavotana i Jehovah (Jesoa Kristy) no nahafahan'izy ireo nandresy an'i Satana tany amin'ny Ady tany Andanitra. Ho hitan'ireo mpianatra ihany koa fa tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana i Jehovah dia namiratra lavitra noho ireo zanak' Andriamanitra hafa rehetra teo amin'ireo toetra rehetra araka an' Andriamanitra.

Vakiteny Enti-mandalina

- Richard G. Scott, "Jesus Christ, Our Redeemer," *Ensign*, Mey 1997, 53–54, 59.
- "The Father and the Son: A Doctrinal Exposition by the First Presidency and the Quorum of the Twelve Apostles," *Ensign*, Apr. 2002, 13–18.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Apôkalypsy 12:7–11; Mosesy 4:3

Ny anjara asan'i Jehovah teo amin'ny Ady tany An-danitra

Soraty eo amin'ny solaitrabe ny teny hoe *ady*, ary anontanio ireo mpianatra hoe inona no sary tonga ao an-tsain'izy ireo rehefa mieritreritra ady. Avy eo dia asao izy ireo handalina ny Apôkalypsy 12:7, 9 ary hamantatra ilay ady voafaritra ao (ilay Ady tany An-danitra). Asao ny mpianatra hanazava ny fahatakarana'izy ireo ny zavatra izay nitranga tamin'io ady io.

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



"Karazan'ady toy ny ahoana ny [Ady tany An-danitra]? Ilay karazany mitovy amin'izay misy eto an-tany, ilay hany karazany azon'i Satana sy ireo fanahy irotsahana—ady amin'ny teny, ady hevitra, fifandirana amin'ny foto-kevitra, ady eo amin'ny fahamarinana sy ny fahadisoana" (*Doctrinal New Testament Commentary*, 3 vols. [1965–73], 3:518).

Anontanio ireo mpianatra hoe:

- Araka ny voalazan'ny Loholona McConkie, inona no mampitovy ny Ady tany andanitra amin'ny ady izay ataon'i Satana amin'ireo zanak' Andriamanitra eto amin'ny fiainana an-tany?

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Apôkalypsy 12:10 ary mpianatra iray hafa hamaky mafy ny Mosesy 4:3. Azonao atao ny mandroso hevitra amin'ireo mpianatra mba hampifandray ireo soratra masina roa ireo amin'ny alalan'ny fanoratana hoe *Mosesy 4:3* eo an-tsisin'ny soratra masin'izy ireo eo akaikin'ny Apôkalypsy 12:10 ary ny

mifamadika amin'izany ihany koa. Hazavao fa ny hoe “mpianganga ny rahalahintsika” (Apôkalypsy 12:10) dia i Satana. Avy eo dia anontanio hoe:

- Araka ny ao amin'ny Mosesy 4:3, ahoana no fomba nandroahana an'i Satana avy tao amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana?

Asao ireo mpianatra hamaky mangina ny Apôkalypsy 12:11. Ampio izy ireo hilaza fitsipika iray izay ampianarina ao amin'io andininy io amin'ny fametrahana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no fomba hamintinanao ny tian'ny andininy 11 ampianarina mikasika ny vokatriny ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy? (Tokony hahita ity fahamarinana ity ireo mpianatra: **Koa satria azo antoka fa hanantanteraka ny Sorompanavotana i Jesoa Kristy, dia efa nandaitra tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana sahadry ny vokatr'izany.** Noho izany Izy dia nantsoina hoe “ny Zanakondry izay voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao” [Apôkalypsy 13:8; jereo ihany koa ny Môsià 4:7; Mosesy 7:47].)
- Ahoana no fomba ampiasanao izay voasoratra ao amin'ny Apôkalypsy 12:11 mba hanampiana anao eo amin'ny adinao manokana amin'i Satana eto amin'ity fiainana ity? (Rehefa avy namaly ireo mpianatra dia soraty eo amin'ny solaitrabe ity fitsipika ity: **Afaka mandresy an'i Satana isika amin'ny alalan'ny fianteherana amin'i Jesoa Kristy izay nanantanteraka ny Sorompanavotana, sy amin'ny fijoroana sy fijanonana ho marina amin'ny tenivavolombelontsika.**)

Abrahama 3:15–25; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:55–56 **Mamiratra noho isika i Jehovah amin'ny lafiny rehetra**

Lazao amin'ny mpianatra fa tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana isika dia niomana ny ho ety an-tany. Asehoy ity fanambarana nataon'ny Mpaminany Joseph Smith ity (1805–44), ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Andriamanitra mihitsy, rehefa nahita fa teo anivon'ireo fanahy sy voninahitra izy, ary noho izy marani-tsaina kokoa, dia nahita fa mety ny hametrahana lalàna izay hahafahan'ny sisa ambiny hivoatra ho tonga tahaka azy. Ny fifandraisana izay misy eo amintsika sy Andriamanitra no mametraka antsika amin'ny toerana izay ahafahantsika mandroso amin'ny fahalalana. Manana fahefana izy hametraka lalàna izay mampianatra ireo fanahy osa kokoa, mba hahafahan'izy ireo hisandratra hiaraka aminy” (*Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* [2007], 210).

Tohizo amin'ny fametrahana ity fanontaniana ity:

- Inona no nianaranao tamin'ny fanambaran'i Joseph Smith mikasika ny fanirian'ny Ray any An-danitra amintsika? (Tian'ny Ray any An-danitra isika handroso sy hivoatra ara-panahy—ho lasa mitovy kokoa Aminy.)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana ireto, ary asao ny mpianatra handalina ny Abrahama 3:24–25 mba hahitan'izy ireo ny valiny:

- Iza ilay “anankiray nijoro teo anivony sady nitovy tamin' Andriamanitra”? (andininy 24).
- Inona no andraikitra nosahaniny?
- Inona no voalazany fa ho isan'ny tanjon'ny fiainana an-tany?

Miangavia mpianatra hizara ny valin-tenin'izy ireo ao amin'ny kilasy rehefa avy nomena fotoana ampy. Avy eo dia asao ny mpianatra hika-roka ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:55–56 ireo zavatra izay natao ho fanomanana ireo zanak' Andriamanitra mba hahomby eto amin'ny fiainana an-tany. Mba hanampiana ireo mpianatra hampihatra ity andininy ity amin'ny tenan'izy ireo dia anontanio hoe:

- Araka ireo andininy ireo, dia ahoana no fomba niomanantsika mba hahatongavana eto an-tany?

Asao ny mpianatra handinika fotoana fohy ireo toetra nananan'ny Mpamonjy tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Abrahama 3:19–21. Asao ireo mpianatra hanaraka tsara sady hitady ny zavatra izay ampianarina mikasika an'i Jesoa Kristy. Rehefa avy namaly ireo mpianatra dia omeo tahadika'ireto fanambarana ireto izay nataon'ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) sy ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao izy ireo hamaky ireo fanambarana ireo ary hanisy marika ireo teny na andianteny izay mampianatra mikasika ny Mpamonjy:



“Eo amin'ny *faharanitan-tsaina* sy ny *fahaizana*, i [Jesoa Kristy] dia mihoatra lavitra noho ny *fahaiza-manao* sy ny *zava-bitan'* ny tsirairay sy ny rehetra mitambatra izay efa niaina, sy mbola miaina ankehitriny ary ireo mbola hiaina! (Jereo ny Abr. 3:19.)” (Neal A. Maxwell, “O, Divine Redeemer,” *Ensign*, Nôv. 1981, 8).



“Ireo fanahin'olombelona rehetra, izay iharan'ny lalàna sy nanana ny fahafahana misafidy, raha mbola teo anatrehan'ny Mandrakizay, dia nianatra fahaizana sy talenta ary fahaiza-manao isan-karazany sy isan-tsokajiny ary isaky ny ambaratongany. Nandritra ny fiainana midadasika izay nisy tamin'izany dia talenta sy fahaiza-manao karazany tsy hita isa no lasa nisy. ...

“Notafian'ny Tompo fahafahana misafidy isika rehetra. Nomeny antsika ireo lalàna izay hahafahantsika mandroso sy hivoatra ho tonga tahaka azy, ary nanoro hevitra sy nantana antsika izy hanohy ny dia mitondra mankamin'ny voninahitra sy ny fisandratana. Izy tenany mihitsy no endrika azo tsapain-tanana sy fanomezana endrika olona ny zavatra tsara rehetra. Ny endrika sy ny toetra tsara iriana rehetra dia nitoetra tao aminy teo amin'ny fahafenoany mandrakizay. Ny zanany rehetra izay mpankato dia nanomboka nitovy taminy amin'ny fomba iray na ny fomba iray hafa. Nisy karazana talenta sy fahaiza-manao samihafa maro teo amintsika tany, tahaka ny misy eo amintsika eto. Nisy sasany izay namiratra tamin'ny lafiny iray, ary ny hafa tamin'ny lafiny hafa. Ilay Voalohanteraka dia namiratra lavitra noho isika rehetra tamin'ny lafiny rehetra” (Bruce R. McConkie, *The Mortal Messiah*, 4 vols. [1979–81], 1:23).

Tohizo amin'ny fanontaniana an'ireo mpianatra hoe inona no zava-dehibe ho azy ireo tao amin'ireo fanambarana ireo. Raha ilaina dia anontanio hoe:

- Inona no ianaranareo avy amin'ireo Apôstôly roa ireo mikasika ny toetra manokan'i Jehovah tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana? (Tokony ho takatr'ireo mpianatra fa **tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana i Jehovah dia nihoatra noho ny fitambaran'ny fahaiza-manao sy zava-bitan'ireo zanak' Andriamanitra hafa rehetra.**)

Omeo minitra maromaro ny mpianatra handinihan'izy ireo ny asa fanompoan'ny Mpamonjy tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, ary hanoratra izay eritreritra sy fahatsapana ananan'izy ireo. Manasà maromaro amin'izy ireo hizara

amin'ny mpianatra izay nosoratany. Farano ny lesona amin'ny fanentanana ireo mpianatra hieritreritra mikasika ny fomba ahafahana manampy azy ireo hanana fitiavana sy finoana bebe kokoa an'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fahafantarana ny asa fanompoany sy toetra manokana nananany talohan'ny nahaterahany.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Apôkalypsy 12:7–11; Abrahama 3:15–25; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 138:55–56.
- Richard G. Scott, “Jesus Christ, Our Redeemer,” *Ensign*, Mey 1997, 53–54, 59.

4

Nahary ny Tany i Jehovah

Fampidirana

Ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly" dia manambara fa: "I [Jesoa Kristy] no Mpamorona ny tany, teo ambany fitarihan'ny Rainy. 'Izy no nahariana ny zavatra rehetra, ary raha tsy izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary rehetra izao'

(Jaona 1:3)" (*Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2). Rehefa takatry ny mpianatra ny tanjona mandrakizain'ny nahariana ny tany, dia afaka ny hiaina amin'ny fahatapahan-kevitra kokoa izy ireo ny hanatanteraka ny anton'ny nahariana azy ireo manokana.

Vakiteny Enti-mandalina

- Russell M. Nelson, "The Creation," *Ensign*, Mey 2000, 84–86.
- Raha toa ka misy amin'ny fiteninanao dia diniho ny hamakiana ny Neal A. Maxwell, "Our Creator's Cosmos," ao amin'ny *By Study and by Faith: Selections from the Religious Educator*, ed. Richard Neitzel Holzapfel and Kent P. Jackson (2009), 37–50.

Sosokevitra Enti-mpianatra

Genesisy 1:1; Jaona 1:1–3; Hebreo 1:1–2; Jakôba 4:9; Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 38:1–3; 76:22–24; 104:14–17; Mosesy 1:30–33; 2:1 Nahary ny tany i Jehovah

Manehoa zavatra iray izay namboarin'olona iray ho anao (ohatra hoe fanomezana). Zarao amin'ny mpianatra ny fahatsapana anananao momba io zavatra io sy amin'ilay olona nanao izany. Avy eo dia anontanio hoe:

- Oviana no nisy olona nanamboatra zavatra ho anao? Inona no fahatsapana nanananao ho an'ilay olona nanamboatra azy io?

Asao ny mpianatra hampitaha sy hijery ny mahasamihafa ny Genesisy 1:1; Jaona 1:1–3; Efesiana 3:9; Hebreo 1:1–2; ary ny Mosesy 2:1. Asao ny mpianatra hitanisa eo amin'ny solaitrabe ny fitovizana sy ny fahasamihafana izay tsikaritr'izy ireo teo amin'ireo andininy ireo. (*Fanamarihana*: Rehefa mianatra mampitaha sy mijery ny mahasamihafa ny andinin-tsoratra masina ireo mpianatra, dia ho mora takarina kokoa ireo fotopampianarana sy fitsipika.) Dia anontanio hoe:

- Iza no namorona ny tany raha ny voalaza ao amin'ireo soratra masina ireo? (Hamafiso fa **i Jehovah no nahary ny tany teo ambany fitarihan'ny Ray**, na tahaka ny nampianarin'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny Fahariana iray manontolo dia novolavolain'ny [Ray any An-danitra]" ("The Creation," *Ensign*, Mey 2000, 84).

Omeo fotoana ny mpianatra hamakiana sy hampitahana mangina ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 76:22–24; 104:14–17; sy ny Mosesy 1:30–33 sady mitady hoe inona ihany koa no noharian'i Jehovah. Raha ilaina dia hamafiso fa namorona tontolo tsy hita isa Izy ary "feno ny tany, ary manana ny ampy sy ny ho tehirizina aza" (F&F 104:17). Ampio ireo mpianatra hamakafaka io andianteny io amin'ny fanontaniana hoe:

- Inona no ampahafantarin'io teny io mikasika ny zavatra izay tsy maintsy ho fantatry ny Mpamonjy rehefa namorona ny tany Izy? (Nilainy ny nahafantatra hoe firy ny

olona izay honina eo amin'ny tany, ary inona no ilain'izy ireo mandritra ireo vanim-potoana samihafa eo amin'ny tantara.)

Hazavao amin'ny mpianatra fa zava-dehibe ny mahafantatra hoe *iza* no namorona ny tany, saingy mbola manan-danja kokoa noho izany ny fahafantarana hoe tamin'ny *fahefana inona* no namoronana ny tany. Asao ny mpianatra hampitaha sy hampifandray ny Môrmôna 9:16–17; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 38:1–3; ary ny Jakôba 4:9 ka hamantatra hoe *ahoana* no fomba namoronana ny tany. Asao ny mpianatra hanazava ny hevitr'ireo andininy ireo amin'izay fahaizany azy. Avy eo dia aseho ity fanambarana manaraka ity:

“Nahary an'ity izao tontolo izao ity sy ny zava-drehetra ao anatiny i Jesoa Kristy. Nahary tontolo maro hafa koa izy. Tamin'ny alalan'ny herin'ny fisoronana no nanaovany izany ary teo ambany fitarihan'ny Raintsika any An-danitra” (*Ny Fitsipiky ny Filazantsara* [2009], 23).

Antitrantero fa amin'izao fotoana izao, dia vitsy ihany ny antsipirihany omen'ny soratra masina mikasika ny fomba namoronana ny tany, saingy nampanantenaina antsika fa indray andro any dia ho ambara izany antsipirihiny izany (jereo ny F&F 101:32–34). Betsaka kokoa no ampianarina ao amin'ny soratra masina mikasika ny tanjon'ny Fahariana.

Ifampiresaho amin'ny mpianatra rehetra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Rehefa mandinika ny tontolo manodidina anao ianao dia inona no ampianarin'ny zava-boarin' Andriamanitra anao mikasika ny Mpamonjy, sy ny Fisoronany, ary ny toerana nananany tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana?
- Inona no fiantraikan'ny fahatakaranao an'ireo fahamarinana ireo eo amin'ny fahatsapana anananao mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny fijoroanao ho vavolombelona momba Azy?
- Inona no fiantraikan'ny fahatakaranao an'ireo fahamarinana ireo eo amin'ny fahatsapana anananao mikasika ny tany?

Alohan'ny hanohizana ny lesona dia antitrantero amin'ny mpianatra fa raha namorona ny tany ny Mpamonjy, dia ny Ray any An-danitra no Rain'ny fanahintsika ary namorona ny vatana ara-nofon'i Adama sy i Eva.

1 Nefia 17:36; 2 Nefia 2:23–25; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 49:16–17; Mosesy 1:27–33, 39

Ny tanjon'ny nahariana ny tany

Zarao ho tsiroaroa ireo mpianatra ary iangavio izy ireo hiaroka ao amin'ny Mosesy 1:27–33, 39; 1 Nefia 17:36; sy ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 49:16–17. Azonao atao ny mandroso sosokevitra amin'izy ireo hanisy marika ireo teny na andianteny izay manampy azy ireo hamolavola valinteny ho an'ity fanontaniana ity: “Ahoana re no fomba hanazavanao amin'ny namana iray ny *antony* nahariana ny tany?” Manasa mpianatra tsiroaroa vitsivitsy hizara ny valin-tenin'izy ireo amin'ny mpianatra rehetra. Tokony ho hitan'ireo mpianatra fa **nahary ny tany i Jehovah mba hanomanana toerana hahafahan'ireo zanak' Andriamanitra miaina sy mivoatra mankamin'ny fiainana mandrakizay**. Anontanio hoe:

- Inona no hevity ny teny hoe “fatrany amin'ny isan'ny olombelona” ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 49:17? (Raha ilaina dia jereo ny fanazavana ny Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 49:16–17 ao amin'ny

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, Boky Fandalinan'ny Mpianatra [(boky torolalan'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 2001), 106].)

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny 2 Nefia 2:18–25 dia anontanio izy ireo avy eo hoe:

- Ahoana no mahatonga ireo toe-javatra tao amin'ny Saha Edena ho sakana tsy nahafahan'i Adama sy i Eva hivoatra eo amin'ilay drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra ?
- Amin'ny fomba ahoana no nahatonga ny fahalavoan'i Adama hanampy ny tany hahatratra ny tanjona nahariana azy? (Izany no nahafahan'i Adama sy Eva hanan-janaka.)
- Ahoana no ahafahan'ireo vokatry ny Fahalavoana izay voalaza ao amin'ny andininy 23, manampy antsika hivoatra eo amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra ?

Omeo tahadika'ireto fanambarana ireto ny mpianatra tsirairay, izay nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, sy Rahavavy Julie B. Beck, izay filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha. Omeo fotoana ampy ny mpianatra hamakiana ireo fanambarana ireo ary handalinana ny anjara asan'ny Fahariana ao amin'ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny famonjena ireo zanany.



"Tsy misy hafa amin'ny maha azo antoka fa ny famonjena dia tanteraka noho ny Sorompanavotana, dia tahaka izany koa, ny famonjena dia tanteraka noho ny Fahalavoana. ...

"Ary aoka ho tsaroana ihany koa fa ny Fahalavoana dia tanteraka satria nisy Mpahary iray tsy misy fetra ... nanao ny tany sy ny olombelona ary ny karazan-java-manan'aina rehetra amin'ny endriny izay nahafahan'izy ireo ho lavo. ... Ny zava-drehetra dia nohariana toy izany mba hahatonga azy ireo ho lavo na hiova, ary tamin'izany no nidirana tamin'ny karazana fiainana izay nilaina mba hampanan-kery ireo toe-javatra sy fepetra rehetra takian'ny drafitra mandrakizain' ny famonjen'ny Ray.

"Io fahariana ny zava-drehetra ara-nofy voalohany io dia ... nanana endrika paradisa. Tamin'ny fotoana niandohana sy fotoanan'ny Edena dia niaina tao amin'ny toetra avo kokoa ary samihafa amin'izay misy ankehitriny ny karazana zava-manan'aina rehetra. Ny fahalavoana izay ho avy dia hitondra azy ireo hidina sy mankany aloha ary mandroso kokoa. Mbola nila nampidirina teto amin'izao tontolo izao ny fahafatesana sy ny fahafahana miteraka" (Bruce R. McConkie, "Christ and the Creation," *Ensign*, Jona 1982, 9).



Busath.com

"Ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manana teôlôjia mikasika ny fianakaviana isika izay mifototra amin'ny Fahariana sy ny Fahalavoana ary ny Sorompanavotana. Ny Fahariana ny tany dia nanome toerana izay ahafahan'ny fianakaviana hiaina. Nahary lehilahy iray sy vehivavy iray Andriamanitra dia ireo izay silany roa ilaina ao anatin'ny fianakaviana. Efa tao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra fa i Adama sy Eva dia hofehezina ary ho lasa fianakaviana mandrakizay.

"Ny Fahalavoana dia nanome fomba ahafahan'ny fianakaviana hitombo. I Adama sy i Eva no mpitarika ny fianakaviana izay nisafidy ny hisedra ny fiainana eto an-tany. Ny Fahalavoana no nahafahan'izy ireo nanana zanakalahy sy zanakavavy.

"Ny Sorompanavotana no ahafahan'ny fianakaviana ho fehezina miaraka mandrakizay. Io no ahafahan'ny fianakaviana manana fivoarana sy fahatanterahana mandrakizay. Ny drafitry ny

fahasambarana izay antsoina ihany koa hoe ny drafitry ny famonjena, dia drafitra iray noforonina ho an'ny fianakaviana. Ny taranaka vao misondrotra dia mila mhahatakatra fa ireo andry fototry ny finoantsika dia mifototra amin'ny fianakaviana" (Julie B. Beck, "Teaching the Doctrine of the Family," *Ensign*, Mar. 2011, 12).

- Ahoana no fomba hanampian'io fanambarana io anao hahatakatra ny anjara asa manan-danja sahanin'ny Fahariana eo amin'ny drafitr' Andriamanitra manontolo ho an'ny famonjena ireo zanany?
- Nahoana no zava-dehibe ny mhahatakatra fa ny tany dia nohariana mba hanampiana ny tsirairay sy ny fianakaviana amin'ny fisandratana? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa takatsika ny tanjon'ny fahariana ny tany, dia afaka manana faniriana bebe kokoa isika hanatanteraka ny tanjona nahariana antsika.**)

Hazavao amin'ireo mpianatra fa ny fahefana mamehy ao amin'ny fisoronana dia ahafahan'ireo mpivady sy ny ray aman-dreny sy ny zanaka ho tafaraka aorian'ny fahafatesana. Raha tsy misy ny fahefana hamehy izay naverina tamin'ny alalan'i Elia dia tsy ho afaka ny hahazo ny fahafenoan'ny fitahian'ny fisandratana ireo zanak' Andriamanitra ary ity tanjon'ny fahariana ity dia tsy ho tanteraka, na araka izay ampianarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, hoe: "ho fongorana tanteraka ny tany manontolo" (F&F 2:3; jereo koa ny Malakia 3:24).

Farano ny lesona amin'ny fijoroanao ho vavolombelona momba an'ireto fahamarinana manan-danja ireto: (1) Nahary ny tany i Jehovah teo ambany fitarihan'ny Ray; (2) Nahary ny tany Izy mba hanomezana toerana hahafahan'ireo zanak' Andriamanitra miaina sy mivoatra mankamin'ny fiainana mandrakizay; ary (3) rehefa takatsika ny tanjona nahariana ny tany, dia afaka manana faniriana bebe kokoa isika hanatanteraka ny tanjona nahariana antsika.

Entano ny mpianatra mba handinika izay zavatra azon'izy ireo atao mba hanehoana ny fankasitran'izy ireo zavatra noharian'i Jesoa Kristy. Entano ny mpianatra hanaraka izay bitsiky ny Fanahy tsapan'izy ireo nandritra ny lesona.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Genesisy 1:1; Jaona 1:1-3; Hebreo 1:1-2; Mosesy 2:1; Môrmôna 9:16-17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:1-3; 76:22-24; 104:14-17; Jakôba 4:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:32-34; Mosesy 1:27-33, 39; 1 Nefia 17:36; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:16-17.
- Russell M. Nelson, "The Creation," *Ensign*, Mey 2000, 84-86.

5

I Jesoa Kristy no Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha

Fampidirana

Raha nijoro ho vavolombelona mikasika ny Mpamonjy ireo mpaminany ankehitriny dia nanambara hoe: "Izy ilay Jehovah Lehibe ao amin'ny Testamenta Taloha" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2). I Jesoa Kristy, tamin'ny naha Jehovah Azy, no nametraka ny

filazantsara mandrakizain'ny Ray any An-danitra teto an-tany, nandritra ireo fotoampitantanana rehetra hatrizay mba hanangonana ireo zanak' Andriamanitra tsirairay izay very. Afaka ny ho mafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy rehefa fantatsika ny toetrany izay tsy miovaova, sy ny filazantsarany mandrakizay.

Vakiteny Enti-mandalina

- Russell M. Nelson, "Fanekepivahanana," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2011, 86–89.
- "The Abrahamic Covenant," *The Pearl of Great Price Student Manual* (boky torolalana an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 2000), 93–98.
- "Enrichment Section A: Who Is the God of the Old Testament?" *Old Testament Student Manual: Genesis –2 Samuel*, 3rd ed. (boky torolalana an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 2003), 45–48.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Eksôdôsy 3:11–14; 6:2–3; Jaona 8:52–53, 56–59; 18:5, 8; 3 Nefia 15:5; Abrahama 1:16; 2:8

I Jesoa Kristy no Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha

Asao ny mpianatra hizara anarana na fiantsoana sasantsasany an'ny Mpamonjy izay fantatr'izy ireo. Soraty eny amin'ny solaitrabe ny valin-tenin'izy ireo. Lazao amin'ireo mpianatra fa androany ianareo dia hiresaka mikasika ny anarana na fiantsoana manandanja anankiray, izay nahafantarana an'i Jesoa Kristy talohan'ny asa fanompoany teto an-tany. Asao izy ireo hamaky mangina ny Jaona 8:52–53, 56–59. Avy eo dia apetraho ny fanontaniana hoe:

- Inona avy ireo fanontaniana napetraky ny Jiosy tamin'ny Mpamonjy?
- Inona araka ny hevitrao no tian'i Jesoa lazaina tamin'ny valin-teniny hoe: "Fony tsy mbola ary Abrahama dia Izy Aho"? (andiny 58).

Mba hanampiana ny mpianatra hamaritra ny teny hoe "Izy Aho," dia zarao tsiroaroa ny mpianatra ary iangavio izy ireo hamaky ny Eksôdôsy 3:11–14; 6:2–3, ary hitady hoe ahoana no fomba niantsoan'ilay Andriamanitra ny Testamenta Taloha ny Tenany. Rehefa nahazo fotoana ampy izy ireo dia apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Araka ny voalaza ao amin'ireo andininy ireo, dia inona avy no anarana nampiasain'ilay Andriamanitra ny Testamenta Taloha entina ilazana ny Tenany? (Mariho fa ny Dikantenin'i Joseph Smith amin'ny Eksôdôsy 6:3 dia hoe: "Izaho no Tompo Andriamanitra Tsitoha, ilay JEHOVAH Tompo. Ary moa tsy fantatr'izy ireo va ny anarako?" Jereo ihany koa ny Abrahama 1:16.)
- Ahoana no ahafahan'ireo andininy ireo manazava ny hevitra ny tenin'i Jesoa Kristy hoe: "Fony tsy mbola ary i Abrahama dia Izy Aho"? (Tokony ho fantatry ny mpianatra fa **i Jesoa Kristy no Jehovah, ilay Andriamanitra ny Testamenta Taloha sy ilay IZY AHO lehibe.**)

Zarao ireto fanambarana manaraka ireto:



"Izany no fanambarana mazava sy mivantana indrindra nataon'olona na azon'olona atao momba ny maha andriamanitra Azy. 'Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia efa nisy aho, Izaho Jehovah.' Izany hoe: 'Izaho no Andriamanitra Tsitoha, ilay IZY AHO lehibe. Izaho no Ilay Tokana Mandrakizay izay nisy noho ny herin'ny tenako ihany. Izaho no Andriamanitry ny razanareo. Ny anarako dia: IZAO IZAY IZY'" (Bruce R. McConkie, *Doctrinal New Testament Commentary*, 3 vols. [1965–73], 1:464).

Jehovah no "anarana araka ny fanekempihavanana sady fiantsoana an'ilay Andriamanitry ny Isiraely. Izany dia manambara 'Ilay Tsy Miova'" (Bible Dictionary, "Jehovah").

- Nahoana no zava-dehibe ny mahafantatra fa i Jesoa Kristy no Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha? (Tokony ahitana ity fahamarinana manaraka ity ny valiny: **Andriamanitra dia nitantana hatrany ny filazantsarany tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Zanany Lahy.** Jereo ihany koa ny 3 Nefia 15:5, izay mirakitra ny fampianaran'ny Mpamonjy fa hoe Izy no nanome ny lalàna.)

Azonao atao ny manasa mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana ity izay nataon'ny Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972):



"Ny fanambarana rehetra hatramin'ny fahalavoana dia tonga tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy, izay ilay Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha. ... Ny Ray [Elôhima], dia tsy mbola nifandray mivantana na manokana tamin'ny olona hatramin'ny fahalavoana, ary tsy mbola niseho tamin'ny olona mihitsy raha tsy hoe mba hampahafantatra hijoro ho vavolombelona momba ny Zanaka" (*Doctrines of Salvation*, comp. Bruce R. McConkie, 3 vols. [1954–56], 1:27).

- Ahoana no ahafahanao manana finoana an'i Jehovah, na i Jesoa Kristy, rehefa mahafantatra fa tsy miovaova izy? (Ny valiny dia mety hoe **ny fahalalana fa tsy miova i Jesoa Kristy dia hanampy antsika hanana finoana fa tsy misy hafa amin'ny nitazonany ny fampanantenany tamin'ny vahoaka izay vakiantsika ao amin'ny soratra masina ny tantarany, dia hitazona ny fampanantenany amintsika koa Izy.**)

Mariho fa tamin'ny vaninandro taoriana kelin'ny tantara farany ao amin'ny Baiboly dia noheverina ho masina loatra ka tsy azo tononina ilay anarana amin'ny teny Hebreo milaza an'i Jehovah (izay mazàna lazaina hoe *Yahveh* ao amin'ireo lahatsoratra). Ho an'ny Jodaisma ankehitriny, dia nosoloina ny teny hoe *Adonai*, izany, izay midika hoe "Tampo."

Genesisy 13:14–16; 17:1–9; Mosesy 6:51–52, 64–66; Abrahama 1:18–19; 2:8–11

Efa fahiny i Jehovah no nametraka ny filazantsara mandrakizay

Iangavio ireo mpianatra izay efa miara-miasa tsiroaroa hamaky ny Mosesy 6:51–52, 64–66 ary hamantatra izay zavatra nampianarin'i Jehovah an'i Adama. Lazao azy ireo fa ao amin'ny andininy 51–52, i Jehovah dia miteny eo amin'ny toeran'ny Ray.

Anontanio avy eo hoe:

- Inona no tsikaritrao mikasika ny filazantsara nampianarina an'i Adama? (Mitovy amin'ny filazantsara ampianarina ankehitriny ihany izany. [Jereo ny 2 Nefia

31:10–16 ho toy ny ohatry ny filazantsara izay nampianarina tany Amerika.] Azonao atao ny manantitrantitra io fahamarinana io amin'ny alalan'ny fanoratana ity fanambarana ity eo amin'ny solaitrabe: **Maharitra mandrakizay ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary tsy miova nandritra ny fotoampitantanana ny filazantsara tsirairay izay nisy.**)

Hazavao amin'ny mpianatra fa tamin'ny fotoampitantanana taty aoriana i Jehovah dia nanavao ny filazantsarany mandrakizay tamin'ny alalan'ny fanekehampihavanana niarahana tamin'i Abrahama izay antsoina hoe ny fanekehampihavanan'i Abrahama. Zarao roa ny mpianatra. Tendreo ny antsasaky ny mpianatra handalina ny Genesisy 13:14–16; 17:2–8; Abrahama 1:18–19; 2:8–11 ka hanao ny lisitr'ireo fampanantenana izay nataon'ny Tompo tamin'i Abrahama. Tendreo ny antsasany sisa amin'ny mpianatra handalina ny Genesisy 17:1–5, 9; Abrahama 1:19; 2:8–11 ary hanao ny lisitr'ireo zavatra izay nasaina nataon'i Abrahama mba hahafahany mahazo ireo fitahiana nampanantenaina. (*Fanamarihana*: Rehefa mianatra ny fomba fitadiavana lisitra ao amin'ny soratra masina ireo mpianatra, dia ho afaka hamantatra kokoa ireo teboka manan-danja izay ninian'ireo mpanoratra ny soratra masina antitranterina.)

Eo ampandalinan'ireo mpianatra dia adikao eny amin'ny solaitrabe ity tabilao ity, ary asio malalaka hitanisana ny valiny:

<i>Fanekehampihavanan'i Abrahama</i>	
<i>Fampanantenana natao tamin'i Abrahama</i>	<i>Andraikitr'i Abrahama</i>

Omeo fotoana ampy izy ireo, ary avy eo dia manasà mpianatra vitsivitsy isaky ny andiany mba ho eny amin'ny solaitrabe ary hanoratra izay zavatra hitan'izy ireo eo ambanin'ny lohateny mifanaraka amin'izany. Azonao atao ny mamintina ny fanekehampihavanan'i Abrahama amin'ny alalan'ny fampisehoana ity fanambarana manaraka ity, ka mangataha mpianatra iray mba hamaky izany mafy:

“Nandray ny filazantsara i Abrahama ary nohosorana ho amin'ny fisoronana avo (F&F 84:14; Abr. 2:11), ary niditra tao amin'ny fanambadiana selestialy, izay fanekehampihavanan'ny fisandratana (F&F 131:1–4; 132:19, 29). Nahazo fampanantenana i Abrahama fa hatolotra ho an'ireo taranany eto antany ireo fitahiana rehetra entin'ireo fanekehampihavanana ireo (F&F 132:29–31; Abr. 2:6–11). Ireo fanekehampihavanana sy fampanantenana ireo mitambatra no atao hoe fanekehampihavanan'i Abrahama. Io fanekehampihavanana io dia naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny amin'ny Andro Farany, fa amin'ny alalan'izany no hitahiana ny firenena rehetra maneran-tany (Gal. 3:8–9, 29; F&F 110:12; 124:58; Abr. 2:10–11)” (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, “Fanekehampihavanan'i Abrahama”; scriptures.lds.org).

Antitrantero fa efa hatrany am-piandohana ny Ray no efa nanao fanekehampihavanana tamin'ireo zanany mba hanangona azy ireo miaraka amin'ny alalan'ireo fahamarinana sy ôrdônansy ary fitahian'ny filazantsara mandrakizay. Tafiditra ao amin'ny famerenana

ny filazantsara amin'ny laoniny ny famerenana ny fanekempihavanan'i Abrahama amin'ny laoniny. Izany hoe: ny fanekempihavanan'i Abrahama dia ampahany manandanja amin'ny fanekempihavananana vaovao sy mandrakizay, dia ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no fiantraikan'ny fahafantaranao fa taranak'i Abrahama isika ary mpandova ireo fitahiana rehetra nampanantenain' Andriamanitra taminy, eo amin'ny fomba fiainanao?
- Ahoana no ahafahan'ny fianakaviana ho mafy orina kokoa sy ahafahantsika mahazo fitarihana eo amin'ireo fanapahan-kevitra raisintsika rehefa eo ireo fitahiana nampanantenaina an'i Abrahama sy ny taranany?

Asao ireo mpianatra hizara ireo fomba izay hahafahany mahazo ireo fitahiana nampanantenaina avy amin'ity fanekempihavananana ity, ho azy ireo manokana, sy ho an'ny fianakavian'izy ireo na efa lasa na ankehitriny na mbola ho avy.

Josoa 24:3–13; 1 Nefia 17:23–32

Nitahy sy nitantana an'i Isiraely fahiny i Jehovah

Lazao ny mpianatra fa anisan'ny fanekempihavanan'i Abrahama, dia nampanantena ireo fitahian'ny filazantsara i Jehovah ho an'ny taranak'i Abrahama sy ireo izay mitambatra amin'izy ireo. Asao ny antsasaky ny mpianatra hamaky ny Josoa 24:3–13, ary ny antsasany ambiny hamaky ny 1 Nefia 17:23–32. Asao ireo mpianatra hitady ireo teny na andianteny izay mampianatra ireo zavatra izay nataon'i Jehovah ho an' Isiraely fahiny. Azonao atao ny manasa azy ireo hanisy marika ny zavatra hitany. Rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo dia asao ireo mpianatra hizara izay zavatra nianarany. Fintino eny amin'ny solaitrabe ny valin-tenin'ny mpianatra. Mba ahitana ny antony nahatonga an'i Jehovah nanao ireo zavatra sasantsasany izay nataony ireo dia miangavia mpianatra iray hamaky mafy ny Eksôdôsy 6:2–6. Anontanio ny iray kilasy hoe:

- Inona ny antony nolazain'i Jehovah fa nahatonga azy nanao ireo zavatra izay novakianareo tao amin'ny Josoa sy 1 Nefia?
- Inona no ambaran'izany aminao mikasika ireo fampanantenana izay nataon'ny Tompo taminao? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia soraty eo amin'ny solaitrabe ity fitsipika ity: **Rehefa miaina amim-pahatokiana isika dia hitazona ny fampanantenana izay nataony tamintsika ny Tompo.**)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana ity izay nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf:



“Koa satria Andriamanitra dia mahatoky hatrany ary mihazona hatrany ny fampanantenany tany aloha, dia afaka manantena amim-pahatokiana isika fa hitazona ny fampanantenana ataony amintsika Andriamanitra ankehitriny sy amin'ny ho avy. Amin'ny fotoanan'ny alahelo dia azontsika atao ny mifikitra mafy amin'ny fanantenana fa ny zavatra rehetra dia 'hiara-hiasa ho tombontsoan[tsika]' [F&F 90:24]” (“Ny Hery tsy manam-petran'ny fanantenana,” *Ensign na Liahona*, Nôv. 2008, 23).

- Ahoana no fomba ahafahanao mahazo fanampiana mandritra ny fitaom-pitsapana raha mahafantatra mikasika ny asa nataon'i Jehovah fahiny?
- Inona no nataony ho an'i Isiraely fahiny ka mbola ho ataony ho anao ihany koa?

Mijoroa ho vavolombelona fa isaky ny fotoampitantanana tsirairay dia nomen'i Jesoa Kristy ny filazantsara mandrakizay ireo zanak' Andriamanitra. Tahaka ny nandraisan'ireo vahoakan'ny fanekempihavanana fahiny ireo fitahiana nampanantenaina avy amin'ny Tompo, no ahafahantsika mahazo izany ihany koa noho ny fankatoavantsika.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Jaona 8:51–59; 18:5, 8; Eksôdôsy 3:11–14; 6:2–3; 3 Nefia 15:5; Mosesy 6:51–52, 64–66; Genesisy 17:1–9; Abrahama 1:18–19; 2:8–11.
- “Enrichment Section A: Who Is the God of the Old Testament?” *Old Testament Student Manual: Genesis–2 Samuel*, 3rd ed. (Boky torolalan'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fianganana, 2003), 45–48.

Fambara sy Tandindona ary Sariohatra maneho an'i Jesoa ilay Kristy

6

Fampidirana

Ireo Mpaminany ankehitriny dia nanambara fa i Jesoa Kristy dia “natanteraka ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo ho fahatsiarovana ny sorompanavotany lehibe” (“Ilay Kristy Velona: Tenivolombelon'ny Apôstôly,” *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2). Ankoatra ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo dia ambaran'ny soratra masina amintsika koa ireo zava-nitranga sy toe-javatra sy

zavatra ary olona marobe izay natao hampahatsiahy sy hampianatra antsika mikasika ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy sy ny asa fanompoany. Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra handinika ny sasany amin'ireo fambara sy tandindona ary sariohatra izay mampitodika antsika any amin'ny Mpamonjy.

Vakiteny Enti-mandalina

- Russell M. Nelson, “In This Holy Land,” *Tambuli*, Feb. 1991, 10–19.
- “Enrichment Section C: Symbolism and Typology in the Old Testament,” *Old Testament Student Manual: Genesis–2 Samuel*, 3rd ed. (boky torolalana an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 2003), 111–15.

Sosokevitra Enti-mampianatra

2 Nefia 11:4; Mosesy 6:63

Ireo tandindon'i Kristy ao amin'ny soratra masina

Manehoa sary maromaro izay misy famantarana na sariohatra efa fanta-daza tahaka ireto aseho ireto:



Rehefa avy mamantatra ny dikan'ny famantarana tsirairay ny mpianatra dia asaivo izy ireo mitady sary famantarana na famantarana hafa izay mora fantarina.

Zarazarao ho tsiroaroa ireo mpianatra. Asao ny mpinamana mba handalina sy hampitaha ny 2 Nefia 11:4 sy ny Mosesy 6:63. Asao izy ireo hifampiresaka mikasika ny zavatra hifandraisan'ireo andininy ireo sy ny zavatra ampianarin'izany mikasika an'i

Jesoa Kristy sy ny tanjon'ny faharian' Andriamanitra. Rehefa avy nifampiresaka mikasika ny zavatra izay hitan'izy ireo ny mpinamana dia anontanio ny mpianatra hoe:

- Ahoana no fomba hamaritanao ny fahamarinana fototra izay voarakitra ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo? (Tokony hahita ity fahamarinana ity ireo mpianatra: **Ny zava-drehetra dia nohariana mba hijoro ho vavolombelona mikasika an'i Jesoa Kristy.**)
- Inona avy ireo zavatra sasantsasany izay “nomen' Andriamanitra” ka “tandindona” (2 Nefia 11:4), na maneho an'i Jesoa Kristy?

Lazao amin'ny mpianatra fa ny soratra masina rehetra dia ahitana fambara, tandindona sy sariohatra ary endrik'i Jesoa Kristy. Hazavao fa ireo fambara sy tandindona sy sariohatra ary endrika ireo dia fanehoana fahamarinana manan-danja kokoa. Ny Liahona izay voalaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ohatra dia fanehoana ny tenin'i Kristy. Ato amin'ity ampahany amin'ny lesona ity isika dia hifantoka amin'ny fambara sy kisary izay hita ao amin'ny Testamenta Taloha. Ny ankabeazan'ireo kisary ireo dia miendrika olona na zavatra na zava-mitranga na toe-javatra (mety hanampy ny fanoratana ireo sokajy ireo eny amin'ny solaitrabe). Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina ireto na ataovy amin'ny taratasikely zaraina amin'ny mpianatra:



Fambara sy Tandindona ary Sariohatra maneho an'i Jesoa Kristy ao amin'ny Testamenta Taloha	Fahatanterahany teo amin'ny fiainan'i Kristy
Genesisy 22:1–14	Jaona 3:16; 19:16–18; Jakôba 4:4–5
Eksôdôsy 3:7–8, 10–12	Matio 1:21; 2 Nefia 6:17
Eksôdôsy 12:3, 5–7, 13–14, 46	Jaona 1:29; 19:14, 31–36; 1 Petera 1:18–19
Eksôdôsy 16:14–15, 18	Jaona 6:5–10, 48–51
Levitikosy 8:15, 30; 17:11	Hebreo 9:22; 13:12
Levitikosy 16:2–6, 17	Hebreo 9:6–12; 10:11–12
Levitikosy 22:19–22	Hebreo 9:14; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 20:22
Nomery 21:4–9	Jaona 3:14–15; Helamàna 8:13–15
Jona 1:17; 2:10	Matio 12:38–40

Manendre mpianatra iray na maromaro handalina ny andinin-tsoratra masina tsirairay ary hiomana hanazava ny tandindona ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny fomba hanehoan'izany an'i Jesoa Kristy. Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia asao izy ireo hilaza ny zavatra hitany.

Raha ampy ny fotoana, dia azonao atao koa ny miresaka mikasika ny tandindon'i Kristy sasantsasany izay noresahan'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny lahatsoratra nataony "In This Holy Land" (*Tambuli*, Feb. 1991, 10–19).

Ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny mpianatra ireto fanontaniana ireto:

- Nahoana araka ny eritreritrao no hoe ny zavatra rehetra dia nohariana mba haneho na ho tandindon'ny Mpamonjy?
- Inona no maha-zava-dehibe ny hoe mikasika lalandava ny hitady ny fomba mahatonga ny zavatra rehetra hijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy? (Ataovy izay ahatakaran'ny mpianatra ity fitsipika manaraka ity: **Afaka mianatra zavatra bebe kokoa mikasika an'i Jesoa Kristy isika rehefa mhahatakatra ny kisary sy ireo fambara ary tandindona izay mijoro ho vavolombelona ny Aminy.**)
- Ahoana no fomba nahafahan'ny zavatra iray izay maneho ny tandindon'i Kristy nanamafy ny finoanao Azy?
- Inona no azonao atao hahafahanao mamantatra an'i Kristy ao anatin'ireo tandindona izay nomena antsika?

2 Nefia 11:2–6

Ireo tandindona sy sariohatra maneho an'i Kristy ao amin'ireo fanekempihavanana sy ôrdônansin'ny filazantsara

Hazavao fa ity fizarana ato amin'ity lesona ity dia hifantoka amin'ny lafiny iray hafa amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay ahitana tandindona sy sarin'i Kristy. Asao ny mpianatra handalina ny 2 Nefia 11:2–6, ary hitady ireo zavatra izay nahafinaritra an'i Nefia. Azonao atao ny manasa azy ireo hanisy marika ny zavatra hitany.

- Inona no nahafinaritra an'i Nefia?

Hamafiso ny teny hoe "fanekempihavanan'ny Tompo" ao amin'ny andininy 5.

Hazavao fa ireo fanekempihavanana sy ôrdônansy dia ampahany manan-danja ao amin'ny filazantsara mandrakizain'i Jesoa Kristy. Betsaka ireo zavatra ao amin'ny fanekempihavanana sy ôrdônansy izay tandindona sy mpianatra mikasika an'i Jesoa Kristy ary mitarika antsika hanatona Azy. Asehoy ity teny ity izay nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Ny ôrdônansy na asa masina tsirairay izay notendren' Andriamanitra, ny fahafoizantena sy sariohatra ary tandindona tsirairay, ny zava-drehetra izay nomen' Andriamanitra ho an'ny vahoakany hatrizay—izany rehetra izany dia notendren' Andriamanitra sy naoriny tamin'ny fomba izay ahafahana mijoro ho vavolombelona momba ny Zanany Lahy sy hahatonga ny finoan'ireo olona izay mino hifantoka aminy sy amin'ny fanavotana izay voatondro mialoha fa ho ataony" (*The Promised Messiah: The First Coming of Christ* [1978], 28).

- Inona no fotopampianarana na fitsipika nampianarina ao anatin'io fanambarana io? (Ny valiny iray azo heverina dia hoe **hahita ireo tandindon'i Kristy ao anatin'ireo ôrdônansin'ny filazantsara isika raha mitady azy ireny.**)
- Ahoana ny fomba ahafahan'io fahalalana io manampy antsika rehefa mandray anjara amin'ireo ôrdônansin'ny filazantsara isika?

Asao ireo mpianatra handalina mangina ny Romana 6:3–6 sy ny 3 Nefia 18:7, 11 ary hitady ireo tandindona izay maneho ny Mpamonjy. Manontania avy eo hoe:

- Inona avy ireo fomba ahafahan'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny filazantsara mampianatra mikasika ny Mpamonjy ary manampy anao hahatsiaro Azy?

Mba hanampiana ireo mpianatra hahatsapa ny fahamarinana sy ny maha-zava-dehibe ny fianarana mamantatra ireo fambara sy tandindon'i Kristy, dia mametraha fanontaniana tahaka izao:

- Inona no tandindon'ny Mpamonjy izay manan-danja lehibe aminao?
- Ahoana no fomba hakanao antoka fa tsikaritrao io tandindona io?
- Ahoana no fomba nahafahanao nandray fitahiana teo amin'ny fiainanao noho ny fandraisanao an'io ho toy ny tandindon'i Kristy?

Asao ireo mpianatra hampihatra ireo fitsipika tao amin'ity lesona ity amin'ny fanasana azy ireo hanoratra ny fomba ahafahan'izy ireo mamantatra tsara kokoa ireo fambara sy sariohatra ary tandindon'ny Mpamonjy ao amin'ny soratra masina sy ao amin'ireo ôrdônansin'ny filazantsara ary eo amin'ny fiainan'izy ireo amin'ny andavanandro. Entano izy ireo hifidy andro atsy ho atsy izay ahafahan'izy ireo hitady tsara ireo sary na zavatra na zava-mitranga izay ahatsiarovan'izy ireo ny Mpamonjy. Entano izy ireo hitazona ny lisitry ny zavatra izay hitan'izy ireo ka hizara izany amin'ny olona ao amin'ny fianakaviany na amin'ny namana na koa any amin'ny fitaovan-tserasera.

Vakitenin'ny Mpianatra

- 2 Nefia 11:2–6; Mosesy 6:63.
- Russell M. Nelson, "In This Holy Land," *Tambuli*, Feb. 1991, 10–19.

I Jesoa Kristy—Zanaka Lahitokan' Andriamanitra tao amin'ny nofo

7

Fampidirana

Fahiny dia vaovao iray mahafaly izay nambaran'ny maro ny vaovao mikasika ny fahaterahan'ny Mpamonjy—Nandefa ny Zanany Lahitokana Andriamanitra mba hanavotra izao tontolo izao. Ny “Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly” dia manambara fa i Jesoa no “voalohan-teraky ny Ray, ilay Zanaka

Lahitokana tao amin'ny nofo, ilay Mpamonjy izao tontolo izao” (*Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2–3). Ao amin'ity lesona ity ireo mpianatra dia hahafantatra ny antony nilàna ny nahatonga an'i Jesoa ho nateraky ny reny mety maty sy ny Ray tsy mety maty.

Vakiteny Enti-mandalina

- Robert E. Wells, “Our Message to the World,” *Ensign*, Nôv. 1995, 65–66.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 1:18–24; Lioka 1:26–35; Mosià 3:7–8

“Zanaka Lahitokan'ny Ray”

Atombohy ny lesona amin'ny fanehoana ny horonan-tsary hoe “The Nativity” (2:59). (Alaivo sy jereo mialoha ilay horonantsary alohan'ny fotoam-pianarana.)

Aorian'ilay horonan-tsary dia manontania hoe:

- Lafiny inona amin'ny fahaterahan'ny Mpamonjy no manan-danja aminao, ary nahoana?

Lazao amin'ny mpianatra fa ato amin'ity lesona ity izy ireo dia hiresaka momba ny lafiny iray amin'ny fahaterahan'i Jesoa Kristy izay tsy maintsy ilaina mba hahafahantsika mhahatakatra ny antony ahafahan'ny Mpamonjy manantanteraka ny anjara andraikiny eo amin'ny drafitry ny Ray.


Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 1:18–19 ary asao ny ambiny haka sary an'eritreritra ny toe-javatra voasoritra ao amin'ireo andininy ireo. (*Fanamarihana*: Ny fakana sary an'eritreritra dia fomba iray fandalinana soratra masina izay hahafahana mampiaina sy mamelona kokoa ny tantara iray ao amin'ny soratra masina.) Avy eo dia anontanio ny mpianatra izay mety ho fahatsapana ananan'izy ireo raha toa ka niaina toe-javatra mitovitovy amin'ny an'i Josefa izy ireo. Asao ireo mpianatra hamaky mangina ny Matio 1:20–24 ary hamantatra ny nahatonga an'i Josefa nana-pakevitra ny tsy “hametraka an'i [Maria] mangingina” (andininy 19), izay midika hoe hanafoana mangingina ny fifamofoan'izy sy i Maria. (*Fanamarihana*: Ny famaritana ireo teny na andianteny sarotra dia manampy ireo mpianatra hahatakatra ny soratra masina. Ho an'ireo andininy ireo dia azonao atao ny mampiasa izao fanazavana manaraka izao: (1) ny anarana hoe *Jesoa* [*Yeshua* amin'ny teny Aramaika] dia midika hoe “Jehovah no famonjena” na “Jehovah dia mamonjy”; (2) ny soratra masina izay resahina ao amin'ny Matio 1:22–23 dia ny Isaia 7:14; ary ny (3) anarana hoe *Imanoela* dia midika hoe “miaraka amintsika Andriamanitra.”)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Lioka 1:26–30. Asaivo manaraka ireo mpianatra ambiny ary mitady izay ampianarin'io andininy io mikasika an'i Maria. Asao

ireo mpianatra hanazava ny zavatra hitan'izy ireo. Avy eo dia manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Lioka 1:31–35 ka manaraka tsara ireo mpianatra ambiny mandritra izany. Anontanio hoe:

- Inona ao amin'ireo andininy ireo no manamafy hoe iza no Rain'i Jesoa?


Ataovy sary eny amin'ny solaitrabe ity kisary manaraka ity:




Apetraho amin'ny mpianatra iray ireto fanontaniana ireto:

- Milazà endrika iray ara-batana izay nolovainao tamin'ny rainao. Milazà endrika iray ara-batana izay nolovainao tamin'ny reninao.

Ataovy eo amin'ny kisary eo amin'ny solaitrabe ny valin-tenin'ilay mpianatra (jereo ny ohatra nampiarahana amin'ity):



Fafao ny kisary tamin'ny voalohany ary ataovy sary eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao:



Asehoy ity fanambarana ity izay nataon'ny Loholona James E. Talmage (1862–1933) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary iangavio ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Io Zaza izay ho aterak'i Maria io dia zanak'i Elôhima, ilay Ray Mandrakizay, tsy tamin'ny fandikana ny lalàna voajanahary fa araka ny endrika avo lenta kokoa amin'izany lalàna izany; ... Ao amin'ny toetrany dia ahitana fifangaroan'ireo hery amin'ny maha-Andriamanitra sy ireo fahaizana sy fahafahana avy amin'ny toetra mety maty; ary izany dia amin'ny alalan'ny fanarahana tsotra izao ny lalàna fototry ny

fandovana, izay nambaran' Andriamanitra, sy porofoin'ny siansa ary eken'ny filôzôfia, fa ny manan'aina dia hiteraka—mitovy karazana aminy. I Jesoa Zazakely dia natao handova ireo toetra sy fironana ary hery ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy izay nampivavaka ireo ray aman-dreniny—ny iray tsy mety maty sy be voninahitra—dia Andriamanitra, ny iray hafa olombelona—ilay vehivavy" (*Jésus le Christ*, ed. faha 3 [1916], 81).

- Inona no toetra manan-danja izay nolovain'ny Mpamonjy tamin'ireo ray aman-dreniny tsirairay?

Rehefa mamaly ireo mpianatra dia tanisao eo amin'ny solaitrabe eo ambanin'ny hoe "Maria" ireo toetra izay nolovain'i Jesoa Kristy tamin'ny reniny (toy ny hoe mety maty—afaka mahatsapa fanaintainana sy mety maty ara-batana). Tanisao eo ambanin'ny hoe "Ray any An-danitra" ireo toetra izay nolovainy tamin-dRainy (toy ny fahefana amin'ny maha-Andriamanitra—tsy fahafatesana na ny fahafahana miaina mandrakizay; jereo ny Jaona 10:17–18).

Avy eo dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 3:7-8. Anontanio hoe:

- Nahoana ny Mpamonjy no nila ny hery anankiroa dia ny mety maty sy ny tsy mety maty mba hahafahany manatanteraka ny Sorompanavotana? (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia ataovy izay hahatakarana'izy ireo ity fahamarinana manaraka ity: **Amin'ny maha Zanaka Lahitokan'ny Ray ao amin'ny nofo an'i Jesoa Kristy dia afaka nanatanteraka ny Sorompanavotana Izy, izay nitaky Azy mba hiharitra mihoatra noho izay azon'ny olombelona mety maty zakaina, ary amin'izany no nanatontosany ny anjara andraikiny tao amin'ny drafitry ny Ray.** Ankoatr'izany, **noho i Jesoa nanana hery nandresena ny fahafatesana, dia nanana fahafahana Izy hitsangana amin'ny maty.** Ataovy izay hahatakarana'ny mpianatra tsara fa raha nateraky ny ray aman-dreny roa samy mety maty i Jesoa Kristy dia tsy ho afaka nandresy ny fahafatesana na niaritra ny fanaintainana sy fijaliana tsy nisy fetra tamin'ny Sorompanavotana. Raha nateraka ray aman-dreny roa samy tsy mety maty Izy, dia tsy ho afaka nandairan'ny fijaliana ara-batana sy ny fahafatesana.)

Mba hanantitranterana bebe kokoa io fotopampianarana manan-danja io dia omeo tahadika'ity fanambarana ity izay nataon'ny Loholona Robert E. Wells avy ao amin'ny Fitopololahy ny mpianatra tsirairay, ary omeo fotoana izy ireo hamakiana sy handiniana izany:



"Ny maha Zanak' Andriamanitra an'i Jesoa Kristy ... dia tena ilaina indrindra mba hahatakarana ny drafitry ny famonjena manontolo. Izy no Zanaka Lahimatoan'ny Ray tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, ary Lahitokan'ny Ray eto an-tany. Andriamanitra ilay Ray Mandrakizay dia ray aman-dreny ara-bakitenin'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy sy ho an'ireo fanahy zanany hafa. ...

"Ny maha 'Zanak' Andriamanitra' ihany koa dia entina ilazana ny maha 'Zanaka Lahitokana ao amin'ny nofo' Azy. ... Io fiantsoana io dia midika fa ny vatana ara-nofon'i Jesoa dia taranaky ny reny mety maty sy taranaky ny Ray Mandrakizay tsy mety maty, fahamarinana izay manan-danja indrindra ho an'ny Sorompanavotana, fihetsika iray lehibe izay tsy ho azo notanterahin'ny olombelona tsotra. Nanana fahefana i Kristy hanolotra ny ainy sy haka izany indray satria Izy nandova ny tsy fahafatesana avy tamin'ny Rainy any An-danitra. Tamin'i Maria reniny no nandovan'i Kristy ny toetra mety maty na ny fahafahana ho faty.

“Io sorompanavotana tsy misy fetra nataon'i Kristy io sy io maha-Zanak' Andriamanitra an'i Kristy io dia miara-miasa mba hanome ilay fotopampianarana tokana sy manan-danja indrindra eo amin'ny tontolo Kristianina” (“Our Message to the World,” *Ensign*, Nôv. 1995, 65).

Farano ity ampahany amin'ny lesona ity amin'ny alalan'ny fametrahana ireto fanontaniana ireto:

- Ahoana no fomba ahafahanao hahatoky ny Mpamonjy sy hanana finoana Aminy rehefa mahafantatra ireo toetra izay nolovain'i Jesoa tamin'ny Maria?
- Ahoana no fomba ahafahanao hahatoky ny Mpamonjy sy hanana finoana ao Aminy rehefa mahafantatra ireo toetra izay nolovain'i Jesoa tamin'ny Ray any Andanitra?

1 Nefia 11:13-21

Nahita ny fiambanian' Andriamanitra i Nefia

Lazao amin'ny mpianatra fa hitantsika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa i Nefia dia nahita fahitana iray izay nahafahany nianatra mikasika ny ray aman-drenin'i Jesoa Kristy. Afaka mianatra fahamarinana fanampiny isika avy ao amin'io fahitana azony io. Asao ny mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny ao amin'ny 1 Nefia 11:13–21. Asaivo manaraka tsara ny mpianatra ambiny ary mitady ireo fotopampianarana manan-danja nampianarina ao amin'ireo andininy ireo. Hazavao fa eto amin'ity sahan-kevitra ity, ny teny hoe *fiambaniana* dia midika hoe midina avy amin'ny toetra na toerana iray ambony kokoa mankamin'ny toetra na toerana iray ambony kokoa na manaiky ho apetraka amin'ny toerana ambony kokoa.

- Iza no nianaran'i Nefia fa hoe ho ray aman-drenin'i Jesoa Kristy? (Tokony ho hitan'ireo mpianatra ity fotopampianarana ity: **Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay sy i Maria no ray aman-drenin'i Jesoa Kristy teto amin'ny fiainana an-tany.**)
- Raha mandinika ireo lesona ato amin'ity fandaharam-pianarana ity ianao hatreto dia nahoana no azo heverina ho anisan'ny fiambanian'i Jesoa Kristy ny fahaterahany?

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Rahalahy Tad R. Callister, filohan'ny Sekoly Alahady maneran-tany, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Andriamanitra Zanaka dia nahafoy ny fonenany tany an-danitra niaraka tamin'ny hakanton'ny lanitra rehefa mba ho tonga ety amin'ny toerana araka ny fiainana an-tany miaraka amin'ireo toe-javatra manahirana rehefa ao amin'izany. Izy, 'ilay Mpanjakan'ny lanitra' (Almà 5:50), 'ilay Tompo Tsitoha izay manjaka' (Môsià 3:5), dia nandao ny seza fiandrianany mba handova fihinanam-bilona. Natakalony an'ilay fiankinan-doha amin'ny maha-zaza ilay fanjakana amin'ny maha-andriamanitra. ... Izany no fiovana lehibe indrindra azo natao teo amin'ny toe-javatra rehefa nisy. ... Ilay Jehovah lehibe, mpamorona ny tontolo tsy hita isa, ary tsy manam-petra eo amin'ny fahatsarana sy ny fahefana dia niditra teto amin'izao tontolo izao voahodidina lamba-njaza sy tao anaty fihinanam-bilona” (*The Infinite Atonement* [2000], 64).

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny antony mahatonga ny fahaterahana ara-nofon'i Jesoa Kristy ho anisan'ny fiambanian' Andriamanitra Ray ihany koa dia

vakio mafy ity fanambarana nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



“Ny fiambanian' Andriamanitra (izany hoe ny Ray) dia midika fa na dia Olona efa nisandratra sy tanteraka ary be voninahitra aza lzy dia nanjary ilay Ray manokana sy ara-bakiteny ho an'ny Taranaka iray mety maty nateraky ny vehivavy mety maty” (*Mormon Doctrine*, 2nd ed. [1966], 155).

Farano amin'ny fanontaniana amin'ireo mpianatra ny amin'izay eritreritra sy fahatsapana ananan'izy ireo ho an'ny Mpamonjy rehefa mieritreritra ny fiambanany sy ny maha-fahagagana ny fahaterahany izy ireo. Anontanio raha misy amin'izy ireo te hizara ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona mikasika ny Mpamonjy, ho famaranana ny kilasy androany.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 1:18–24; Lioka 1:26–35; Jaona 10:17–18; 1 Nefia 11:13–21; Mosià 3:7–8.
- Robert E. Wells, “Our Message to the World,” *Ensign*, Nôv. 1995, 65–66.

8

Nanatanteraka ny Fahamarinana rehetra i Jesoa Kristy

Fampidirana

Nanana fiainana tonga lafatra i Jesoa Kristy tamin'ny naneken'ny sitrapon'ny Ray any An-danitra tamin'ny zava-drehetra. Nijoro ho vavolombelona ireo mpaminany ankehitriny hoe: "Na dia tsy nanam-pahotana aza [...] i [Jesoa Kristy] dia natao batisa mba hanatanterahana ny fahamarinana rehetra" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2).

Tahaka ny Mpamonjy, isika ihany koa dia manatanteraka fahamarinana rehefa manaiky ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny filazantsara mandrakizay. Ity lesona ity dia mampianatra ny fomba naneken'ny Mpamonjy ny filazantsara mandrakizay sy ny fomba ahafahantsika manaraka ny ohatra nasehony.

Vakiteny Enti-mandalina

- Robert D. Hales, "The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom," *Liahona*, *Ensign*, Nôv. 2000, 6–9.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 3:13–17; 2 Nefia 31:4–9

Ny Batisan' i Jesoa Kristy

Asao ny mpianatra hieritritra ity toe-javatra ity:

Nandritra ny fifampiresahana tamin'ny mpinamana iray mikasika ny fivavahana, dia tonga tany amin'ny batisa ny lohahevitra. Rehefa avy manazava ny antony anaovana batisa antsika ianao dia manontany ny namanao hoe: "Azoko tsara hoe atao batisa isika mba ho voadio amin'ny fahotana. Kanefa i Jesoa Kristy dia tonga lafatra, tsy nanam-pahotana Izy. Koa nahoana Izy no natao batisa?"

Omeo fotoana ny mpianatra hieritretany an'io fanontaniana io, ary avy eo dia asao izy ireo hamaly izany.

Aorian'ny fifanakalozan-kevitra dia miangavia mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 3:13–17 na hampiseho "Ny Batisan'i Jesoa" (2:55) avy ao amin'ny horonan-tsary hoe *The Life of Jesus Christ Bible Videos*. (Alaivo sy jereo mialoha ilay horonan-tsary alohan'ny fotoam-pianarana.) Raha toa ka haneho ny horonan-tsary ianao dia asao ireo mpianatra hanaraka ao amin'ny soratra masin'izy ireo.

Aorian'ny horonan-tsary dia anontanio hoe:

- Inona no antony izay nolazain'i Jesoa fa nanaovana batisa Azy? (Azonao atao ny manoratra ity fotopampianarana ity eo amin'ny solaitrabe: **Natao batisa i Jesoa Kristy mba hanatanterahana ny fahamarinana rehetra.**)
- Inona araka ny hevitrao no hevity ny hoe natao batisa i Jesoa mba "hahatanteraka ny fahamarinana rehetra"? (Matio 3:15).

Mba hanampiana ireo mpianatra hamaly ity fanontaniana ity dia omeo fotoana izy ireo hikarohana ao amin'ny soratra masiny. Azonao atao ny manome sosokevitra azy ireo hanoratra ny 2 Nefia 31:4–9 eo an-tsisin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Matio 3:15. Asao ny mpianatra hamaky mangina ny 2 Nefia 31:5–6 ary hanamarika ilay fanontaniana napetrak'i Nefia. Rehefa avy nomena fotoana ampy izy ireo dia hazavao

fa novalian'i Nefia io fanontaniana io ao amin'ny 2 Nefia 31:7–9. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ireo andininy ireo, ary asaivo manaraka tsara ny mpianatra ambiny sady mitady ireo fomba nanatanterahan'ny Mpamonjy ny fahamarinana rehetra rehefa natao batisa. Azonao atao ny manasa azy ireo hanisy marika ny zavatra hitany. Rehefa mizara ny zavatra izay hitany ireo mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanambarana ireto:

Nanetry ny tenany teo anoloan'ny Ray Izy.

Nijoro ho vavolombelona tamin'ny Ray Izy fa hankatò ireo didiny.

Nasehony tamin'ny zanak'olombelona ny vavahady izay ahafahan'izy ireo miditra ao amin'ny fanjakana selestialy.

Nampiseho ohatra ho antsika izy.

(*Fanamarihana:* Ity atrikasa ity dia hahafahan'ireo mpianatra manao fanazarana amin'ilay fahaizana mandalina soratra masina hoe manao lisitra, ka manampy azy ireo hitady ireo teboka manan-danja izay tian'ny mpanoratra ny soratra masina antitranterina.)

Ampahatsiahivo ny mpianatra ilay fanontaniana napetrak'i Nefia (jereo ny andininy 6). Manontania avy eo hoe:

- Raha mieritreritra ilay lisitra eny amin'ny solaitrabe isika dia ahoana no hanomezan'ny batisan'i Jesoa Kristy ohatra ny amin'ny dikan'izany hoe olomarina?

Rehefa mamaly ireo mpianatra dia makà antoka fa hitan'izy ireo ary hifampiresahany ireto hevitra ireto (azonao soloina an'ireto ireo lisitra eny amin'ny solaitrabe):

Ny fahamarinana dia ahitana ny fanekena amim-panetrentena ny sitrapon'ny Ray.

Ny fahamarinana dia ahitana ny fanaovana fanekempihavanana amin'ny Ray fa hankatò ireo didiny.

Ny fahamarinana dia ahitana ny fandraisana ireo ôrdônansin'ny famonjena.

Ny fahamarinana dia ahitana ny fanarahana ny ohatra napetrak'i Jesoa Kristy.

Anontanio ny iray kilasy hoe:

- Ahoana ny fomba ahafahantsika mampihatra ny ohatry ny fahamarinana nasehon'i Jesoa eo amin'ny fiainantsika manokana?

Mijoroa ho vavolombelona amin'ny kilasinao fa i Jesoa ihany koa dia niharan'ireo fepetra rehetra ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra. Ny fiainany tonga lafatra dia ohatra iray tokony ho arahintsika.

2 Nefia 31:10–21

Manaraka ny ohatry ny Mpamonjy

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 2 Nefia 31:10–12. Anontanio ny iray kilasy hoe:

- Ao amin'ny andininy 10, inona no fanasana nalefan'ny Mpamonjy ho antsika rehetra?
- Araka ny voalazan'ireo andininy ireo, inona no nolazain'i Jesoa fa tsy maintsy ataontsika mba hahafahana manaraka Azy?

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny 2 Nefia 31:16–17. Manontania avy eo hoe:

- Inona ihany koa no tokony ho ataontsika mba hanarahana ny ohatry ny Mpamonjy?
- Inona no hevitra ny hoe maharitra hatramin'ny farany sy ny manaraka ny “ohatry ny Zanak'ilay Andriamanitra velona”? (andininy 16). (Azonao atao ny manamafy ilay teny hoe *ataovy* ao amin'ny andininy 17. Antitrantero ihany koa ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa manaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy isika dia afaka manatanteraka ny fahamarinana rehetra, tahaka izay nataony.**)

Hazavao amin'ny mpianatra fa ny soratra masina izay novakian'izy ireo tao amin'ny 2 Nefia 31 dia ahitana ny toetra fototry ny filazantsara mandrakizay, izay naorin'ny Ray any An-danitra talohan'ny nahariana izao tontolo izao.

Asao ny mpianatra hamakafaka ny Romana 6:3–6, ka hijery ireo teny na andianteny manan-danja izay manamafy fa ny fanarahana ny ohatr'i Jesoa Kristy dia mitaky zavatra bebe kokoa noho ny fanaovana batisa. Azonao atao ny manasa ny mpianatra hanisy marika ny zavatra hitany.

Omeo tahadika'ity fanambarana ity ny mpianatra, izay nataon'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary asao izy ireo hamaky izany mangina. Asao izy ireo handinika ny fiantraikan'ny batisan'izy ireo teo amin'ny fiainan'izy ireo.



“Rehefa takatsika ny fanekempihavanan'ny batisantsika sy ny fanomezana ny Fanahy Masina, dia hanova ny fiainantsika sy hanorina ny fanoloran-tenantsika tanteraka ho an'ny fanjakan' Andriamanitra izany Rehefa tonga amintsika ny fakampanahy, dia hampahatsiahy antsika ny Fanahy Masina, raha toa ka hihaino isika, fa nampanantena ny hahatsiaro ny Mpamonjintsika sy hankatò ny didin' Andriamanitra isika. ...

“Rehefa manaraka ny ohatr'i Jesoa isika dia mampiseho ihany koa isika fa hibe-baka sy ho mpankato eo amin'ny fitandremana ireo didin'ny Raintsika any An-danitra. Manetry ny tenantsika amin'ny fo torotoro sy ny fanahy manenina isika rehefa miaiky ny fahotantsika sy mikatsaka famelankeloka noho ireo fahotantsika (jereo ny 3 Ne. 9:20). Manao fanekempihavanana isika fa vonona ny handray ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika ary hahatsiaro Azy mandrakariva. ...

“... Mivavaka aho, mba ho takatsika tsirairay izay mpikambana ao amin'ny fanjakany, fa ny batisa sy ny fandraisana antsika ho mpikambana no vavahady *hidirana* ao amin'ny fanjakany. Rehefa miditra amin'izany isika, dia mampanantena fa ho *isan'ny* ao amin'ny fanjakany—mandrakizay!” (“The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom,” *Ensign*, Nôv. 2000, 7–8, 9).

Anontanio ny mpianatra hoe:

- Nanampy anao hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy amin'ny fanatanterahana ny fahamarinana rehetra ve ny nanaovana batisa anao? Tamin'ny fomba ahoana?

Omeo fotoana kely ny mpianatra hieritreretana hoe hatraiza ny fahatratraran'izy ireo ireo fenitry ny fahamarinana izay nasehon'ny Mpamonjy tamin'ny batisany. Asao ny mpianatra hieritreritra hoe inona koa no azon'izy ireo atao mba hanehoana ny fankatoavany ny Ray any An-danitra.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 3:13–17; 2 Nefia 31:4–21
- Robert D. Hales, “The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom,” *Ensign*, Nôv. 2000, 6–9.

9

Ny fitaomana lalina ananan'ny Mpamonjy

Fampidirana

Ao amin'ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," dia nanambara ny mpitarika ny Fiangonana hoe: "Manolotra ny tenivavolombelonay izahay ny amin'ny fisian'ny fiainan'ny Mpamonjy] tsy manam-paharoa sy ny zava-tsoa tsy misy fetran'ny sorompanavotany lehibe. Tsy nisy olona hafa nananana akony lehibe mihoatra noho izany teo amin'ireo rehetra efa niaina sy ireo mbola hiaina eto an-tany" (*Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2). Ity

lesona ity dia haneho fa ny Mpamonjy dia tsy manam-paharoa satria ankoatran'ny antony hafa rehetra, dia tsy nanota Izy ary mpankato tanteraka an'ny Ray any An-danitra. Rehefa mandalina ny fifandraisany tamin'ily vehivavy Samaritana teo amin'ny fantsakana ireo mpianatra dia hahita ny fiantraikany lalina eo amin'izay manokatra ny fony Aminy.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 4:1–11; 2 Kôrintiana 5:21; Hebreo 2:17–18; 4:15–16; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:22

Nanana fiainana tsy nisy fahotana i Jesoa Kristy

Ho fanombohana ny fianarana dia soraty eny amin'ny solaitrabe ny hoe *ny sitrapoko* sy ny hoe *ny sitrapon' Andriamanitra*. Miangavia mpianatra iray hamaky mafy ny Jaona 6:38 ary ny mpianatra ambiny kosa asaivo manaraka sy mitady hoe firy ny hoe "ny sitrapoko" teo amin'ny fanapahan-kevitra noraisin'i Jesoa. Asao ny mpianatra hieritritra mangina hoe firy ny fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo tato ho ato izay azo sokajiana ao amin'ny hoe "ny sitrapoko" ary firy no azo sokajiana ao amin'ny hoe "ny sitrapon' Andriamanitra."

Lazao amin'ny mpianatra fa taorian'ny batisany i Jesoa dia nalain'i Satana fanahy hanao zavatra izay azo sokajiana ho toy ny hoe "ny sitrapoko." Manasà mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny Matio 4:1–11. Asao ny mpianatra ambiny hanaraka tsara sy hitady hoe ahoana no fomba nandresen'i Jesoa Kristy ny fakampanahy. (Azonao atao ny mampahafantatra ny mpianatra fa ny Dikantenin'i Joseph Smith ny Matio 4:1–11 dia manazava hoe ny Fanahy fa tsy i Satana no nitondra an'i Jesoa teo an-tampon'ny tempoly [jereo ny andininy 5] ary avy teo dia ho any amin'ny tendrombohitra avo [jereo ny andininy 8]. Rehefa avy nentin'ny Fanahy teo amin'ireo toerana ireo i Jesoa dia tonga teo ny devoly naka fanahy Azy.)

- Inona ny zavatra tsikaritrao mikasika ny fomba niatrehan'ny Mpamonjy ny fakampanahin'i Satana?
- Inona no nianaranao avy amin'ny ohatry ny Mpamonjy ao amin'ireo andininy ireo?
- Inona no hitovizan'ireo fakampanahy natrehan'ny Mpamonjy ireo amin'ireo izay hatrehantsika eo amin'ny fiainantsika?

Asehoy ary vakio ity fanambarana nataon'ny Filoha David O. McKay ity (1873–1970), izay nanazava ireo fakampanahy natrehan'i Jesoa tany an'efitra:



"Saika ny fakampanahy rehetra izay atrehantsika sy ianao, dia mitranga amin'ny iray amin'ireo endrika ireo. Sokajio izy ireo, dia ho hitanao fa raha ao anatin'ny anankiray amin'ireo sokajy telo ireo, saika ny fakampanahy rehetra izay mahazo ahy sy anao, na dia ny bitika indrindra aza, dia tonga eo amintsika ho toy ny (1) fakampanahin'ny filan'ny vatana; na (2) fironana amin'ny hambo-po sy fomba fanao ary zava-poanan'ireo

izay tsy manana anjara amin'ny zavatr' Andriamanitra; na (3) fanomezana fahafaham-po ny firehetan'ny fo, na fitsiriritana ireo haren'izao tontolo izao, na fahefana eo amin'ny olona" ("Unspotted from the World," *Ensign*, Aog. 2009, 27).

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Hebreo 2:17–18; 4:15–16. Miangavia mpianatra iray hafa hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:22. Asao ny mpianatra ambiny hanaraka tsara sy hanamarika izay mety mampitovy an'ireo andinin-tsoratra masina roa ireo. Avy eo dia apetraho ireto fanontaniana ireto:

- Nahoana no nilain'i Jesoa ny niaina fakampanahy?
- Nahoana no zava-dehibe ho antsika ny mhahatakatra fa niaina fakampanahy mitovy amin'izay atrehantsika amin'izao andro izao i Jesoa Kristy?

Lazao amin'ny mpianatra fa ny iray amin'ireo tanjon'ny lesona androany dia hanehoana ny fiainana tsy manam-paharoan'ny Mpamonjy. Anontanio ny mpianatra hoe ahoana no fomba nanehoan'ireo andinin-tsoratra masina izay nohalalinin'izy ireo hatreto ny lafiny iray amin'izany fiainana tsy manam-paharoan'ny Mpamonjy izany. (Tokony hahita ity fitsipika manaraka ity ireo mpianatra: **Nanana fiainana tsy nanam-paharoa i Jesoa Kristy satria tsy mba nilefitra tamin'ny fakampanahy mihitsy Izy ary tsy nanota mihitsy.**)

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Filoha Howard W. Hunter ity (1907–95), ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



"Zava-dehibe ny mahatsiaro fa i Jesoa dia afaka nanao fahotana, sy afaka nilefitra tamin'ny fahotana, ary nety ho rava ilay drafitry ny fiainana sy ny famonjena, kanefa dia nijanona ho mahatoky izy. Raha tsy nomena fahafahana izy iharan'ny fitaoman'i Satana, dia tsy ho nisy tena fitsapana marina, tsy ho nisy fandresena tena izy teo amin'ny vokatra azo. ... Tanteraka sy tsy nanam-pahotana izy, tsy hoe satria tsy maintsy ho toy izany izy, fa satria tena vonona ny ho tonga tahaka izany izy" ("The Temptations of Christ," *Ensign*, Nôv. 1976, 19).

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny Lioka 22:42, 44 sy ny 3 Nefia 11:11 ary hitady toetran'i Jesoa anankiray izay ohatra iray ihany koa amin'ny fiainany tsy manam-paharoa. (Tokony ho hitan'ny mpianatra ny fanoavan'ny Mpamonjy ny sitrapon'ny Ray.)

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson ity (1899–1994), ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Nizaka ny fanaintainan'ny olon-drehetra tao Getsemane Izy, mba hahatonga azy ireo tsy hijaly raha mibebaka.

"Niaritra ny fanalam-baraka sy ny fanaratsiana nataon'ny fahavalo izy kanefa tsy mba nitaraina na namaly faty.

"Ary tamin'ny farany Izy dia nizaka ny karavasy sy ny henatra mahatsiravin'ny hazofijaliana. Teo Izy vao nitolo-tena an-tsitrabo tamin'ny fahafatesana. ...

"Nankato tanteraka ny Ray any An-danitra Izy" ("Jesus Christ: Our Savior and Redeemer," *Ensign*, Nôv. 1983, 7, 8).

Tohizo ny lesona amin'ny fametrahana ireto fanontaniana ireto:

- Nahoana no nilain'i Jesoa Kristy tao anatin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra ny ho tonga lafatra tamin'ny tsy fanaovana fahotana sy ny ho tonga lafatra amin'ny fanoavana ny sitrapon'ny Ray any An-danitra? (Mety hanome valinteny samihafa ny mpianatra, kanefa tokony ho hitan'izy ireo ity fahamarinana ity: **Ny drafitry ny famonjena dia nitaky an'i Jesoa mba ho mpankato tanteraka mba hahafahany manatanteraka ny Sorompanavotana.**)
- Mitondra inona eo amin'ny finoanao an'i Jesoa Kristy ny fahafantaranao fa tanteraka Izy teo amin'ny tsy fanaovana fahotana sy ny fankatoavana ny sitrapon'ny Ray any An-danitra? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia hamafiso fa **afaka mahazo hery isika hanoherana fakampanahy sy ho mpankato rehefa manaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy teo amin'ny fikatsahana ny hanao ny sitrapon'ny Ray fa tsy ny sitrapontsika manokana.**)

Jaona 4: 1–29

Ny fitaomana lalina ananan'ny Mpamonjy

Soraty eny amin'ny solaitrabe na aseho ity teny ity izay avy ao amin'ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly" (*Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2):

"Tsy nisy olona hafa nanana akony lehibe mihoatra noho izany teo amin' ireo rehetra efa niaina sy ireo mbola hiaina eto an-tany."

Asao ny mpianatra handinika an'io teny io amin'ny fametrahana amin'izy ireo ity fanontaniana ity:

- Inona amin'ireo toetran'i Jesoa Kristy no nahafahany nanana akony lehibe toy izany teo amin'ireo rehetra efa niaina sy mbola hiaina eto an-tany?

Lazao amin'ny mpianatra fa ny iray amin'ireo olona izay niantefan'ny herin'i Jesoa tamin'ny fomba lalina nandritra ny asa fanompoany teto an-tany dia vehivavy Samaritana iray. Ampio ireo mpianatra hampiasa ireo fitaovana manampy amin'ny fandalinana ao amin'ny soratra masin'izy ireo mba ahitana fampahalalana mikasika ireo Samaritana (jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Samaritana"; scriptures.lds.org). Fintino ny Jaona 4:1–8, ary avy eo dia iangavio ny mpianatra iray hamaky mafy ny Jaona 4:9. Hazavao fa ny fomba firesak'ilay vehivavy tamin'i Jesoa dia manambara ny sombiny amin'ny fifankahalana izay nisy teo amin'ny Jiosy sy ny Samaritana tamin'izany andro izany. Avy eo dia asao ny mpianatra hamaky mangina ny Jaona 4:10–15. Apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto rehefa avy nanome fotoana ahafahan'ny mpianatra mandinika:

- Ahoana no hamaritanao ny fifandraisana teo amin'i Jesoa sy ilay vehivavy?
- Inona no natolotr'i Jesoa azy?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Jaona 4:16–19 mandritr'izany, dia manaraka tsara ny mpianatra sisa ary haka sary an-tsaina hoe tahaka ny ahoana izany hoe teo amin'ny toeran'ilay vehivavy ao amin'io fifampiresahana io. (*Fanamarihana*: Ny fakana sary an-tsaina dia mahatonga ny soratra masina hiaina sy ho velona kokoa.) Avy eo dia apetraho ireto fanontaniana ireto:

- Inona no mety ho eritreritra nanananao raha toa ka ianao ilay vehivavy Samaritana? Nahoana?

- Inona no porofo eto fa nisy fiantraikany taminy i Jesoa? (Hazavao ny fivoaran'ny fomba fiantson'ilay vehivavy Azy: "Jiosy" [andiny 9]; "Tompoko" [andiny 11, 15]; ary avy eo dia "mpaminany" [andiny 19].)

Asao ny mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny Jaona 4:20–29. Asao ny mpianatra hamantatra ireo anarana iantsoana ny Mpamonjy ao amin'ny andiny 25 sy ny andiny 29. Avy eo dia asao ny mpianatra handinika fohy mialohan'ny hamaliana ity fanontaniana ity:

- Inona no nataon'ny Mpamonjy tao anatin'izany fotoana fohy izany hanovana ny fandraisan'ilay vehivavy Azy, niainga tamin'ny hoe "Jiosy" (andiny 9) ka lasa hoe "Kristy" (andiny 29)? (Asao ny mpianatra hizara izay tsikariny tao anatin'ireo andinin-tsoratra masina ireo. Mety ahitana ireto ny valiny: naneho fanajana azy Izy, nampianatra fotopampianarana taminy Izy, nampianatra tamin'ny fomba izay nahafahan'ny Fanahy Masina nijoro ho vavolombelona taminy, nanambara zavatra momba ny fiainan'ilay vehivavy manokana Izy, ary nifantoka taminy Izy.)
- Inona no ampianarin'ny tantaran'ny Mpamonjy sy ilay vehivavy Samaritana mikasika ny fomba fieritreretany Mpamonjy anao sy ny fitaomana izay ananany aminao?
- Ahoana no fomba nahitanao ny fitaomana nananan'ny Mpamonjy teo amin'ny fiainanao na teo amin'ny fiainan'ny olona iray izay fantatrao? Inona no vokatry ny fitaomana izay ananan'ny Mpamonjy?
- Inona no ezahinao ho atao mba hamantarana bebe kokoa ny fitaoman'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainanao, ary mba hahafahanao mamela izany fitaomany izany hanova anao?

Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa mampitodika ny fiainantsika mankany amin'ny Mpamonjy isika dia hanana akony lehibe eo amintsika Izy. Hitranga ny fitaomana lehibe indrindra entin'ny Mpamonjy rehefa manasa ny herin'ny sorompanavotany isika mba hanadio sy hampitraka ary hanova antsika. Entano ny mpianatra handinika izay zavatra azon'izy ireo atao mba hanehoana fankasitrahana an'ny Mpamonjy noho ny fitaomana ananany teo amin'ny fiainan'izy ireo. Asao izy ireo hanao asa mifanaraka amin'izay zavatra tsapan'izy ireo.

Vakitenin'ny Mpianatra

- 2 Korintiana 5:21; Hebreo 2:17–18; 4:15–16; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 20:22; Matio 4:1–11; Lioka 22:42, 44; Jaona 6:38; 3 Nefia 11:11; Jaona 4:1–29.

10

Avia, manaraha Ahy

Fampidirana

Nanambara i Jesoa Kristy hoe: “Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana” (Jaona 14:6). “Ny lalan’i [Jesoa] no lalana mitondra mankany amin’ny fiadanana eo amin’izao fiainana izao sy mankany amin’ny fiainana mandrakizay any amin’ny fiainana ho avy” (“Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon’ny Apôstôly,” *Ensign*

na *Liahona*, Apr. 2000, 3). Ity lesona ity dia manantitrantitra ny fanasan’i Jesoa Kristy ny olona rehetra mba hanaraka Azy sy ho lasa mpianany. Ary mamakafaka ihany koa ny dikan’ny hoe mandeha amin’ny lalan’ny maha-mpianatry ny Tompo ity lesona ity.

Vakiteny Enti-mandalina

- Dieter F. Uchtdorf, “Ny lalan’ny maha mpianatra,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2009, 75–78.
- Joseph B. Wirthlin, “Follow Me,” *Ensign*, Mey 2002, 15–17.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Jaona 1:35–47; 2 Nefia 26:33; Almà 5:33–34

Manasa ny rehetra i Jesoa Kristy mba ho lasa mpianany

Asao ny mpianatra iray hitantara fohifohy ny fotoana iray izay nandehanany hankany amin’ny toerana iray ka hoe diso lalana izy na hoe mandeha tamin’ny lalana tsy izy. Avy eo dia asao ireo mpianatra hamaky ny Jaona 14:6 ka hilaza amin’ny fombany manokana ilay fotopampianarana nampianarin’i Jesoa ao amin’io andinin-tsoratra masina io. (Mety hampiasa teny samihafa ireo mpianatra, kanefa tokony ho takatr’izy ireo fa **ny hany fomba ahafahantsika miverina miara-miaina amin’ny Ray any An-danitra dia ny fanarahana an’i Jesoa Kristy.**)

Lazao amin’ireo mpianatra fa taorian’ny nanaovana batisa an’i Jesoa Kristy sy nakàna fanahy Azy tany an’efitra, dia nanasa ny hafa Izy mba hanaraka Azy. Ireo izay nanaraka ny Mpamonjy tamin’izany fotoana izany sy amin’izao fotoana izao dia antsoina hoe *mpianatra*. Asao ireo mpianatra hitady ao amin’ny Jaona 1:35–47 ny anaran’ny sasany amin’ireo mpianatry ny Mpamonjy voalohany sy ny zavatra nitaona azy ireo hanaraka Azy.

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon’ny Filoha James E. Faust (1920–2007) izay tao amin’ny Fiadidiana Voalohany, ary mangataha mpianatra iray mba hamaky izany mafy:



“Ny teny hoe *mpianatra* sy ny teny hoe *mampianatra* dia samy manana fototra avy amin’ny teny latina hoe —*discipulus*, izay midika hoe ankizy ampianarina. Manantitrantitra ny famerimberenana na fanazarana izy io. Ny fanarahana fitsipipifehezana ho an’ny tena sy ny fifehezan-tena dia toetra izay nananan’ireo mpanara-dia an’i Jesoa hatrany. ...

“Inona no atao hoe toetra maha mpianatra? Voalohany indrindra dia fankatoavana ny Mpamonjy” (“Discipleship,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2006, 20).

- Inona no azo tsoahina avy amin’izany famaritana izany mikasika ny mety ho endriky ny fiainan’ireo mpianatr’i Jesoa Kristy fahiny?

Asao ireo mpianatra hamaky sy hampitaha ny 2 Nefia 26:33 sy ny Almà 5:33–34 mba hahitany hoe iza koa no nasain'i Jesoa hanatona Aminy. Avy eo dia mifanakaloza hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo mikasika ny fanasan'ny Mpamonjy hankany Aminy? (Rehefa avy mamaly ireo mpianatra, dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity fahamarinana manaraka ity: **Manasa ny olon-drehetra i Jesoa Kristy mba hankany Aminy sy ho lasa mpianany.**)
- Araka ny voalazan'i Almà, inona no nampanantenain'ny Mpamonjy an'ireo izay manaiky ilay fanasana hankany Aminy?
- Midika inona aminao ireo fampanantenana ireo?

Matio 4:18–22; Lioka 5:11; 9:57–62; 14:25–33

Ny hoe mpianatr'i Jesoa Kristy

Zarazarao ho tsiroaroa ireo mpianatra. Asao izy ireo handalina ny Matio 4:18–22 sy ny Lioka 5:11 ary hitady ireo fahafoizantena izay nataon'ny sasany tamin'ireo mpianatr'i Jesoa Kristy fahiny mba haneken'izy ireo ilay antso hoe hanaraka Azy. Mifanakaloza hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no fomba hamariparitanao ny fihetsik'ireo mpianatra fahiny ireo manoloana ny fandidian'ny Mpamonjy azy ireo mba hanaraka Azy? (Mifanakaloza hevitra momba ny dikan'ireo teny sy andianteny toy ny hoe “nandao ny harato niaraka tamin'izay” sy “niaraka tamin'izay” ary “nahafoy.”)
- Inona avy ireo fahamarinana manan-danja entin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ho fanampin'ny dikan'izany hoe mpianatr'i Jesoa Kristy? (Rehefa avy mamaly ireo mpianatra, dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity fahamarinana manaraka ity: **Mitaky fankatoavana sy fahafoizantena izany hoe mpianatr'i Jesoa Kristy izany.**)

Omeo tahadikany ity fanambarana manaraka ity ireo mpianatra, fanambarana izay nataon'ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) tao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo, ary angataho ny mpianatra iray hamaky mafy izany:



“Ny harato mazàna dia faritana hoe fitaovana entina hisamborana zavatra. Amin'ny ... heviny manan-danja kokoa, dia azontsika atao ny mamaritra ny harato hoe izay zavatra rehetra misarika antsika na misakana antsika tsy hanaraka an'ilay antson'i Jesoa Kristy, ilay Zanak' Andriamanitra velona.

“Eto amin'ity sahan-kevitra ity ny harato dia mety ho ny asantsika, ny fialambolintsika, ny fahafinaretantsika ary indrindra indrindra ireo fakampanahy mianjady amintsika sy ireo fahotantsika. Raha fintinina izany ny harato dia mety ho izay zavatra rehetra misintona antsika hihataka amin'ny fifandraisantsika amin'ny Raintsika any An-danitra na amin'ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny. ...

“Tsy ho vita ny mitanisa ireo harato maro izay mety hamandrika antsika sy hisakana antsika tsy hanaraka ny Mpamonjy. Kanefa raha toa ka amin-kitsimpo ny fanirantsika hanaraka Azy dia tokony hilaozantsika avy hatrany ireo harato mamatotri'zaio tontolo izao ka hanaraka Azy.

“... Mora foana dia feno amin'ny fifanaovana fotoana sy fivoriana ary asa ny fiainantsika. Tena mora tokoa izany hoe voasambotra ao anatin'ny harato marobe izany ka indraindray na dia ny mieritreritra ny hiala amin'izy ireo aza dia toa mety hampidi-doza sy mampatahotra mihitsy.

“Indraindray isika dia mahatsapa fa arakaraky ny maha sahirana antsika no maha manan-danja antsika—toy ny hoe ny asa aman-draharahantsika no mamaritra ny maha sarobidy antsika. Ry

rahalahy sy anabavy, mety handany ny androm-piainantsika isika amin'ny fanaovana tsy an-kijanona ireo zavatra marobe tokony hataontsika izay tsy tena manan-danja akory rehefa any amin'ny farany.

“Mety tsy dia tena manan-danja loatra ny hoe manao zavatra betsaka isika. Fa ny mampifantoka ny herin'ny saintsika sy ny fontsika ary ny fanahintsika amin'ireo zavatra misy vokany mandrakizay—izany no manan-danja” (“Follow Me,” *Ensign*, Mey 2002, 15–16).

- Raha toa maneho ny zavatra ara-nofy izay manahirana ny sain'ireo mpanarato ny trondro sy ny harato ary ny sambo izay nilaozan'izy ireo, dia inona kosa ary ireo zavatra mety hotakian'ny Mpamonjy ny hamoizanao azy mba hanarahana Azy?
- Nahoana no sarotra indraindray ny mamoy ireo zavatra ara-nofy izay manahirana ny saintsika?
- Ahoana no ahafahan'ny olona iray mamantatra raha toa izy ka voafandrika ao amin'ilay karazana harato mamatotra izay noresahan'ny Loholona Wirthlin?

Asao ireo mpianatra hitantara ny fotoana iray teo amin'ny fiainany izay nisafidianany hamaly ilay antson'ny Mpamonjy hoe hanaraka Azy (mety hoe amin'ny alalan'ny famoizana ireo fomba fanaony taloha na ny fanekena antso iray ao amin'ny Fiagonana). Manontania avy eo hoe:

- Ahoana no fomba nitahiana ny fiainanao noho ianao namaly io antso io?

Asehoy ireto andinin-tsoratra masina sy fanontaniana manaraka ireto na soraty eny amin'ny solaitrabe:

Lioka 9:57–62—Inona no mety hanakana antsika tsy hanaraka ny Mpamonjy?

Lioka 14:25–27, 33—Inona no takian'ny Mpamonjy amin'ireo mpianany?

Lioka 14:28–32—Inona no ifandraisan'ilay teny hoe nahavita amin'ireo zavatra takiana amin'ny maha mpianatra?

Zarao ho vondrona telo ny mpianatra ary angataho ny vondrona tsirairay handalina ny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina sy ny fanontaniana mifanaraka aminy. Rehefa avy nanome fotoana ampy ho an'ireo mpianatra, dia asao izy ireo hizara ny fomba nahazoany ny valin'ilay fanontaniana tamin'ilay andinin-tsoratra masina izay novakiany. Rehefa vita ny fifanakalozan-kevitra momba ireo andinin-tsoratra masina telo ireo, dia anontanio hoe:

- Inona no zavatra takiana amin'ny maha mpianatra izay avoit'ireo fanoharana nataon'ny Mpamonjy? (Rehefa mifanakalo hevitra momba io fanontaniana io ireo mpianatra, dia ampio izy ireo hahatakatra ity fahamarinana manaraka ity: **Ny maha mpianatra dia mitaky ny fahavonona tsy tapaka hamoy ny zavadrehetra ary hanaraka an'i Jesoa Kristy.**)

Hazavao fa na dia midika hoe manatevina hatrany ny fahafoizan-tenantsika sy ny fanoloran-tenantsika hanaraka ny Mpamonjy aza ny maha mpianatra, dia tsy mangataka antsika Izy hihazakazaka haingana kokoa noho izay tratry ny herintsika (jereo ny Môsîà 4:27).

Omeo ny tahadikany ity fanambarana manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ny mpianatra tsirairay, ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Ny dingana voalohany eo amin’ily lalan’ny maha mpianatra dia soa ihany fa manomboka amin’ny toerana izay misy antsika izao! Tsy mila miofana mialoha isika vao afaka manao izany dingana voalohany izany. Tsy maninona isika na manankarena na mahantra. Tsy takiana ny fari-pahaizana ambony, na ny fahaizana mandaha-teny, na ny maha-avara-pianarana. Tsy voatery ho tanteraka isika na ho tsara laza na koa aza ho mahalala fomba tsara.

“Azontsika sy ianao atao ny mandeha amin’ny lalan’ny maha mpianatra anio. Ndeha isika hanetry tena, ndeha isika hivavaka amin’ny Raintsika any An-danitra amin’ny fonsika manontolo ka hilaza ny fanirantsika hanakaiky Azy sy hianatra Aminy.

“Manàna finoana. Mitadiava dia hahita ianareo. Dondòny dia hovohana ianareo [jereo ny Matio 7:7]. Manompò ny Tompo amin’ny alalan’ny fanompoana ny hafa. Meteza ho mpandray anjara mavitrika ao amin’ny paroasy na sampana misy anao. Ampaherezo ny fianakavianao amin’ny alalan’ny fanoloranao tena hiaina ireo fitsipiky ny filazantsara. Miraisa fo sy saina ao amin’ny fanambadianao sy ny fianakavianao.

“Izao no fotoana hanitsinao ny fiainanao mba hahafahanao manana fahazoan-dalana hidirana ao amin’ny Tempoly sy mampiasa izany. Izao no fotoana hanaovana takarivan’ny mpianakavy tena misy dikany, sy hamakiana ny tenin’ Andriamanitra ary hiresahana amin’ny Raintsika any An-danitra ao anatin’ny vavaka mivaivay. Izao no fotoana hamenoana ny fonsika amin’ny fankasitrahana noho ny Famerenana ny Fiagonany amin’ny laoniny, noho ireo mpaminany velona sy ny Bokin’i Môrmôna ary ny herin’ny fisoronana izay mitahy ny fiainantsika. Izao no fotoana handraisana feno ny filazantsaran’i Jesoa Kristy, sy hahatongavana ho mpianany ary handehanana amin’ny lalany” (“Ny Lalan’ny maha mpianatra,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2009, 77).

- Aiza hoy ny Filoha Uchtdorf no miatomboka ny lalan’ny maha mpianatra?
- Araka ny nolazain’ny Filoha Uchtdorf, rahoviana no fotoana hanombohana ny fandehanana amin’ny lalan’ny maha mpianatra?

Soraty eny amin’ny solaitrabe izao manaraka izao:

Izao no fotoana ahafahako ...

Asao ireo mpianatra hisaintsaina hoe ahoana no fomba ahafahan’izy ireo mameno io fehezanteny io amin’ny fomba iray izay hanaovany zavatra misy fiantraikany amin’ny maha mpianatr’i Jesoa Kristy azy ireo. Amporisiho izy ireo hanatanteraka avy hatrany izay zavatra tonga ao an-tsainy, satria izany eritreritra izany dia tena mety ho bitsika avy amin’ny Fanahy Masina. Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa manao izany dingana voalohany izany izy ireo, dia hanampy azy ireo ny Tompo mba hahatonga azy ireo ho mpianany.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Jaona 1:35–47; 2 Nefia 26:33; Almà 5:33–34; Matio 4:18–22; Lioka 5:11; 9:57–62; 14:25–33.
- Dieter F. Uchtdorf, “Ny Lalan’ny maha-Mpianatra,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2009, 75–78.
- Joseph B. Wirthlin, “Follow Me,” *Ensign*, Mey 2002, 15–17.

11

Nandehandeha nanao soa i Jesoa Kristy

Fampidirana

Ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly" dia mampianatra fa "'nandehandeha nanao soa' [i Jesoa] (Asan'ny Apôstôly 10:38), nefa dia natao tsinontsinona noho izany" (*Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2). Amin'ny maha mpianatr'i Jesoa Kristy antsika, dia tokony hanaraka ny ohatra nasehony isika amin'ny fanaovana soa na dia mety ho voaenjika aza. Ao amin'ity lesona ity

ireo mpianatra dia hifanakalo hevitra hoe nahoana ireo izay manisy ratsy antsika noho ny finoantsika no tokony hanehoantsika fitiavana sy fanajana tahaka ny nataon'i Jesoa tamin'ireo izay nanenjika azy. Rehefa manaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy isika, dia hahazo herimpo hiaina sy hiaro ny finoantsika ary ho afaka hanampy ny hafa hanakaiky kokoa ny Tompo.

Vakiteny Enti-mandalina

- Dallin H. Oaks, "Fitiavana ny Hafa sy Fiainana ao anatin'ny Fahasamihafana," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2014, 25–28.
- Jeffrey R. Holland, "Ny Sarany efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin'ny maha mpianatr'i Kristy," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2014, 6–9.
- Robert D. Hales, "Christian Courage: The Price of Discipleship," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2008, 72–75.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 5:43–47; 9:9–13; 12:22–30; Marka 3:1–6; 11:15–19; Jaona 11:43–53
Nenjehina i Jesoa Kristy noho ny fanaovany soa

Atombohy amin'ny fametrahana ity fanontaniana manaraka ity ny fotoam-pianarana:

- Rehefa mieritreritra ny fiainana tonga lafatra ny Mpamonjy ianao, dia inona tamin'ireo soa rehetra nataony nandritra ny fiainany tety an-tany no tena manaitra anao indrindra?

Rehefa avy namaly ireo mpianatra dia vakio (na zarao amin'ny fomba izay ilazanao azy) ity tantara iray ity izay notantarain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo momba ny rahavavy misiônera anankiroa:



"Ao anatin'ny fiderana sy famporisihana ireo rehetra izay mila miorina mafy amin'izao andro farany izao no ilazako amin'ny rehetra, indrina amin'ireo tanoran'ny Fiangonana, fa ho avy ny fotoana indray andro any, raha toa ka mbola tsy nitranga izany, izay hanananareo fahafahana hiaro ny finoanareo, na hiaritra herisetra mihitsy aza noho ianareo hoe mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro

Farany tsotra izao fotsiny. Ny fotoana toy izany dia sady mitaky herimpo no mitaky fahalalam-pomba avy aminareo.

"Ohatra, vao haingana no nisy rahavavy misiônera iray nanoratra taty amiko hoe: 'Nahita lehilahy iray nipetraka sy nisakafa teo amin'ny dabilio teo akaikin'ny lapan'ny tanàna izaho sy ny rahavavy mpiaramiasa tamiko. Rehefa nanatona azy izahay, dia nitraka izy ka nahita ny soratra famantarana ny misiônera teny aminay. Nahatsiravina ny fijeriny, ary nitsangana izy sady nanainga ny tanany handeha hamely ahy. Nahay niala aho, saingy naloany teny amiko indray ny sakafony sady nanomboka nanompa anay tamin'ny teny ratsy faran'izay mahatsiravina izy. Niala teo izahay ary tsy niteny na inona na inona. Niezaka namafa ny sakafo teny amin'ny tarehiko aho, kanjo nisy vongan'ovy voapotsitra namely ahy indray avy tao amin'ny hatoka. Indraindray dia tena sarotra ny manao asa fitoriana satria tamin'izay fotoana izay aho dia naniry ny hiverin-dalana, sy hisambotra ilay rangahy

kely ka hiteny hoe: "AZAFADY KELY HOE!" Saingy tsy nanao izany aho." ("Ny Sarany efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin'ny maha mpianatr'i Kristy," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2014, 6).

Angataho ireo mpianatra hamaky mangina ny Matio 5:43–47 ka hitady fitsipika iray izay nampianarin'i Jesoa tao amin'ny Toriteny nataony teo an-tendrombohitra izay nampiharina ireo rahavavy misiônera ireo. (Azonao atao ny manoro hevitra ireo mpianatra hampiasa ilay fahaiza-mandalina soratra masina hoe manolo ny anarana mandritra ny famakiany mba hahatonga ilay hafatra ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ho toy ny hoe natao ho azy ireo manokana. Mba hampiharana io fahaiza-mandalina io dia tokony hampiasa ny anarany ireo mpianatra ho solon'ny teny hoe *hianareo* na *ianao*.)

- Inona no fitsipika iray izay nampianarin'i Jesoa ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo? (Mety hampiasa teny hafa ireo mpianatra, kanefa tokony hahita ity fitsipika ity izy ireo: **Raha te hanaraka ireo fampianaran'i Jesoa Kristy isika, dia tsy maintsy mianatra mitia ireo fahavalontsika sy maneho hatsaram-panahy amin'ireo izay manenjika antsika.**)
- Inona no maha-sarotra ny miaina io fitsipiky ny filazantsara io?

Asehoy eny amin'ny solaitrabe ity filazana manaraka ity:

"'Nandehandeha nanao soa [i Jesoa]' (Asan'ny Apôstôly 10:38), nefa dia natao tsinontsinona noho izany" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2).

Hazavao fa na dia neken'ny olona maro tany Galilia sy i Jodia aza ny Mpamonjy, sady maro no nahita ireo asa tsara nataony ho porofon'ny maha-andriamanitra Azy, dia nisy ireo hafa izay tsy niraharaha Azy sy nanenjika Azy noho ireo asa soa nataony.

Tanisao eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto eo ambanin'ny hoe "Nandehandeha nanao soa i Jesoa":

Matio 9:9–13
Matio 12:22–30
Marka 3:1–6
Marka 11:15–19
Jaona 11:43–53

Zarao ho vondrona kely ireo mpianatra ary asaivo mandalina ny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina voatanisa eny amin'ny solaitrabe ny vondrona tsirairay. Asaivo tadiavin'ireo mpianatra ao amin'ny andinin-tsoratra masina tsirairay ny asa soa nataon'i Jesoa sy ny fihetsiky ny olona manoloana izany. Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia asao izy ireo hilaza ny zavatra hitany. Mariho fa ireo andiana andinin-tsoratra masina ireo dia maneho maodely iray eo amin'ny fiainan'ny Tompo izay azontsika ianarana. Apetraho ity fanontaniana manaraka ity:

- Inona no tsikaritrao momba ny fomba fihetsiky ny Mpamonjy manoloana ny fanenjehana izay niainany?

AmporisihQ ireo mpianatra haka sary an-tsaina ny zava-nitranga izay tantaraina ao amin'ilay andinin-tsoratra masina halalininy. Manontania avy eo hoe:

- Inona no eritreritra na fahatsapana mety ho nanananao raha nanatri-maso an'i Jesoa ianao tamin'io fotoana io?
- Inona araka ny eritreritrao no tian'i Jesoa hianaranao avy amin'ny teny nolazainy sy ny zavatra nataony tamin'io fotoana io? (Mety hahita ity fitsipika manaraka ity ireo mpianatra: **Rehefa mikatsaka ny hanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy amin'ny fanaovana soa isika, dia indraindray tsy maintsy miaritra fanenjehana.**)

Matio 5:9–12, 21–24, 38–41; 6:14–15; 7:1–5, 12

Ny fihetsika haseho manoloana ny fanenjehana

Lazao amin'ireo mpianatra fa tao amin'ny Toriteny nataony teo an-tendrombohitra dia nanoro hevitra an'ireo mpianany i Jesoa Kristy ny amin'ny fomba fihetsika manoloana ny fanenjehana mahazo azy ireo. Adikao eny amin'ny solaitrabe ity fehezanteny sy andinin-tsoratra masina manaraka ity, ary angataho ny mpianatra tsirairay hamaky farafahakeliny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina. Angataho ireo mpianatra hitady fitsipika iray nampianarin'i Jesoa ao amin'ilay andinin-tsoratra masina novakiany izay afaka hitari-dalana azy ireo eo amin'ny fomba fifandraisany amin'ny hafa.

Inona no hatao manoloana ny fanenjehana

Matio 5:9–12

Matio 5:21–24 (jereo koa ny 3 Nefia 12:22)

Matio 5:38–41; 7:12

Matio 6:14–15 (jereo koa ny F&F 64:9–10)

Matio 7:1–5

Rehefa nomena fotoana ampy tsara ireo mpianatra dia angataho izy ireo hanazava ireo fitsipika hitany sy ny fomba hiharan'izany eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Rehefa mizara fitsipika hitany tao amin'ny Matio 5:21–24 ireo mpianatra, dia azonao atao ny manamarika fa ny 3 Nefia 12:22 sy ny Dikantenin'i Joseph Smith Matio 5 dia tsy ahitana ny teny hoe "foana" (Matio 5:22). (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia antintrantero ity fahamarinana manaraka ity: **Manantena antsika ny Ray any Andanitra mba hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy rehefa enjehina noho ny finoantsika.**)

Asehoy ireto filazana manaraka ireto izay nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland sy ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Arovy amim-panehoana fahalalam-pomba sy indrafo ny finoanareo, kanefa mba tena arovy izany" (Jeffrey R. Holland, "Ny Sarany efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin'ny maha mpianatr'i Kristy," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2014, 9).



“Ireo mpanaradia an’i Kristy dia tokony ho ohatra amin’ny fahalalam-pomba. Tokony ho tia ny olon-drehetra isika, hahay hihaino, ary haneho fahalianana amin-kitsimpo mikasika ny zavatra inoan’izy ireo. Na dia tsy miombon-kevitra aza isika dia tsy tokony hanafintohina. Ny fanehoantsika hevitra sy ny filazana ataontsika mikasika ny lohahevitra mampiady hevitra dia tsy tokony hiteraka fifandirana. Tokony ho hendry isika rehefa manazava sy mijoro amin’ny foto-kevitsika sy rehefa mitaona ny hafa. ...

“Rehefa mifanohitra amin’ny fenitra arahantsika ny fironan’ny daholobe sy ny lalàna dia tokony hoekentsika amim-pahalalam-pomba izay voka-dratsiny ary haneho fahalalam-pomba isika amin’ireo fahavalontsika” (Dallin H. Oaks, “Fitiavana ny Hafa sy Fiainana ao anatin’ny Fahasamihafana,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2014, 27).

Mifanakaloza hevitra miaraka amin’ireo mpianatra momba ireo fanamby sy ireo fitahiana azo noho ny fanarahana ny torohevitra ny Loholona Holland sy ny Loholona Oaks. Avy eo dia manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 5:9–12.

- Araka ireo andinin-tsoratra masina ireo, dia inona avy ireo fampanantenana nomen’i Jesoa izay mety hanamora ny mampiseho fihetsika araka ny fomban’i Kristy rehefa enjehina isika noho ny finoantsika?

Asao ireo mpianatra hisaintsaina ny fomba ahazoan’izy ireo mampihatra ny iray na mihoatra amin’ireo fampianaran’ny Mpamonjy ao amin’ny Torinteny teo an-tendrombohitra eo amin’ny fifandraisan’izy ireo amin’ny olona anankiray ankehitriny na ny fomba mety ho nampiharany izany tamin’ny zavatra niainany tamin’ny lasa. Anontanio raha misy mpianatra manaiky hizara ny eritreriny amin’ny iray kilasy.

Omeo ny mpianatra tsirairay ny tahadika’ity fanambarana manaraka ity izay nataon’ny Loholona Robert D. Hales ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo:



“Misy ny olona sasany diso eritreritra hoe ny fihetsika toy ny fahanginana, ny fahalem-panahy, ny famelan-keloka sy ny fijoroana ho vavolombelona amim-panetrentena dia manara-drenirano na malemy. Kanefa ny ‘[mitia] ny fahavalo[ntsika] ary [mivavaka] ho an’izay manenjika [antsika], manao soa ho an’ireo izay mankahala [antsika], sy mivavaka ho an’ireo izay maniratsira [antsika], sy manenjika [antsika]’ (Matio 5:44) dia mitaky finoana sy hery ary indrindra indrindra fahasahian’ny Kristiana. ...

“Rehefa tsy mamaly isika—rehefa manome ny takolaka iray hafa sy manohitra ireo fahatsapana feno fahatezerana—dia manaraka ny ohatra nasehon’ny Mpamonjy ihany koa isika. Mampiseho ny fitiavany isika, izay hany hery afaka hanohitra ny fahavalo sy hamaly ireo mpanendrikendrika antsika kanefa tsy amin’ny fanendrikendrehana azy ireo. Tsy fahalemena izany. *Fahasahian’ny Kristiana* izany. ...

“Rehefa mamaly ny hafa isika dia tsy hitovy ny toe-javatra miseho tsirairay. “Soa ihany fa fantatry ny Tompo ny fon’ireo mpanameloka antsika sy ny fomba mahomby indrindra ahafahantsika mamaly azy ireny. *Rehefa mikatsaka fitarihana avy amin’ny Fanahy ireo tena mpanaradia marina an’i Kristy dia mandray fitaomam-panahy izay mifanentana tsara amin’izay mifanehatra amintsika.* Ary amin’ny fifanatrehana rehetra dia *mamaly amin’ny fomba izay manasa ny Fanahin’ny Tompo ireo tena mpanaradia marina ...*

“*Amin’ny maha mpianatr’i Kristy marina antsika, dia ny mahasoana ny hafa no tokony ho raharahantsika fa tsy ny fanehoana fa marina isika.* Ny fanontaniana sy fanakianana dia manome antsika fahafahana hanolo-tanana amin’ny hafa sy maneho fa manan-danja amin’ny Raintsika any An-danitra sy amintsika izy ireo. Ny hanampy azy ireo hahatakatra ny fahamarinana no tokony ho tanjontsika, fa tsy hiaro ny maha izy azy antsika na handresy amin’ny adihevitra ara-teôlôjika. Ny fijoroantsika ho vavolombelona avy amin’ny fo no fihetsika manan-kery indrindra manoloana ireo

mpanendrikendrika antsika” “Fahasahian’ny Kristianina: Takiana amin’ny Maha- mpanaradia,” *Ensign* na *Liahona* Nôv. 2008, 72, 73–74).

Omeo fotoana ireo mpianatra hamakiany sy hanisian’izy ireo loko ireo fitsipika nampianarin’ny Loholona Hales. Asao izy ireo hizara ny zavatra nianarany. Raha ilaina, dia mifanakaloza hevitra momba ny sasany amin’ireto fanontaniana manaraka ireto na izy rehetra:

- Ahoana no fomba ahafahan’ny zavatra ataontsika amin’ny hafa hampiova ny fifandraisan’izy ireo amin’ Andriamanitra? (Ampio ireo mpianatra hahita ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa manaraka ny ohatra nasehon’i Kristy isika amin’ny fomba famaliana amim-pitiavana sy amim-pahalempanahy an’ireo izay manohitra antsika, dia afaka manamafy ny fifandraisan’izy ireo amin’ Andriamanitra isika sy manamafy ny fifandraisantsika amin’ Andriamanitra ihany koa.**)
- Nahoana no tafiditra ao amin’ny fanekempihavanana nataontsika tamin’ Andriamanitra tamin’ny batisa ny fitondrana ny hafa toy izany? (Fomba iray manan-danja izany hijoroana ho vavolombelon’ Andriamanitra amin’ny fotoana rehetra sy amin’ny zavatra rehetra ary amin’ny toerana rehetra [jereo ny Môsià 18:9].)

Anontanio ireo mpianatra raha efa niaina traikefa izy ireo izay nanarahany ny ohatra nasehon’ny Mpamonjy sy ny fampianarany ka nahafahan’izy ireo nanampy olon-kafa hanatona bebe kokoa ny Tompo. Asao ny mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra niainan’izy ireo.

Amporisiho ireo mpianatra handinika ny fifandraisan’izy ireo amin’ny hafa, sy hitady fifandraisana iray izay azon’izy ireo hatsaraina, ary hirakitra an-tsoratra ny fomba izay hampiharany ireo fitsipika izay nifanakalozana hevitra androany amin’io fifandraisana io.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Asan’ny Apôstôly 10:38; Matio 5:9–12, 21–24, 38–41, 43–47; 6:14–15; 7:1–5.
- Dallin H. Oaks, “Fitiavana ny Hafa sy Fiainana ao anatin’ny Fahasamihafana,” *Ensign* or *Liahona*, Nôv. 2014, 25–28.
- Jeffrey R. Holland, “Ny Sarany efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin’ny maha mpianatr’i Kristy,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2014, 6–9.

Ireo fahagagana teny amin'ny lalamben'i Palestina

12

Fampidirana

"Nandeha tamin'ny lalamben'i Palestina i [Jesoa Kristy], nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba, ary nampitsangana ny maty" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2). Ampahany nanan-danja teo amin'ny asa fanompoana feno indrafo nataon'ny Mpamonjy ny

fahagagana, kanefa nanaporofa ny heriny sy ny fahefany ihany koa izy ireny amin'ny fanehoana fa mitombina ny filazany fa izy no ilay Mesia. Isika koa dia afaka miaina na mahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy sy ny famindrampony ary ny heriny izay miseho amin'ny fahagagana rehefa maneho finoana an'i Jesoa Kristy.

Vakiteny Enti-mandalina

- Dallin H. Oaks, "Miracles," *Ensign*, Jona 2001, 6–17.
- Sydney S. Reynolds, "A God of Miracles," *Ensign*, Mey 2001, 12–13.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Marka 1:39–42; 2:1–12; 5:1–8, 19, 22–43; 8:1–9; Lioka 7:11–15; 3 Nefia 17:5–9

Nanao fahagagana ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoana nataony tety an-tany

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andianteny manaraka ireto: *nampitony ny ranomasina, nanangana ny maty, ary nandroaka fanahy ratsy*. Anontanio ireo mpianatra hoe iza amin'ireo fahagagana nataon'ny Mpamonjy ireo no eritreretin'izy ireo fa lehibe indrindra amin'izy telo. Rehefa avy mamaly ireo mpianatra, dia ampio hoe *nahary ny tany* ilay lisitra eny amin'ny solaitrabe ary anontanio izy ireo hoe iza amin'ireo no lehibe indrindra. Avereno indray ilay natao teo amin'ny hoe *nampiova fo ny olona* ary, farany amin'ny hoe *nijaly sy maty noho ny fahotantsika*.

Anontanio ireo mpianatra hoe ahoana no hamaritan'izy ireo ny teny hoe *fahagagana*. Rehefa avy mamaly ireo mpianatra, dia aseho ity famaritana manaraka ity ary asao ny mpianatra iray hamaky azy mafy:

"[Ny hoe fahagagana dia] zava-mahatalanjona iray miseho noho ny herin' Andriamanitra. Lafiny lehibe amin'ny asan'i Jesoa Kristy ny fahagagana. Ao anatin'izany ny fanasitranana, ny famelomana indray sy ny fananganana ny maty. Ampahan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fahagagana. Mila finoana ny fanehoana fahagagana" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahagagana"; scriptures.lds.org).

- Inona koa ireo ohatra hafan'ny fahagagana izay nataon'i Jesoa nandritra ny asa fanompoana nataony tety an-tany? (Tanisao eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'ireo mpianatra.)
- Nahoana no zava-dehibe ny miaiky hoe hatraiza no mipaka ny herin'ny Mpamonjy?

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina ireto, ary asao ireo mpianatra hisafidy iray mba hohalalinina: *Marka 1:40–42; Marka 5:1–8, 19; Marka 8:1–9; Lioka 7:11–15; ary 3 Nefia 17:5–9*. Angataho izy ireo hitady fahagagana iray nataon'ny Mpamonjy ao amin'ilay andinin-tsoratra masina novakiany sy ny zavatra hita taratra ao amin'izany momba ny heriny. Mifanakaloza hevitra momba ireto

fanontaniana manaraka ireto rehefa avy nanome fotoana ampy tsara ho an'ireo mpianatra:

- Mikasika ny fahagagana inona ny zavatra novakianao, ary inona no hita taratra ao amin'izany mikasika ny herin'ny Mpamonjy?
- Ahoana no fomba ahafahanao manana manana finoana kokoa an'ny Mpamonjy rehefa mahatakatra ny hery ananany ahafahany manao fahagagana? (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia azonao atao ny manamarika fa taonjato maro talohan'ny nahaterahan'ny Mpamonjy, dia mpaminany maro no efa nahita mialoha fa hanao fahagagana Izy mandritra ny asa fanompoana ataony ety an-tany [jereo ny 1 Nefia 11:31; Môsîà 3:5–6]. Io fahalalana io dia nanampy ireo olona niaina talohan'ny nahaterahany hino Azy bebe kokoa.)

Asao ireo mpianatra hamerina hijery indray ilay andinin-tsoratra masina izay nohalalininy ka hitady ny antony voalaza ao fa nanatanterahan'i Jesoa ilay fahagagana. Mifanakaloza hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no antony voalaza fa nanatanterahan'ny Mpamonjy ilay fahagagana izay novakianao? (Avelao hisy mpianatra vitsivitsy hamaly. Voalaza ao amin'ny ohatra tsirairay ny indrafon'ny Mpamonjy. Lazao amin'ireo mpianatra fa rehefa mianatra ny mitady maodely sy lohahevitra toy izao ao amin'ny soratra masina izy ireo, dia hanatevina ny fahaizan'izy ireo ny soratra masina.)
- Ahoana no fomba nanehoan'ireo fahagagana ireo ny indrafon'ny Mpamonjy?
- Mampiova inona ny fahafantarana fa indraindray ny Mpamonjy dia nanao fahagagana noho ny famindrampo lehibe ananany? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia antintrantero ny hoe **rehefa maneho finoana an'i Jesoa Kristy isika, dia afaka mahazo amin'ny hery lehibe ananany sy mahatsapa ny famindrampy amintsika.**)

Farano amin'ny fanasana mpianatra iray hamaky ny Asan'ny Apôstôly 10:38 ity ampahan'ny lesona ity ka ny mpianatra sisa ambiny kosa manaraka ny vakiteny. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no dikan'ny hoe nanasitrana “izay rehetra azon'ny herin'ny devoly” i Jesoa? (Io andianteny io dia mety milaza ny fahagagana nataon'i Jesoa tamin'ny fandroahana devoly ary koa ny fahagagana lehibe indrindra amin'ny rehetra—dia ny fanasitranana ara-panahy izay nentin'i Jesoa ho an'ireo izay ory noho ny fahotana. Hazavao fa na dia ampahany manan-danja teo amin'ny asa fanompoan'ny Mpamonjy aza ny fanasitranana ara-nofo, dia mandalo fotsiny ny vokatra entin'izany. Fa ny fitahiana entin'ny fanasitranana ara-panahy dia naharitra—sy maharitra—mandrakizay.)

Marka 2:1–12; 5:22–43

Mitondra fahagagana eo amin'ny fiainantsika ny finoana an'i Jesoa Kristy.

Lazao amin'ireo mpianatra fa na dia manan-danja aza ny mahafantatra fa nanao fahagagana i Jesoa rehefa “nandeha ny lalamben'i Palestina Izy” (“Ilay Kristy Velona: Tenvavolombelon'ny Apôstôly,” 2), dia mety mbola manan-danja kokoa angamba ny mahafantatra fa mbola manohy manao fahagagana izy ankehitriny. Angataho ireo mpianatra hamaky mangina ny Etera 12:12, 18 ary avy eo hanoratra fitsipiky ny filazantsara iray izay nianarany tao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo. Asao ny mpianatra maromaro hizara amin'ny mpiray kilasy ny zavatra nosoratany. (Tokony hahitana ity fahamarinana manaraka ity ireo valinteny: **Rehefa maneho finoana an'i**

Jesoa Kristy isika, dia afaka mahita maso ny heriny mahagaga eo amin'ny fiainantsika.)

Mba hanampiana ireo mpianatra hitrandraka io fahamarinana io, dia soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto: *Marka 2:1–12; Marka 5:22–24, 35–43; ary Marka 5:25–34.* (*Fanamarihana:* Azonao atao ny manamarika fa ireo andinin-tsoratra masina ireo dia ahitana ohatra iray hafa maneho maodely na lohahevitra iray ao amin'ny soratra masina.) Zarao ho vondrona telo ireo mpianatra. Asaivo mamaky ny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ny vondrona tsirairay, ka mitady ireo fomba nanehoana ny finoana an'i Jesoa Kristy. Rehefa avy nanome fotoana ampy ho an'ny mpianatra dia manontania hoe:

- Inona no porofon'ny finoana an'i Jesoa Kristy hitanao?

Omeo tahadika'ilay taratasy zaraina hoe “Manasitrana ny Marary” ny mpianatra tsirairay.

Taratasy zaraina

Manasitrana ny Marary

Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa tena ilaina ny finoana mba hisian'ny fahagagana:



“Tena ilaina ny finoana mba hanasitrana amin'ny alalan'ny herin'ny lanitra. Ny Bokin'i Mômôna aza dia mampianatra mihitsy hoe ‘raha tsy misy finoana eo amin'ny zanak'olombelona dia tsy afaka manao fahagagana eo anivony Andriamanitra’ (Etera 12:12) [jereo koa ny 1 Nefia 7:12; F&F 35:9]. Tao amin'ny lahateny iray miavaka mikasika ny fametrahana-tanana amin'ny marary dia nilaza ny Filoha Spencer W. Kimball hoe:

‘Matetika dia atao ambanin-javatra ny filana finoana. Matetika ilay olona marary sy ny fianakaviany dia toa miantehitra tanteraka amin'ny herin'ny fisoronana sy ny fanomezam-pahasoa'van'ny fanasitrana izay antenainy fa ananan'ireo rahalahy mametra-tanana, kanefa ny andraikitra lehibe kokoa dia an'ilay olona hametrahana-tanana. ... Ny singa manan-danja indrindra dia ny finoan'ilay olona raha toa io olona io ka mahatsiaro saina sy tompon'andraikitra. Naverimberin'ny Mpampianatra matetika tokoa ny hoe “Ny finoanao no efa nahasitrana anaô” [Matio 9:22] hany ka saika lasa litania’ [“President Kimball Speaks Out on Administration to the Sick,” *New Era*, Ôkt. 1981, 47]” (“Healing the Sick,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2010, 49).

Nampahatsiahy antsika ihany koa ny Loholona Dallin H. Oaks fa ny fahavononana hanaiky ny sitrapon' Andriamanitra dia ampahany manan-danja amin'ny fananana finoana.



“Rehefa mampiasa ilay hery tsisy fisalasalana'ny fisoronan' Andriamanitra isika sy rehefa manome lanja ny fampanantenany fa handre sy hamaly ny vavaka atao am-pinoana lzy, dia tokony hahatsiaro mandrakariva isika fa ny finoana sy ny hery manasitrana'ny fisoronana dia tsy afaka ny hanome vokatra mifanohitra amin'ny sitrapon'ilay tompon'ny fisoronana. Io fitsipika io dia ampianarina ao amin'ilay fanambarana izay manoro lalana

fa ireo loholon'ny Fiangonana dia tokony hametra-tanana amin'ny marary. Ny fampanantenana nomen'ny Tompo dia hoe ‘izay manam-pinoana Ahy mba ho sitrana, *ary tsy voatendry ny ho faty*, dia ho sitrana’ (F&F 42:48; nampiana fanamafisana). Mitovitovy amin'izany, ao amin'ny fanambarana maoderina iray hafa dia nanambara ny Tompo fa rehefa misy olona iray ‘izay mangataka araka ny sitrapon' Andriamanitra ... izany dia to araka izay angatahiny (F&F 46:30) [jereo koa ny 1 Jaona 5:14; Helamàna 10:5].

“Mianatra isika avy amin'izany rehetra izany fa na ireo mpanompon'ny Tompo aza, izay mampiasa ny heriny avy any an-danitra amin'ny toe-javatra izay ahitana finoana ampy hahasitrana, dia tsy afaka manome tsodranon'ny fisoronana izay hahatonga ny olona iray ho sitrana raha toa ka tsy izany fahasitrana izany no sitrapon'ny Tompo.



"Amin'ny maha-zanak' Andriamanitra antsika, dia mahatoky Azy isika noho ny fahafantarantsika ny fitiavany lehibe sy ny fahalalany amin'ny farany hoe inona no tsara indrindra mba hahasoa antsika mandrakizay. Ny fitsipika voalohany amin'ny filazantsara dia ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ary ny finoana dia midika hoe fitokisana. Nahatsapa izany fitokisana izany aho tamin'ny lahateny iray izay nataon'ny zanaky ny nenitoako nandritra ny fotoam-pandevenana ny zatovovavy iray izay maty noho ny aretina iray mahery vaika. Nilaza ireto teny ireto izy, izay nahagaga ahy tamin'ny voalohany kanefa nankahery ahy rehefa avy eo: 'Fantatro fa sitrapon'ny Tompo ny nahafatesany. Nahazo fitsaboana tsara izy. Nomena tsodranon'ny fisoronana izy. Nosoratana tany amin'ny lisitry ny olona entina amim-bavaka any amin'ny tempoly ny anarany. An-jatony maro ny vavaka natao mba hahasitrana azy. Ary fantatro fa ampy ny finoan'ity fianakaviany hoe ho sitrana izy raha tsy hoe sitrapon'ny Tompo ny haka azy hody any aminy amin'izao fotoana izao.' Nahatsapa izany fitokisana izany ao tamin'ny teny nataon'ny rain'ny zazavavikely iray hafa miavaka izay namoy ny ainy noho ny homamiadana nandritra ny fahatanorany. Hoy izy: 'Ny finoan'ny fianakavianay dia ao amin'i Jesoa Kristy ary tsy miankina amin'ny vokatra mitranga izany.' Toa tena marina ho ahy ireo fampianarana ireo. Manao izay rehetra azontsika atao isika mba hanasitrana ny olon-tiantsika, ary avy eo dia matoky ny Tompo ny amin'izay vokany hitranga" ("Healing the Sick," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2010, 50).

Mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra ny ny filana finoana amin'ny fanatanterahana fahagagana, dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny fanambarana voalohany ao amin'ilay taratasy zaraina izay nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Manontania avy eo hoe:

- Inona avy ireo fahamarinana manan-danja nampianarin'ny Loholona Oaks mikasika ny finoana?

Mba hahazoana hevi-baovao hafa avy amin'ny Loholon Oaks, dia azo atao ny mamaky na mizara amin'ny fomba izay ilazanao azy ilay fanambarana faharoa ao amin'ilay taratasy zaraina. Azonao atao ny milaza fa tamin'ny mpihazona ny fisoronana no nilazan'ny Loholona Oaks ireo teny ireo. Mifanakaloza hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no nolazain'ny Loholona Oaks fa takiana amintsika rehefa mivavaka amim-pinoana isika mba hisian'ny fahagagana?
- Nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro fa ny zavatra katsahintsika dia tokony hifanaraka amin'ny sitrapon'ny Ray any An-danitra?

Mijoroa ho vavolombelona fa mbola misy ny fahagagana ankehitriny. Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Fahagagana maro no mitranga isan'andro eo amin'ny asan'ny Fiangonantsika sy eo amin'ny fiainan'ireo mpikambantsika. Maro aminareo no efa nahita maso fahagagana, mety mihoatra noho izay heverinareo" ("Miracles," *Ensign*, Jona 2001, 6).

- Nahoana isika araka ny eritreritrao no tsy mahatsikaritra mandrakariva ireo fahagagana miseho eo amin'ny fiainantsika? (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia azonao atao ny manamarika fa vitsy ny fahagagana izay ahitana amin'ny fomba mahatalanjona ny fisehon'ny herin'ny Tompo. Maro ny fahagagana izay azo lazaina ho kely sy mitranga ao amin'ny mangingina. [Jereo ny Sydney S. Reynolds, "A God of Miracles," *Ensign*, Mey 2001, 12–13.]

- Inona no ambaran'ireo fahagagana kely sy mangingina ireo mikasika ny firaharahian'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy antsika?
- Inona no ohatra amin'ny fahagagana izay “kely” sy “fahita andavanandro” tonga ao an-tsainao? (Raha tsy misy mamaly, dia azonao atao ny mizara ny sasantsasany amin'ireo ohatra izay voalazan'ny Rahavavy Sydney S. Reynolds ao amin'ny “A God of Miracles” [*Ensign*, Mey 2001, 12–13].)

Asao ireo mpianatra hamaly ity fanontaniana manaraka ity an-tsoratra:

- Inona no azonao hataonao mba hamantarana bebe kokoa sy hananana fankasitrahana kokoa noho ireo fahagagana—na ireo kely izany na ireo lehibe—izay ataon'ny Tompo eo amin'ny fiainanao?

Amporisiho ireo mpianatra handinika amim-bavaka ny fomba mety hanaovany asa araka izay nosoratany. Farano ny lesona amin'ny fanontaniana sao misy amin'ireo mpianatrao maniry hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny Mpamonjy sy ny fitiavana tsapany avy taminy ary ny fitiavan'izy ireo Azy.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Marka 1:39–42; 2:1–12; 5:1–8, 19, 22–43; 8:1–9; Lioka 7:11–15; 1 Nefia 11:31; Môsià 3:5–6; 3 Nefia 17:5–9.
- Sydney S. Reynolds, “A God of Miracles,” *Ensign*, Mey 2001, 12–13.

13

Niantso Apôstôly Roambinifolo i Jesoa Kristy

Fampidirana

Nandritra ny asa fanompoana nataony tety an-tany, dia niantso sy nanendry ary naniraka Apôstôly roa ambin'ny folo ny Mpamonjy. Nanome azy ireo ny fanalahidin'ny fisoronana izy ary nandray tenivavolombelon'ny maha Andriamanitra Azy izy ireo. Teo ambany fitarihan'ny Mpamonjy dia nanampy tamin'ny fitantanana ny

asan'ny Fiangonana ireo Apôstôly ary nomanina ho amin'ny fotoana izay tsy maha-ety an-tany intsony Azy. Ity lesona ity dia manadihady ny fahefan'ny fisoronan'ny Mpamonjy sy ny fanomanany ireo Apôstôly ho amin'ny fitarihana ny Fiangonana.

Vakiteny Enti-mandalina

- Boyd K. Packer, "The Twelve," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2008, 83–87.
- Edward J. Brandt, "And He Gave Some, Apostles," *Liahona*, Sept. 2001, 32–39.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 10:1–8; 16:15–19; 17:1–8; Jaona 15:16

Nomen'i Jesoa Kristy fanalahidin'ny fisoronana ireo Apôstôliny

Atombohy ny fotoam-pianarana amin'ny alalan'ny fametrahana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no hamantarantsika ny olona izay manana fahefana hitarika eo amin'ny fiarahamonina misy antsika?
- Ahoana no mety ho namantaran'ny olona iray izay niaina tamin'ny andron'i Jesoa Kristy ny fahefany? (Mety ho valiny ny hoe ny heriny, ny fahagagana nataony ary ireo fampianarany.)

Angataho ny mpianatra handinika ity fanontaniana ity: "Ahoana no fomba, sy oviana ary avy tamin'iza no nandraisan'ny Mpamonjy ny Fisoronana Melkizedeka?" Avy eo dia zarao ireto teny manaraka ireto izay nataon'ny Loholona B. H. Roberts (1857–1933) ao amin'ny Fitopololahy sy ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy:



"Ity andinin-tsoratra masina ity [F&F 107:2–4] dia mametraka mazava tsara fa efa nisy ny Fisoronana Melkizedeka talohan'ilay Melkizedeka Mpisorona Lehibe, kanefa tamin'ny anarana hafa no niantsoana azy, *dia ny hoe*—'Fisoronana Masina araka ny Lamin'ny Zanak' Andriamanitra.' Izany hoe: izy io dia mitovy amin'ny karazana fisoronana, sy fisoronana mitovy laharana amin'izay nananan'ny Zanak' Andriamanitra.

Kanefa izy io dia talohan'ny andron'i Melkizedeka, talohan'ny andron'i Abrahamana, ka noho izany dia efa taon-jato maro talohan'ny nahaterahan'ny Kristy teto amin'izao tontolo izao. ... Noho izany i Jesoa dia nanana ilay antsointsika ankehitriny hoe Fisoronana Melkizedeka talohan'ny nisehoany teto amin'ity tontolo ity, ary tsy hisalasalana hoe talohan'ny namoronana an'izao tontolo izao, ... saingy ny mikasika ny hoe 'tamin'ny fomba ahoana, sy taiza ary avy tamin'iza' no nahazoany azy, dia tsisy mahafantatra, raha tsy hoe ny amin'ilay voalaza farany teo angamba, *dia ny hoe*, 'avy tamin'iza.' Mazava ho azy fa tsy maintsy avy tamin' Andriamanitra no nahazoany izany" (B. H. Roberts, *Improvement Era*, Mey, 1908, 557).



“Kanefa raha ny mikasika ny asa fanompoany tety an-tany, dia tety an-tany i Kristy ... no nandray ny Fisoronana Melkizedeka sy notendrena ho ao amin’ny anjara fanompoan’ny mpisorona avo izay ao amin’izany, ka araka izany dia nanome ny ohatra arahina ho an’ny hafa sady maodelin’ny famonjena halain-tahaka teo amin’ny lafiny rehetra” (Bruce R. McConkie, *Doctrinal New Testament Commentary*, vol. 3 [1973],

157).

Asehoy na soraty eny amin’ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto, ary asaivo mitady ny valiny ao amin’ny Matio 10:1–8 sy ny Jaona 15:16 ireo mpianatra:

- Inona no fahefana nomen’i Jesoa Kristy ho an’ireo Apôstôliny?
- Inona no ho azon’izy ireo atao noho io fahefana io?

Rehefa avy nanome fotoana ampy tsara ho an’ireo mpianatra, dia asao izy ireo hiara-hiasa tsiroaroa hifanakalo hevitra momba ny zavatra hitany. Avy eo dia mangataha mpianatra vitsivitsy hizara ny valinteniny amin’ny mpiara-mianatra. Ampio ireo mpianatra hamantatra fa **nanome ny fahefan’ny fisoronana ho an’ireo Apôstôly i Jesoa mba hahafahan’izy ireo manao asa mitovy amin’izay efa hitan’izy ireo fa nataony.**

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 16:15–19. Anontanio hoe:

- Ahoana no namantaran’i Petera ny fahefan’i Jesoa? (Tamin’ny alalan’ny fanambarana, tsisy hafa amin’ny fomba hamantaran’ireo mpianatr’i Kristy amin’izao fotoana izao ny fahefany.)
- Inona no nampanantenain’i Jesoa hoe homeny an’i Petera?

Manasà mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny ao amin’ny Matio 17:1–8. Manontania avy eo hoe:

- Nahoana no niseho tamin’i Petera sy i Jakoba ary i Jaona i Mosesy sy i Elia?

Mba hanampiana ireo mpianatra hamaly io fanontaniana io dia aseho ireto teny manaraka ireto izay nataon’ny Mpaminany Joseph Smith (1805–44) sy ny Filoha Joseph F. Smith (1838–1918):



“Nanome ny fanalahidy ho an’i Petera sy i Jakoba ary i Jaona ny Mpamonjy sy i Mosesy ary i Elia teo an-tendrombohitra, rehefa niova tarehy teo anatrehan’izy ireo” (*Enseignements des Présidents de l’Église: Joseph Smith* [2007], 105).



“Ny fisoronana amin’ny ankapobeny dia fahefana omena ny olona mba hanaovana ny asan’ Andriamanitra. Ny lehilahy rehetra natokana amin’izay mety ho anjara fanompoana misy ao amin’ny fisoronana dia manana izany fahefana izay nomena azy.

“Saingy ny asa rehetra tanterahana amin’ny alalan’ity fahefana ity dia ilaina tanterahana amin’ny fotoana sy any amin’ny toerana mahamety azy sy amin’ny fomba tokony hanaovana izany ary manaraka ny lamina tokony ho izy. Ny fahefana entina mitantana ireo asa ireo no atao hoe ny *fanalahidin’ny Fisoronana*” (*Enseignements des Présidents de l’Église: Joseph F. Smith* [1998], 141).

Mariho fa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 110 isika dia mianatra fa niseho tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ihany koa i Mosesy sy i Elia tao amin'ny Tempolin'i Kirtland ary nanome fanalahidin'ny fisoronana ho azy ireo. Manampy antsika hahatakatra ny zava-nitranga teo amin'ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy io tantara ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana io. Azonao atao ny manoro hevitra ireo mpianatra mba hanoratra ny *Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 110:13–16* ho andinin-tsoratra masina mifandray eo amin'ny sisin'ny pejy eo akaikin'ny Matio 17:1–8.

Manaova fanaraha-maso amin'ny fametrahana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Nahoana no ho zava-dehibe ho an'ireo Apôstôlin'i Jesoa ny manana ny fanalahidin'ny fisoronana? (Mety hampiasa teny hafa ireo mpianatra, kanefa tokony hilaza ity fahamarinana manaraka ity izy ireo: **Nanome ny fanalahidin'ny fisoronana ho an'ireo Apôstôliny i Jesoa mba hananan'izy ireo ny fahefana hitarihana ny Fiangonana na taloha na taorian'ny nahafatesany.** Azonao atao ny manantitrantira fa **raha jerena amin'ny fijery mandrakizay, dia tena ilaina ny fanalahidy amin'ny fametrahana sy fitazomana ny lamina ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo, ka araka izany dia manampy amin'ny [fanatanterahana] ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona .)**
- Ahoana no fomba nahafahan'ny zavatra niainan'i Petera sy i Jakoba ary i Jaona tao amin'ny Tendrombohitry ny Fiovan-tarehy nanampy azy ireo hiomana hitarika ny Fiangonana aorian'ny ahafatesan'ny Mpamonjy?

Azonao atao ny manazava fa ianarantsika ao amin'ny Matio 18:18–19 fa ny fanalahidin'ny fisoronana dia nomena ny Apôstôlin'i Jesoa rehetra.

Matio 18:21–22; 26:51–56; Marka 4:35–41; 5:25–43; 9:25–29; Lioka 9:51–56; 24:44–48; Jaona 13:4–17; 21:15–17

Nanomana ireo Apôstôliny i Jesoa Kristy mba hitarika ny Fiangonana

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny manaraka ity:

Talohan'ny nahafatesany dia nanomana ireo Apôstôliny i Jesoa Kristy mba hitarika ny Fiangonana.

Manontania avy eo hoe:

- Inona no mety ho nilain'ireo Apôstôlin'i Jesoa hianarana mba hitarihana ny Fiangonana?

Adikao eny amin'ny solaitrabe ny sasany amin'ireto andinin-tsoratra masina ireto na izy rehetra:

Matio 18:21–22

Matio 26:51–56

Marka 4:35–41

Marka 5:25–34

Marka 5: 35–43

Marka 9:25–29

Lioka 9:51–56

Lioka 24:44–48

Jaona 13:4–17

Jaona 21:15–17

Asaivo miara-miasa tsiroaroa ireo mpianatra mba handalina ny iray na roa amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ka handinika hoe inona avy ireo fitsipika izay mety nianaran'ireo Apôstôly avy amin'ny zavatra niainany niaraka tamin'ny Mpamonjy. Avy eo dia asao ireo mpianatra hizara amin'ny mpiara-mianatra ny zavatra izay nifanakalozany hevitra. Azonao soratana eny amin'ny solaitrabe ny valin-tenin'izy ireo. Avy eo dia mametraha fanontaniana fanaraha-maso toy ireto manaraka ireto:

- Nahoana no ho zava-dehibe ho an'ireo Apôstôly ny mianatra ireo fitsipika ireo?
- Ahoana no fomba, araka ny eritreritrao, nanomanan'ny Mpamonjy ireo Apôstôly maoderina mba hanompo?
- Nahoana no manampy anao hatoky ny torohevitr'ireo Apôstôlin'i Jesoa Kristy ny fahafantaranao fa mitari-dalana azy ireo Izy.

Asan'ny Apôstôly 1:8, 21–22; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23

Mijoro ho vavolombelona marin'i Jesoa Kristy ireo Apôstôly Maoderina

Lazao amin'ireo mpianatra fa ny Asan'ny Apôstôly 1 dia ahitana ny tantaran'ny fifantenan'ireo Apôstôly izay ho solon'i Jodasy Iskariota taorian'ny nitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty. Asao ireo mpianatra hamaky ny Asan'ny Apôstôly 1:21–22 sy hitady ny zavatra notakiana tamin'ilay Apôstôly vaovao.

- Inona avy ireo zavatra nilaina nananan'ilay Apôstôly vaovao? (“Niaraka teto [amin'izy ireo] mandrakariva” izy ary “vavolombelon'ny nitsanganan'[ny Mpamonjy].”)
- Araka ny voalaza ao amin'ny andininy 22, dia inona no hanendrena ilay Apôstôly vaovao? (Azonao atao ny manasa ireo mpianatra hamaky ny Asan'ny Apôstôly 1:8 mba hanehoana amin'izy ireo fa izany dia asa nanirahan'i Jesoa ireo Apôstôliny rehetra.)

Angataho ireo mpianatra mba hamerina hijery ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto sy hamantatra izay zavatra itovizan'izy ireo: Asan'ny Apôstôly 2:22–24, 32; Asan'ny Apôstôly 3:12–16; sy Asan'ny Apôstôly 4:31–33; ary Asan'ny Apôstôly 5:29–32. Rehefa nahazo fotoana ampy tsara ireo mpianatra dia asaivo mifanakalo hevitra momba ny zavatra hitany izy ireo. (Hamarino tsara hoe fantatr'ireo mpianatra fa ireo Apôstôly dia nahavita ny iraka nampanaovina azy ireo hoe hijoro ho vavolombelon'i Jesoa Kristy.

Asao ireo mpianatra handinika hoe ahoana no fomba hitovizan'ny asa anirahana ireo Apôstôly maoderina amin'ny an'ireo Apôstôly taloha. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no fotopampianarana ampianarina ao amin'io andinin-tsoratra masina io? (Tokony ho hitan'ireo mpianatra fa ireo Apôstôly dia nirahina mba ho vavolombelona manokan'ny anaran'i Kristy eran'izao tontolo izao.)

- Ahoana no fomba efa nahitanao ireo Apôstôly maoderina nanatanteraka izany andraikitra izany?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha Boyd K. Packer ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Taorian'ireo taona maro niainako sy nampianarako ary nanompoako, taorian'ireo dia an-tapitrisany kilaometatra nitetezako izao tontolo izao, noho ireo zavatra rehetra niainako dia misy fahamarinana lehibe iray mba tiako ho zaraina. Dia ny fijoroako ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy. ...

"Mijoro ho vavolombelona aho fa velona ny Mpamonjy. *Fantatro* ny Tompo.

Vavolombelony aho. Mahafantatra ny amin'ny sorona lehibe nataony aho sy ny fitiavana mandrakizay ananany ho an'ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra. Mizara ny fijoroako ho vavolombelona manokana amin'ny fanetrentena feno aho kanefa amim-pahatokian-tena tanteraka" ("Ilay Fijoroana ho Vavolombelona," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2014, 97).

- Oviana ianao no nahatsapa ny herin'ny fijoroana ho vavolombelon'ny Apôstôly iray momba an'i Jesoa Kristy, ary ahoana no fiantraikan'izany teo amin'ny fijoroanao ho vavolombelona?
- Ahoana no ahafahanao mahafantatra fa marina ny fijoroana ho vavolombelon'ireo Apôstôly maoderina momba an'i Jesoa Kristy? (Tokony hahita ity fahamarinana manaraka ity ireo mpianatra: **Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no ahafahako mahafantatra fa marina ny fijoroana ho vavolombelon'ireo Apôstôly momba an'i Jesoa Kristy.**)

Omeo fanamby ireo mpianatra hisafidy fijoroana ho vavolombelona momba an'i Kristy izay nataon'ny Apôstôly maoderina iray sy hitady ombam-bavaka ny olona izay iray izay azon'izy ireo hizarana izany. Amporisiho izy ireo hijoro ho vavolombelona amin'ny maha izy tenany manokana fa marina ny hafatry ilay Apôstôly.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 10:1–8; 16:15–19; 17:1–8; Asan'ny Apôstôly 1:21–22; 2:22–24, 32; 3:12–16; 4:31–33; 5:29–32; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:23.
- Boyd K. Packer, "The Twelve," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2008, 83–87.

Fampidirana

Ireo mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha dia nijoro ho vavolombelona ny amin'ilay Mesia izay ho avy—taranak'i Davida Mpanjaka izay hanafaka ny vahoakany. I Jesoa Kristy no "ilay Jehovah Lehibe ao amin'ny Testamenta Taloha, ilay Mesia ao amin'ny Testamenta Vaovao" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, Apr. 2000, 2).

Ao amin'ity lesona ity ireo mpianatra dia hanadihady ny sasany amin'ireo faminiana ao amin'ny Testamenta Taloha momba an'i Jesoa Kristy ary hahita ny fomba fihetsiky ny olona sasany rehefa nasaina nisafidy ny hanaiky na handà an'i Jesoa Kristy ho ilay Mesia.

Vakiteny Enti-mandalina

- G. Homer Durham, "Jesus the Christ: The Words and Their Meaning," *Ensign*, Mey 1984, 14–16.
- "The Divine Mission of Jesus Christ: Messiah," *Ensign* na *Liahona*, Aog. 2014, 7.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Isaia 61:1–2; Lioka 4:16–24

Nanambara i Jesoa fa Izy no ilay Mesia

Anontanio ireo mpianatra raha efa nahare fanambarana izay efa nandrasana ela izy ireo na nahita ny nahatongavan'ny namana na fianakaviana iray izay efa nandrandraina tokoa. Lazao ireo mpianatra fa ny lesona anio dia manadihady traikefa mitovitovy amin'izany teo anivon'ireo Jiosy taloha. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Isaia 61:1–2. Manontania avy eo hoe:

- Mikasika an'iza io faminiana io?

Alefaso ilay horonan-tsary hoe "Jesus Declares He Is the Messiah" (Manambara i Jesoa fa Izy no Mesia) (3:24) ao amin'ny *Horonan-tsary momba ny Baiboly mikasika ny Fiainan'i Jesoa Kristy*. (Alaivo sy jereo mialoha ilay horonan-tsary alohan'ny fotoampianarana.) Asao ireo mpianatra hanaraka ny ao amin'ny Lioka 4:16–21 rehefa mijery.

Rehefa tapitra ilay horonan-tsary dia anontanio hoe:

- Ahoana no hamintinanareo ny hafatry ny Mpamonjy tao Nazareta tamin'io andro io? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia ataovy izay hifantohan'ny fifanakalozan-kevitra amin'ny andininy 18 sy ny andininy 21.)
- Inona araka ny eritreritrao no hevity ireo andianteny hoe "nanosotra ahy [Izy]" sy ny hoe "Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany"? (Mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra fa ny teny hoe **Mesia sy ny hoe Kristy dia samy midika hoe "Ilay Voahosotra,"** dia asao izy ireo hijery ny teny iditra hoe "Mesia" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina (jereo ny scriptures.lds.org).
- Ahoana no nanatanterahan'i Jesoa ilay faminiana nataon'i Isaia izay nindraminy ny teniny (jereo ny andininy 18–19)?

Matio 21:1–11

Tonga i Jesoa Kristy amin'ny maha Mesia Azy

Asehoy na soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andiana soratra masina manaraka ireto, ary asao ireo mpianatra hisafidy iray na roa mba hohalalinina. Rehefa mampitaha ny fahasamihafana eo amin'ireo andinin-tsoratra masina nofidiany ireo mpianatra, dia angataho izy ireo hieritritra momba ny antony mahatonga ireo andinin-tsoratra masina ireo ho nampiarahana sy ny zavatra ampianarin'izy ireo momba an'i Jesoa Kristy.

Isaia 7:14; Matio 1:21–23

Mika 5:2; Lioka 2:4–7

Zakaria 9:9; Matio 21:6–11; Jaona 12:12–15

Salamo 22:16, 18; Matio 27:35

Isaia 53:9; Matio 27:59–60; Jaona 19:18, 38–42

Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitany. (Na dia mety hampiasa teny hafa aza ireo mpianatra, dia tokony ho takatr'izy ireo fa i **Jesoa Kristy dia tonga sy niaina ary maty mba hanatanteraka ireo faminiana momba ny Mesia**. Antintrantero fa io fahamarinana io no nambaran'ny Mpamonjy tany Nazareta. Vakio mafy ny Lioka 4:28–29 . Manontania avy eo hoe:

- Ahoana no fihetsik'ireo olona tao amin'ny synagoga tao Nazareta manoloana ny fanambarana nataon'i Jesoa?

Lazao ireo mpianatra fa taona vitsy taty aoriana, dia fihetsika tena samy hafa amin'izany no hitan'i Jesoa avy amin'ny olona sasany tao Jerosalema. Manasà mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny ao amin'ny Matio 21:1–11. Alohan'ny hamakian'ireo mpianatra, dia amporisiho izy ireo haka sary an-tsaina hoe manatrika ilay zava-nitranga voalaza ao amin'io andinin-tsoratra masina io izy ireo. Hazavao amin'ireo mpianatra fa rehefa mianatra maka sary an-tsaina ny zava-mitranga ao amin'ny soratra masina izy ireo, dia hanome fahafahana fanampiny ho an'ny Fanahy Masina mba hampianatra azy ireo.

- Nahoana no toy izany no fihetsik'ireo olona tao Jerosalema? (Nahafantatra izy ireo fa i Jesoa no ilay Mesia nandrasana izay ela izay.)
- Manao ahoana araka ny eritritrao no mety ho fihetsikao raha ianao no teo?

Sariho ny sain'ny mpianatra amin'ilay teny hoe *Hosana* ao amin'ny andininy 9; avy eo dia zarao ity famaritana manaraka ity:

“[Ny hoe Hosana] dia teny Hebreo izay midika hoe ‘vonjeo re izahay’ ary ampiasaina ho fiderana sy fitalahoana.

“... Tamin'ny fidiran'ny Tompo nanakoako tao Jerosalema, ny valalabemandry dia nihiaka hoe ‘Hosana’ sy namelatra sampan-drofia mba hodiavin'i Jesoa ka naneho tamin'izany ny fahatakarany fa i Jesoa ihany no Ilay Tompo izay efa nanafaka ny Isiraely (Sal. 118:25–26; Mat. 21:9, 15; Marka 11:9–10; Jaona 12:13). Nahafantatra ireo olona ireo fa i Kristy no ilay Mesia nandrasana izay ela izay. Zary fankalazana ny Mesia tamin'ny taona rehetra ny teny hoe *Hosana* (1 Ne. 11:6; 3 Ne. 11:14–17). Tafiditra tao amin'ny fanokanana ny Tempolin'i Kirtland ny hiaka hoe Hosana (F&F 109:79) ary ankehitriny dia tafiditra amin'ny fanokanana tempoly maoderina izany” (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, “Hosana”; scriptures.lds.org).

Azonao atao ny mampiseho ireto tanjon'ny faminiana momba ny mesia manaraka ireto (nalaina avy tamin'ny Bruce R. McConkie, *The Promised Messiah: The First Coming of Christ* [1978], 28–32):

1. Ireo faminiana momba ny Mesia dia nanampy ireo izay niaina talohan'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy hino Azy, koa amin'izany dia nanampy azy ireo hahazo ny famonjena (jereo ny 1 Nefia 10:4–6; 2 Nefia 25:18–20, 26; Môsîà 3:13).
2. Ireo faminiana momba ny Mesia dia nanampy ireo izay niaina nandritra ny andron'i Kristy hamantatra fa Izy no fahatanterahan'ireo faminiana ireo, ka noho izany dia manampy azy ireo hahazo ny famonjena (jereo Jaona 4:25, 29).
3. Ireo faminiana momba ny Mesia dia manampy ireo izay miaina aorian'ny asa fanompoana nataon'i Jesoa Kristy tety an-tany hahafantatra fa Izy no fahatanterahan'ireo faminiana ireo, ka noho izany dia manampy azy ireo hahazo ny famonjena (jereo ny Asan'ny Apôstôly 3:12–18; 26:22–23).

- Rehefa mandinika ireo tanjona telo ireo ianao, inona no mety ho tombontsoa ho anao rehefa mianatra mamantatra ny faminiana momba ny Mesia ao amin'ny soratra masina ianao sy rehefa mahita fa i Kristy no fahatanterahan'ireo faminiana ireo?

Jaona 6:5–69

Manara-dia an'i Jesoa Kristy amin'ny maha Mesia Azy

Avereno lazaina fa ireo Jiosy tamin'ny vanimpotoan'ny Testamenta Taloha dia nino fa indray andro any ny Mesia dia ho tonga avy amin'ny taranak'i Davida mba hamonjy ny vahoakany. Maro no nino fa hanafaka azy ireo amin'ny famatoran'ny Romana Izy tahaka ny nanafahan'i Jehovah ny Isiraélita tany Egipta.

Asaivo mamaky vetivety ny tantara ao amin'ny Jaona 6:5–15 ireo mpianatra. Anontanio hoe:

- Inona no fahagagana nataon'i Jesoa ao amin'io tantara io?
- Ahoana no hamariparitanao ny fihetsiky ny olona ao amin'ny andininy 14–15?
- Nahoana araka ny eritreritrao no toy izany no fihetsik'izy ireo?

Zarao ity fanambarana manaraka ity, izay nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Nisy fomban-drazana nampianarin'ireo Rabbi na mpampianatra izay tafalatsaka lalina tao an-tsain'ny olona, hoe rehefa tonga ny Mesia, dia hamahana azy ireo amin'ny mofa avy any an-danitra izy” (*The Mortal Messiah*, boky 4 . [1979–81], 2:367).

Hazavao fa tahaka ny namahanan'i Jehovah mana an'ireo zanak'i Isiraely (jereo ny Eksôdôsy 16), rehefa namahana ny valalabemandry tamin'ny mofa dimy sy hazandrano roa i Jesoa dia maro no nandray io fahagagana nataony io ho famantarana fa Izy no ilay Mesia.

Manasà mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny ao amin'ny Jaona 6:31–32, 49–53, 60, 66. Asaivo manaraka ny mpianatra rehetra ary mitady ny fomba fihetsiky ny olona tamin'i Jesoa ny ampitson'io sy ny fomba namaliany azy ireo.

- Nahoana araka ny eritreritrao no maro no nandà azy tamin'io andro io?

- Inona no tsy takatr'izy ireo tamin'izany? (Jesoa no loharanon'ny fiainana arapanahy; Izy no Mofon'Aina.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Jaona 6:67–69. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no ambaran'ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Petera ao amin'ny andininy 69 ?
- Ahoana no fiantraikan'ny fijoroana ho vavolombelona nananan'i Petera momba ny Mpamonjy teo amin'ny fiainan'i Petera?

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanambarana misy banga ireto, ary angataho ireo mpianatra hanazava ny fomba hamenoany izany: **Raha manaiky an'i Jesoa Kristy ho Mesia isika, dia _____.**

Rehefa avy nanome valiny vitsivitsy ireo mpianatra, dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha David O. McKay (1873–1970):



"Ny zavatra eritreretinao amin-kitsimpo ao am-ponao momba an'i Kristy no hamaritra hoe iza ianao, ary hamaritra amin'ny ankapobeny ny zavatra izay hataonao. Tsy misy olona afaka mandalina io olon'ny lanitra io sy manaiky ny fampianarany ka hoe tsy hahatsapa fitaomana mankahery sy manatsara ao anatin'ny" (*Enseignements des Présidents de l'Église: David O. McKay* [2003], 7).

Omeo fotoana ireo mpianatra hanoratany ny zavatra eritreretiny momba an'i Kristy. Asao ny mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra nosoratany.

Amporisiho ireo mpianatra handinika hoe inona no azon'izy ireo atao amin'ity herinandro ity mba hampisehoana ny finoany an'i Jesoa Kristy.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 21:1–11; Lioka 4:16–24; Jaona 6:5–15, 31–32, 49–53, 66–69.
- Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Mesia,";scriptures.lds.org.
- G. Homer Durham, "Jesus the Christ: The Words and Their Meaning," *Ensign*, Mey 1984, 14–16.

Nampiorina ny fanasan'ny Tompo i Jesoa Kristy

15

Fampidirana

Ny "Ilay Kristy Velona: Ny Tenivavolombelon'ny Apôstôly" dia milaza hoe: "Nanao ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo i [Jesoa Kristy] ho fahatsiarovana ny sorompanavotany lehibe" (*Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 2). Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika

dia mahatsiaro fa nivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra sy maty ho antsika ny Mpamonjy; manavao ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny Tompo ihany koa isika.

Vakiteny Enti-mandalina

- Dallin H. Oaks, "Sacrament Meeting and the Sacrament," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2008, 17–20.
- Jeffrey R. Holland, "This Do in Remembrance of Me," *Ensign*, nôv. 1995, 67–69.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 26:26–28; Lioka 22:15

Nampitoetra fanekempihavanana vaovao i Jesoa Kristy

Asehoy ny sary maneho ny Fiaraha-misakafo Farany na sary hafa mamariparitra izany, ary asao ny mpianatra iray mba hanazava ny zavatra nitranga ao amin'ilay sary:

Anontanio ireo mpianatra hoe:


- Ahoana no mety ho tsapanao raha ny Mpamonjy no manomana, manamasina ary mizara ny fanasan'ny Tompo ho anao?

Asao hamaky mafy ny Lioka 22:15 ny mpianatra iray. Amporisihy ireo mpianatra mba handinika mandritra ny lesona ny antony nahatonga ny Mpamonjy naniry ny hiaraka amin'ny Apôstôliny nandritra ny Paska.

Asao hamaky mafy ny Matio 26:26–28 ny mpianatra iray ary asaivo manaraka ny mpianatra hafa. Farito ny teny hoe *fanekena* ary hazavao fa nadika avy tamin'ny teny Grika iray izay midika hoe "fanekempihavanana" izany (azonao atao no manoro hevitra ny mpianatra hanoratra ity famaritana ity eo amin'ny sisin'ny pejina ny soratra masin'izy ireo). Apetraho izao fanontaniana manaraka izao:

- Raha nanorina fanekena na fanekempihavanana vaovao i Jesoa, dia fanekempihavanana inona no mety ho soloin'izany?

Ity fampahafantarana manaraka ity dia hitondra fampahalalana na fanazavana toe-javatra izay mety hanampy amin'ny fifanakalozan-kevitra ataonareo: Tamin'ny andro fahagola, rehefa nanao ny fanekempihavanany tamin'ny zanak'i Isiraely i Jehovah, dia nampianatra azy ireo ny tenin'i Jehovah i Mosesy ary nanao fanekempihavanana fa hankatò ireo teny ireo ny vahoaka. Dia nanolotra fanatitra biby i Mosesy, naka rà tamin'ilay biby ary nanopy izany tamin'ny olona nanao hoe: "Indro ny ran'ny fanekena izay nataon'i Jehovah taminareo." (Jereo ny Eksodosy 24:3–8.) Niresaka momba ny fanambarana nataon'i Mosesy i Jesoa rehefa nampianatra fa eo andalan'ny fampitoerana fanekempihavanana vaovao amin'ny zanak' Andriamanitra Izy amin'ny fandatsahana ny rany (tahaka ny fanopiana ny ran'ny biby izay naneho ny fidiran'ny zanak'i Isiraely tamin'ilay fanekempihavanana taloha tamin'i Jehovah). Rehefa nanolotra ny divay tamin'ny kapoaka ho an'ny Apôstôliny i Jesoa, dia nampahafantatra



Izy fa tanteraka ilay fanekempihavanana taloha ary tafapetraka ilay vaovao (jereo ny Hebreo 9:12–15). Ny Lalàn'i Mosesy (ilay fanekempihavanana taloha) dia faminaniana lehibe amin'ny fomba maro momba ny Mesia. I Jesoa Kristy no fahatanterahan'io faminaniana io (jereo ny 2 Nefia 11:4; Jakôba 4:5; Almà 34:13–14), indrindra indrindra noho ny nahatanterahany ny tanjona manan-danja indrindra an'io lalàna io tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany.

- Mahatonga antsika hifantoka amin'inona ny fanatitra ra ao amin'ny fanekempihavanana taloha sy vaovao? (Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fandatsahana ny rany ho famelana ny helotsika.)

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Ny fanasan'ny Tompo no ôrdônansy nisolo ny sorona amin'ny alalan'ny rà sy ny fanatitra odorana tao amin'ny lalàn'i Mosesy, ary niaraka tamin'izany ny fampanantenana nomen'ny Mpamonjy manao hoe: 'Ary na zovy na zovy no mankaty Amiko amin'ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, dia izy no hataoko batisa amin'ny afo sy ny Fanahy Masina' (3 Nefia 9:20)" ("Sacrament Meeting and the Sacrament," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2008, 19).

- Ahoana no hamintinanao ireo fahamarinana noresahina hatramin'izao momba ny Fiaraha-misakafo Farany? (Rehefa mamaly ny fanontaniana ny mpianatra, dia antitrantero fa **Notanterahin'i Jesoa Kristy ilay fanekempihavanana taloha, ary nampitoetra fanekempihavanana vaovao tamin'ny alalan'ny fanasan'ny Tompo Izy.**)

Lioka 22:14–20; 3 Nefia 18:7, 11

Manampy antsika hahatsiaro ny Mpamonjy ny fanasan'ny Tompo

Zarazarao ho tsiroaroa ireo mpianatra. Asao ny vondrona tsirairay hamaky ny Lioka 22:19–20 sy ny 3 Nefia 18:7, 11. Asao izy ireo hitady antony hafa (ankoatran'ny fampitoerana fanekempihavanana vaovao) nanaovan'ny Mpamonjy ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo. Apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto

- Inona no antony nolazain'ny Mpamonjy izay nahatonga Azy nampiorina ny fanasan'ny Tompo? (Tokony hitan'ny mpianatra ireto fahamarinana manaraka ireto: **Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia tokony hahatsiaro ny Mpamonjy.**)
- Inona ny maha-zava-dehibe ny fanaovantsika ezaka ny hahatsiaro ny Mpamonjy rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika?
- Inona no dikan'ny fanasan'ny Tompo raha toa isika tsy mahatsiaro ny Mpamonjy sy ny zavatra nataony ho antsika?

Zarao amin'ny mpianatra tsirairay ny taratasy zaraina izay hahitana ampahan'ny lahateny nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra mba hamaky mangina ny taratasy. Apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto rehefa avy nomena fotoana nandinihana ireo zavatra ireo ny mpianatra:

- Inona ny torohevitra homenaon'ny olona iray izay manana olana amin'ny fifantohana amin'ny Mpamonjy sy ny sorona nataony mandritra ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia azonao atao ny manamarika fa rehefa mitady ireo fomba izay hahatsiarovana ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny asa nataony isika mandritra ny herinandro, dia ho mora kokoa ny hifantoka Aminy mandritra ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo amin'ny alahady.)
- Inona avy ireo fitahiana tsapanao rehefa nanandrana ny hahatsiaro ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany ianao rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo ianao?

1 Korintiana 11:27–30; 3 Nefia 18:28–29; 20:8–9

Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana dia manavao ny fanekempihavanana nataontsika

Asao ireo mpianatra hamaky mangina sy hampitaha ny 1 Korintiana 11:27–30 sy ny 3 Nefia 18:28–29; 20:8–9. Asao izy ireo hitady ny fampitandremana nomena mikasika ny fanasan'ny Tompo. Manontania avy eo hoe:

- Nahoana no tsy fahendrena ny mandray ny fanasan'ny Tompo tsy am-pahamendrehana?

Mety hanampy ny mizara ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona John H. Groberg tao amin'ny Kôlejin'ny Fitopololahy ity, izay manazava ny dikan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana:



“Raha toa isika maniry ny hivoatra (izany hoe hibe-baka) ka tsy iharan'ny famerana avy amin'ny fisoronana, dia mendrika isika, araka ny hevitra. Kanefa, raha tsy maniry ny hivoatra isika, raha tsy manana faniriana ny hanaraka ny torolalan'ny Fanahy, dia mila manontany tena hoe: Mendrika ny handray ve isika, sa manaraby fotsiny ny tena tanjon'ny fanasan'ny Tompo, izay fomba fanatanterahana ny fibebahan'ny tena manokana sy fomba enti-mivoatra?” (“The Beauty and Importance of the Sacrament,” *Ensign*, may 1989, 38).

- Inona ny fitahiana azon'ireo izay mandray am-pahamendrehana? (jereo ny 3 Nefia 20:8–9). (Ataovy izay hahatakarany ny mpianatra fa **raha mandray ny fanasan'ny Tompo am-pivavahana sy amin'ny fanahy te hibe-baka isika, dia afaka hahazo famelan-keloka, tahaka ny tamin'ny fotoana nanaovana batisa antsika.**)

Aseho ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Raha tsy misy fepetra amin'ny fanadiovana bebe kokoa aorian'ny batisa dia ho very isika tsirairay raha ny amin'ireo zavatra ara-panahy. Tsy afaka hiaraka amin'ny Fanahy Masina isika, ary tsy maintsy ho 'roahina mandrakizay' isika amin'ny fitsarana farany (1 Ne. 10:21). Tena feno fankasitrahana tokoa isika fa nomen'ny Tompo dingana harahina ho an'ny mpikamban'ny Fiangonany tsirairay izay vita batisa mba ho voadio



matetika amin'ny voka-dratsin'ny ota. Ny fanasan'ny Tompo dia fizarana iray manan-danja ao amin'io dingana io" ("The Aaronic Priesthood and the Sacrament," *Ensign*, nôv. 1998, 38).

- Araka ny voalazan'ny Loholona Oaks, nahoana ny fanasan'ny Tompo no ôrdônansy tena manan-danja tokoa ao amin'ny filazantsara?

Zarao ity fanambarana fanampiny ity izay nataon'ny Loholona Oaks:



"Nodidiana isika mba hibe-baka amin'ny fahotantsika sy hanatona ny Tompo amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina ka handray ny fanasan'ny Tompo miaraka amin'ny fankatoavana ny fanekempihavanana ao anatin'izany. Rehefa manavao ireo fanekempihavanantsika tamin'ny batisa amin'izany fomba izany isika dia manavao ny fandairan'ny fanadiovana tamin'ny batisantsika ny Tompo. Amin'ny alalan'izany fomba izany no hahafahantsika ho voadio sy afaka manana mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika. Ny maha-zava-dehibe an'izany dia miariary noho ilay didin'ny Tompo ny handraisantsika ny fanasan'ny Tompo isakin'ny herinandro (jereo ny F&F 59:8–9)" ("The Aaronic Priesthood and the Sacrament," *Ensign*, nôv. 1998, 38).

Mety hanazava ianao fa rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana isika, dia "manavao ny fanekempihavanana rehetra izay nataontsika tamin'ny Tompo" (Delbert L. Stapley, ao amin'ny Conference Report, ôkt. 1965, 14; soramandry fanampiny; jereo ihany koa ny L. Tom Perry, "As Now We Take the Sacrament," *Ensign* na *Liahona*, mey 2006, 41).

Asao ireo mpianatra hanao famerenana ny Lioka 22:15. Manontania avy eo hoe:

- Inona no valinteninao raha misy olona manontany anao ny antony nanirian'ny Mpamonjy ny hiaraka amin'ny Apôstôliny mandritra ny Paska? Inona no hijoroanao ho vavolombelona?

Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa mahatsiaro an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany isika, ary rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana isika, dia manavao ny fanekempihavanantsika amin' Andriamanitra. Hamporisihy ny mpianatra mba handinika ny fomba hahafahany manolotra avy amin'ny tenany manokana "fo torotoro sy fanahy manenina" rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo. Omeo fanamby izy ireo mba hahatonga ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ho traikafa ara-panahy tsy tapaka.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 26:26–28; Lioka 22:17–20; 1 Korintiana 11:27–30; 3 Nefia 18:1–11, 28–29; 20:8–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:75–79.
- Dallin H. Oaks, "Sacrament Meeting and the Sacrament," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2008, 17–20.

Taratasy zaraina

Teny notsongaina nataon'i Jeffrey R. Holland, "This Do in Remembrance of Me"



"Inona no mety hotadidintsika rehefa tonga eo amintsika ireo tandindona tsotra sy sarobidy ireo raha ny fahatsiarovana no anton-draharaha asaina hataontsika?"

"Azontsika atao ny mahatsiaro ny fiainan'ny Mpamonjy talohan'ny nahaterahany sy ny zavatra rehetra izay fantatsika fa nataony amin'ny maha Jehovah Lehibe Azy, izay nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra izay eo aminy. Azontsika atao ny mahatsiaro fa

na dia nandritra ny Filankevitra Lehibe an'ny Lanitra aza dia tiansika izy ary nahatalanjona ny heriny, hany ka nandresy isika tany tamin'ny alalan'ny fahefan'i Kristy sy ny finoantsika tamin'ny ran'ny Zanak'ondry (jereo ny Apô. 12:10–11).

"Azontsika atao ny mahatsiaro ny halehibeazana tsotra mikasika ny fahaterahany teto ambonin'ny tany. ...

"Azontsika atao ny mahatsiaro ny fahagagana nataon'i Kristy sy ny fampianarany, ny fahasitranana nataony ary ny fanampiany. Azontsika atao ny mahatsiaro fa nampahiratra ny jamba, nampalady ny marenina ary nanafaka ny mandringa, ny kilemaina sy ny mati-ila izy. Ary rehefa tonga ny fotoana hahatsapantsika fa nitsahatra ny fivoarantsika na hahatsapantsika fa nihena ny fifalantsika sy ny fomba fijerintsika, dia afaka mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy isika. ...

"Azontsika atao ny mahatsiaro fa na dia nomena an'izany iraka feno voninahitra izany aza ny Mpamonjy, dia nahita fahafinaretana tamin'ny fiainana izy; nankafy ny olona izy ary nilaza ny mpianany izy mba hahery. Nilaza izy fa tokony hanana fientanentanam-po amin'ny filazantsara tahaka ny olona iray nahita harena lehibe, izay voahangy lafo vidy eo amin'ny varavarantsika isika. ...

"Azontsika atao ny mahatsiaro fa niantso ny mpianany hoe namana i Kristy. ...

"Azontsika atao—ary tokony—mahatsiaro isika an'ireo zavatra mahafinaritra izay tonga amin'ny fiainantsika ary tokony mahatsiaro isika fa 'ny zavatra rehetra izay tsara dia avy amin'i Kristy' (Môro. 7:24). ...

"Ho avy ihany koa ny fotoana hahatsiarovantsika ny fomba feno faharatsiam-panahy noheverana azy, ny nolavian'ny olona azy, sy ny tsy rariny—eny, ny tsy rariny—izay niainany. Rehefa miatrika ny sasany amin'izany ihany koa isika amin'ity fiainana ity, dia afaka mahatsiaro fa i Kristy dia voageja manodidina nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy namoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy; potraka, nefa tsy maty (jereo ny 2 Kôr. 4:8–9).

"Rehefa tonga amintsika ireo fotoan-tsarotra ireo, dia afaka mahatsiaro isika fa mila nidina ho ambanin'ny zava-drehetra i Jesoa alohan'ny nahafahany niakatra ho ambonin'ny zava-drehetra, ary niaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany izy mba hahatonga ny ao anatin'ny ho feno famindram-po ary mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny (jereo ny F&F 88:6; Almà 7:11–12).

"Ho an'ireo rehetra izay mivembena na tafintohina ka mianjera dia eo izy hanohana sy hankahery antsika. Rehefa tonga ny farany dia hamonjy antsika izy, noho izany rehetra izany no nanomezany ny fiainany. ...

"... Azontsika atao ny mahatsiaro an'izany rehetra izany rehefa manasa antsika ny hahatsiaro an'i Kristy mandrakariva ny mpisorona tanora iray izay mivavaka eo am-pandohalihana" (*Ensign*, nôv. 1995, 67–69).

16

Nanao ny Sorompanavotana ho an'ny fahotan'ny olona rehetra ny Mpamonjy

Fampidirana

Natolon' i [Jesoa Kristy] ny ainy mba ho sorona noho ny fahotan'ny zanak'olombelona rehetra. Fanomezana lehibe no nataony ho an' izay rehetra niaina na mbola hiaina eto an-tany" ("Ilay Kristy Velona: Ny Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 2). Ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa "ny Sorompanavotana no ilay singa fototry ny drafitry ny fahasambaran'ny Raintsika any An-danitra. Raha tsy io singa io dia tsy ho nandeha izany drafitra

izany" ("Velona lzy! Ho Azy anie ny Voninahitra rehetra!" *Ensign* na *Liahona*, may 2010, 76). Ity lesona ity dia mifantoka amin'ny fijaliana fatratra niainan'ny Mpamonjy, izay nanomboka tao Getsemane ka nifarana teo ambonin'ny hazofijaliana, ary hamariparitra ny fomba hahafahan'i Jesoa Kristy manampy antsika handresy ny fahotantsika sy mankahery antsika amin'ny fiainantsika isan'andro amin'ny alalan'ny Sorompanavotany.

Vakiteny Enti-mandalina

- David A. Bednar, "Ny Sorompanavotana sy ilay Dia Eto An-tany," *Liahona*, apr. 2012, 40–47.
- Jeffrey R. Holland, "The Atonement of Jesus Christ," *Ensign*, mar. 2008, 32–38.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Marka 14:33–36; Lioka 22:39–44; 2 Nefia 9:21

Niaritra an-tsitrapo ny fangirifirian'ny Sorompanavotana i Jesoa Kristy

Atombohy amin'ny fihirana ny "Endrey Mahagaga Ahy" (*Fihirana*, lah. 44) na hira hafa momba ny Mpamonjy ny lesona. Avy eo, rehefa manomboka ny lesona, dia apetraho ity fanontaniana manaraka ity:

- Nahoana ny fihirana ny "Endrey Mahagaga Ahy" (na fihirana hira hafa momba ny Mpamonjy) no manomana anao handalina ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?

Asao hamaky mangina ny Marka 14:33–36 ny mpianatra, ary hitady ny andian-teny izay mamariparitra ny fijalian'ny Mpamonjy tao Getsemane. Ataovy lisitra eo amin'ny solaitrabe ny andian-teny izay hitan'ny mpianatra.

- Midika inona aminao ireo andian-teny ireo?

Asao ny mpianatra handalina ny Lioka 22:39–44; 2 Nefia 9:21; ary ny Mosià 3:7 mba hahitany zavatra fanampiny mikasika ny fijalian'ny Mpamonjy nandritra ny Sorompanavotana nataony. Azonao atao ny mangataka ireo mpianatra hanisy marika ireo fahamarinana ireo ao anatin'ny soratra masin'izy ireo.

- Inona ireo fahamarinana manan-danja ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo momba ny fijaliana izay niaretan'ny Mpamonjy ho antsika? (Tokony hahitana izao fahamarinana manaraka izao ny valim-panontaniana: **Ny fijalian'i Jesoa Kristy tao Getsemane dia nahatonga Azy hivoa-dra amin'ny mason-koditra tsirairay.**)

Hazavao amin'ny mpianatra fa ny Sorompanavotan'ny Jesoa Kristy dia mandrakotra ny fijaliany ho an'ny fahotantsika tao Getsemane sy teo ambonin'ny hazofijaliana, ny nandatsahana ny rany, ny fahafatesany teo ambonin'ny hazofijaliana ary ny

nitsanganany tamin'ny maty. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka izay nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Tsy mahafantatra isika, tsy afaka milaza isika, ary tsy misy sain'olombelona afaka mahatakatra ny tena dikany fenon'ilay zavatra nataon'i Kristy tao Getsemane.

"Fantatsika fa nivoa-drà ny mason-kodiny tsirairay rehefa nisotro hatramin'ny farany ilay kapoaka mangidy izay natolotry ny Ray Azy Izy.

"Fantatsika fa nijaly Izy, na ara-batana na ara-panahy, mihoatra noho izay azon'ny olombelona zakaina, afa-tsy ny fahafatesana. ...

"Fantatsika fa niankohoka tamin'ny tany Izy rehefa nampangovitra azy ireo fanaintainana sy fangirifiriana avy amin'ilay enta-mavesatra tsy misy fiafarana, hany ka naniry ny tsy hisotro amin'ilay kapoaka mangidy Izy" ("Ny Hery Manadion'i Getsemane," *Liahona*, apr. 2011, 57).

- Inona no zavatra tsapanao manoloana ny fijalian'i Jesoa Kristy tao Getsemane sy teo ambonin'ny hazofijaliana?

Jaona 15:13; 1 Petera 3:18; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 19:15–19

Nijaly i Jesoa mba tsy hitakiana ny hijaliansika tahaka Azy

Apetraho ity fanontaniana manaraka ity:

- Araka ny hevitrao, inona no antony nanosika an'i Jesoa ny hijaly fatratra an-tsitrapo ho antsika?

Asao ny mpianatra handalina mangina ny Jaona 15:13; 1 Petera 3:18; sy ny Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 19:15–19, ary hijery ny antony namporisika ny Mpamonjy ny hiaritra an-tsitrapo ny fanaintainan'ny Sorompanavotana. Rehefa nahazo fotoana ampy hanaovana izany ny mpianatra, dia asao izy ireo hizara ny zavatra hitany. Rehefa mamaly ny mpianatra, dia fintino eo amin'ny solaitrabe tahaka izao ny valitenin'izy ireo:

Haneho ny fitiavany lehibe antsika.

Mba tsy hahatonga antsika hijaly tanteraka noho ny fahotantsika.

Mba hahafahantsika mibebaka sy ho voavela heloka.

Mba hanomezana voninahitra ny Ray.

Mba hahafahantsika hiverina any amin' Andriamanitra.

Hitondra antsika any amin' Andriamanitra.

Rehefa mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto ianao, dia omeo fotoana ny mpianatra handinika ny valiteniny alohan'ny fanasana azy ireo hamaly. (Ampahatsiahivo ny mpianatra fa rehefa mianatra ny misaina momba ny zavatra hitany ao amin'ny soratra masina izy ireo, dia matetika ny Fanahy Masina no hanambara fahamarinana fanampiny ho azy ireo.)

- Inona no ampianarin'ireo antony nijalian'i Jesoa Kristy ireo anao momba Azy?
- Amin'ny fomba ahoana no mahakasika anao manokana ireo antony ireo?

Antitrantero amin'ny mpianatra fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotana, dia lasa Mpisolo Tena antsika i Jesoa Kristy—naka ny toerantsika Izy, nivesatra ny enta-mavesatsika Izy, nijaly hoan'ny fahotantsika Izy. Ny Apôstôly Paoly dia nilaza izany tahaka izao: “Izay [Kristy Ilay Zanaka] tsy nahalala ota [izany hoe i Jesoa dia tsy nahalala ota] dia efa nataony [Andriamanitra Ilay Ray] ota hamonjy antsika; mba ho tonga fahamarinan' Andriamanitra ao aminy kosa isika” (2 Korintiana 5:21). Izany dia toy ny fanaovan'ny Tompo sy Mpamonjy antsika izao fanasana manaraka izao ho antsika tsirairay avy: “Mankanesa aty Amiko. Hoentiko ny fahotanao, ary homeko anao ny fahamarinako.”

Mijoroa ho vavolombelona fa noho ny nahatanterahan'i Jesoa Kristy ny Sorompanavotana, dia afaka ny ho voavela ny helotsika raha toa ka mibebaka isika. Noho ny sorona nataony teo amin'ny toerantsika, dia voaomana ny lalana mba hahafahantsika miverina any amin'ny Ray any An-danitra ho fianakaviana mandrakizay. Nanaiky hiharan'ny Sorompanavotana i Jesoa Kristy noho ny fitiavany lehibe ny Ray any An-danitra sy ny fitiavany antsika. Amporisio ireo mpianatra hisaintsaina ny fomba ahafahany mikatsaka tsaratsara kokoa sy mankafy bebe kokoa ny fitahian'ny Sorompanavotana eo amin'ny fiainan'izy ireo.

Almà 7:11–13

Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia manolotra antsika ny fahasoavany na ilay hery mampahatanjaka ananany

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Neal A. Maxwell tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary asao ny mpianatra iray mba hamaky izany mafy:



“Rehefa nitranga tamin'ny fahafenoany ny fanaintainana, dia tena lehibe izany, mbola nangirifiry lavitra noho izay noheveriny, eny fa na dia izy ilay manana saina matsilo tsy manam-paharoa aza! ...

“Ny vesatra mivangongon'ny fahotan'ny olona rehetra—ny lasa, ny ankehitriny ary ny ho avy—dia nobaben'ilay Fanahy tonga lafatra, tsy manan-tsiny ary feno fangorahana! Ny rofintsika rehetra sy ny aretintsika rehetra dia tafiditra ihany koa ao anatin'ireo zavatra mahatsiravina voaisa ao amin'ny Sorompanavotana. (Jereo ny Almà 7:11–12; Isa. 53:3–5; Mat. 8:17.) ...

“... ny fijaliany—izay *makadiribe* ampitomboina amin'ny *tsy manam-pahataperana*—dia nanambara ny fitomaniany farany teo ambony hazofijaliana, ary izany dia fitomaniana izay naneho fa nilaozana izy. (Jereo ny Mat. 27:46.)” (“Willing to Submit,” *Ensign*, mey 1985, 72–73).

- Araka ny hevitrao, inona no tian'ny Loholona Maxwell lazaina amin'ny hoe “ireo zavatra mahatsiravina voaisa ao amin'ny Sorompanavotana”?
- Ankoatran'ny fahotantsika, inona ihany koa ny zavatra hitan'ny Loholona Maxwell izay nahatonga ny Mpamonjy hijaly?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Almà 7:11–13 . Asao ny mpianatra sisa hanaraka sy hijery ny zavatra hafa momba ny fiainana eto ambonin'ny tany izay nijalian'ny Mpamonjy. Asao ny mpianatra hanao tatitra ny zavatra hitany ary soraty eo amin'ny solaitrabe ny valitenin'izy ireo. (Ny valinteny dia tokony ahahitana ny fanaintainana, ny fahoriana, ny fakam-panahy, ny aretina, ny rofy ary ny fahafatesana.) Manaova fifanakalozan-kevitra mikasika ny dikan'ireo zavatra ireo sy mikasika ny fomba ahafahan'i Jesoa Kristy mitahy antsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina rehefa miatrika ireo zavatra ireo isika.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Ny Mpamonjy dia tsy nijaly fotsiny noho ny fahotantsika fa koa noho ny tsy fitoviana, ny tsy fahamarinana, ny fanaintainana, ny fahoriana, ary ny olana ara-pihetsehampo izay tonga eo amintsika. Tsy misy fanaintainana ara-batana, na tebitebin'ny fanahy na fahorian'ny fanahy, na aretina na fahalemena iainantsika mandritra ity diantsika eto antany ity izay tsy efa niainan'ny Mpamonjy aloha. Izaho sy ianao rehefa ao anatin'ny fotoan'ny fahalemena dia afaka mihiaka hoe: ‘Tsy mba misy olona mahatakatra izany. Tsy mba misy na iray aza mahafantatra izany.’ Angamba tsy mba misy olombelona mahafantatra izany. Saingy ny Zanakalahin’ Andriamanitra dia mahafantatra sy mahatakatra, satria lzy dia nahatsapa sy nilanja ny enta-mavesantsika talohan'ny nahatsapantsika sy nilanjantsika izany. Ary satria nandoa ilay sarany faratampony lzy sy nilanja ilay enta-mavesatra dia tena mahatakatra tanteraka ny zavatra tsapantsika ary manolotra amintsika ny sandrin'ny famindram-pony eo amin'ny lafin-javatra maro ao anatin'ny fiainantsika. Afaka manome tanana sy manohina ny fo ary manampy lzy ... ary manome hery antsika mba hahatonga antsika amin'ny toerana ambony kokoa mihoatra noho izay afaka hisy antsika hatrizay ary hanampy antsika hanao zavatra izay tsy ho vitantsika velively raha miankina amin'ny herintsika manokana fotsiny isika” (“Ny Sorompanavotana sy ilay Dia Eto An-tany,” *Liahona*, apr. 2012, 47).

Anontanio ny mpianatra ny fomba hamintinany ny fampianaran'ny Loholona Bednar. Manontania avy eo hoe:

- Ahoana ny fomba ahafahan'ny fitahiana ateraky ny Sorompanavotana manome antsika fahafahana hiverina indray eo anatrehan'ny Ray any An-danitra? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia antitrantero fa **noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, dia afaka mandray fampiononana sy hery amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika mba hiatrehana ny “fanaintainana sy ny fahoriana ary ny fakam-panahy isan-karazany” [Almà 7:11].**)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ilay hery mampahatanjaka ananan'ny Mpamonjy, na ny fahasoavany, dia asao izy ireo handalina ny iray amin'ireto andinin-tsoratra masina ireto sy hiomana ny hizara izay zavatra ianarany. (Soraty eo amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina ireto.)

2 Korintiana 12:7–10

Môsîà 3:19

Môsîà 24:10–15

Almà 31:24–25, 31–33, 38

Etera 12:27

Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia manontania hoe:

- Jereo ny fomba nankaherezan'i Jesoa Kristy ny olona voaresaka ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana. Tamin'ny fotoana ahoana ianao na ny olona iray hafa fantatrao no nahazo hery toy izany?
- Inona no maha-zava-dehibe ny fahatakarana fa afaka mampiasa ilay hery mampahatanjaka ananan'i Jesoa Kristy isika?

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy.



"Isika tsirairay avy dia tsy maintsy manamafy ny fahatakarantsika ny dikan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy mba hahatonga izany ho fototra tsy azo hozongozonina hanorenantsika ny fiainantsika. ...

"Mamporisika anareo amim-pahavitrihana aho hanao drafitra fandalinana manokana mba hahatakatra bebe kokoa sy hankasitraka bebe kokoa ny vokatry ny zava-bitra tonga lafatra nataon'i Jesoa Kristy tamin'ny antso masina nanendrena Azy, izay tsy manan-tzahala sy mandrakizay ary tsy misy fetra, amin'ny maha Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy" ("Velona Izy! Ho Azy anie ny Voninahitra rehetra!" *Ensign* na *Liahona*, mey 2010, 77).

Amporisiho ireo mpianatra eo am-pamaranana mba hanao drafitra fandalinana manokana momba an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Marka 14:33–36; Lioka 22:39–46; Jaona 15:13; 1 Petera 3:18; 2 Nefia 9:21; Mosià 3:7; Almà 7:11–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15–20.
- David A. Bednar, "Ny Sorompanavotana sy ny Dia eto an-tany," *Liahona*, apr. 2012, 40–47.

Nijaly sy maty teo amin'ny hazofijalian'i Kalvary ny Mpamonjy

17

Fampidirana

Rehefa nanakaiky ny fahavitan'ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy teto an-tany, dia "nosamborina lzy ary nohelohina tamin'ny fiampangana tsy marina, nohelohina mba hahafaly ireo fokonolona, ary nohelohina ho faty teo ambonin'ny hazofijaliana tany Kalvary" ("Ilay Kristy Velona: Ny Tenivavolombelon'ny

Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 2). Ato amin'ity lesona ity isika dia hanantitrantitra ilay fahamarinana manan-danja fa i Jesoa Kristy dia *namela* ny Tenany hijaly sy ho faty teo am-pelatanan'ny hafa; tsy nisy olona naka ny fiainany Taminy.

Vakiteny Enti-mandalina

- Jeffrey R. Holland, "None Were with Him," *Ensign* na *Liahona*, may 2009, 86–88.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 27:26–54; Jaona 10:11–18; 19:10–11; 1 Nefia 19:9

Nanana fahefana hanaisotra ny ainy i Jesoa Kristy

Asehoy ny sary Ny Fanomboana (*Boky Mirakitra Sary Momba ny Filazantsara* [2009], lah. 57; jereo ihany koa ny LDS.org).

Rehefa mamaky mafy ny Matio 27:26–54 ianao, dia asao ireo mpianatra hanao sary ant-saina ho anisan'ireo mpitazana mahatoky asehon'ny sary. Amporisihy ny mpianatra mba hanaraka ny vakiteny sy hisaintsaina ny hoe mipetraka eo amin'ny toeran'izany olona izany sy manatrika ny Fanomboana ny Mpamonjy. Rehefa vita ny vakiteny, dia asao ny mpianatra mba hilaza ny eritreriny sy ny fihetseham-pony momba an'izay mety ho tsapan'ilay olona. Rehefa nisy valinteny maromaro, dia anontanio ny mpianatra hoe:

- Inona no zavatra tsapanareo momba ny Mpamonjy rehefa namaky sy nanao fifanakalozan-kevitra momba io tantara io ianareo?

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny Jaona 10:11, 17–18 . Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia manontania hoe:

- Inona no ampianaran'ireo andininy ireo antsika momba ny Fanomboana sy ny fahafatesan'i Jesoa Kristy? (Ataovy izay hahazoana antoka fa takatry ny mpianatra ny hoe **i Jesoa Kristy dia nanana fahefana avy amin'ny Ray ny hanolotra ny ainy sy ny handray izany indray.**)

Asehoy ity fampianarana manaraka avy amin'ny Loholona James E. Talmage tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Ny zavatra voa-janahary ateraky ny fiaviana tsy mety maty an'i [Jesoa], amin'ny maha-Zanakalahin'ny Ray tsy mety maty teraka teto an-tany Azy, dia ny tsy fananan'ny fahafatesana hery eo Aminy raha tsy hoe lzy no mamela izany hitranga Aminy. Ny ain'i Jesoa ilay Kristy dia tsy afaka nesorina raha tsy hoe lzy no naniry sy namela izany. Ny



fahefana hanaisotra ny ainy dia efa nananany, tahaka ny fahefana handray ny vatany novonoina ho any amin'ny toetra tsy mety maty" (*Jesus the Christ*, ed. fahatelo [1916], 418).

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 26:53–54 ary mpianatra iray hafa hamaky mafy ny Jaona 19:10–11 . Asao ireo mpianatra hanaraka ny vakiteny, ary hampitaha izany mba hahitana ny tsy fitoviana eo amin'ireo andinin-tsoratra masina roa ireo.

- Inona no fanampiana izay afaka noraisin'i Jesoa Kristy, araka ny filazan'i Matio?
- Inona no zavatra ianaranao avy amin'ny andinin-tsoratra masina ao amin'ny Jaona? (Na dia tsy mitovy aza ny teny mety hampiasain'ny mpianatra, dia tokony hitan'izy ireo ity fahamarinana manaraka ity: **Tsy misy na inona na inona afaka maka ny ain'i Jesoa Kristy; namela ny tenany hiaritra an-tsitrapo ny fahafatesana Izy.**)
- Araka ny hevitrao, inona no antony namelan'i Jesoa ny tenany ho voatomboka teo amin'ny hazofijaliana raha afaka niantso anjely maro hanavotra Azy Izy?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 1 Nefia 19:9 . Asao ny mpianatra hamariparitra ny teny hoe *mijaly*. (Ny teny hoe *mijaly* eto, dia midika hoe manome lalana na mamela. Azonao atao ny manome sosokevitra ny mpianatra hanoratra eo amin'ny sisin'ny soratra masin'izy ireo eo akaikin'ny 1 Nefia 19:9 ny teny hoe "mamela.")

- Inona no antony namelan'ny Mpamonjy ny tenany ho voatomboka teo amin'ny hazofijaliana?

Azonao atao ny mampiseho ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Alexander B. Morrison tao amin'ny Kôlejin'ny Fitopololahy ity sy manasa mpianatra iray mba hamaky izany mafy:



"Ny fitiavana ny zanak' Andriamanitra rehetra no namporisika an'i Jesoa, Ilay tanteraka sy tsy nanota izay tsy manam-paharoa mba hanolotra ny tenany ho vidin'ny fahotan'izao tontolo izao. ... Izany, no antony lehibe nitondra an'i Jesoa teto an-tany mba 'hijaly, hivoa-dra sy hofaty hoan'ny olona' ["Chantons du Christ le Grand Amour!," *Cantiques*, lah. 103]. Tonga Izy ... mba hanonitra ny fahotantsika, mba hahafahany misintona ny olon-drehetra eo Aminy, rehefa nasandratra teo ambonin'ny hazofijaliana Izy (jereo ny 3 Ne. 27:14)" ("For This Cause Came I into the World," *Ensign*, nôv. 1999, 26).

Mariho fa niaritra ny Fanomboana noho ny fitiavany lehibe ny Rainy sy noho ny fitiavany antsika i Jesoa. Manontania avy eo hoe:

- Ahoana no hanampian'ny fahafantarana fa ny Mpamonjy dia namela ny tenany ho voatomboka teo amin'ny hazofijaliana noho ny fitiavany ny Rainy sy antsika amin'ny fiatrehanao fotoan-tsarotra?

Matio 27:46; Lioka 23:34–46; Jaona 19:26–30

Namita ny iraka nampanaovina Azy teto an-tany i Jesoa Kristy

Zarao ity fanazavana manaraka ity, mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny toetry ny fahafatesana amin'ny alalan'ny hazofijaliana:

“Ny fahafatesana amin’ny alalan’ny fanomboana amin’ny hazofijaliana dia toa mandrakotra ny zavatra rehetra izay mety hahatsiravina sy hampihoron-koditra *afaka* hoentin’ny fanaintainana sy ny fahafatesana—jenjina, fivonkinan’ny hoditra, hetaheta, mosarena, tsy fahafahana matory, tazo ateraky ny ratra, tetanosy, henatra miharihary, fahoriam-be tsy mety tapitra, fanampoizana ny mahatsiravina indrindra, fery tsy voakararakara mampahalemy—izay mitombo fatratra hatramin’ny fetra hahafahan’ny olona iray miaritra izany rehetra izany, kanefa mitsahatra tampoka rehefa tsy mahatsiaro tena ilay olona ka mahatsapa fihenana’ny fijaliana. Ilay fitoerana tsy mahazatra dia mitondra fanaintainana rehefa mihetsika; ny lalan-drà trobaka sy ny hoza-be vaky dia mahatonga fijaliana tsy manam-petra; ny fery, izay mangirifiry noho ny fampiharihariany dia mihombo tsikelikely; ny lalan-drà—indrindra indrindra ny ao amin’ny loha sy ny ao amin’ny vavony—dia mivonto sy iharan’ny rà mivangongo be loatra; ary, raha mitombo tsikelikely ny karazana fijaliana rehetra, dia miampy ihany koa ny fanaintainana mafy sady tampoka izay mila tsy hozaka hoentin’ny hetaheta mandoro sy mamely mafy, izay mahatonga ny fiheverana—ny fahafatesana, ilay fahavalo mahatsiravina tsy fantatra, izay matetika mampangovitra ny ankamaroan’ny olona—ho toy ny fahafahana mamy sy mahafinaritra izay mampiala amin’ny fijaliana rehetra.

“Toy izany ny fahafatesana mahatsiravina izay niafaran’i Kristy” (Frederic W. Farrar, *The Life of Christ* [1964], 641).

Lazao fa niteny zavatra fito i Jesoa Kristy raha teo ambonin’ny hazofijaliana. Soraty eo amin’ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto (aza soratana ny fanambarana ao anaty fononteny), ary asao ny mpianatra tsirairay hikoroka ny sasany amin’izany sy hahafantatra ny zavatra notenenin’i Jesoa:

Lioka 23:34 (“Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony.”)

Lioka 23:43 (“Lazaiko aminao marina tokoa, Anio no hihaonanao Amiko any paradisa.”)

Jaona 19:26–27 (“Ravehivavy, indro ny zanakao! ... Indro ny reninao!”)

Matio 27:46 (“Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao?”)

Jaona 19:28 (“Mangetaheta Aho.”)

Jaona 19:30 (“Vita.”)

Lioka 23:46 (“Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko.”)

Rehefa manao tatitra ny zavatra hitany ny mpianatra dia soraty amin’ny fomba hafa eo amin’ny solaitrabe ireo fanambarana ireo eo akaikin’ny soratra masina mifandray aminy. Anontanio ireo mpianatra hoe:

- Manambara inona mikasika ny Mpamonjy sy mikasika ny zavatra niainany teo ambonin’ny hazofijaliana ireo fanambarana ireo?
- Inona no zavatra tian’i Jesoa lazaina rehefa niteny Izy hoe: “Vita”? (Nanatanteraka ny fijaliana tsy manam-petra notakian’ny Sorompanavotana Izy. Azonao atao ny manamarika fa ny Dikantenin’i Joseph Smith, Matio 27:54, dia manao hoe: “Ary rehefa niantso tamin’ny feo mahery indray Jesoa, nanao hoe, Raiko ô, vita, tanteraka ny sitra-ponao, dia nanolotra ny fanahiny Izy” [jereo ihany koa ny Matio 27:50, fanovozan-kevitra eny ambanin’ny pejy *ao* amin’ny Baiboly amin’ny teny Anglisy ny OAF]. Taorian’ny nahafantarany fa tanterany ny zavatra rehetra notakian’ny Ray Azy vao maty i Jesoa.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity, izay nataon'ny Lolohona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Rehefa nanefa ny sarany lafo indrindra i Kristy, rehefa niharihary ny finiafany izay tena tsy hay nosakanana, dia tonga ihany ny fotoana farany, izay naneho famindram-po, ‘vita’ ilay izy [Jereo ny Jaona 19:30]. Manoloana ny zava-drehetra sy manoloana ny tsy fisian'ny fanampiana na fanohanana Azy, i Jesoa avy any Nazareta, ilay Zanaka Velon'ny Andriamanitra Velona, dia namerina tamin'ny laoniny ny fiainana ara-batana izay nitsingevaheva noho ny fahafatesana ary nitondra fifaliana sy fanavotana ara-panahy avy amin'ny haizina helo sy ny famoizam-po. Tamim-pinoana an' Andriamanitra izay *fantany* fa teo foana, no nahafahany nilaza am-pandresena hoe, ‘Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko’ [Lioka 23:46]” (“None Were with Him,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2009, 88).

Asao ny mpianatra iray hafa hamaky izao teny manaraka izao, izay nataon'ny Lolohona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.



“Nisafidy ny tsy hoesorina amin'ity tontolo ity i Jesoa raha tsy hoe naharitra hatramin'ny farany sy nanatanteraka hatramin'ny farany ny iraka izay nandefasana Azy hotontosaina ho an'ny olombelona rehetra. Teo amin'ny hazofijaliana tany Kalvary no nanolorany ny ainy tamin'ny Ray, tamin'ny fanambarana tsotra nanao hoe: ‘Vita’ (Jaona 19:30). Rehefa naharitra hatramin'ny farany izy dia nesorina tamin'ny fiainana eto ambonin'ny tany.

“Isika ihany koa dia tsy maintsy maharitra hatramin'ny farany” (“The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom,” *Ensign*, nôv. 2000, 6).

- Inona no zavatra anampian'ireo Apôstôly roa ireo antsika amin'ny fahatakarantsika ny zavatra tian'i Jesoa holazaina rehefa nilaza Izy hoe: “Vita”? (Rehefa mamaly ny mpianatra, dia azonao atao ny manoratra ity fahamarinana manaraka ity eo amin'ny solaitrabe: **Nanatanteraka amim-pahatokiana ny zavatra rehetra izay nandidian'ny Ray any An-danitra Azy teto an-tany i Jesoa Kristy.**)
- Ahoana no fomba anampian'ny fahatsiarovana fa ny Mpamonjy dia niatrika sy naharitra amim-pahatokiana mba hahavita ny iraka nampanaovina Azy teto an-tany, rehefa manoloana ny fotoan-tsarotra antsika manokana isika?
- Ahoana no anampian'ny fahatsiarovana ny ohatran'i Jesoa anao amin'ny fanatanterahana ny zavatra izay tokony hataonao?
- Ahoana no anehoantsika fankasitrahana ny zavatra rehetra izay nijalian'ny Mpamonjy ho antsika? (Na dia samy hafa aza ny teny mety hampiasan'ny mpianatra, dia tokony haneho ity fitsipika manaraka ity izy ireo: **Maneho ny fankasitrahantsika ny fijalian'ny Mpamonjy teo amin'ny hazofijaliana isika amin'ny fanarahana ny ohatra napetrany amin'ny faharetana hatramin'ny farany amim-pahatokiana.**)

Asao ny mpianatra hizara amin'ny tambazotra hifaneraserana ny zavatra tsapan'izy ireo momba ny Mpamonjy sy ny fanapahan-kevitra horaisin'izy ireo mba hahatonga azy ireo ho marina amin'ny zavatra izay tsapan'izy ireo.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 27:26–54; Lioka 23:34–46; Jaona 10:11–18; 19:10–11, 19–37; 1 Nefia 19:9.
- Jeffrey R. Holland, “None Were with Him,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2009, 86–88.

Nanao asa fanompoana tany amin'ny tontolon'ny fanahy ny Mpamonjy

18

Fampidirana

Rehefa niresaka momba ny Mpamonjy ny Apôstôly amin'izao fotoana, dia toy izao ny tenivavolombelona napetrak'izy ireo: "Fanomezana lehibe no nataony ho an'izay rehetra niaina na mbola hiaina eto an-tany" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 2). Noho ny Sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy sy noho ny asa

fanompoana nataony tany amin'ny tontolon'ny fanahy, dia hanana fahafahana handray na handà ny filazantsara ny zanak' Andriamanitra rehetra izay niaina na mbola hiaina eto an-tany. Ity lesona ity dia mampianatra mikasika ny anjara asa nananan'ny Mpamonjy tany amin'ny tontolon'ny fanahy sy ny anjara asa hananantsika manoloana ny famonjena ny maty.

Vakiteny Enti-mandalina

- Spencer J. Condie, "The Savior's Visit to the Spirit World," *Ensign*, jolay 2003, 32–36.
- Richard G. Scott, "Ny Fifaliana avy amin'ny Fanavotana ny Maty," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2012, 93–95.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Lioka 23:39–43; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:11–24

Namangy ny tontolon'ny fanahy i Jesoa Kristy

Aseho ny sary Fandevenana an'i Jesoa (*Boky Mirakitra Sary Momba ny Filazantsara* [2009], lah. 58; jereo ihany koa ny LDS.org/LDS.org) sy ny sary I Maria sy ilay Jesoa Kristy Nitsangana tamin'ny Maty (*Boky Mirakitra Sary Momba ny Filazantsara*, lah. 59).



Ny Fandevenana an'i Kristy nataon'i Carl Heinrich Bloch. Nahazoana lalana tamin'ny Tranombakoka Nasionaly tany Frederiksborg Castle tany Hillerød, Danemark. Tsy azo adika.



Nahoana hianao no mitomany? © 2015 nataon'ny Simon Dewey. Nampiasaina rehefa nahazoana lalana tamin'ny Altus Fine Art, altusfineart.com

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy izao teny manaraka izao, izay nataon'ny Loholona Spencer J. Condie ao amin'ny Fitopololahy:



“Ny zava-nitranga momba ny fahafatesana sy ny Fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty dia raisin'ireo izay ao anatin'ny fivavahana Kristianina ho fehin-kevitra fototra. Ny zavatra nataon'ny fanahy tsy mety matin'i Jesoa taorian'ny nahafatesany sy talohan'ny nitsanganany tamin'ny maty anefa dia zava-miafina ho an'ny rehetra, ankoatran'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ary ny maha-zava-dehibe ny zavatra nataony nandritra ireo ora ireo dia mitondra ny fototra ara-potopampianarana ho an'ny fananganana tempoly manerana an'izao tontolo izao. Ankoatr'izany, ny fananana fijoroana ho vavolombelona momba ny zavatra nataony dia afaka manome fampiononana lehibe ho an'ireo izay misaona ny fahafatesan'ny olontiana iray” (“The Savior’s Visit to the Spirit World,” *Ensign*, jolay 2003, 32).

Jereo ireo sary ary anontanio ny mpianatra hoe:

- Inona no zavatra nataon'i Jesoa teo anelanelan'ny fotoana nandevenana Azy sy nitsanganany tamin'ny maty?

Asao ny mpianatra hamaky ny Lioka 23:39–43 mba hanomezana azy ireo fampahalalana ny zava-miseho.

- Inona no zavatra notenenin'ny Mpamonjy tamin'ireo olon-dratsy teo ambonin'ny hazofijaliana? (Mariho fa nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa ny dikateny marina kokoa an'ny tenin'ny Mpamonjy dia toy izao: “Anio no hihaona amiko any amin'ny tontolon'ny fanahy ianao” [ao amin'ny *History of the Church*, 5:424–25]. Ny tenin'ny Mpamonjy tamin'ilay olon-dratsy dia tsy takatry ny Kristianina maro, izay mihevitra fa ny olona iray dia afaka mibebaka amin'ny fahotana goavana rehetra mandritra ny fotoana faramparan'ny fiainany, alohan'ny fahafatesana. Ny soratra masina nefa dia mampianatra ny tsy tokony hanemorantsika ny fibebahantsika.)
- Ahoana no hanomezan'ireo teny ireo famantarana antsika mikasika ny zavatra nataon'ny Mpamonjy nandritra ny fotoana nitoeran'ny vatany tao am-pasana? (Jereo ihany koa ny 1 Petera 4:6.)

Lazao fa ny Filoha Joseph F. Smith dia nandray fanambarana iray izay mamariparitry ny famangiana nataon'i Jesoa Kristy tany amin'ny tontolon'ny fanahy. Manaova famintinana ny fampidirana fizarana sy ny andininy 10 voalohany ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138 mba hanampiana ny mpianatra hahazo tsara ny toe-javatra nisy mikasika ity fanambarana ity. Asao ny mpianatra maromaro avy eo hifandimby hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:11–12, 15–16, 18–19, 23–24. Apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no zavatra nataon'ny Mpamonjy teo anelanelan'ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin'ny maty, araka ny voalaza ao amin'ity fahitana ity? (Tokony haneho ny mpianatra fa **nandritra ny fotoana nitoeran'ny vatany tao am-pasana, dia namangy ny fanahin'ireo olo-marina tao amin'ny tontolon'ny fanahy i Jesoa.**)
- Nahoana ireo fanahin'ny olo-marina ireo no heniky ny fifaliana sy haravoana? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia antitrantero ity fahamarinana manaraka ity: **Araka ny drafitr' Andriamanitra, dia afaka havotana amin'ny fahafatesana ireo maty niaina tamim-pahatokiana teto an-tany aorian'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy amin'ny maty.** Azonao atao ny manamafy fa tsy nisy mpitory voairaka hitory ny filazantsara teo anivon'ireo fanahy ao amin'ny tontolon'ny

fanahy talohan'ny fahafatesana sy ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny Maty [jereo ny Lioka 16:19–31; Mosesy 7:36–39].)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:20–37

Hanana fahafahana ny handre ny filazantsara ny zanak' Andriamanitra rehetra

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:20–21, 25–28 sy hamantatra ny fanontaniana nananan'ny Filoha Smith.

(*Fanamarihana*: Mba hanampiana ny mpianatra hahita ny maha-zava-dehibe ny fametrahana fanontaniana tsara sy ny fikatsahana valinteny rehefa mandalina soratra masina dia hazavao fa vokatry ny fametrahana fanontaniana avy amin'ny fo no nanomezana fanambarana betsaka izay voatahiry ao anaty soratra masina.) Aorian'ny valintenin'ny mpianatra dia asao izy ireo hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:29–30, sy hijery ny fomba handrenesan'ny fanahy ao an-tranomaizina ny filazantsara. Anontanio hoe:

- Inona no zavatra nataon'ny Mpamonjy teo anivon'ny olo-marina rehefa namangy ny tontolon'ny fanahy Izy? (Ataovy izay hahitan'ny mpianatra ity fahamarinana manaraka ity: **Rehefa tao amin'ny tontolon'ny fanahy i Jesoa dia nandrindra ny asa fanavotana ny maty.**)

Asaivo miaraka tsiroaroa ny mpianatra. Asaivo mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:30–37 izy ireo ary manaova fifanakalozan-kevitra momba ny maha-zava-dehibe ny teny hoe *rehetra* izay hampiasana ao amin'ny andininy 30, 31, sy 37. Rehefa avy nomena fotoana ampny ny mpianatra dia manontania hoe:

- Inona ny tanjon'ny asa fanompoan'ny Mpamonjy tao amin'ny tontolon'ny fanahy? (Ny mpianatra dia tokony afaka hanazava ity fahamarinana manaraka ity: **Nitondra fomba handrenesan'ny zanak' Andriamanitra rehetra ny filazantsara sy handraisan'izy ireo fifaliana feno ny Mpamonjy.**)
- Nahoana no tokony ho toriana amin'ny zanak' Andriamanitra rehetra ny filazantsara? (Jereo ny F&F 138:33–34; 1 Petera 3:18–20.)
- Inona no zavatra ampianarin'izany antsika momba ny vokatry ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy? (Ny vokatry ny Sorompanavotana dia miely hatrany amin'ny tontolon'ny fanahy.)

Azonao atao ny mizara ity teny manaraka ity izay nataon'ny Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972):



"[Ahoana] ny momba ireo olona an'arivony tsy voaisa izay maty nefa tsy mbola nandre mihitsy momba an'i Kristy, izay tsy mbola nahazo fahafahana hibebaka sy handray famelan-keloka, izay tsy mbola nifankahita tamin'ny loholon'ny Fiangonana izay mihazona ny fahefana? Ny sasantsasany amin'ireo Kristianina mpifanolo-bodorindrina amintsika dia hiteny amintsika fa very mandrakizay izy ireny. ...

"Rariny ve izany? Hitsiny ve izany? Tsia! *Hanome ny olona tsirairay fahafahana ny handre sy handray fiainana mandrakizay, na toerana ao amin'ny fanjakany ny Tompo*" (*Doctrines of Salvation*, natambatr'i Bruce R. McConkie, 3 boky. [1954–56], 2:132).

- Nahoana no manan-danja ireo fahamarinana momba ny tontolon'ny fanahy ireo? Inona ny fahasamihafana misy rehefa mahafantatra ireo fahamarinana mikasika ny tontolon'ny fanahy ireo ny olona iray?

- Ahoana no ahafahan'ny fahafantarana momba ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy tany amin'ny tontolon'ny fanahy ho fampiononana ho anao?

Afaka manampy amin'ny fanavotana ny maty isika

Omeo tahadika'ny taratasy zaraina, “Asa ho an'ny Maty ataon'ny Olomasin'ny Andro Farany” ny mpianatra tsirairay. Zraao ho vondrona kely na tsiroaroa ny mpianatra. Asao izy ireo hamaky ny fanambarana ao amin'ny taratasy zaraina, sy hijery ary hanao fifanakalozan-kevitra momba ny fitahiana nampanantenaina an'ireo izay mandray anjara amin'ny asa fanavotana ny maty.

Apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto rehefa avy nomena fotoana nandinihana ireo zavatra ireo ny mpianatra:

- Ahoana no anampian'ny fandraisantsika anjara amin'ny asan'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana an'ireo izay efa maty mba hahazoan'izy ireo migoka ny fitahiana izay misy noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?
- Ahoana no mahatonga antsika hitovy bebe kokoa amin'ny Mpamonjy rehefa mandray anjara amin'ny ôrdônansy isoaloana tena ny hafa? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia antitrantero ity fahamarinana manaraka ity: **Rehefa mandray anjara amin'ny ôrdônansin'ny tempoly ho an'ireo razambentsika isika, dia manampy azy ireo handray ny famonjena sy mankahery ny tenantsika manoloana ny fahavalo.**)

Azonao atao ny mizara ity fanazavana manaraka ity izay nataon'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) momba ny fitovian'ny asan'ny tempoly isoaloana tena amin'ny asa fanavotana nataon'ny Mpamonjy:



“Izay rehetra miseho any amin'ny tranon'ny Tompo ... dia manatona akaikikaiky kokoa ny fanahin'ny fahafoizan-tenan'ny Tompo mihoatra ny zavatra rehetra izay fantatro. Nahoana? Satria ataon'ireo izay manolotra maimaim-poana ny fotoanany sy ny fananany, ka tsy handraindrain'izy ireo fisaorana na valisoa izany, ny fanatanterahana ho an'ny hafa izay tsy afaka tanterahany ho azy” (“A Century of Family History Service,” *Ensign*, mar. 1995, 62–63; jereo ihany koa ny Obadia 1:21).

Ampahatsiahivo amin'ny mpianatra ny taratasy nozaraina, ary anontanio izy ireo hoe:

- Tamin'ny fotoana ahoana ianao no nahita na nahatsapa ny fitahiana izay nampanantenaina an'ireo izay mandray anjara amin'ny asa fanavotana ny maty?

Asao ny mpianatra hisaintsaina mangina ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona amin'ireo fampanantenana ireo no irinao hananana amin'izao fotoana, ary vonona hanao inona ianao mba hahazoana an'izany?

Omeo fanamby ny mpianatra mba hanatona ny mpanoro hevitra momba ny tantaram-pianakaviana ao amin'ny paroasy misy azy ary hianatra bebe kokoa momba ny fomba hanatanterahana ny asa ho an'ny razambeny. Vakio mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:22, ary mijoroa ho vavolombelona momba ny asa fanompoana mandrakizay an'i Jesoa Kristy sy momba ny asa masina ho an'ny maty izay asa efa notendrena hatry ny fanorenana an'izao tontolo izao.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Lioka 23:39–43; 1 Petera 3:18–20; 4:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:15, 22; 138:1–37.



- Spencer J. Condie, "The Savior's Visit to the Spirit World," *Ensign*, Jolay 2003, 32–36.

Taratasy zaraina

Asa ho an'ny maty atao amin'ny andro farany

Ny Loholona John A. Widtsoe (1872–1952) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra mikasika ny iraka efa voatendry hatramin'ny voalohany nomena antsika mba hamonjena ny zanakalahy sy ny zanakavavin' Andriamanitra:



"Talohan'ity fiainana ity, tamin'ny fotoana nanaovana ny filankevitra lehibe, dia nanao fifanekena maromaro tamin'Ilay Tsiroha isika. Nanolotra drafitra ny Tompo, izay novolavolainy. Nanaiky izany isika. Satria natao ho an'ny olona rehetra ny tempoly, dia lasa anisan'ireo famonjena ho an'ny olona rehetra eo amin'izany drafitra izany isika. Nanaiky izany isika, tamin'izay fotoana izay, tsy ho mpamonjy ny tenantsika fotsiny, fa ...

ho mpamonjin'ny fianakavian'olombelona iray manontolo. Lasa mpiara-miasa amin' Andriamanitra isika. Ny fanatanterahana izany drafitra izany dia tsy lasa asan'ny Ray ireny fotsiny intsony, na koa asan'ny Mpamonjy ireny intsony, fa asantsika ihany koa. Ny bitika indrindra amintsika dia miara-miasa amin'Ilay Tsiroha amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny drafitra mandrakizay ny famonjena ("The Worth of Souls," *Utah Genealogical and Historical Magazine*, ôkt. 1934, 189)" (ao amin'ny *Doctrine and Covenants and Church History: Gospel Doctrine Teacher's Manual* [1999], 173).

Ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia namporisika ny tanoran'ny Fiangonana mba hanao asan'ny tempoly ho an'ny razamben'izy ireo:



"Ho fotoana nolanihana tamin'ny zavatra tsara ny fanaovanao asa any amin'ny tempoly na inona izany na inona, fa ny fanaovanao ôrdônansy isolonao tena ny iray amin'ireo razambenao dia hahatonga ny fotoana lany any amin'ny tempoly ho masina kokoa, ary vao mainka ho lehibe kokoa aza ireo fitahiana ho azo. ...

"Moa ve ianareo tanora maniry ny hanana fomba azo antoka hamongorana ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo? Mirotsaha lalina amin'ny fikarohana ireo razambenareo, omano ny anarany hanaovana ireo ôrdônansy masina isolonao tena any amin'ny tempoly ary avy eo mandehana any amin'ny tempoly mba hijoro eo amin'ny toerany sy hisolo tena azy ireo handray ireo ôrdônansin'ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina. ... Tsy mahita fiarovana lehibe kokoa hafa noho izany aho eo anatrehan'ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo" ("Ny Fialiana avy amin'ny Fanavotana ny Maty," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2012, 93–94).

Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanome ity fanasana sy fampanantenana manaraka ity:



"Manasa ireo tanoran'ny Fiangonana aho mba hianatra momba ny Fanahin'i Elia sy hiaina izany. Mamporisika anareo aho handalina, sy hikaoka momba ireo razambenareo ary hiomana hanatanteraka batisa amin'ny alalan'ny fisoloana tena ao amin'ny tranon'ny Tompo ho an'ireo *razambenareo* (jereo ny F&F 124:28–36). Ary mamporisika anareo aho hanampy ireo olona hafa hamantatra ny tantaram-pianakaviana.

"Raha toa ka manaiky amim-pinoana izany fanasana izany ianareo, dia hitodika any amin'ny ray ny fonareo. Hitoetra ao am-ponareo ny fampanantenana natao tamin'i Abrahama, sy i Isaka ary i Jakoba. Ilay tsodranon'ny patriarika voarainareo izay ahitana fanambarana momba ny rohim-pirazanana dia hampifandray anareo amin'ireo rainareo ireo ary ho lasa manan-danja bebe kokoa aminareo. Hitombo ny fitavianareo sy ny fankasitranareo ireo razambenareo. Ho lalim-paka sy haraitra ny fijoroanareo ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny fiovam-ponareo hanaraka Azy. Ary mampanantena anareo aho fa ho voaro amin'ny fisarihana mahery vaika ataon'ny fahavalo ianareo. Ho voaro ianareo ao anatin'ny fahatanorana sy mandritra ny fiainanareo rehefa mandray anjara ao anatin'izany asa masina izany ary mitia izany" ("Hitodika ny Fon'ny Zanaka," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2011, 26–27).

19

Nitsangana tamin' ny maty Izy

Fampidirana

"Nitsangana tamin' ny maty i [Jesoa Kristy] mba 'ho santatr' izay efa nodimandry' (1 Korintiana 15:20). Amin'ny maha-Tompo efa nitsangana tamin'ny maty Azy, dia namangy ireo olon-tiany teo amin'ny fiainany Izy" ("Ilay Kristy Velona: Ny Tenivolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 3). Ity lesona ity dia hampianatra ny fotopampianarana sy ny zava-nitranga mikasika ny

Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty. Rehefa mitombo hatrany ny fahatakarana sy ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny mpianatra momba ny Fitsanganana amin'ny Maty, dia hanana fomba fijery tsara sy fanantenana izy ireo amin'ny fanatrehana ny fotoan-tsarotry ny fiainana.

Vakiteny Enti-mandalina

- D. Todd Christofferson, "Ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty," *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 111–14.
- Dallin H. Oaks, "Resurrection," *Ensign*, mey 2000, 14–16.

Sosokevitra Enti-mampianatra

1 Korintiana 15:12–29

Ny Fitsanganan' i Jesoa Kristy tamin' ny maty

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Mpaminany Joseph Smith (1805–1844) ity, ary mangataha mpianatra iray mba hamaky izany mafy:



"Ireo fitsipika fototra amin'ny fivavahantsika dia ny tenivolombelon'ireo Apôstôly sy Mpaminany, mikasika an'i Jesoa Kristy, fa maty Izy, nalevina, ary nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, ary niakatra tany an-danitra; ary ny zavatra rehetra izay mikasika ny fivavahantsika dia manampy izany fotsiny" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 49).

Manaova fifanakalozan-kevitra miaraka amin'ny mpianatra momba ity fanontaniana manaraka ity:

- Araka ny hevitrao, nahoana ny fitsipiky ny filazantsara hafa rehetra no "manampy fotsiny" ny fahafatesana, fandevenana sy Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty?

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny Isaia 25:8; ny Môsià 16:7–8; ary ny Almà 33:22, sy hijery ny faminiana nataon'ny mpaminany fahiny momba ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty. Asaivo zarain'izy ireo ny zavatra hitany.

Adikao eny amin'ny solaitrabe ity tabilao manaraka ity:

<i>Satria nitsangana tamin'ny maty i Jesoa, ...</i>	<i>Raha tsy nitsangana tamin'ny maty i Jesoa, dia ...</i>
<i>1 Korintiana 15:20–28</i> <i>Almà 11:43–45</i>	<i>1 Korintiana 15:12–19, 29</i> <i>2 Nefia 9:8–10</i>

Asaivo mandalina ny andinin-tsoratra masina eo amin'ny tsanganana ankavian'ny tabilao ny antsasakin'ny mpianatra, mba hijery ny fitahiana raisintsika noho ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty. Asaivo mandalina ny andinin-tsoratra masina amin'ny tsanganana ankavananan'ny tabilao kosa ny antsasany hafa, mba hijery ny zavatra mety nitranga raha tsy nitsangana tamin'ny maty i Jesoa. Rehefa nomena fotoana ampy izy ireo, dia mangataha mpanolo-tena maromaro hanazava ny zavatra nianarany. Ampio ny mpianatra hilaza ny fotopampianarana hita ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ny fametrahana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Araka ny voalaza ao amin'ny 1 Korintiana 15:20, dia nilaza ny Apôstôly Paoly fa i Jesoa no “santatr'izay efa nodimandry.” Inona ny dikan'izany andian-teny izany? (I Jesoa no olona voalohany nitsangana tamin'ny maty.)

Asao ny mpianatra mba hamaky indray ny 1 Korintiana 15:22 . Manontania avy eo hoe:

- Ahoana no hamintinanao ny fitahiana ho an'ny rehetra izay raisintsika noho ny nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty? (Tokony hizara ity fotopampianarana manaraka ity ny mpianatra: **Noho ny Sorompanavotana sy noho ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty, dia hitsangana amin'ny maty daholo ny olona rehetra teraka eto an-tany.**)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ireto fanambarana manaraka ireto izay nataon'ny Filoha Howard W. Hunter (1907–1995) sy ny Filoha Marion G. Romney (1897–1988) tao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



“Raha tsy nisy ny Fitsanganana tamin'ny Maty, dia lasa fahazarana hanonona filazana hendry sy fahagagana toa tsy hay hazavaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy—saingy filazana sy fahagagana tsy hitondra any amin'ny fandresena farany. Tsia, ny fandresena farany dia ao anatin'ilay fahagagana farany: sambany teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona no nananganan'ny olona iray ny tenany tamin'ny maty mba hankany amin'ny fiainana tsy mety maty. Izy *no Zanakalahin' Andriamanitra, Zanaky ny Raintsika any Andanitra* tsy mety maty, ary ny fandreseny ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy dia ilay vaovao mahafaly tokony resahin'ny lela Kristianina rehetra” (Howard W. Hunter, “An Apostle's Witness of the Resurrection,” *Ensign*, mey 1986, 16).



“Efa nitsangana izy; tsy ato izy.” (Marka 16:6.) Ireo teny ireo, izay kanto nefa tsotra, no nanambara ny zava-nitranga manan-danja indrindra izay voasoratra tamin'ny tantara an'izao tontolo izao” (Marion G. Romney, “The Resurrection of Jesus,” *Ensign*, mey 1982, 6).

- Araka ny hevitrao, nahoana ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty no ilay “zava-nitranga manan-danja indrindra izay voasoratra tamin'ny tantara an'izao tontolo izao”?
- Inona no zavatra ao an-tsainao sy tsapanao noho ny fahafantaranao fa satria nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy, dia hitsangana amin'ny maty avokoa ny zanaky ny Ray any An-danitra izay teraka eto an-tany rehetra?

Hazavao fa ny Fitsanganana tamin'ny Maty dia manavotra antsika tsy amin'ny fahafatesana ara-batana ihany fa amin'ny fahafatesana ara-panahy ihany koa. Raha tsy misy fitsanganana amin'ny maty, dia ho lasa tahaka ny devoly avokoa ny olona rehetra amin'ny farany (jereo ny 2 Nefia 9:6–9).

Mijoroa ho vavolombelona fa ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty no nameno ny Sorompanavotana sy nanome fahafahana ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra ny hiverina eo anatrehany.

Matio 28; Marka 16; Lioka 24; Jaona 20

Vavolombelon'ilay Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny maty

Omeo ity tabilao ity ho taratasy zaraina ny mpianatra:

Ireo Fisehoan'ilay Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny Maty ao amin'ny Testamenta Vaovao				
Andinin-tsoratra Masina	Olova Novangiana	Daty na Fotoana	Toerana	Ny Zavatra Nitranga
Jaona 20:11–18; Marka 16:9				
Matio 28:1–10				
Lioka 24:34; 1 Korintiana 15:5				
Marka 16:12; Lioka 24:13–32				
Marka 16:14; Lioka 24:33, 36–49; Jaona 20:19–23				
Jaona 20:26–29				
Jaona 21:4–23				
Matio 28:16–20; Marka 16:15–18				
Marka 16:19–20; Lioka 24:50–53; Asan'ny Apôstôly 1:9–11				
1 Korintiana 15:6				
1 Korintiana 15:7				
Asan'ny Apôstôly 7:55–56				
Asan'ny Apôstôly 9:4–6; 1 Korintiana 9:1; 15:8				
Apôkalypsy 1:13–18				

Omeo anjara andalana iray na roa ny mpianatra tsirairay. Asao izy ireo handalina ny andinin-tsoratra masina nomena azy sy hamantatra ny olova izay novangian'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty. Rehefa nahazo fotoana ampy tsara ny mpianatra, dia asao izy ireo hizara ny zavatra izay hitany. Noho ny fahafohizan'ny fotoana, dia amporisiho ny mpianatra mba hanao teny fohy. Dia mametraha an' ireto fanontaniana manaraka ireto avy eo:

- Inona no zavatra nianaranao momba ny fisehoana betsaka nataon'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty sy ny traikefan'ny olona tsirairay nandritra ity atrikasa ity?
- Ankoatra ireo andininy ireo, aiza ihany koa no ahitana tenivavolombelona hafa an'i Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny maty ao amin'ny soratra masina? (Mety hilaza momba ny tenivavolombelon'ny Nefita na ny an'ny Mpaminany Joseph Smith ny mpianatra.)
- Nahoana no zava-dehibe ny mahafantatra fa maro ny vavolombelon'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty? (Ataovy izay hahatakaran'ny mpianatra ity fahamarinana manaraka ity: **Satria betsaka ny vavolombelon'ilay Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny maty, dia afaka mahazo antoka isika fa velona Izy ary, isika ihany koa, dia ho velona indray aorian'ny fahafatesana.**)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny tena dikan'ny fotopampianaran'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny Maty sy ny antony maha-mpanampy fotsiny ny fahafatesana sy ny Fitsangananan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty ny fitsipika rehetra hafa, araka ny fampianaran'i Joseph Smith, dia zarao tahadika mitovy ny fanambarana nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny mpianatra tsirairay. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ilay fanambarana.



“Raha tena nitsangana tamin'ny maty ara-bakiteny tokoa i Jesoa, dia tsy maintsy mandeha ho azy avy amin'izany ny hoe olona iray izay andriamanitra Izy. Tsy misy olona tsotra mety maty ka hanana fahefana avy amin'ny tenany hiverina ho amin'ny fiainana indray rehefa avy maty. Koa satria Izy nitsangana tamin'ny maty, dia tsy afaka ny ho mpandrafitra fotsiny ihany i Jesoa na ho mpampianatra fotsiny, na ho rabbin fotsiny na ho mpaminany fotsiny. Noho Izy nitsangana tamin'ny maty, dia tsy maintsy hoe Andriamanitra i Jesoa Kristy, dia ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray.

“Noho izany, dia marina ireo zavatra izay nampianariny; tsy afaka mandainga Andriamanitra [jereo ny Enôsa 1:6].

“Noho izany, dia Izy no Mpahary ny tany araka izay nolazainy [jereo, ohatra, ny 3 Nefia 9:15].

“Noho izany, dia tena misy ny lanitra sy ny helo, araka izay nampianariny [jereo, ohatra, ny F&F 76].

“Noho izany, dia misy ny tontolon'ny fanahy izay novangiany taorian'ny nahafatesany [jereo ny F&F 138].

“Noho izany, dia Ho avy indray Izy araka ny nambaran'ilay anjely [jereo ny Asan'ny Apôstôly 1:10–11], ary 'hanjaka eto an-tany mihitsy' [Ireo Fanehem-Pinoana 1:10; jereo ihany koa Torolalana ho an'ny Soratra Masina, “Jesoa Kristy, Fanjakan'i Kristy amin'ny Arivotaona”].

“Noho izany, dia misy ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fitsarana farany ho an'ny olon-drehetra [jereo, ohatra, ny 2 Nefia 9:15].

“Noho ny fisian'ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty dia tsy mitombina ireo ahiahy momba ny fahatanterahan'ny hery sy ny fahalalana ary ny hatsaram-pon' Andriamanitra Ray—izay nanolotra ny Zanany Lahitokana mba ho fanavotana izao tontolo izao—. Tsy marim-pototra ireo ahiahy mahakasika ny dikan'ny fiainana sy ny tanjony. Jesoa Kristy raha ny marina no hany anarana na fomba izay ahafahan'ny famonjena ho tonga amin'ny zanak'olombelona. Tena marina ny fahasovan'i Kristy, izay manolotra ny famelan-keloka sy ny fanadiovana ho an'ny mpanota mibebaka. Ny finoana dia tena mihoatra noho ny zavatra heverin'ny saina na ny zavatra izay foronin'ny saina. Misy ny fahamarinana faratampony sy ho an'ny rehetra, ary misy ny fenitra ara-pitondrantena tsy mitongilana ary tsy miovaova araka izay nampianariny.

"Noho ny maha-tena nisy ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny Maty dia sady azo tanterahina no tena maika ny fibebahana amin'izay mety ho fandikana ny lalàny sy ny didiny. Tena misy ireo fahagagana nataon'ny Mpamonjy, toy izany koa ny fampanantenany tamin'ireo mpianany fa hoe afaka manao izany koa izy ireo ary asa lehibe kokoa noho izany mihitsy aza [jereo ny Jaona 14:12]. ... Noho ny maha-tena nisy ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, dia tsy ny fahafatesana no hiafarantsika, ary na dia 'rehefa levona ny hodi[tsika], izao simba izao, sady afaka amin'ny nofo[ntsika] [isika], dia hahita an' Andriamanitra' [Jôba 19:26]" ("Ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty," *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 113, 114).

- Ahoana no anehoan'ny fanambarana nataon'ny Loholona Christofferson ny maha-fotopampianarana fototra ao amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny Maty?

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny fomba hiantraikan'ny maha-tena nisy ny Fitsanganana tamin'ny Maty amin'izy ireo manokana, dia aseho ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Ny 'fanantenana velona' azontsika amin'ny alalan'ny fitsanganana amin'ny maty dia ny fanekena fa tsy fiafaran'ny maha-isika antsika ny fahafatesana fa dingana iray fotsiny amin'ny fiampitana avy amin'ny fiainana mety maty mankany amin'ny fiainana tsy mety maty. Io fanantenana io dia manova ny fomba fijery rehetra mikasika ny fiainana mety maty. ...

"Ny fahazoana toky ny amin'ny fitsanganana amin'ny maty dia manome antsika hery sy fomba fijery hoenti-miatrika ny fotoan-tsarotra izay hitranga amin'ny tsirairay sy amin'ireo olon-tiantsika, toy ny tsy fahatomombanana ara-batana, ara-tsaina na ara-pihetseham-po izay hoentintsika amin'ny fahaterahantsika na raisintsika mandritra ny fiainana mety maty. Noho ny fitsanganana amin'ny maty, dia mahafantatra isika fa mandalo fotsiny ireo tsy fahatomombanana ireo!

"Ny fahazoana toky ny amin'ny fitsanganana amin'ny maty dia manome antsika ihany koa zotopo mahery vaika hitandrina ny didin' Andriamanitra amin'ity fiainana ity" ("Resurrection," *Ensign*, mey 2000, 15).

- Nahoana no zava-dehibe amintsika tsirairay ny mampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika mikasika ny maha-tena misy ny Fitsanganana tamin'ny Maty? (Tokony hitan'ny mpianatra ity fitsipika manaraka ity: **Noho ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny Maty, dia afaka manana fanantenana sy fomba fijery ny mandrakizay isika, rehefa miatrika ny olana sy ny fitsapan'ny fiainana.**)
- Inona ireo fomba nahazoanao na nahazoan'ny olona iray fantatrao fanantenana na fifaliana rehefa nahatakatra ny Fitsanganana tamin'ny Maty?

Zarao amin'ny mpianatra ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha David O. McKay (1873–1970):



"Nandritra ny roa taona sy tapany dia nandray fanohanana sy fanentanam-panahy [ny Apôstôly] satria teo anivony i Kristy. Kanefa lasa izy ankehitriny. Lasa irery izy ireo, ary toa lasa very hevitra sy tsy ampy fanampiana. ...

"Inona no zava-nitranga izay nahatonga tampoka an'ireo mpianatra ireo ho lasa feno toky sy tsy natahotra ary ho mpitory maherifo ny Filazantsara an'i Jesoa Kristy? Ny

fanambarana fa i Kristy dia nitsangana avy tao amin'ny fasana" (*Teachings of Presidents of the Church: David O. McKay* [2003], 62).

Asao ny mpianatra hisaintsaina olona iray fantany izay mety hankaherezin'ny fahenoana ny hafatry ny Fitsanganana tamin'ny Maty. Amporisiho ny mpianatra haka fotoana ato ho ato mba hiresahany ny zavatra tsapany sy ny fijoroany ho vavolombelona amin'io olona io.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Lioka 24:1–48; Jaona 20; 1 Korintiana 15:1–29, 54–58.
- Dallin H. Oaks, "Resurrection," *Ensign*, may 2000, 14–16.

20

Nanompo teo anivon'ny "Ondri[ny] Hafa" ny Mpamonjy

Fampidirana

Araka ny voalaza ao amin'ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," dia "nanompo sy niasa tany amin'ireo 'ondriny very' (Jaona 10:16) tany Amerika taloha ny Mpamonjy" (*Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 3; jereo ihany koa ny 3 Nefia 11:1–17). Rehefa mandalina ny rakitsoratra momba ny asa

fanompoana nataon'ny Mpamonjy tao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika, dia mianatra isika fa nanompo sy niasa teo anivon'ny Mpianany avy amin'ny firenena rehetra Izy ary nikatsaka hatrany ny hankahery sy hanabe azy ireo tsirairay.


Vakiteny Enti-mandalina

- Ronald A. Rasband, "One by One," *Ensign*, nôv. 2000, 29–30.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Jaona 10:14–16; 3 Nefia 15:16–21; 16:1–3

Nampianatra ny Jiosy mikasika ny "ondri[ny] hafa" i Jesoa Kristy



Ampisehoy ny boriboritany na sarintanin'izao tontolo izao iray, ary asao ny mpianatra iray hamantatra ny toerana nanatanterahan'i Jesoa Kristy ny asany teo anivon'ny Jiosy (ilay firenena maoderin'i Isiraely any amin'ny Faritra Atsinanana Afovoany). Asao ny mpianatra hamaky haingana ny andininy maromaro ao amin'ny Jaona 10 ary hijery ny fampianaran'i Jesoa momba ny Tenany sy ny fifandraisany amin'ny mpanara-dia Azy. Asaivo milaza ny zavatra hitany izy ireo. (Tokony hizara ny mpianatra fa Izy no Mpiandry Ondry Tsara, mahafantatra ny ondriny Izy, izy ireo dia mahafantatra ny Feony, ary manangona azy ireo ao amin'ny Valany Izy, sy ny hafa tsy voatanisa). Rehefa izany dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Jaona 10:14–16 ary ny mpianatra hafa hanaraka ny vakiteny. Anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no zavatra nolazain'ny Mpamonjy momba ny "ondri[ny] hafa"?
- Iza ireo "ondry hafa" voalazan'i Jesoa ireo?

Asao ny mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny 3 Nefia 15:16–21. Manontania avy eo hoe:

- Inona ny fahamarinana manan-danja nambaran'i Jesoa tamin'ny Nefita momba an'ny "Ondri[ny] hafa"? (Ny iray amin'izany dia ny hoe **rehefa nilaza tamin'ny Jiosy mikasika ny "ondry hafa" i Jesoa Kristy, dia niresaka momba ny vahoaka hafa izay nanaraka Azy, anisan'izany ny taranak'i Lehia izay nonina tao amin'ny Kaontinanta Amerikanina.**)
- Nahoana ny Jiosy tany Jerosalema no tsy nahalala momba ny "Ondri[ny] hafa"?

Tondroy eo amin'ilay sarintany ny Amerika, ary avy eo, dia asao ny mpianatra hamaky mangina ny 3 Nefia 16:1–3 sy ny Môsià 27:30. Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia manontania hoe:

- Taiza ihany koa no toerana nolazain'ny Mpamonjy fa hisehoany amin'ny Olony?

- Nahoana no zava-dehibe ny mahafantatra fa ny Mpamonjy dia hamangy ny "Ondri[ny]" hafa avy amin'ny firenena hafa? (Omeo ny fanazavana fa na dia mety namangy mivantana vahoaka na firenena hafa aza ny Mpamonjy, dia matetika amin'ny alalan'ny fiasan'ny Fanahy Masina Izy no maneho ny Tenany. Antitrantero amin'ny mpianatra fa rehefa nanompo ny Ondriny i Jesoa, dia nanampy ny fanatanterahana ny fanekempihavanan'ny Rainy hanangona azy ireo indray eo anivony Izy.)

Mijoroa ho vavolombelona fa **i Jesoa Kristy dia tia ny olon-drehetra ary hiseho amin'ny vahoaka rehetra izay voaisa ho anisan'ny ondriny Izy. Mikasa ny hanangona ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra eo anatrehany indray Izy, na aiza na aiza misy azy ireo.**

3 Nefia 11:8–17

Nanompo teo anivon'ny mpanara-dia Azy tsirairay i Jesoa Kristy

Vakio mafy ny 3 Nefia 11:8–17, ary asao ny mpianatra hanaraka sy haka sary an-tsaina ny hoe manatrika mivantana any amin'ny tempolin'ny tanànan'i Soafeno. Rehefa vita ny vakiteny, dia asao ny mpianatra hilaza ny zavatra nahataitra azy ireo indrindra mikasika ny teny sy ny fihetsiky ny Mpamonjy ao amin'ireo andininy ireo. Raha ilaina izany, dia apetraho ny sasantsasany amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na apetraho ny fanontaniana manontolo:

- Araka ny hevitrao, inona no zavatra nirian'i Jesoa Kristy hampianarina mikasika ny Tenany tamin'ny valalabemandry izay nivory tany amin'ny tempoly tamin'io andro io? (Ankoatra ny fahamarinana hafa, dia tokony hahita an'ity manaraka ity ny mpianatra: **Nanompo sy niasa teo anivon'ny mpanara-dia Azy "tsirairay" ny Mpamonjy** [3 Nefia 11:15; jereo ihany koa ny 3 Nefia 17:21].)

Raha toa ka nisy teo amin'ny 2.500 teo ny isan'ny valalabemandry (jereo ny 3 Nefia 17:25), dia inona no zavatra ampianarin'ny fanasan'ny Mpamonjy ny olona tsirairay hitsapa ny fery teo amin'ny lanivohany, ny tanany sy ny tongony momba ny firaharahiany antsika tsirairay avy?

- Ahoana no ampiharantsika ny fanasan'ny Mpamonjy ao amin'ny 3 Nefia 11:14 amin'ny fiainantsika tsirairay amin'izao fotoana izao?
- Inona no mety ho fiantraikan'ny fahitana sy fitsapana ny ferin'ny Mpamonjy aminao?

Ho ohatra maneho ny firaharahian'ny Tompo antsika tsirairay, dia azonao atao ny mizara ity zavatra niainana manaraka ity, izay tantarain'ny Loholona Ronald A. Rasband ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy:



"Volana vitsivitsy talohan'ny fiafaran'ny asa fitoriana izay nataonay ... , dia nisy zavatra nitranga izay nampianatra indray ny fitsipika mampientana ny fo fa ny tsirairay avy amintsika dia fantatr' Andriamanitra sy tiany.

"Ho avy any New York mba hikarakara raharahan'ny Fiangonana maromaro ny Loholona Neal A. Maxwell, ary nampahafantarina izahay fa maniry ny hanao fihaonamben'ny misiônera ihany koa izy. Tena faly tokoa izahay ny hanana fahafahana ny hihaino ny mpanompo voafidy iray an'ny Tompo. Nasaina nisafidy misiônera iray aho mba hanolotra ny vavaka fanombohan'ny fivoriana. Mety azoko natao ny nisafidy ilay misiônera tamin'ny fomba kisendrasendra, nefa nahatsapa aho fa tokony hisaintsaina sy hisafidy amin'ny alalan'ny vavaka ilay voatendrin'ny Tompo. Rehefa nijery ny lisitry ny misiônera aho, dia nisy anarana iray izay tena niavaka

tamiko: Elder Joseph Appiah avy any Accra, Ghana. Tsapako fa izy no nirian'ny Tompo mba hanolotra vavaka mandritra ny fivoriana.

"Talohan'ny fihaonamben'ny misiônera, dia efa nanao dinidinika ara-potoana tamin'i Elder Appiah aho ary nilaza taminy momba ny fahatsapana nananako mikasika ilay vavaka. Nanomboka nitomany mafy izy ary nahitana fanetren-tena sy fahagagana ny masonry. Taitra noho ilay fihetsiny aho, ary nolazaiko izy hoe tsy maninona fa afaka tsy manao ilay vavaka izy, fa nilaza kosa anefa izy fa tena te hanolotra ilay vavaka, fa ny fihetseham-po nasehony dia noho ny fitiavany an'ny Loholona Maxwell. Nilaza izy fa io Apôstôly io dia manana toerana manokana eo amin'ny Olomasin'ny Ghana sy ny fianakaviany manokana. Niantso ny rainy ho lasa filohan'ny distrika ao Accra ny Loholona Maxwell ary nanao ny famehezana ny rainy sy ny reniny tany amin'ny Tempolin'i Salt Lake.

"Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'io misiônera io na mikasika ny fianakaviany aho, fa ny Tompo kosa dia nahafantatra ary nanome aingam-panahy ny filohan'ny misiônera iray izy ho an'ny misiônera iray mba hanomezana fahatsiarovana maharitra sy traikefa mampiorina ny fijoroana ho vavolombelona" ("One by One," *Ensign*, nôv. 2000, 29–30).

Omeo fotoana ny mpianatra hiverenana hijery ny 3 Nefia 11:15–17. Manontania avy eo hoe:

- Tamin'ny fotoana ahoana ianao no nahatsapa fa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia mahafantatra anao manokana?
- Inona no zavatra nataon'ny valalabemandro tany amin'ny tempoly taorian'ny nandraisan'izy ireo fijoroana ho vavolombelona manokana ny maha-Andriamanitra an'ny Mpamonjy?

Anontanio ny mpianatra raha toa misy iray amin'izy ireo te hijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy momba ny fitiavana tsapany avy Aminy. Mijoroa ho vavolombelona fa na dia tsy nitsapa ara-bakiteny ny tanana sy ny tongotry ny Mpamonjy aza isika, dia mbola manompo sy miasa amintsika amin'ny fomba manokana Izy. Amporisihy ny mpianatra hisaintsaina ny fomba hisaorany ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy amin'ny fitiavana izay tsapany manokana avy Amin'izy Ireo.

3 Nefia 11–28

Nanompo teo anivon'ny Nefita ny Mpamonjy

Mba hanampiana ny mpianatra hahita ny lafiny manan-danja hafa mikasika ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teo anivon'ny Nefita, dia omeo minitra vitsivitsy izy ireo hamakiany ny lohan'ny toko ao amin'ny 3 Nefia 11–28. Asao ny mpianatra hamantatra sy hanoratra ny zavatra manan-danja momba ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy teo anivon'ny Nefita. Rehefa mikaroka ny mpianatra, dia mandehana manodidina ny efitra mba hijerijery ny zavatra hitan'izy ireo. Raha misy sahirana amin'ny valinteny, dia amporisihy izy ireo hitodika amin'ny andinin-tsoratra masina iray amin'ireto manaraka ireto (ny teny ao anaty fononteny dia natokana ho an'ny mpianatra ihany):

3 Nefia 11:19–27 (nanome ny fahefan'ny fisoronana tamin'ny mpianany)

3 Nefia 11:31–40 (nanambara ny fotopampianarany)

3 Nefia 12–14 (nitondra fampianarana nitovy lenta tamin'ny toriteny teo antendrombohitra tao amin'ny Testamenta Vaovao)

3 Nefia 17:5–25 (nanasitrana olona maro sy nanompo ny kilonga)

3 Nefia 18:1–12 (nanatanteraka ny fanasan'ny Tompo)

3 Nefia 19:19–29 (nivavaka ho an'ny mpianatra Nefita roa ambin'ny folo)

3 Nefia 20:24–29 (nampianatra mikasika ny fanekempihavanan'ny Ray amin'ny fanangonana an'i Isiraely)

3 Nefia 23 (nandidy ny hanampiana soratra masina sasany ao amin'ny rakitsoratra Nefita)

3 Nefia 27:1–10 (nandidy ny hiantsoana ny Fiangonana amin'ny anarany)

Rehefa nahazo fotoana ampy ny mpianatra, dia asao izy ireo hizara ny zavatra hitany tamin'ny fikarohana nataony tao amin'ny soratra masina. Rehefa manazava ny zavatra hitany momba ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy ny mpianatra, dia ampiasao ny sasany na ireto manaraka ireto mba hitrandrahana bebe kokoa ny fifanakalozan-kevitra atao ao amin'ny kilasy:

- Inona no fiantraikan'ity lafiny manokana iray amin'ny asa fanompoan'ny Mpamonjy ity amin'ny vahoaka?
- Nahoana no mety hanampy ny fahafantarana sy ny fandalinana ny zavatra nataon'i Jesoa Kristy amin'ny maha-mpitarika na mpampianatra Azy?

Asao ny mpianatra hisaintsaina ity fanontaniana manaraka ity sy hanoratra ny zavatra ao an-tsainy.

- Araka ny lesona anio, inona no zavatra tsapanao fa irian'ny Ray any An-danitra hataonao mba hanarahanao ny ohatra napetrak'i Jesoa Kristy amin'ny fomba fanompoana ny manodidina anao, anisan'izany ny olona tsy fantatra, ny fianakaviana, ny namana, na ireo izay tompoinao amin'ny antso hazoninao ao mpiangonana?

Farano amin'ny fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana nianarana anio ny lesona.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Jaona 10:11–16; 3 Nefia 11:1–17; 15:16–21; 16:1–3.
- Ronald A. Rasband, "One by One," *Ensign*, Nôv. 2000, 29–30.

21

Nanorina ny Fiangonany i Jesoa Kristy

Fampidirana

Nanome ny fanalahidin'ny fisoronana tamin'ny Apôstôliny Roambinifolo i Jesoa Kristy nandritra ny asa fanompoana nataony izay naharitra telo taona. Noho ireo fanalahidy ireo, dia "natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny apôstôly sy ny mpaminany" ny Fiangonan'i Jesoa Kristy (Efesiana 2:20.) Ity lesona

ity dia mampianatra ny fomba nanohizan'ny Mpamonjy taorian'ny Fitsanganany tamin'ny Maty ny fitarihana sy ny fitondrana ny Apôstôliny sy ny Fiangonany tamin'ny alalan'ny fiasan'ny Fanahy Masina mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny fanekempihavanan'i Abrahama ny hanangona an'i Isiraely.

Vakiteny Enti-mandalina

- Jeffrey R. Holland, "Prophets, Seers, and Revelators," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2004, 6–9.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 10:1–4; 16:19; 17:3–7; 18:18; Efesiana 2:19–20; 4:11–14

Nanangana ny Fiangonany teo amin'ny fanorenan'ny apôstôly sy ny mpaminany i Jesoa Kristy

Asehoy amin'ny mpianatra ny fanalahidy iray na ny fanalahidy maromaro, ary anontanio ny zavatra tiantsika hambara ao amin'ny filazantsara rehefa miteny hoe *fanalahidy* isika. Asao ny mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny andininy ao amin'ireto soratra masina mifampitohy ireto. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra sy hamantatra ny zava-nitranga fototra izay fariparitan'ny andinin-tsoratra masina.

Matio 10:1–4 (Nantsoina sy nomena iraka ny Apôstôly)

Matio 16:19 (Nampanantenaina an'i Petera ny fanalahidin'ny fisoronana [jereo Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanalahidin'ny Fisoronana"; scriptures.lds.org].)

Matio 17:3–7 ("Nanome fanalahidy an'i Petera sy i Jakôba ary i Jaona, tao antendrombohitra ny Mpamonjy sy i Mosesy, ary i Elia, rehefa niova tarehy teo anatrehany izy ireo" [*Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 105].)

Matio 18:18 (Ny mamehy sy ny mamaha eto an-tany sy any an-danitra dia mikasika ny fanalahidin'ny fisoronana izay nampanantenana ny Apôstôly hafa ihany koa.)

Tokony hazavainao fa ny "fanalahidy" resahina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo dia teny mitovy lenta amin'ny fahefan'ny famehezana (jereo ny Boyd K. Packer, *The Holy Temple* [1980], 81–87).

Anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no tiana lazaina amin'ny hoe fanalahidin'ny fisoronana?
- Inona ny maha-zava-dehibe ny fihazonan'ny Apôstôly ny fanalahidin'ny fisoronana?

Asao ireo mpianatra hamaky ity fanambarana nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity.



“Ny fanalahidin'ny fisoronana dia ilay fahefana izay nomen' Andriamanitra an'ireo [mpihazona] fisoronana hitarihana sy hifehezana ary hitantanana ny fampiasana ny Fisoronany eto ambonin'ny tany' [Manuel 2: Administration de l'Église [2010], 2.1.1]. Ny asa sy ôrdônansy rehetra tanterahina ato anatin'ny Fiangonana dia atao eo ambany fahazoan-dalana mivantana na misy mpanelanelana avy amin'ny olona iray izay mihazona ny fanalahidy ho amin'izany andraikitra izany. Araka ny nazavain'ny Loholona M. Russell Ballard hoe, 'Ireo izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana ... dia manome fahafahana arabakiteny an'ireo izay manompo amim-pahatokiana eo ambany fitarihany mba hampiasa ny fahefan'ny fisoronana ka hahazo ny herin'ny fisoronana' [M. Russell Ballard, "Lelilahy sy Vehivavy ao amin'ny Asan'ny Tompo," *New Era*, Apr. 2014, 4; *Liahona*, Apr. 2014, 48]" ("Ny Fanalahidy sy ny Fahefan'ny Fisoronana," *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 49).

- Ahoana no fomba hitahian'ny fanalahidin'ny fisoronana ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay?

Asao hamaky mafy ny Efesiana 2:19–20 ny mpianatra iray. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no zavatra ianarantsika avy amin'io andininy io momba ny fiorenan'ny Fiangonany Mpamonjy? (Tokony hitan'ny mpianatra ity fahamarinana manaraka ity: **I Jesoa Kristy, ilay vato fehizoro, dia nanangana ny Fiangonany teo amin'ny fanorenan'ny apôstôly sy ny mpaminany.**)
- Mitondra inona ho an'ny trano iray ny fanorenana sy ny vato fehizoro? (Ny fanorenana dia mitondra hery sy fanohanana ho an'ny trano. Amin'ny maha-vato voalohany apetraka ao amin'ny fototra azy, ny vato fehizoro dia ilay vato manondro ny fametrahana ny vato rehetra hafa amin'ny fanorenana izay mitondra ny fitoeran'ny trano manontolo. Manampy ny rindrina hiraikitra mafy ihany koa ny vato fehizoro.)

Asao ny mpianatra hifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny olona izay mipetraka eo akaikiny:

- Ahoana no maha “vato fehizoro” ny Fiangonana an'i Jesoa Kristy?
- Inona no zavatra ampianarin'io soratra masina io antsika mikasika ny fifandraisan'ny Mpamonjy (ilay vato fehizoro) amin'ny apôstôly sy ny mpaminany (ny fanorenana)?

Asao hamaky mafy ny Efesiana 4:11–14 ny mpianatra iray. Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny sy hamantatra ny antony nomen'i Paoly ny ilaintsika ny apôstôly, ny mpaminany, sy ny mpitarika hafa ao amin'ny Fiangonana amin'ny fitarihana ny Olomasina.

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Mba hananganana fiangonana iray izay hitohy hatrany eo ambany fitarihany, eny fa na dia aorian'ny hakàna Azy hiala eto an-tany aza, dia 'lasa nankany an-tendrombohitra Jesoa mba hivavaka, ary naharitra nivavaka tamin' Andriamanitra nandritra ny alina Izy.

“Ary nony maraina ny andro, dia nantsoiny hanatona Azy ny mpianany, ka nifidianany roa ambin’ny folo lahy, izay nataony hoe Apôstôly’ [Lioka 6:12–13].

“Tatỳ aoriana, raha nahafantatra ny Mpamonjy fa tsy maintsy ho faty, dia nampianatra i Paoly fa nataony izany mba hanomezana fanorenana ny Fiangonana, ‘fanorenan’ny apôstôly sy ny mpaminany’ [jereo ny Efesiana 2:19–20]. Ireo Rahalahy ireo sy ny mpiandraikitra hafa ao amin’ny Fiangonana dia hanompo eo ambany fitarihan’ily Kristy nitsangana tamin’ny maty.

“Nahoana? Anisan’ny anton’izany dia ny ‘mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin’ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin’ny saim-petsy ataon’ny olona sy ny fikendreny hahatanteraka ny hevitra ny famitahana’ [Efesiana 4:14]” (“Prophets, Seers, and Revelators,” *Ensign na Liahona*, nôv. 2004, 6–7).

- Ahoana no hitondran’ny apôstôly sy ny mpaminany amin’izao fotoana izao hery fototra sy tsy fiovana ho an’ny Fiangonana?

Asan’ny Apôstôly 2:1–6, 14–26; 4:1–13, 18–21; Asan’ny Apôstôly 10:9–20, 25–28, 34–35, 44–48; Asan’ny Apôstôly 15:1–20

Nitarika ny Apôstôly tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina i Jesoa Kristy

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Asan’ny Apôstôly 1:1–2. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Araka ny voalazan’i Lioka, ahoana no fomba nitarihan’ily Jesoa Kristy nitsangana tamin’ny maty ny Apôstôliny taorian’ny Fiakarany tany an-danitra? (Nanome didy sy torolalana tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina Izy.)

Mijoroa ho vavolombelona fa **taorian’ny Fitsanganany tamin’ny Maty sy ny Fiakarany tany an-danitra, dia nitarika ny Apôstôly tamin’ny alalan’ny fiasan’ny Fanahy Masina i Jesoa Kristy**. Mba hanampiana ny mpianatra hahita ohatra mikasika an’ity fitarihana ity, dia zarazarao ho vondrona efatra izy ireo ary omeo ireto andraikitra manaraka ireto:

- Halalino ny Asan’ny Apôstôly 2:1–6, 14–26, ary jereo ny fomba nanampian’ny Fanahy Masina an’i Petera sy ny Apôstôly tamin’ny andron’ny Pentekôsta.
- Halalino ny Asan’ny Apôstôly 4:1–13, 18–21, ary jereo ny fomba nanampian’ny Fanahy Masina an’i Petera hamaly ny fanontanian’ireo mpitarika Jiosy.
- Halalino ny Asan’ny Apôstôly 10:9–20, 25–28, 34–35, 44–48, ary jereo ny fomba nandraisan’i Petera fanambarana momba ny fiovana manan-danja iray tao amin’ny Fiangonana.
- Halalino ny Asan’ny Apôstôly 15:1–20, ary jereo ny fomba fiantraikan’ny fanambarana taloha avy tamin’i Jesoa Kristy tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina eo amin’ny fanapahan-kevitra noraisin’i Petera sy ny fanohanana nomen’ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana hafa an’io fanapahan-kevitra io tamin’ny fihaonambe tany Jerosalema iray.

Rehefa nahazo fotoana ampy ny mpianatra, dia asao ny olona iray avy amin’ny vondrona tsirairay hamintina ny zavatra novakiany sy hanazava ny fomba notarihan’i Jesoa Kristy ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana tamin’ny alalan’ny fiasan’ny Fanahy Masina. Hazavao fa ny Fanahy Masina dia manatanteraka ny andraikiny eo ambany fitarihan’ny Mpamonjy (jereo ny Jaona 16:13–14).

Ampiasao ny 3 Nefia 19:7–9, 19–20 mba hampisehoana fa ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana hita ao amin’ny Bokin’i Môrmôna dia nandray fanampiana avy amin’ny Fanahy Masina ihany koa tamin’ny asa fanompoany.

Manaova fifanakalozan-kevitra miaraka amin’ny mpianatra momba ity fanontaniana manaraka ity:

- Ahoana no fomba hanazavanao amin’ny olona iray ny maha-zava-dehibe ny fahafantarana fa taorian’ny Fahafatesan’i Jesoa Kristy, dia mbola nitarika hatrany ny Apôstôliny Izy?

Ankehitriny, dia manoro lalana ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana amin’ny alalan’ny Fanahy Masina i Jesoa Kristy

Asehoy ireto fanambarana manaraka nataon’ny Filoha President Thomas S. Monson sy ny Filoha Henry B. Eyring ao amin’ny Fiadidiana Voalohany ireto (na zarao amin’ny mpianatra izany), ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Mijoro ho vavolombelona aho ... fa i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika no lohan’ity Fiangonana ity, izay mitondra ny anarany. Fantatro fa ny zavatra mahafinaritra indrindra amin’ity fiainana ity dia ny mahatsapa ny bitsika omeny rehefa manoro lalana antsika amin’ny fampandrosoana ny asany Izy” (Thomas S. Monson, “Looking Back and Moving Forward,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2008, 88).



“Tonga tamin’ny [Filoha Thomas S. Monson] teo anatrehako mivantana ny fanambarana sy ny aingam-panahy, izay manamafy amiko fa manome voninahitra [ny fanalahidin’ny fisoronana izay hazonin’ny mpaminany] Andriamanitra. Tena natrehako maso izany” (Henry B. Eyring, “The True and Living Church,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2008, 24).

- Ahoana no hampiseho an’ireo fanambarana roa ireo ny fifandraisan’ny Fiangonana tao amin’ny Testamenta Vaovao sy Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany? (Ampio ireo mpianatra hahatakatra ity fahamarinana manaraka ity: **Tahaka ny nanoroan’i Jesoa Kristy lalana ny Apôstôliny tao amin’ny Testamenta Taloha, no hanoroany lalana ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana ankehitriny amin’ny alalan’ny fomba maro, anisan’izany ny fiasan’ny Fanahy Masina.**)

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity izay nataon’ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra hihaino sy hisaintsaina ny antony tokony hitarihan’ny Mpamonjy ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana.



“Ny fanorenan’ny Fiangonana eo amin’ny apôstôly sy mpaminany dia natao mba hitondrana fitahiana amin’ny fotoana rehetra, fa *indrindra indrindra* amin’ny fotoana isian’ny fanoherana sy ny loza, fotoana izay mety hahatsapantsika ny tenantsika ho toy ny zazakely, very hevitra sy tsy mahafantatra ny tokony hatao, indraindray aza matahotra kely mihitsy, fotoana izay hanandraman’ny tanana te hamitaky ny olombelona na hanandraman’ny hafetsen’ny devoly ny fitondrana any amin’ny lalana diso na ny fanakorontanana. Mba ho fiarovana amin’izany, amin’izao vanim-potoana iainantsika izao, dia nomen’ Andriamanitra fahefana sy notohananao ho mpaminany, sy mpahita ary mpanambara ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo, ary ny Filohan’ny Fiangonana dia notohanana ho/lay mpaminany, mpahita sy mpanambara, ilay Apôstôly *efa ela niasana indrindra*, ary

noho izany dia ilay hany olona iray nahazo lalana hampiasa ny fanalahidy hoenti-manambara sy hoenti-mitantana ho an'ny Fiangonana. Ireo mpiandraikitra ireo izay tamin'ny vanim-potoan'ny Testamenta Vaovao, sy tamin'ny vanim-potoan'ny Bokin'i Mômôna ary amin'ny vanim-potoana iainantsika izao no mandrafitra ny vato fanorenan'ny Fiangonana marina, izay mitoetra manodidina sy mandray hery avy amin'ny vato fehizoro, dia 'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i [Jesoa] Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra' [Helamàna 5:12]" ("Prophets, Seers, and Revelators," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2004, 7).

Manaova fanaraha-maso amin'ny alalan'ny fametrahana amin'ny mpianatra ny sasany amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na ny fanontaniana rehetra:

- Araka ny hevitrao, inona ny dikan'ny hoe ny mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana dia "mitoetra manodidina" sy mandray hery avy amin'ny vato fehizoro, i Jesoa Kristy?
- Inona no zavatra manamarina na inona no zavatra niainanao izay nahatsapanao fa manoro lalana ireo izay miahy ny Fiangonana ankehitriny ny Mpamonjy?
- Ahoana ny fandraisana anjara amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana no nanampy anao hanatona an'i Kristy sy hitoetra eo ambonin'ny fanorenan'ny apôstôly sy ny mpaminany?

Asehoy na soraty eo amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto. Asao ny mpianatra hisaintsaina ny fanontaniana sy hanoratra drafitra hoenti-manatsara ireo lafin-javatra ireo ao amin'ny diary ho an'ny tenany manokana na ny diary fandalinany soratra masina.

Inona no azoko atao mba hankaherezana ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ny Apôstôly maoderin'ny Mpamonjy?

Ahoana ny fomba ahafahako mitoky bebe kokoa amin'ny mpaminany amin'izao fotoana mba ahafahako miorina amin'i Jesoa Kristy?

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 10:1–4; 16:19; 17:3–7; 18:18; Asan'ny Apôstôly 2:1–6, 14–26; 4:1–13, 18–21; Asan'ny Apôstôly 10:9–20, 25–28, 34–35, 44–48; Asan'ny Apôstôly 15:1–11, 13–19; Efesiana 2:19–20; 4:11–14.
- Jeffrey R. Holland, "Prophets, Seers, and Revelators," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2004, 6–9.

Niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray sy ny Zanaka

22

Fampidirana

Ny "Ilay Kristy Velona: Ny Tenivavolombelon'ny Apôstôly" dia milaza hoe: "Tao amin'izao tontolo iainantsika izao, dia niseho tamin'ilay zazalahy atao hoe Joseph Smith i [Jesoa Kristy] sy ny Rainy, mba hampiditra amin'ilay 'andro voatendry hanangonana ny zavatra rehetra' (Efesiana 1:10) efa nampanantenaina hatramin'ny ela" (*Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 3). Ity lesona ity dia hifantoka

amin'ny anjara asa fototra nananan'ny Fahitana Voalohany ao amin'ny fotopampianaran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy amin'ny anjara asan'ny Mpamonjy ao amin'io fahitana io. Ity lesona ity dia manamafy ihany koa fa ny fandalinana ny Fahitana Voalohany dia mampatanjaka ny finoantsika an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy.

Vakiteny Enti-mandalina

- Gordon B. Hinckley, "The Marvelous Foundation of Our faith," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2002, 78–81.
- Dieter F. Uchtdorf, "The Fruits of the First Vision," *Ensign* na *Liahona*, mey 2005, 36–38.
- Neil L. Andersen, "Joseph Smith," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 28–31.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Joseph Smith—Tantara 1: 14–17

Nahita an'Andriamanitra sy ny Zanany Jesoa Kristy i Joseph Smith

Ampahafantaro ny toe-javatra manodidina ity lesona ity amin'ny fanaovana famerenana ny Joseph Smith—Tantara 1:5–12. Rehefa izany dia asao ireo mpianatra hampihatra io andinin-tsoratra masina io amin'izao andro iainantsika izao amin'ny alalan'ny fanoroana ny fitoviana eo amin'ny zavatra niainan'i Joseph Smith tamin'ny fikarohany ny fahamarinana sy ny zavatra iainan'ireo izay mikaroka ny fahamarinana amin'izao vanim-potoana iainantsika izao. (Tokony ahitana ity manaraha ity ny valinteny: Nisy disadisa maro teo anivon'ny fiangonana isan-karazany. Tsy afaka nahafantatra ny fiangonana marina tamin'ny alalan'ny rafipisainany na ny faharanitan-tsainy i Joseph Smith. Samy hafa ny fanazavan'ireo mpitarika fivavahana ny andinin-tsoratra masina iray.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Joseph Smith—Tantara 1:14–15. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Nahoana araka ny eritreritrao no niezaka nanakana an'i Joseph Smith tsy hivavaka i Satana? (Mety hahitana izao manaraka izao ny valinteny: Fantatr'i Satana i Joseph Smith hatrany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana ary nahafantatra izy fa voatendry mialoha hamerina fahamarinana eto an-tany i Joseph. Niezaka ny hanakana ny fitrangan'izany i Satana.)

Asao hamaky mangina ny Joseph Smith—Tantara 1:16–17 ny mpianatra ary soraty ny fotopampianarana izay afaka fantarina avy amin'ny tenivavolombelon'i Joseph Smith. Rehefa nahazo fotoana ampy ny mpianatra, dia asao izy ireo mba hizara ny fotopampianarana izay hitany.

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Christoffel Golden ao amin'ny Kolejin'ny Fitopololahy ity:



"Nanoratra ny Mpaminany hoe: 'Nahita Olona roa aho, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin' ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*' [Joseph Smith—Tantara 1:17].

"Ity zavatra niainan'ny zazalahy Joseph ity, izay narahan'ny fahitana sy fanambarana maro dia manambara fa tena misy Andriamanitra; ny Ray sy ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy, dia olona roa misaraka sy miavaka tsara; ny olona dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra; ny Raintsika any An-danitra dia Rain'i Jesoa Kristy ara-bakiteny; Andriamanitra dia manohy manambara ny momba Azy amin'ny olona; Andriamanitra dia akaiky sy liana ny amintsika hatrany; ary mamaly ny vavaka ataontsika Izy" ("Ny Ray sy ny Zanaka," *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 100).

- Ahoana no hamaritanao ny maha-zava-dehibe ny Fahitana Voalohany an'i Joseph Smith eo amin'ny fivavahan'ny Olomasin'ny Andro Farany? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia antitrantero izao manaraka izao: **Ny fahitan'i Joseph Smith an'ny Ray sy ny Zanaka dia namerina tamin'ny laoniny fahamarinana manan-danja maro teto an-tany.**)
- Ahoana no hanazavanao ny maha-zavatra tokony heverina ny Fahitana Voalohany an'i Joseph Smith ho an'ireo mpikaroka fahamarinana amin'izao fotoana?

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) ity, ary mangataha mpianatra iray mba hamaky izany mafy:



"Miankina amin'ny maha-marina ity Fahitana Voalohany feno voninahitra ity ny momba antsika rehetra amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika. ... Tsy misy zavatra hampioenantsika ny fotopampianarantsika, na zavatra ampianarintsika na iainantsika izay manan-danja kokoa noho ity fanambarana voalohany ity. Manaiky aho fa raha toa ka niresaka tamin' Andriamanitra sy ny Zanaka Malalany i Joseph Smith dia marina avokoa ny zavatra hafa rehetra resahantsika. Izany no zava-niseho izay mampisokatra ny vavahady mitondra mankany amin'ny lalan'ny famonjena sy ny fiainana mandrakizay" ("What Are People Asking about Us?" *Ensign*, nôv. 1998, 71).

- Nahoana "ny momba antsika rehetra amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika" no miankina amin'ny fahamarinan'ny Fahitana Voalohany? (Tokony hahatakatra ny mpianatra fa raha diso ny tantaran'i Joseph Smith, dia tsy nitranga ny famerenana tamin'ny laoniny Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; **raha marina kosa anefa ny tantaran'i Joseph Smith dia nitranga ny famerenana amin'ny laoniny ary marina ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.**)
- Ahoana no fomba nandraisanao fijoroana ho vavolombelona mikasika ny fahamarinan'ny Fahitana Voalohany?

Asao ny mpianatra hanomboka hisaintsaina mikasika ny zavatra tokony hataony mba hahazo fanamafisana vaovao momba ny fahamarinan'ny Fahitana Voalohany. Vakio ity teny nambaran'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity:



“Fanamby voafaritra mazava tsara no omeko an’ireo tanora izay mihaino an’ireto teny ireto amin’izao fotoana izao na mamaky ireto teny ireto any aoriana: Ataovy izay hahazoana fijoroana ho vavolombelona an’ny tenanao manokana momba ny Mpaminany Joseph Smith. ... Vakio ny fijoroan’ny Mpaminany Joseph Smith ho vavolombelona ao amin’ny Voahangy Lafo Vidy. ... Izy ity dia fijoroan’i Joseph ho vavolombelona mikasika izay tena niseho marina. Vakio matetika izany. Raketo amin’ny raki-peo amin’ny feonao manokana ny fijoroan’i Joseph Smith ho vavolombelona, henoy matetika izany ary zarao amin’ireo namanao. Ny fihainoana ny fijoroan’ny Mpaminany ho vavolombelona amin’ny feonao manokana dia hanampy amin’ny fitondrana ilay tenivavolombelona katsahinao” (“Joseph Smith,” *Ensign na Liahona*, nôv. 2014, 30).

Alohan’ny hanohizana ny lesona, dia hazavao amin’ny mpianatra fa tsy tamin’ny Fahitana Voalohany ihany ny Mpamonjy no namangy an’i Joseph Smith sy ny olona sasany mandritra ity fotoampitantanana ity. Niseho tamin’i Joseph Smith sy tamin’ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana hafa imbetsaka ohatra i Jesoa Kristy teny ampianohan’ny Famerenana tamin’ny laoniny (jereo ohatra ny F&F 76:22–24; 110:1–10).

Joseph Smith—Tantara 1:17–20

“Itỳ no Zanako Malalako. Henoy Izy!”

Asao ny mpianatra hiverina hijery ny Joseph Smith—Tantara 1:17, ary anontanio izy ireo hoe inona no zavatra nataon’ny Ray any An-danitra rehefa niseho tamin’i Joseph Smith. (Nanolotra ny Zanany Izy.) Azonao atao ihany koa ny manontany ny mpianatra raha efa nieritreritra ny maha-zava-dehibe ity zava-nitranga manokana tamin’ny Fahitana Voalohany ity izy ireo? Vakio amin’ny mpianatra ireto fanambarana manaraka ireto izay nataon’ny Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972):



“Ny fanambarana rehetra taorian’ny Fahalavoana dia tonga tamin’ny alalan’i Jesoa Kristy. ... Taorian’ny Fahalavoana dia mbola tsy nifampiraharaha mivantana sy niseho manokana tamin’ny olona ny Ray, ary mbola tsy niseho tamin’iza na iza raha tsy hoe tamin’ny fanolorana sy ny fanambarana ny Zanaka Izy” (*Doctrines of Salvation*, natambatr’i Bruce R. McConkie, 3 boky. [1954–56], 1:27).

“Fony Adama tao amin’ny Sahan’i Edena, dia niaina teo anatrehan’ Andriamanitra, Ilay Raintsika Mandrakizay izy. Rehefa lavo izy, dia notsoahina teo anatrehan’ny Ray. ... Araka ny voalazan’ny soratra masina, dia lasa i Jesoa Kristy, avy eo, no Mpisolovava ho an’i Adama sy ny zanany [jereo ny 1 Jaona 2:1; F&F 29:5; 110:4], sy Mpanalalana ihany koa [1 Timoty 2:5; Hebreo 9:15] Izay mitsangana eo anelanelan’ny olombelona sy ny Ray Mandrakizay, miaro antsika. Nanomboka tamin’izay fotoana izay dia i Jesoa Kristy no nanoro lalana ny mpanompony teto an-tany ary nanome fanambarana sy fitarihana ho an’ny mpaminany. Raha mpamitaka i Joseph Smith ... dia tsy hilaza velively mihitsy izy fa ny Ray no nanolotra ny Zanaka, sy nangataka azy mba hametraka ny fanontaniny amin’ny Zanaka ary ny Zanaka no nanome valinteny” (*Answers to Gospel Questions*, natambatr’i Joseph Fielding Smith Jr., 5 boky. [1957–66], 3:58).

- Tamin’ny Fahitana Voalohany, iza no nanome valinteny rehefa nanontany mikasika ny antokom-pivavahana marina i Joseph Smith?
- Araka ny voalazan’i Joseph Fielding Smith, nahoana no zava-dehibe ho an’i Joseph Smith ny nandray an-tsoratra fa nanolotra an’i Jesoa Kristy ny Ray Mandrakizay ary i Jesoa Kristy no namaly ny fanontaniany? (Tokony hahatakatra ity fahamarinana manaraka ity ny mpianatra: **Ny fanambarana rehetra taorian’ny Fahalavoan’i Adama sy i Eva, dia tonga tamin’ny alalan’i Jesoa Kristy.**)

- Mampiova inona amin'ny fahatokisanao ny fahamarinan'ny fitantaran'ny Mpaminany ny fahitany ny fahatakarana an'ity fomba fahatongavan'ny fanambarana ity?

Manampy antsika hampitombo finoana amin'i Jesoa Kristy ny Fahitana Voalohany.

Asaivo mamaky mafy ity teny nambaran'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany manaraka ity ny mpianatra iray.



"Izany no fomba hitahian'ny Fahitana Voalohan'i Joseph Smith ny fiainantsika manokana sy ny fiainan'ny fianakaviana ary aty aoriana ny fianakaviamben'ny zanak'olombelona manontolo mihitsy—lasa mino an'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelon'ny Mpaminany Joseph Smith. Niaina fahitana masina tahaka ny an'i Joseph ny mpaminany sy ny apôstôly maro teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona. ...

"... Ireo fisehoana rehetra ireo, na fahiny na amin'izao fotoana izao, dia mitarika ireo izay mino any amin'ilay loharano masin'ny fahamarinana sy fanantenana rehetra—dia Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Zanakalahiny. ...

"Amin'ny alalan'ny finoantsika an'ilay fijoroana ho vavolombelona manokan'ny Mpaminany Joseph sy ny fahamarinan'ny Fahitana Voalohany ary amin'ny alalan'ny fandalinana sy ny vavaka, izay lalimpaka sy avy amin'ny fo dia hahazo finoana mafy orina isika an'ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao izay niresaka tamin'i Joseph 'tamin'ny marainan'ny andro tsara sady mipoaka tamin'izay, tany amin'ny fiandohan'ny lohataonan'ny taona roapolo sy valonjato amby arivo' (Joseph Smith—Tantara 1:14)" ("The Fruits of the First Vision," *Ensign na Liahona*, mey 2005, 38).

- Inona ny fitahiana azo avy amin'ny fandalinana ny Fahitana Voalohany, araka ny voalazan'ny Filoha Uchtdorf? (Na dia mampiasa teny hafa aza ny mpianatra, dia tokony hahita ity fahamarinana manaraka ity izy ireo: **Rehefa mandalina ny Fahitana Voalohany isika, dia mampitombo ny finoana an' Andriamanitra Ray sy ny Zanany, Jesoa Kristy.**)
- Ahoana no mahatonga ny finoantsika amin'ny Ray sy ny Zanaka ho lalina kokoa rehefa mandalina ny namangian'Izy Ireo an'i Joseph Smith isika? (Tokony ho anisan'ny valinteny hita ity manaraka ity: Ny Fahitana Voalohany dia vavolombelona manambara hafa fa Velona Izy Ireo; manome toky antsika indray izany fa liana amin'ny raharahan'ny olombelona Izy Ireo; mampiseho izany fa mihaino sy mamaly vavaka Izy Ireo.)
- Inona ny anjara asan'ny Fahitana Voalohany amin'ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny Famerenana tamin'ny laoniny?
- Inona no zavatra azonao atao amin'ny herinandro ambony ho fankaherezana na ho fandraisana fanamafisana indray ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny Fahitana Voalohany?

Omeo fanamby ny mpianatra mandritra ny andro maromaro ho avy mba haka fotoana hisaintsaina sy hivavaka momba ny Fahitana Voalohany. Asao izy ireo handray antsoratra ny zavatra ao an-tsainy sy ny zavatra tsapany mikasika ny zavatra masina niainan'i Joseph Smith.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Joseph Smith—Tantara 1:5–26.

- Dieter F. Uchtdorf, “The Fruits of the First Vision,” *Ensign* na *Liahona*, meý 2005, 36–38.
- Neil L. Andersen, “Joseph Smith,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 28–31.

23

Namerina tamin'ny laoniny ny fisoronany sy ny Fiangonany ary ny filazantsarany ny Mpamonjy

Fampidirana

Nijoro ho vavolombelona ireo Apôstôly maoherina manao hoe: “Ambaranay amim-panajana fa ny Fisoronan'i [Jesoa Kristy] sy ny Fiangonany dia naorina indray eto ambonin'ny tany” (“Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly,” *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 3). Rehefa mpianatra ity lesona ity ianao dia ampio ireo mpianatra hahatakatra fa anisan'ny asa fanompoana mandrakizay

nataon'ny Mpamonjy ny fitarihana ny Famerenana tamin'ny Laoniny ny filazantsara sy ny Fiangonany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Ny fandalinana akaiky ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana no manambara fa i Jesoa Kristy no mitarika ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany.

Vakiteny Enti-mandalina

- James E. Faust, “The Restoration of All Things,” *Ensign* na *Liahona*, may 2006, 61–62, 67–68.
- Tad R. Callister, “Inona no Rafitry ny Fiangonan'i Kristy?” (Fampaherezam-panahy ho an'ny Tanora Tokan-tena sy Mpivady Vao Herotreronany an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 12 janoary 2014); LDS.org.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Joseph Smith—Tantara 1: 18–20

Naverin'i Jesoa Kristy tamin'ny laoniny ny Fiangonany tamin'ny andro farany

Asao ny mpianatra hitanisa fanontaniana manan-danja vitsivitsy izay mety hapetraky ny olona iray amin'ny Ray any An-danitra, mba hoentina hanombohana ny lesona. Rehefa avy nanome valiny maromaro izy ireo dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Joseph Smith—Tantara 1:18–19 Manontania avy eo hoe:

- Inona no fanontaninana napetrak'i Joseph Smith tamin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy?
- Ahoana no namalian' i Jesoa Kristy izany? (Mariho fa ny andininy faha- 20 dia milaza fa nohamafisin'ny Mpamonjy ny valinteniny: “Norarany indray ny hilatsahako ho mpikambana ao amin'ny izy ireo.”)
- Raha “diso avokoa” ireo fiangonana rehetra tamin'izany, inona no nilaina hitranga mba hahatonga ny Fiangonan'ny Tompo ho eto an-tany indray? (Nilaina ny nisian'ny famerenana tamin'ny laoniny ilay Fiangonan'ny Tompo tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao.)

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha James E. Faust (1920–2007) tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Mino isika fa famerenana amin’ny laoniny ilay Fiangonana naorin’i Jesoa Kristy tany am-piandohana Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany, izay natsangana ‘teo ambonin’ny fanorenan’ny Apôstôly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesoa no fehizoro indrindra’ [Efesiana 2:20]. Tsy fiangonana niorina avy tamin’ny fiangonana hafa akory izany” (“The Restoration of All Things,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2006, 68).

- Midika inona ny filazantsika fa **Famerenana amin’ny laoniny ilay Fiangonan’ny Mpamonjy naorina tamin’ny andron’ny Testamenta Vaovao Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany?**

Lazao ireo mpianatra fa tsy ampy ny fotoanan’ny kilasy raha hampitaha ireo singa tsirairay tao anatin’ny Fiangonan’ny Tompo voalohany (izany hoe tany am-piandohana) amin’ny Fiangonana naverina tamin’ny laoniny. Kanefa azonao atao ny mangataka ny mpianatra hamerina hijery ny Lioka 6:13; 10:1; Asan’ny Apôstôly 14:23; Efesiana 4:11; Filipiana 1:1; ary ny Titosy 1:5 ka hamantatra ireo singa tao anatin’ny firafitry ny Fiangonana voalohany izay mbola misy ihany koa ao amin’ny Fiangonana ankehitriny. (Ho ohatra fanampiny, amporisiho ireo mpianatra hamaky ny “Inona no rafitry ny Fiangonan’i Kristy?” nataon’ny Rahalahy Tad R. Callister, filohan’ny Sekoly Alahady maneran-tany, izay hita ao amin’ny Vakitenin’ny Mpianatra amin’ity lesona ity.) Asehoy ity fanambarana manaraka nataon’ny Rahalahy Callister ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Raha toa ka mampitaha ... ny Fiangonan’i Kristy tany am-piandohana amin’ny fiangonana rehetra eto amin’izao tontolo izao ankehitriny ny olona iray, dia hahita izy fa raha singa tena mitovy, raha fandaminana tena mitovy, raha fampianarana tena mitovy, raha ôrdônansy tena mitovy, raha voa tena mitovy, ary fanambarana tena mitovy dia fiangonana iray ihany no mifanaraka amin’izany—Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany” (“Inona no rafitry ny Fiangonan’i Kristy?” [Fampaherezam-panahy ho an’ny Tanora Tokan-tena sy Mpivady Vao Herotreron’ny Departemantan’ny Fampianarana an’ny Fiangonana, 12 janoary 2014]; LDS.org).

- Nahoana no zava-dehibe ny manana fijoroana ho vavolombelona fa famerenana amin’ny laoniny ny Fiangonan’ny Mpamonjy tany am-piandohana Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany? (Manampy antsika hahafantatra fa Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany no Fiangonana marin’ny Tompo ankehitriny ny fananana fijoroana ho vavolombelona toy izany. Satria tsy miova omaly, anio ary mandrakizay ny Tompo dia tokony handrasantsika amin’ny Fiangonany koa ny hananany ireo singa ao anatiny hitovy hatrany isaky ny fotoampitantanana.)

Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 1:17, 38; 18:34–35

Mitarika ny asan’ny Famerenana amin’ny Laoniny i Jesoa Kristy

Asao ny mpianatra hamaky ny Joseph Smith—Tantara 1:17 sy hamantatra ny zavatra nandidian’ny Ray any An-danitra an’i Joseph Smith mba hataony (mihaino ny Zanany). Vakio mafy avy eo ity fanambarana manaraka nataon’ny Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972) ity:



"Tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy avokoa no tonga ireo fanambarana rehetra hatramin'ny fahalavoana" (*Doctrines of Salvation*, natambatr'i Bruce R. McConkie, boky 3. [1954–56], 1:27).

Mba hanehoana ity fahamarinana ity dia asao ireo mpianatra hamaky ampahanginana ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 1:17, 38; 18:34–35 miaraka amin'izao fanontaniana manaraka izao ao an-tsaina: Ahoana no ahafahan'ireto andinin-tsoratra masina ireto manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny fahamarinana fa **mitantana sy mitarika ny Fiangonany amin'ny alalan'ny fanambarana i Jesoa Kristy?** Rehefa avy nanome fotoana ampy, dia asao izy ireo hanao tatitra ny zavatra hitan'izy ireo.

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Gary J. Coleman ao amin'ny Fitopololahy ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:




"Testamenta iray amin'ny andro farany momba ny asa fanompoan'i Jesoa Kristy ho an'ireo zanak' Andriamanitra amin'ny alalan'ireo mpaminany sy ireo mpanompon' Andriamanitra ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana, ary maneho ny fomba masina fandraisana ny fanambarana izay mitantana ny Fiangonana sy ireo mpikambana ao anatin'ny ankehitriny" ("You Shall Have My Word: The Personal Ministry of Jesus Christ in the Restoration," ao amin'ny *You Shall Have My Word: Exploring the Text of the Doctrine and Covenants*, ed. Scott C. Esplin, Richard O. Cowan, ary Rachel Cope, The 41st Annual Brigham Young University Sidney B. Sperry Symposium [2012], 3).

- Nahoana no zava-dehibe ho an'ny Fiangonana ankehitriny ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana araka ny voalazan'ny Loholona Coleman? (Tenivolombelona iray amin'ny andro farany momba ny asa fanompoan'i Jesoa izany ary mampiseho fa tarihan'ny fanambarana ny Fiangonana ankehitriny.)
- Nahoana araka ny hevitrao no zava-dehibe ho an'ireo zanaky ny Ray any Andanitra ny mahatakatra io fahamarinana nampianarin'ny Loholona Coleman io?

Mijoroa ho vavolombelona fa ampahany iray manan-danja ao amin'ny asa fanompoana mandrakizain'ny Mpamonjy ny fisehoany sy ireo fanambarany ary ny fanomezany ireo hery sy fanalahidin'ny fisoronana nandritra ny Famerenana tamin'ny Laoniny. Mba hanampiana ireo mpianatra hahita miavaka bebe kokoa ny fomba notarihan'ny Mpamonjy ny Famerenana tamin'ny Laoniny ny filazantsara mandrakizay sy ny Fiangonany amin'ny andro farany dia aseho ity tabilao manaraka ity na ataovy amin'ny taratasy zaraina dia zarao amin'ireo mpianatra (aza atao ao ireo andian-teny anaty fononteny):

Mitarika ny asan'ny famerenana amin'ny laoniny ny Mpamonjy

Fotopampianaran'ny Fiangonana	Ôrdônansy ao amin'ny Fiangonana	Fitarihana ao amin'ny Fiangonana
Sasintenin'ny fizarana sy famintinana ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 76 (Ireo fanjakam-boninahitra, fiainana aorian'ny fahafatesana)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 20:37, 72–74 (Ireo fepetra izay takiana amin'ny batisa sy ny fomba marina fanaovana izany)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 20:38–59 (Ireo andraikitra amin'ireo anjara fanompoan'ny fisoronana)
Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 84:33–39 (Fianiana sy fanekepihavanana'ny fisoronana)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 20:70 (Fitsofan-drano ny ankizy)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 20:61–62 (Fanaovana fihaonamben'ny Fiangonana isaky ny fotoana voatondro)
Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 128:1, 15, 18 (Batisa ho an'ny maty amin'ny alalan'ny fisoloana tena)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 20:75–77, 79 (Fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 26:2 (Faneken'ny rehetra)
Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 131:1–4 (Ilaina amin'ny fisandratana ny fanambadiana selestialy)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 124:33–39 (ireo ôrdônansin'ny Tempoly)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 107:22–27, 33–35, 64–67, 85–91 (Ireo andraikitra ao amin'ny fitarihana ny fiangonana)
Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 137:6–10; 138:29–35 (Afaka ny hanana fahafahana handray ny fanavotana ireo izay maty tsy nahalala ny fahamarinana)	Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 132:7, 15–20 (Fanambadiana mandrakizay)	



Zarao ho vondrona telo ny mpianatra ary omeo tsanganana iray avy ny vondrona mba hohalalininy. Asaivo mamaky andinin-tsoratra masina telo na efatra ao amin'ny tsanganana tandrify azy ny mpianatra tsirairay ary hiomana hamaly ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no naverin'ny Tompo tamin'ny laoniny teto an-tany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith?
- Inona no maha-zava-dehibe ireo fitsipika sy fombafomba hitanao tao?

Rehefa afaka minitra maromaro dia asaivo mizara ny zavatra izay hitany ireo mpianatra. Eo am-pizarany izany dia antitrantero fa **i Jesoa Kristy no mitarika ny asan'ny Famerenana amin'ny laoniny**. Mametraha fanontaniana mitovy amin'ireto manaraka ireto raha ilaina izany:

- Inona no maha-zava-dehibe ny fahatakarana fa manohy mitarika ny asa sy ny mpitarika ny Fiangonany i Jesoa?
- Inona avy ireo traikefa nanampy anao hahafantatra fa ity Fiangonana ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy?

Raha mbola ampy ny fotoana dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:30. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Rehefa avy nandinika izay noresahantsika androany ianareo, nahoana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no "ilay hany fiangonana marina sy velona eto ambonin'ny tany manontolo"? (Satria izy irery no hany fiangonana eto ambonin'ny tany manana ny fahefana masina hampianatra ny filazantsara marina an'i Jesoa Kristy sy hanatanteraka ireo ôrdônasin'ny famonjena izay ilaina ary handray fanambarana mitohy amin'ny alalan'ireo mpanompo voatendrin'ny Tompo.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:40–42 mba hamaranana ny lesona ary asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra. Mijoroa ho vavolombelona fa famintinana ny asa fanompoana mandrakizain'ny Mpamonjy ireo andinin-tsoratra masina ireo. Omeo fanamby ireo mpianatra handinika ny zavatra izay azony atao hanomezany voninahitra an'i Jesoa Kristy izay nanatanteraka ny Sorompanavotana mba hahatonga antsika ho voahasina sy voadio ary voavonjy ao amin'ny fanjakan'ny Ray.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:17, 38; 18:33–35; Joseph Smith—Tantara 1:17–20.
- Tad R. Callister, "Inona no rafitry ny Fiangonan'i Kristy?" (Fampaherezam-panahy ho an'ny Tanora Tokan-tena sy Mpivady Vao Herotreron'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 12 janoary 2014); LDS.org

Fampidirana

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy: "Ary ankehitriny, aorian' ireo tenivavolombelona maro izay efa natao momba Azy, dia inty ny tenivavolombelona, ny farany amin' ny rehetra, izay ataonay momba Azy: Fa velona Izy! (F&F 76:22). Ny tanjon'ity lesona ity dia ny hanampy ny mpianatra

hahatakatra fa velona ny Mpamonjy ankehitriny, Izy no mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray ary lasa "ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an' Andriamanitra" isika amin'ny alalan'ny finoana Azy (F&F 76:24; jereo koa ny Galatiana 3:26).

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 25:1; 76:19–24; 110:1–4

Velona i Jesoa Kristy ankehitriny

Vakio mafy ity tantara niainan'ny Filoha Lorenzo Snow (1814–1901) ity, izay notantarain'ny zafikeliny vavy, dia i Alice Pound:



"Teo amin'ilay lalantsara lehibe hiditra mankany amin'ny efitrano selestialy, rehefa nandeha lavidavitra nialoha an'ny dadabe aho dia najanony ary hoy izy: "Andraso kely ry Allie fa manana zavatra hotenenina aminao aho. Teto no niseho tamiko ny Tompo Jesoa Kristy tamin' ny fotoana nahafatesan' ny Filoha Woodruff. Naniraka ahy izy ny handehanako ary handamina avy hatrany ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonana fa tsy hiandry tahaka ny tamin'ny nahafatesan'ireo filoha teo aloha ary izaho no voafidy handimby an'ny Filoha Woodruff."

"Rehefa izany dia nandroso nanantona akaikikaiky kokoa i dadabe ary naninjitra ny tany ankavia ka nanao hoe: "Teto izy no nitsangana, tokony ho iray metatra miala ny tany. Toy ireny nijoro teo ambonin'ny takela-bolamena ireny izy."

"Nolazain' i dadabe ahy ny halehiben'ny voninahitry ny Mpamonjy ary nofaritany tamiko ny tany, ny tongony, ny endriny ary ny akanjony fotsy tsara tarehy izay tena feno voninahitra ny hafotsiany sy ny famirapiratany ka nanano sarotra azy ny mijery Azy.

"Avy eo dia nanatona akaiky kokoa indray i [dadabe] ary nametraka ny tany ankavanana teo ambonin'ny lohako ka nilaza hoe: "Tiako hotadidinao ry zafikely fa izany no fijoroana ho vavolombelona ananan'ny dadabena, izay nolazainy anao tamin'ny vavany fa efa nahita ny Mpamonjy izy, tato amin'ny Tempoly, ary niresaka nifanatrika Taminy" [Alice Pound, ao amin'ny LeRoi C. Snow, "An Experience of My Father's," *Improvement Era*, Sept. 1933, 677]" (*Teachings of Presidents of the Church: Lorenzo Snow* [2012], 238–39).

- Inona no eritreritra tonga ao aminao raha mihaino ity tantara ity?

Lazao ireo mpianatra fa ahitana tantara roa momba ny nisehoan'ny Mpamonjy tamin'ny olombelona ny Fotopampianaranan sy Fanekehampihavanana: ny iray dia ny nisehoany tamin'i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon tao Hiram, Ohio (jereo ny F&F 76), ary ny iray kosa dia ny nisehoany tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin'ny Tempolin'ny Kirtland (jereo ny F&F 110). Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana telo manaraka ireto:

Inona no hitan'izy ireo? Inona no henon'izy ireo? Inona no nianaran'izy ireo?

Asaivo mitady ny valin'ireo fanontaniana ireo ao anaty soratra masina ireo mpianatra. Asao ny antsasaky ny mpianatra hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:19–24 ary ny antsasany hafa hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:1–4. Asao ny mpianatra hizara ny zavatra hitany rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo. Soraty eo ambanin'ny fanontaniana mifanandrify aminy ireo zavatra hitany ireo. Manontania avy eo hoe:

- Inona no mpianarin'ireo andiny ireo momba an'i Jesoa Kristy? (Mety hamantatra karazana fotopampianarana maro ireo mpianatra, anisan'izany ny hoe: **Olona velona sy feno voninahitra i Jesoa Kristy, olona roa miavaka tsara ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy, lasa ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fanekena ny Filazantsarany ary i Jesoa Kristy no Mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray.**)

Omeo fahafahana hizara ny fijoroany ho vavolombelona momba ireo fotopampianarana ireo ny mpianatra amin'ny fametrahana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona amin'ireo fahamarinana ireo no tena manan-danja manokana aminao ? Nahoana?

Lazao ireo mpianatra fa ny ambin'ny lesona dia hifantoka amin'ny anankiroa amin'ireo fotopampianarana hita avy amin'ireo andinin-tsoratra masina novakiany ireo: “i Jesoa Kristy no Mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray” sy “lasa ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fanekena ny filazantsarany.”

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:5; 38:4; 45:3–5; Almà 33:3–11
I Jesoa Kristy no Mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray

Soraty eo amin'ny solaitrabe ny teny hoe *mpisolovava* ary anontanio ireo mpianatra raha mahafantatra ny dikan'izany. (Raha ilaina dia farito ny teny hoe *mpisolovava* ary hazavao fa izany dia olona iray izay miteny na misolo toerana amin'ny fiarovana olona iray hafa.) Asaivo mamaky am-pahanginana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:4 ny mpianatra. Manontania avy eo hoe:

- Fomba ahoana no maha-mpisolovava ny Mpamonjy? (Eo am-pizaran'ireo mpianatra ny hevitr'izy ireo dia mitadiava fahafahana mijoro ho vavolombelona fa i **Jesoa Kristy no Mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray.**)

Asehoy ireto fanontaniana manaraka ireto na soraty eo amin'ny solaitrabe:

Inona no toetra ananan'i Jesoa Kristy ka maha Mpisolovava antsika Azy?
Inona no isarihan'i Jesoa Kristy ny sain'ny Ray rehefa miaro antsika izy?

Asaivo miasa tsiroaroa ireo mpianatra hitady ny valin'ireo fanontaniana ireo ao amin'ny Hebreo 4:15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:5 sy 38:4 ary 45:3–5. Rehefa avy namaky ireo andinin-tsoratra masina ireo ny mpianatra sy nifanakalo hevitra momba ireo fanontaniana eo amin'ny solaitrabe dia manasà mpianatra vitsivitsy izay nanolo-tena hizara ny valinteniny.

Rehefa manazava ny zavatra nianarany ireo mpianatra dia alaivo antoka tsara fa azon'izy ireo ny hoe: **Mendrika ny hiaro antsika eo anoloan'ny Ray i Jesoa Kristy satria marina tanteraka Izy ka afaka hanefa ny fepetra takian'ny fahamarinana**

ho an’ny fahotantsika. Mendrika ny hiaro antsika Izy noho ny hatsarany miavaka, ny fiainany tonga lafatra ary ny rany izay nalatsany ho antsika. Tsy ananantsika ny fahatsarana izay ahafahantsika miaro ny tenantsika samirery (jereo ny Almà 22:14).

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 45:3–5 ary asaivo manaraka ny vakiteny ireo mpianatra. Hazavao fa ny asa sy ny voninahitry ny Ray any An-danitra dia ny fisandratan’ireo zanany. Noho izany, rehefa misolo vava an’ireo izay mino Azy i Jesoa Kristy, dia manampy amin’ny fanatanterahana ny asan’ny Ray izy sady manome voninahitra ny Ray ihany koa (jereo koa ny Matio 10:32).

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny asan’i Jesoa Kristy amin’ny maha Mpisolovava antsika Azy dia asaivo mamaky ny tenin’i Zenôsa ao amin’ny Almà 33:3–10 izy ireo. Asao izy ireo hamantatra ireo andian-teny izay naverimberin’i Zenôsa (fioavan’ny hoe “Ianao dia feno famindram-po” sy ny hoe “nandre ahy Ianao”). Manontania avy eo hoe:

- Inona no nianaran’i Zenôsa momba an’ Andriamanitra tamin’ny alalan’ny zavatra tsapany rehefa nivavaka tamin-kitsimpo izy?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Almà 33:11. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Noho iza no nolazain’i Zenôsa fa nanomezan’ Andriamanitra ny indrafony lehibe?
- Nahoana no mampihodina ny fitsarany hiala amintsika Andriamanitra?
- Ahoana no ahafahan’ny fampianaran’i Zenôsa manampy anao hahatakatra sy hankasitraka bebe kokoa ny andraikitry ny Mpamonjy amin’ny maha-Mpisolovava Azy eo amin’ny fiainanao manokana?

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon’ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin’ny Kôlejin’ny Roambinifololahy ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Tena manan-danja lehibe tokoa amiko fa afaka manantona ny seza fiandrianan’ny famindrampo aho amin’ny fotoana rehetra sy amin’ny toe-javatra rehetra amin’ny alalan’ny vavaka, sy ny hoe hihaino ny fangatahako ny Raiko any an-danitra, ary ny Mpisolovava ahy, izy izay tsy nanao fahotana, izay nalatsa-drà, dia hiaro ahy. (Jereo ny F&F 45:3–5.)” (“I Know in Whom I Have Trusted,” *Ensign*, may 1993, 83).

Mangataha mpianatra iray hanazava amin’ny teniny manokana ny fitsipika izay nampianarin’ny Loholona Christofferson. Manontania avy eo hoe:

- Ahoana no mety ahafahan’ny fananan’ny tena manokana fijoroana ho vavolombelona momba ity fampianarana ity manampy antsika amin’ny fotoan’ny fahoriana?

Môsià 5:5–15

Lasa ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an’ Andriamanitra isika amin’ny alalan’ny finoana an’i Jesoa Kristy sy ny fanekena ny filazantsarany

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 76 :24 ary asaivo manaraka ny vakiteny ireo mpianatra. Mariho ny teny hoe “tamin’ny alalany sy tao Aminy ary avy Aminy ... dia ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an’ Andriamanitra [isika]”

Anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona ny dikan’ny hoe “ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an’ Andriamanitra”? (F&F 76:24; jereo koa ny F&F 25:1).

Alaivo antoka tsara ny hahatakarany ireo mpianatra fa na dia zanaky ny Ray any Andanitra ara-panahy aza isika, ny hoe “ateraka ho zanakalahy sy ho zanakavavy ho an’ Andriamanitra” dia mahakasika manokana ireo izay “ateraka indray.” Lazao ireo mpianatra fa maneho ny dingan’ny fahaterahana indray ny Bokin’i Môrmôna.

Asehoy ity tabilao manaraka ity na adikao eny amin’ny solaitrabe (aza ampidirina ireo teny ao anaty fononteny):

<i>Inona no nokasain’ny vahoakan’ny Mpanjaka Benjamina hatao?</i>	<i>Inona no vokatry ny nataon’izy ireo?</i>
<i>(Nanao fanekempihavanana ny hankatò ireo didin’ Andriamanitra rehetra)</i>	<i>(Niova ny fon’izy ireo)</i>
<i>(Nitondra ny anaran’i Kristy)</i>	<i>(Naterak’i Kristy izy ireo)</i>
<i>(Nampihatra finoana an’i Kristy)</i>	<i>(Lasa Rain’ny fanekempihavanany i Kristy)</i>

Fintino fohifohy ny hafatry ny Mpanjaka Benjamina ao amin’ny Môsià 2–4. Hazavao avy eo fa ny tenin’ny Mpanjaka Benjamina dia nisy fiantraikany lehibe teo amin’ny vahoakany, ary ny Fanahin’ny Tompo dia nitondra “fiovana mahery vaika” tao ampon’izy ireo (jereo ny Môsià 5:2). Asaivo mandalina tsiroaroa ny Môsià 5:2–8, 15 ireo mpianatra hitady ny valin’ireo fanontaniana ao anatin’ny tabilao. Asao ny mpianatra hizara ny zavatra hitany rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo. Manontania avy eo hoe:

- Ahoana no ahafahanao ho lasa ateraka ho zanakalahy na ho zanakavavin’i Kristy araka ny nianaranao momba ny vahoakan’ny Mpanjaka Benjamina? (Tokony haneho izao fitsipika manaraka izao ny mpianatra: **Rehefa manaiky an’i Jesoa Kristy isika sy manao ary mitandrana ny fanekempihavanana fa hankatò ireo didin’ Andriamanitra dia lasa ateraka ho zanakalahy na ho zanakavavin’i Kristy.**)

Rehefa miresaka ireo andinin-tsoratra masina ireo ny mpianatra dia mety mila fanampiana izy ireo mba hahatakarana ilay fotopampianarana hoe afaka ho tonga zanak’i Kristy isika. Vakio mafy ity fampianaran’ny Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972) manaraka ity:



“Lasa Raintsika ny Mpamonjy ... satria manome fiainana, fiainana mandrakizay, ho antsika Izy, amin’ny alalan’ny Sorompanavotana izay nataony ho antsika. ...

“... Lasa zanaka, zanakalahy sy zanakavavin’i Jesoa Kristy isika amin’ny alalan’ny fanekempihavanana nataontsika dia ny hankatò Azy” (*Doctrines of Salvation*, natambatr’i Bruce R. McConkie, boky 3. [1954–56], 1:29).

- Inona avy ireo fitahiana afaka ho azontsika amin’ny maha-zanakalahy na zanakavavin’i Jesoa Kristy antsika araka ny hita ao amin’ny Môsià 5:15?

- Inona ny eritreritrao sy ny fahatsapanao momba ny maha-zanakalahy na zanakavavin'i Jesoa Kristy anao?

Eo am-pamaranana ny lesona dia amporisiho ireo mpianatra hisaintsaina ny fitahiana ananany amin'ny fahafantarana fa velona ny Mpamonjy, Mpisolovava antsika eo anoloan'ny Ray Izy ary afaka ny ho zanakalahy sy zanakavavin'i Kristy ao amin'ny fanekempihavanana isika.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Môsià 5:1–15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5; 76:19–24; 110:1–4.

25

Mbola hiverina i Jesoa Kristy indray andro any

Fampidirana

Naminany ny mbola hiverenan'i Jesoa Kristy indray eto an-tany ireo mpaminany nandritra ireo taranaka nifanesy. Nanoratra i Isaia hoe: "Dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiaramahita izany" (Isaia 40:5). Manampy ny mpianatr'i Jesoa Kristy hiomana sy hanomana ny hafa ho amin'ity trangan-javatra

manokana ity sy hanana fanantenana ireo faminiana ireo rehefa mahafantatra fa mahita mialoha ny hoavy ny Ray any An-danitra ary eo am-panomanana izao tontolo izao amin'ny fiverenan'ny Zanany amim-boninahitra lzy.

Vakiteny Enti-mandalina

- Dallin H. Oaks, "Preparation for the Second Coming," *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 7–10.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Ho avy amin'ny hery sy voninahitra ny Mpamonjy

Anontanio ireto fanontaniana manaraka ireto ireo mpianatra ary fintino eo amin'ny solaitrabe ny valin-tenin'izy ireo:

- Inona no hevitrao momba ny fotoana nanambarana ny Fiaviana Fanindroany?
- Tahaka ny ahoana ny fahitanao izany Fiaviana Fanindroany izany?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 29:11. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no ianaranareo avy amin'ity andinin-tsoratra masina ity momba ny Fiaviana Fanindroany? Rehefa mamaly ny mpianatra dia antitrantero izao fahamarinana izao: **Rehefa miverina indray ny Mpamonjy, dia ho avy amin'ny hery sy voninahitra Izy miaraka amin'ireo tafiky ny lanitra.** Soraty eny amin'ny solaitrabe io fahamarinana io.)

Hazavao amin'ny mpianatra fa misy endrika maro momba ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany azo ianarana ao amin'ny soratra masina, toy ireo famantarana izay hitranga mialoha ny fiaviany sy ny faharavan'ireo ratsy fanahy amin'ny fotoana hiaviany. Hifantoka manokana amin'ny Mpamonjy sy ny fiaviany amin'ny hery sy voninahitra ary ny fomba iomanantsika ho amin'izany trangan-javatra lehibe izany ity lesona ity. Zarao tahadika'ny tabilao "Ireo Faminiana momba ny Fiaviana Fanindroany" ny mpianatra tsirairay. Asaivo miasa tsiroaroa ireo mpianatra ary omeo tsivalana roa na telo misy andinin-tsoratra masina ho halalininy (alaivo antoka tsara fa voazara daholo ny tsivalana tsirairay). Angataho izy ireo hanoratra eo amin'ny tabilao ny zavatra ampianarin'ny andinin-tsoratra masina nomena azy momba ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany. Asao ny mpianatra hizara ny zavatra hitany rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo.

Ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany

Faminaniana momba ny Fiaviana Fanindroany	Ny zavatra ianarantsika momba ny Fiaviana Fanindroany
Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 49:6–7; Joseph Smith—Matio 1:40	
Isaia 40:5; Matio 16:27	
Isaia 52:10; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 133:3	
Zakaria 13:6; 14:4; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 45:48, 51–53	
Isaia 63:2; Apôkalypsy 19:11–13; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 133:46–48	
Asan'ny Apôstôly 1:9–11; 1 Tesaloniana 4:16	
1 Tesaloniana 4:17; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 88:96–98	
Apôkalypsy 16:20; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 133:21–24	
Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 5:19; 101:24–25; 133:41	
2 Petera 3:10; Joseph Smith—Matio 1:46–48	

Araho maso izy ireo ka ametraho ireto fanontaniana ireto:

- Raha mifototra amin'ny zavatra nianaranao, ahoana no hisehoan'ny hery sy ny voninahitr'i Jesoa Kristy amin'ny fiaviany ?
- Inona amin'ireo faminaniana momba ny Fiaviana Fanindroany no tena hitanao fa nanan-danja taminao? Nahoana?

(*Fanamarihana:* Mety hiverina hijery ny tabilao ianao alohan'ny hanohizana ny lesona ary hanontany ny mpianatra ny lanjan'ny fandalinana ny soratra masina amin'izao fomba izao—mijery ny fifandraisana misy sy ny maodely ary ny lohahevitra.)

Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 1:12; 34:5–6; 39:20; 88:81–86, 92; 133:4–5, 10

Manomana antsika amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany ireo Mpaminany

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Sterling W. Sill (1903–1994) tao amin'ny Fitopololahy ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Ny fiavian'i Kristy fanindroany dia voalaza mihoatra ny in-dimanjato sy arivo ao amin'ny Testamenta Taloha ary in-telonjato ao amin'ny Testamenta Vaovao. Raha nieritreritra Andriamanitra fa manan-danja io lohahevitra io, dia mety nisy zavatra tiany ataontsika momba izany” (ao amin'ny Conference Report, apr. 1966, 19).

Ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany	
Faminaniana momba ny Fiaviana Fanindroany	Ny zavatra ianarantsika momba ny Fiaviana Fanindroany
Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 49:6–7; Joseph Smith—Matio 1:40	
Isaia 40:5; Matio 16:27	
Isaia 52:10; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 133:3	
Zakaria 13:6; 14:4; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 45:48, 51–53	
Isaia 63:2; Apôkalypsy 19:11–13; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 133:46–48	
Asan'ny Apôstôly 1:9–11; 1 Tesaloniana 4:16	
1 Tesaloniana 4:17; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 88:96–98	
Apôkalypsy 16:20; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 133:21–24	
Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 5:19; 101:24–25; 133:41	
2 Petera 3:10; Joseph Smith—Matio 1:46–48	

- Nahoana araka ny hevitrao no manan-danja ny fahitana faminaniana maro momba ny Fiaviana Fanindroany ao amin'ny soratra masina?

Asehoy ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto na soraty eo amin'ny solaitrabe. Asaivo mampitaha am-pahanginana ireto andinin-tsoratra masina ireto ny mpianatra, hitady fomba roa hiomanantsika amin'ny Fiaviana Fanindroany.

F&F 1:12; 88:92; 133:4–5, 10

F&F 34:5–6; 39:20; 88:81–84

Apetraho ireto fanontaniana ireto na ny sasantsasany amin'izany rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo:

- Ahoana no hamintinanao amin'ny fehezanteny iray ireo fahamarinana ampianarina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo? (Alaivo antoka ny hanehoan'ny mpianatra zavatra toy ny hoe: **Nomena sy nosoratana tao amin'ny soratra masina ireo faminaniana momba ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany mba ahafahantsika miomana sy manomana ny hafa ho amin'izany andro izany.**)
- Nahoana isika no mila manomana ny hafa fa tsy ny tenantsika fotsiny ho amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany?
- Inona avy ireo fomba vitsivitsy hanampiantsika ny hafa hiomana amin'ny fiverenan'ny Tompo?
- Ahoana araka ny hevitrao no ahafahan'ny fanampiana avy amin'ny hafa hiomana amin'ny Fiaviana Fanindroany manampy anao hiomana ihany koa?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



“Na dia tsy manana fahefana hanova ny Fiaviana Fanindroany sy tsy afaka ny hahafantatra ny fotoana marina hitrangany aza isika dia afaka manafaingana ny fiomanantsika manokana sy miezaka hampiomana ireo izay manodidina antsika. ...

“Manao ahoana re raha toa ka rahampitso no andro hahatongavany? Raha nahafantatra isika fa rahampitso no hihaona amin'ny Tompo—noho ny fahafatesantsika alohan'ny fotoana na noho ny fiaviany tsy ampoizina—inona no ho ataontsika anio? Inona avy no fiaiken-keloka hataontsika? Inona avy no fomba fanaontsika izay hatsahatsika? Inona avy no olana eo amin'ny fifandraisana aman'olona izay halamintsika? Inona avy ireo famelan-keloka hataontsika? Inona avy ireo fijoroana ho vavolombelona hozaraintsika?

“Raha toa ka hanao ireo zavatra ireo isika, nahoana izany no tsy atao ankehitriny? Nahoana no tsy katsahina ilay fiadanana rehefa azo alaina izany? Raha toa ka lany ny fanalan'ny fiomanantsika, aoka isika hameno izany avy hatrany” (“Preparation for the Second Coming,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 8, 9).

- Inona no azon'ny olona iray hatao mba hanafainganana ny fiomanany amin'ny Fiaviana Fanindroany?
- Inona no loza misy raha mitsahatra tsy miomana isika?

Matio 25:1–13***Miomana amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany***

Hazavao amin'ny mpianatra fa nanontany momba ireo famantarana mialoha ny Fiaviany Fanindroany ny mpianany andro vitsivitsy talohan'ny nahafatesan'i Jesoa Kristy (jereo ny Matio 24:3; Joseph Smith—Matio 1:4). Hita ao amin'ny Matio 24–25 ny valintenin'ny Mpamonjy. Manasà mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny Matio 25:1–13 ary asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra sisa. Tariho hanao fifanakalozan-kevitra momba ilay fanoharana ny amin'ny virijiny folo avy eo ireo mpianatra amin'ny alalan'ireto fanontaniana sy teny manaraka ireto:

- Inona no heverinao fa adala tamin'ny zavatra nataon'ireo virijiny dimy? (Tsy nanao izay zavatra tokony nataony ireo virijiny adala dimy tamin'ny fiomanany tamin'ny fiavian'ny Mpamonjy. Mitondra fitahiana lehibe ho antsika ny fiezahana amim-pahavitrihana hiomana amin'ny fiavian'ny Mpamonjy amin'ny fanaovana izay fantatsika fa mety, tafiditra amin'izany ny fahavononantsika hiaraka amin'ny Mpamonjy rehefa tonga Izy.)
- Inona no maha-manan-danja ilay fehezanteny manao hoe “mivoaha mba hitsena azy”? (andiny 6). Maninona no tsy miandry Azy amim-paharetana hanatona anao? (Jereo koa ny F&F 133:5, 10, 14, 19.)
- Nahoana no tsy afaka nizara ny solikany tamin'ireo virijiny adala ireo virijiny hendry?
- Inona no ampianarin'ity fanoharana ity anao momba ny fiomanana hitsena ny Mpamonjy? (Na dia mety hampiasa fiteny samy hafa aza ireo mpianatra dia mety haneho fitsipika mitovitovy amin'ity izy ireo: **Afaka miomana amin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany isika amin'ny alalan'ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra.** Jereo koa ny F&F 45:56–57.)

Ampio amin'ireto fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks sy ny Loholona David A. Bednar avy ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifololahy ireto ny fifanakalozan-kevitra:



“Momba [ny fanoharana ny amin'ny virijiny folo] dia hoy ny Tompo, ‘Ary amin'izany andro izany, rehefa ho avy amin'ny voninahitro aho, dia ho tanteraka ny fanoharana izay noteneniko momba ny virijiny folo’ (F&F 45:56).

“Io fanoharana nomena ao amin'ny toko faha 25-n'ny Matio io dia mampiseho ny fahasamihafan'ny virijiny dimy adala sy ny virijiny dimy hendry. Samy nasaina ho amin'ny fanasan'ny fampakaram-bady izy folo, kanefa ny antsasany tamin'izy ireo ihany no niomana tamin'ny solika ho an'ny fanala rehefa tonga ny mpampakatra. Ireo dimy izay niomana dia nakany amin'ilay fanasan'ny fampakaram-bady, ary nikatona ny varavarana. Ny dimy izay nangatak'andro tamin'ny fiomanany kosa dia tonga tara. Efa nikatona ny varavarana ary nandà ny fidiran'izy ireo ny Tompo nanao hoe: ‘Tsy fantatro ianareo’ [Matio 25:12]. ‘Koa amin'izany miambena hianareo,’ hoy ny Mpamonjy teo am-pamaranana, ‘fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora’ [Matio 25:13].

“Mampihorin-koditra ny hafatra avy amin'ity fanoharana ity. Mazava ho azy fa ireo virijiny folo dia ampitahaina amin'ireo mpikamban'ny Fianganon'ny Kristy, samy nasaina tamin'ny fampakaram-bady avokoa izy rehetra ary samy nahalala ny fepetra takiana mba ho voaray rehefa tonga ny mpampakatra. Saingy ny antsasany ihany no vonona rehefa tonga izy” (Dallin H. Oaks, “Preparation for the Second Coming,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 8).



“Moa ve tia tena sy tsy te-hizara ireo virijiny dimy hendry, sa nanoro mazava tsara izy ireo fa tsy azo indramina ny soliky ny fiovam-po? Azo omena olona hafa ve ny hery arapanahy izay azo avy amin’ny fankatoavana hatrany ireo didy? Azo atolotra ny olona iray izay mila izany ve ny fahalalana azo avy amin’ny fandalinana sy fisaintsainana lalina amim-pahazotoana ny soratra masina? Azo afindra amin’ny olona iray miatrika zavatsarotra sy fanamby ve ny fiadanam-po entin’ny filazantsara ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany iray mahatoky? Tsia no valiny mazava ho an’ny tsirairay amin’ireo fanontaniana ireo.

“Araka ny namafisin’ireo virijiny hendry ireo, dia mila “mividy ho an’ny tenantsika” ny tsirairay avy amintsika. Tsy niresaka fifanaovan-draharaha ara-barotra ireo vehivavy nentanim-panahy ireo; fa nanindry kosa ny andraikitsika tsirairay avy mba hanao izay hampirehitra foana ny fanalan’ny fijoroantsika ho vavolombelona sy hahazo famatsiana ampy amin’ny soliky ny fiovam-po. Azo indray mitete isak’izay mandeha ity solika sarobidy ity—’andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra [sy] fitsipika anampy fitsipika’ (2 Nefia 28:30), amim-paharetana sy tsy an-kijanona. Tsy misy fomba tsotsotra tsy mitaky ezaka; tsy misy fiomanana maimaika azo atao amin’ny fotoana farany.” (David A. Bednar, “Miova Fo ho an’ny Tompo,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2012, 106).

- Nahoana isika no tokony ho maika amin’ny fiomanana amin’ny Fiavian’i Kristy Fanindroany?

Soraty eo amin’ny solaitrabe ity fehezanteny tsy feno manaraka ity ary asaivo misaintsaina sy manoratra ny mety hamenoany izany ny mpianatra:

Mba hanafainganako ny fiomanako amin’ny Fiavian’i Kristy Fanindroany, izaho dia

Amporisiho ny mpianatra hieritreritra ny fomba manokana hanampiany ny fianakaviany sy ny namany na ny hafa hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fiomanana amin’ny fiverenan’i Jesoa Kristy. Amporisiho ny mpianatra hanolo-tena amin’ny Tompo fa hanaraka ny fitaomam-panahy rehetra izay voarainy.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Matio 25:1–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana–19.
- Torolalana ho an’ny Soratra Masina, “Fiavian’i Jesoa Kristy Fanindroany”; scriptures.lds.org.
- Dallin H. Oaks, “Preparation for the Second Coming,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 7–10.

Hanapaka amin'ny maha-Mpanjakan'ny Mpanjaka sy hitsara izao tontolo izao i Jesoa Kristy

26

Fampidirana

"Hanapaka amin' ny maha-Mpanjakan' ny mpanjaka sy hanjaka amin' ny maha-Tompon'ny tompo Azy [i Jesoa Kristy mandritra ny Arivotaona], ary handohalika ny lohalika rehetra ary ny lela rehetra hidera Azy. Isika tsirairay dia mbola hijoro hotsaraina eo

anatrehany araka ny asa sy ny fanirian' ny fontsika." ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon' ny Apôstôly," *Ensign na Liahona*, apr. 2000, 3). Ity lesona ity dia hanampy ny mpianatra hahatakatra fa tsy mila miandry ny Arivotaona izy vao hahazo ny fitahian'izany.

Vakiteny Enti-mandalina

- Toko 45, "Ny Arivotaona," *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* [2009], 307–12.
- Toko 46, "Ny Fitsarana Farany," *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* [2009], 313–19.
- Raha misy: Toko 37, "The Millennium and the Glorification of the Earth," *Doctrines of the Gospel Student Manual*, boky faharoa (Church Educational System manual, 2010), 104–6.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 65:1–6

I Jesoa Kristy Tenany mihitsy no hanjaka etỳ an-tany

Asaivo mitanisa ireo zavatra fangatangy tsy tapaka amin'ny alalan'ny vavaka ireo mpianatra ary asaivo soratany amin'ny taratasy izany. Asao ny mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra nosoratany raha tsy mampaninona azy ny manao izany.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny sasin-tenin'ny fizarana ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 65. (Raha tsy manana ny soratra masina natonta tamin'ny 2013 ireo mpianatra dia hazavao fa ity fizarana ity dia fanambarana momba ny vavaka izay nomena tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith.) Hazavao fa milaza amintsika ny zavatra izay tokony hangatahintsika amin'ny alalan'ny vavaka ny Tompo ao anatin'ity fanambarana ity, indrindra fa amin'izao fahatanterahan'ireo zavatra efa nambara tamin'ny faminiana fa hitranga amin'ny andro farany izao.

Mangataha mpianatra roa hifandimby hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 65:1–2. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra sady mitady ny famaritan'ny Mpamonjy ny fampielezana ny filazantsara. Manontania avy eo hoe:

- Hatraiza no hiely ny filazantsaran'i Jesoa Kristy? (Tokony hamantatra izao fotopampianarana izao ny mpianatra: **Handeha hatrany am-paran'ny tany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy**. Soraty eo amin'ny solaitrabe io fotopampianarana io.)
- Araka ny andininy 2, inona ilay vato nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana?

Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) ity aorian'ny valintenin'ny mpianatra:



“Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ... no ilay fanjakana, naorin'Andriamanitra ny lanitra, izay tsy ho rava na havela ho an'olon-kafa mandrakizay. ... Tany am-piandohan'ny taonjato fahasivy amin'ny folo no tonga ilay andro ... [izay] nananganana ny Fiangonana. Kely izy tamin'izany, nahitana mpikambana enina fotsiny, raha ampitahaina amin'ilay vato nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana ka hanorotoro ireo firenena hafa sy hikodiadia ary hameno ny tany manontolo. ... Mikodiadia mameno ny tany ilay vato ankehitriny” (“The Stone Cut without Hands,” *Ensign*, mey 1976, 8, 9).

- Midika inona aminao ny maha-mpikamban'ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany anao?


Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:3–4. Asao ny mpianatra iray hafa hamaky mafy ny andininy 5–6. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra sady mitady ny torohevitra ny Tompo mikasika ny zavatra izay tokony hangatahintsika amin'ny alalan'ny vavaka. Dia mametraha an' ireto fanontaniana manaraka ireto avy eo:

- Araka ireo andininy ireo, inona no tokony hangatahintsika amin'ny alalan'ny vavaka eo am-piomanana amin'ny Fiaviana Fanindroany? (Rehefa mamaly io fanontaniana io ny mpianatra dia azonao atao ny manasa azy ireo hampitaha ny andininy 6 amin'ny teny ao amin'ny Vavaka Nampianarin'ny Tompo hita ao amin'ny Matio 6:10.)
- Inona avy ireo fanjakana roa resahina ao amin'ny andininy 6? (Ny “fanjakan' Andriamanitra” eto an-tany [na ny Fiangonana] sy ny “fanjakan'ny lanitra.”)
- Inona ny didy nomen'ny Tompo an'ny “fanjakan' Andriamanitra” eto an-tany? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia antitrantero ity fotopampianarana manaraka ity: **Hiparitaka eran'izao tontolo izao ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany, na ny Fiangonan'i Jesoa Kristy, ka hanomana ny mponin'ny tany amin'ny fanjakan'ny arivotaona an'i Kristy.**)

(*Fanamarihana*: Azonao atao ny manamafy fa hampihatra ny fahefana ara-pôlitika sy ara-pivavahana eo amin'ny tany manontolo i Jesoa Kristy mandritra ny Arivotaona. [Raha misy dia jereo ny *Doctrine and Covenants Student Manual*, 2nd ed. (Church Educational System manual, 2001), 139–40.]

Adikao eo amin'ny solaitrabe ity tabilao manaraka ity na ataovy amin'ny taratasy kely dia zarao amin'ireo mpianatra (aza soratana ny zavatra ao anaty fononteny):

I Jesoa Kristy sy ny Arivotaona		
Inona no hataon'i Kristy mandritra ny Arivotaona?	Isaia 9:6–7; 33:22; Apôkalypsy 11:15; 1 Nefia 22:24	(Hitondra ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany izy. Ho mpitsara sy ho mpanao lalàna izy ary hanavotra antsika.)
Aiza i Kristy no hanjaka mandritra ny Arivotaona?	Zefania 3:15–17; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana; 45:59	(Hitoetra eto an-tany eo anivon'ny olony izy.)
Ahoana no hanjakan'i Kristy mandritra ny Arivotaona?	Apôkalypsy 19:15; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 38:21–22	(Ho mpanjaka sy mpanao lalàna i Kristy.)
Hiteraka inona ny fanjakan'i Kristy?	Isaia 2:2–4; 1 Nefia 22:25–28; 2 Nefia 30:10–18	(Fiadanana, firaisan-tsaina ary fahamarinana no haorina ato an-tany. Tsy hanan-kery eo amin'ny fon'ny olona i Satana.)



(*Fanamarihana*: Azonao atao ny manazava fa ity asa ity dia natao mba hanehoana ny mahatsara ny fandalinana ny soratra masina araky ny lohahevitra indraindray. Rehefa mandalina ny soratra masina araky ny lohahevitra isika, dia afaka mahita ny antsipiriany—tahaka ny maodely na ny foto-kevitra—mazava kokoa.

Zarao ho vondrona misy mpianatra tsiefatrefatra ny kilasy. Asao ny mpianatra iray isaky ny vondrona mba handalina ny andinin-tsoratra masina sy hamaly ny fanontaniana eo amin'ny tsivalana voalohany amin'ny tabilao. Asao ny mpianatra iray hafa ao amin'ny vondrona tsirairay hanao toy izany koa amin'ny tsivalana faharoa, ary toy izany hatrany hatrany. Toroy hevitra ireo mpianatra hijery manokana ny teny sy andian-teny manampy azy ireo hamaly ny fanontaniana nomena azy. Afaka asainao asian'ireo mpianatra marika ireo zavatra hitany. Asaivo mifanakalo hevitra momba ny zavatra nianarany amin'ny mpiray vondrona aminy ny mpianatra rehefa avy nomena fotoana ampny ho azy ireo.

(*Fanamarihana*: Raha misy mandritra ny fanomanana ny lesona dia jereo ity boky torolalana ity ho an'ny fanazavana ny 1 Nefia 22:26: *Book of Mormon Student Manual* [Church Educational System manual, 2009], 48.)

Dia apetraho avy eo ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Avy amin'ny zavatra noresahinareo, inona no tena andrandrainareo amin'ny Arivotaona? (Soraty eo amin'ny solaitrabe ity fotopampianarana ity aorian'ny valintenin'ny mpianatra: **Ny Mpamonjy Tenany mihitsy no hanjaka ety an-tany mandritra ny Arivotaona.**)
- Milazà fomba vitsivitsy ahafahantsika mamela ny Mpamonjy hanjaka ao amin'ny fiainantsika amin'izao fotoana izao.
- Ahoana no mety ho fiovan'ny fiainantsika raha mamela an'i Kristy hanjaka eo amin'ny fiainantsika isika?

Vakio mafy ity fanambarana manaraka izay nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball ity:



“Rehefa voafatotra i Satana ao anatin’ny tokantrano iray monja—rehefa voafatotra i Satana ao amin’ny fiainana iray monja—dia efa nanomboka sahady ny Arivotaona ao anatin’izany tokantrano izany, ao amin’izany fiainana izany” (*The Teachings of Spencer W. Kimball*, ed. Edward L. Kimball [1982], 172).

Omeo fotoana ireo mpianatra hisaintsaina ny zavatra hataon’izy ireo hanasana ny Mpamonjy hanjaka ao amin’ny fiainan’izy ireo.

Jaona 5:22; Matio 12:36–37; Apôkalypsy 20:12–13; Môsià 4:30; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:9

Ho mpitsara antsika i Jesoa Kristy

Asehoy ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto na soraty eo amin’ny solaitrabe:

Jaona 5:22

Matio 12:36–37

Apôkalypsy 20:12–13

Môsià 4:30

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:9

Asaivo alain’ireo mpianatra sary an-taina ny hoe inona no mety havalin’izy ireo raha misy namana mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto: “Iza no ho mpitsara antsika amin’ny Andron’ny Fitsarana?” ary “Mifotra amin’inona no hitsarana antsika?” Omeo minitra maromaro ireo mpianatra handalinana ireo andinin-tsoratra masina voatanisa eo amin’ny solaitrabe ireo ary hamolavola valin’io fanontaniana io. Rehefa afaka fotoana vitsivitsy dia asaivo mifanakalo hevitra amin’ny olona mipetraka eo akaikiny ny mpianatra momba ny valinteny. Avy eo dia anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no nianaranareo momba ny Andro Fitsarana? (Tokony hamantatra izao fotopampianarana izao ny mpianatra: **Ho mpitsara antsika i Jesoa Kristy.**)
- Mifotra amin’inona no hitsaran’ny Mpamonjy antsika? (Tokony ahitana ireto fotopampianarana ireto ny valiny: **Hitsara antsika araka ny tenintsika, ny eritreritsika, ny asantsika ary ny fanirian’ny fontsika ny Mpamonjy.**)

Vakio mafy ity fanambarana manaraka nataon’ny Loholona Richard G. Scott ao amin’ny Kolejiny Apôstôly Roambinifolo ity:



“Nanana fiainana tonga lafatra sy tsy nisy ota ny Tompontsika ka noho izany dia tsy niharan’ny fitakian’ny fahamarinana lzy. Tanteraka lzy amin’ny toetra rehetra, anisan’izany ny fitiavana, fangorahana, faharetana, fankatoavana, famelan-keloka ary fanetrentena. ...

“Mijoro ho vavolombelona aho fa amin’ny alalan’ny fijaliany sy ny fangirifiriany izay tsy takatry ny saina sady tsy voavidim-bola dia nahazo ny zo ho Mpanavotra sy Mpanelanelana ary Mpitsara Farany antsika ny Mpamonjy” (“The Atonement Can Secure Your Peace and Happiness,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2006, 42).

- Mampiova inona amin’ny zavatra tsapanao mikasika ny Fitsarana Farany ny fahafantarana fa i Jesoa Kristy no “Mpitsara Farany”?

Amporisiho hanoratra amin'ny karatra kely na taratasy izao fanontaniana manaraka izao ny mpianatra ary asaivo ataony amin'ny toerana hita maso sy miavaka izany: Ahoana no hamelako an'i Jesoa Kristy hanjaka eo amin'ny fiainako androany?

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 25:31–46.
- Toko 45, “Ny Arivotaona,” *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* [2009], 307–12.
- Toko 46, “Ny Fitsarana Farany,” *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* [2009], 313–19.

27

I Jesoa Kristy no fahazavana sy fiainana ary fanantenan'izao tontolo izao

Fampidirana

I Jesoa Kristy “no fahazavana, fiainana ary fanantenan'izao tontolo izao.” (“Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon’ ny Apôstôly,” *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 3). Ity lesona ity dia hanampy ny mpianatra

hahatakatra fa rehefa manantona an’i Kristy izy dia hahazo fanantenana bebe kokoa ny fiainana mandrakizay sy ho vonona bebe kokoa hiaritra ireo fitsapana eo amin’ny fiainana.

Vakiteny Enti-mandalina

- Dieter F. Uchtdorf, “Ny Fanantenana ny Fahazavan’ Andriamanitra,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 70, 75–77.
- Dieter F. Uchtdorf, “The Infinite Power of Hope,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2008, 21–24.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Jaona 1:1–9; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 88:6–13

I Jesoa Kristy no no fahazavan'izao tontolo izao

Vakio ity fanambarana manaraka nataon’ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin’ny Fiadidiana Voalohany ity. Angataho ny mpianatra hihaino ny toe-javatra izay mety hahatonga ny olona iray hahatsapa fa toy ny hoe hodidinin’ny haizina izy:



“Manana hosodoko ankamamiako izay aho ao amin’ny biraoko izay nomena ny anarana hoe *Fidirana ho amin’ny Fahazavana*. Namako iray izay no namorona izany, ilay mpahaikanto Danoa Johan Benthin, izay filohan’ny tsatòka voalohany tao Copenhagen, Danemark.

“Maneho efitrano maizina iray ilay hosodoko ary misy varavarana misokatra mampiditra hazavana mampiratra. Mahaliana ahy ny hoe tsy manazava ilay efitrano manontolo ilay hazavana avy eo amin’ny varavarana—ilay faritra manatrika ny varavarana raha iny vao hiditra iny ihany no mazava.

“Ny haizina sy ny hazavana ao amin’io hosodoko io amiko dia fanoharana ny fiainana. Ampahany amin’ny toe-tenantsika amin’ny maha-olona mety maty ny mahatsapa indraindray fa toy ny hoe hodidinin’ny haizina isika. Mety nodimandry ny olon-tiantsika iray, na mety nania ny zanaka iray, na mety naharay valin’ny famantarana aretina mampikorontan-tsaina isika, na mety manana olana eo amin’ny asa isika ary mety vesaran’ny ahiahy sy ny tahotra; na mety mahatsapa ho irery na tsy tiana.

“Kanefa na dia mety mahatsiaro ho very eo anivon’ireo toe-javatra iainantsika ankehitriny aza isika dia nampanantena ny fanantenana ny hazavany Andriamanitra—Nampanantena ny hanazava ny lalana eo alohantsika Izy sy ny haneho antsika ny lalana hivoahana ao amin’ny haizina” (“Ny Fanantenana ny Fahazavan’ Andriamanitra,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 70).

- Inona avy ireo toe-javatra vitsivitsy izay mety hahatonga ny olona hahatsapa fa toy ny hoe hodidinin’ny haizina izy?
- Inona no nolazain’ny Filoha Uchtdorf fa afaka ataon’ Andriamanitra raha mahatsapa toy izany isika?

Aorian'ny valintenin'ny mpianatra dia hazavao fa hifantoka amin'ny fomba ahazoantsika fahazavana sy fanantenana avy amin' Andriamanitra ity lesona ity na inona na inona toe-javatra misy antsika.

Angataho ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny Jaona 1:1–5. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra sady mitady ny teny sy andian-teny nampiasain'i Jaona hamaritana ny Mpamonjy. Soraty eo amin'ny solaitrabe ity fotopampianarana ity eo am-pilazan'ny mpianatra ny zavatra hitany: **I Jesoa Kristy no fahazavan'izao tontolo izao.**

Asaivo mamaky am-pahanginana ny Jaona 1:6–9 ny mpianatra mba hanampiana azy ireo hahatakatra lalindalina kokoa momba io fotopampianarana io. Manontania avy eo hoe:

- Inona no ampianarin'ireo andininy ireo momba ny andraikitr'i Jesoa Kristy amin'ny maha-fahazavan'izao tontolo izao Azy?
- Nahoana ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ho an'ny andininy 9 no manampy anao hahatakatra fa i Jesoa Kristy dia afaka ho fahazavan'izao tontolo izao ho an'ny olona tsirairay avy?

Lazao ny mpianatra fa ny hoe fahazavana “izay mahazava ny olona rehetra” (Jaona 1:9), na ny Fahazavan'i Kristy “dia matetika antsoina hoe ny Fanahin'ny Tompo, ny Fanahin' Andriamanitra, ny Fanahin'i Kristy, na ny Fahazavan'ny Fiainana” ao amin'ny soratra masina (*Miorim-paka ao amin'ny finoana: Boky fanovozan-kevitra mikasika ny filazantsara* [2004], 96). Voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88 ny Fahazavan'i Kristy.

Tendreo hiasa tsiroaroa ireo mpianatra. Asaivo mandalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–13 izy ireo ary hamantatra ny maha-loharanon'ny hazavana sy fiainana an'i Jesoa Kristy. Apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo:

- Ahoana no hiantefan'ny Fahazavan'i Kristy eo amin'ny faharian'ny Ray any Andanitra rehetra?
- Inona no ambaran'ny fahamarinana ao amin'ireo andininy ireo momba ny fiasan'ny herin'ny Fahazavan'i Kristy eo amin'ny olona tsirairay?
- Nahoana no ilaina ny mahatakatra fa ny fahazavana izay mitantana izao rehetra izao dia “ilay fahazavana mampahavitrika ny fahatakaranareo”? (F&F 88:11).

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Tena misy ny fahazavan' Andriamanitra. Afaka mahazo izany ny rehetra! Manome aina ny zava-drehetra izany [jereo ny F&F 88:11–13]. Manana hery izany hanalefahana ny fanaintainan'ny ratra lalina indrindra. Afaka manasitrana ny fanirery sy ny aretin'ny fanahitsika izany. Afaka mamboly ny voan'ny fanantenana mamiratra kokoa izany na dia ao anatin'ny fahadisoam-panantenana aza. Afaka manome hazavana izany na dia ao anatin'ny fahoriana lalina indrindra aza. Afaka manazava ny lalana eo alohantsika izany ary mitarika antsika ao anatin'ny alimikitra mba ho any amin'ny fanantenan'ny maraina vao.

“Izany no 'Fanahin'i Jesoa Kristy,' izay manome 'fahazavana ho an'ny olona rehetra izay tonga eo amin'izao tontolo izao.' [F&F 84:45–46]” (“Ny Fanantenana ny Fahazavan' Andriamanitra,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 75).

Manaova fifanakalozan-kevitra miaraka amin'ny mpianatra momba an'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona avy ireo fitahiana azo avy amin'ny fahazavana izay omen'ny Ray any Andanitra antsika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy araka ny voalazan'ny Filoha Uchtdorf?
- Oviana ianao no niaina ireo fitahiana noresahin'ny Filoha Uchtdorf ireo?

Soraty eo amin'ny solaitrabe ity fehezanteny tsy feno manaraka ity:

Ny Fahazavan'Izao Tontolo Izao dia manome ...

Asaivo vakian'ny mpianatra indray ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:13 hitadiavana ny andian-teny hamenoana ilay fehezanteny eo amin'ny solaitrabe.

Anontanio hoe:

- Inona no ifandraisan'ny andraikitry ny Mpamonjy amin'ny maha fahazavan'izao tontolo izao Azy amin'ny andraikiny amin'ny maha-fiainan'izao tontolo izao Azy?
- Amin'ny toe-javatra toy inona no mifandray ny fahazavana sy ny fiainana? (Azonao atao ny manamarika fa i Jesoa no "*fiainan'izao tontolo izao satria mamonjy antsika amin'ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy ny sorompanavotany*" [Dallin H. Oaks, "The Light and Life of the World," *Ensign*, nôv. 1987, 65].)
- Inona no mety ho vokany raha tsy manohana ny zava-drehetra intsony ny fahazavana sy ny herin'ny Mpamonjy? (Tsy hisy fiainana intsony.)

Hazavao fa manome ohatra mikasika ny maha Fahazavan'Izao Tontolo Izao ara-bakiteny an'i Jesoa ny soratra masina. Tamin'ny fotoana nahafatesan'ny Mpamonjy dia nisy haizina hateloana izay nampiseho fa nandao izao tontolo izao ny fahazavan'izao tontolo izao (jereo ny 3 Nefia 8:20–23). Etsy andanin'izay dia narahin'ny kintana sy hazavana lehibe teny amin'ny lanitra hateloana ihany koa ny fahaterahan'ny Mpamonjy (jereo ny Helamàna 14:3–5; 3 Nefia 1:15, 21).

Salamo 146:5; Romana 5:3–5; 15:13; Etera 12:4, 32; Môrônia 7:3, 40–41

I Jesoa Kristy no fanantenan'izao tontolo izao

Hazavao amin'ny mpianatra fa misy heviny maro ny teny hoe *fanantenana*. Ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny teny hoe fanantenana dia "*fiandrandrana amimpahatokiana sy faniriana ireo fitahiana nampanantenain'ny fahamarinana*" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanantenana"; scriptures.lds.org). Antsoina matetika hoe "*ny fanantenan'izao tontolo izao*" ny Mpamonjy satria azontsika avy amin'ny alalany ireo fitahiana nampanantenain'ny fahamarinana ("*Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon' ny Apôstôly,*" *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 3).

Asehoy ireto fanontaniana sy andinin-tsoratra masina manaraka ireto na soraty eo amin'ny solaitrabe:

Mifototra amin'inona ny tena fanantenana marina? (Etera 12:4, 32; Môrônia 7:3, 40–41)

Inona no entin'ny fanantenana ho antsika eto amin'ity fiainana ity? (Salamo 146:5; Romana 5:3–5; 15:13)

Zarao ho vondrona madinidinika ireo mpianatra. Asaivo mandalina ny tsirairay amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ny vondrona sy hitady ny teny na andian-teny

manan-danja momba ny fanantenana ary hifanakalo hevitra mikasika ny valim-panontanin'izy ireo. Asao ireo vondrona hamintina amin'ny fehezanteny iray na roa ny fotopampianarana na fitsipika izay nianarany mikasika ny fotopampianaran'ny fanantenana rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo. Asaivo mizara ny famintinany amin'ny mpianatra ireo vondrona. Alaivo antoka ny ahatakarany mpianatra fa **ny fanantenana dia fananana fahatokiana fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fankatoavana ny didy, dia hahazo ny fitahiana nampanantenan' Andriamanitra isika, anisan'izany ny fiainana mandrakizay.** Raha mbola ampy ny fotoana dia azonao atao ny mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Milaza inona aminao ny teny hoe *amin-pahatokiana* ao amin'ilay andian-teny manao hoe “mahazo manantena amin-pahatokiana tokoa tontolo iray tsara kokoa” (Etera 12:4)? (Fahatokian-tena, fahazoana toky na tsy misy isalasalana. Azonao atao ny manoro hevitra ireo mpianatra mba hanoratra io famaritana io eo amin'ny sisin'ny pejy ao amin'ny soratra masin'izy ireo eo anilan'ny Etera 12:4.)
- Ahoana no hahafahan'ny fanantenana ho “vatofantsika ho an'ny fanahin'ny olona” sy hanampy antsika ho “azo antoka sy hifototra, hahefa be mandrakariva amin'ny asa tsara” araka ny voafaritry ao amin'ireo andininy ireo? (Etera 12:4).

Asehoy ity fehezanteny manaraka ity ary mangataka mpianatra iray hamaky izany mafy:

“Matoky ny fampanantenan' Andriamanitra isika rehefa manana fanantenana. Manana fahatokiana anaty isika fa rehefa manao 'ny asan'ny fahamarinana,' dia 'handray ny valisoa[ntsika], hatramin'ny fiadanana eo amin' ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo hoavy' (F&F 59:23). Nampianatra i Môrmôna fa avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ihany no ahazoana fanantenana toy izany [jereo ny Môrônia 7:41]” (*Miorim-paka ao amin'ny finoana: Boky fanovozan-kevitra mikasika ny filazantsara* [2004], 85).

- Ahoana no maha-zava-dehibe ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany eo amin'ny fampitomboana fanantenana marina? Ahoana no ahafahan'izany manampy anao hahatakatra ny antony mahatonga an'i Jesoa Kristy ho fanantenan'izao tontolo izao? (Afaka ny hijery mihoatra ny fahoriana sy ny alahelo eto an-tany isika ka hifantoka amin'ireo fitahiana azo avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotany, toy ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fiainana mandrakizay, rehefa manantena ao amin'i Jesoa Kristy.)
- Inona no azonao atao mba hanana fanantenana bebe kokoa eto amin'ity fiainana ity?

Raha manentana anao ny Fanahy Masina dia azonao atao ny mangataka ireo mpianatra hizara traikefa momba ny fotoana iray izay nahatonga ny fanantenany ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'i Jesoa Kristy ho fitahiana ho an'ny tenany manokana na ho an'ny hafa.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Salamo 146:5; Jaona 8:12; Romana 5:3–5; 15:13; 1 Petera 1:3; Etera 12:4, 32; Môrônia 7:3, 40–41; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–13; 138:14.
- Dieter F. Uchtdorf, “Ny Fanantenana ny Fahazavan' Andriamanitra,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 70, 75–77.

28

Vavolombelona manokan'i Jesoa Kristy

Fampidirana

Hoy ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kolejiny Apôstôly Roambinifolo: "Mijoro ho vavolombelona izahay, amin' ny maha apôstôly voatendriny anay—fa i Jesoa no ilay Kristy Velona, ilay Zanakalahin' Andriamanitra tsy mety maty" (" Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon' ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona*, apr. 2000, 3). Tao anatin'ity fandaharam-pampianarana ity isika dia nandalina ny

asa fanompoana mandrakizain'i Jesoa Kristy sy ny fijoroana ho vavolombelon'ireo mpaminany momba Azy. Voaomana ny hizara amin'ny hafa ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny tenantsika manokana momba ny Mpamonjy isika rehefa mandray tenivavolombelona amin'ny alalan'ny Fanahy Masina fa i Jesoa no ilay Kristy Velona.

Vakiteny Enti-mandalina

- D. Todd Christofferson, "Becoming a Witness of Christ," *Ensign*, mar. 2008, 58–63.

Sosokevitra Enti-mampianatra

2 Nefia 25:26; Môsià 18:8–11

Mijoro ho vavolombelona an'i Kristy

Hanontanio ny mpianatra raha efa nisy, tamin'izy ireo, no niaina toe-javatra izay naha-mpikamban'ny Fiangonana tokana azy ireo na nahatonga azy ireo ho irery amin'ny fanarahana ny fenitra ara-pitondrantena ny Fiangonana. Asao izy ireo hamaly ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona ny tsapanao rehefa niatrika izany toe-javatra izany amin'ny maha mpanaradia an'i Jesoa Kristy ianao?
- Inona ireo lafiny manan-danja na ny lafiny sarotra vitsivitsy tamin'io zavatra niainanao io?

Ampahatsiahivo ny tantaran'i Almà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay niova fo noho ny fampianaran'ny mpaminany Abinadia ny mpianatra. Nanomboka nitory ny filazantsara koa i Almà taorian'ny fiovam-pony. Ao amin'ny Môsià 18 no ahitantsika ireo fampianarany momba ny fanekempihavananan'ny batista. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 18:8–11. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra ary mamantatra ireo toetra sy fihetsika manambara fa vonona ny hanao sy hitandrina ny fanekempihavananan'ny batista ny olona iray. Mariho ilay andian-teny hoe "hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra" ao amin'ny andininy 9 aorian'ny valintenin'ny mpianatra. Manontania avy eo hoe:

- Inona ny dikan'ny hoe mijoro ho vavolombelon' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy "amin'ny fotoana rehetra sy amin' ny zava-drehetra ary amin' ny toerana rehetra"? (Môsià 18:9).

Asehoy ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy ity ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Manana ny antso sy fanendrena ho vavolombelona manokana ny anaran'i Kristy manerana izao tontolo izao ny Apôstôly (jereo ny F&F 107:23), fa ny andraikitra ny hijoro ho vavolombelona an'i Kristy amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra dia an'ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay izay nandray ny tenivavolombelona avy tamin'ny Fanahy Masina" ("Witnesses of Christ," *Ensign*, nôv. 1990, 30).

- Iza no manana andraikitra hizara ny fijoroany ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy araka ny Loholona Oaks? (Alaivo antoka ny ahitan'ny mpianatra ity fahamarinana ity: **Nanao fanekempihavanana mba hijoro ho vavolombelon'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra.**)
- Inona no fomba hafa ahafahantsika mijoro ho vavolombelon'i Kristy ankoatra ny fizarana am-bava ny finoantsika sy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika? (Asaivo mandalina ny Matio 5:14–16 sy 3 Nefia 18:24 ireo mpianatra hanampiana azy hamaly io fanontaniana io.)

Aseho ny fanambarana manaraka nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kolejin'ny Roambinifololahy ity ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Nanome ity didy ity ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany teo anivon'ny Nefita, tany amin'ny llabolantany Andrefana: 'Aingao ambony ny fahazavanareo mba hamirapirantany eo amin' izao tontolo izao. Indro, izaho no fahazavana izay haingainareo ambony— izay efa hitanareo fa nataoko' (3 Nefia 18:24). Tokony afaka mahita taratra ny zavatr'i Jesoa Kristy ato amintsika ny olona. Hahitana taratra Azy sy ny fombany ny fomba fihetsitsika, fitenintsika, fijerintsika ary na dia ny fieritreritsika aza" ("Becoming a Witness of Christ," *Ensign* na *Liahona*, mar. 2008, 60).

- Inona ny fihetsika, na fiteny, na endrika hisehoana hitanao teny amin'ny hafa izay nahitana taratra ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy?
- Inona ny sosokevitra homenaon'ny olona iray izay misalasala na matahotra ny amin'ny maha-vavolombelona an'i Jesoa Kristy?

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andian-teny manaraka ireto:

Miresaka an'i Kristy

Mifaly amin'i Kristy

Mitory an'i Kristy

Maminany ny amin'i Kristy

Manoratra ny amin'i Kristy

Asaivo mamaky am-pahanginana ny 2 Nefia 25:26 ny mpianatra ary asao izy ireo hanazava ny fomba ahafahan'ny olona iray hizara ny fijoroany ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fomba nofintinina teo amin'ny solaitrabe. Ampiasao ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson ity raha ilaina izany mba hanampiana ny mpianatra amin'ny fifanakalozan-kevitra:



“Ny tenin’i Nefia hoe ‘miresaka an’ i Kristy isika’ [2 Nefia 25:26] dia midika fa tsy manana fisalalasalana hiresaka momba ny fahatsapantsika mikasika ny Mpamonjy any anatin’ny resaka sy toe-javatra misy antsika mahazatra isika. Matetika ireny dia toe-javatra hifaneraserana mivantana izay ahafahantsika mifanakalo hevitra amin’ny fomba malalaka sy feno hatsaram-panahy mikasika ny hoe Iza moa Izy ary Inona no zavatra nataony sy nampianariny, mamporisika ihany koa ny hafa ny hitia sy hanaraka Azy.

“Ny hoe ‘mifaly amin’ i Kristy isika’ dia midika fa miaina amin’ny fomba fijery sambatra izay ahitana taratra ny finoantsika an’i Kristy isika. Fantatsika fa ‘ampy ho [antsika] ny fahasovany’ hanavotana antsika amin’ny hafafatesana sy ny fahotana ary hahatonga antsika ho tanteraka ao Aminy (jereo ny Môrônia 10:32–33). Fantatsika fa azo antoka ny fahasambarantsika mandrakizay noho Izy na dia tojo fahadisoam-panantenana sy loza mihitsy aza isika. Mampiseho ny fomba ahitana fitsaharana ao Aminy ho an’ireo olon-kafa izay ‘miasa fatratra sy mavesatra entana’ isika rehefa asehontsika ny hazavan’ny finoantsika an’i Jesoa Kristy (jereo ny Matio 11:28–30).

“Ny hoe ‘mitory an’i Kristy isika’ dia azo antoka fa miresaka momba ny asa fitoriana amin’ny fotoana feno sy ny asa fitoriana ataon’ny mpikambana nefa tafiditra amin’izany ihany koa ireo zavatra ataontsika mandritra ny fanompoam-pivavahana sy ny kilasin’ny Sekoly Alahady ary ny sehatra toy izany hafa izay handalinana sy hianarana momba Azy. Ny fandraisantsika anjara na amin’ny mahampampianatra na amin’ny maha-mpianatra antsika dia tafiditra ao amin’ny fitondrantsika tenivavolombelona momba Azy. ...

“Ny hoe ‘maminany ny amin’i Kristy isika’ dia midika fa maneho ny fijoroantsika ho vavolombelona momba Azy isika amin’ny herin’ny Fanahy (jereo ny 1 Korintiana 12:3). ‘Ny filazana an’i Jesoa dia ny fanahin’ny faminiana’ (Apôkalypsy 19:10). Tahaka ireo izay naminany taloha ny amin’ny fiaviany voalohany, dia manamafy ihany koa isika amin’ny fiteny sy ny atao ireo faminiana momba ny Fiaviany Fanindroany. ...

“Ny hoe ‘ary manoratra araka ny faminiansika isika’ dia milaza ny fahendren’ny firaketana maharitra an-tsoratra ny fijoroantsika ho vavolombelona an’i Kristy. Takatsika fa ny tenivavolombelona izay ambarantsika dia ‘voasoratra any an-danitra mba hojeren’ ireo anjely; ary mifaly [amintsika] ireo’ (F&F 62:3). Mety hijery izany ny taranantsika sy ny hafa ary hifaly amin’ny fijoroantsika ho vavolombelona an’i Kristy izay nosoratana sy noraketina ho tombontsoan’izy ireo” (“Becoming a Witness of Christ,” *Ensign*, mar. 2008, 62–63).

Rehefa mamarana ity ampahan-desona ity ianao dia amporisiho ireo mpianatra handinika ny iray amin’ireo faritra eo amin’ny solaitrabe ary hametraka tanjona ny zavatra izay hataony mba ho vavolombelona matanjaka kokoa an’i Jesoa Kristy.

Mijoro ho vavolombelona momba an’i Jesoa Kristy

Asao ireo mpianatra hanao jery todika ny fandaharam-pianarana nandritra ny enim-bolana lasa ary hamantatra ireo andraikitra vitsivitsy an’i Jesoa Kristy sy ireo lohahevitra momba Azy izay noresahina tato am-pianarana. Fintino eo amin’ny solaitrabe ny valintenin’ireo mpianatra. (Tokony ahitana ny hoe Mpisolovava, Mpamonjy, Ilay Manonitra, Voalohan-teraka, Zanakalahitokana, Jehovah, Mesia, Mpahary ao amin’ireo anjara asa. Tokony ahitana ireto ny lohahevitra: ny maha-ivon’ny drafitr’ Andriamanitra an’i Jesoa Kristy; ny asa fanompoany talohan’ny fiainana ety an-tany; tena velona Izy; ny asa fanompoany taorian’ny fiainana ety an-tany; ny Fiaviany Fanindroany; ny fanjakany mandritra ny Arivotaona; ny Famerenana amin’ny laoniny ny filazantsarany; ny fitarihany ny Fianganana; ary ny fomba maha-fahazavana sy Fiainan’izao Tontolo izao ny Tenany.)

Alaivo ary alefaso ny rakitsarin’ity fanambarana manaraka nataon’ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) ity, izay ahitana azy nizara ny fijoroany ho vavolombelona an’i

Jesoa Kristy. Raha tsy misy amin'ny fiteniniao ilay rakitsary dia manasà mpianatra iray hamaky mafy ilay fanambarana.



"Namako i Jesoa. Mbola tsy nisy olona nanome ahy betsaka toa Azy. 'Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany' (Jaona 15:13). Nanolotra ny ainy ho ahy Izy. Nanokatra ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay Izy. Raha tsy Andriamanitra tsy afaka manao izany. Manantena aho fa azo heverina ho mendrika ny atao hoe namany.

"Izy no maodely ho ahy. Ny fomba fiainany, ny fitondrantenany tsy misy fitiavan-tena na kely aza, ny fanampiany ireo izay sahirana, ny sorona farany izay nataony, ireo rehetra ireo dia ohatra ho ahy avokoa. ...

"Izy no mpampianatra ahy. Mbola tsy nisy feo nilaza teny mahatalanjona toy izany. ...

"Izy no mpanasitrana ahy. Tena variana aho manoloana ireo fahagagana mahatalanjona nataony. ...

"Izy no mpitarika ahy. Voninahitra ho ahy ny anisan'ireo andian'olona marobe izay tia Azy sy nanaraka Azy nandritra izay roa arivo taona nandalo hatramin'ny nahaterahany izay. ...

"Izy no Mpamonjy sy Mpanavotra ahy. Nidina ambany indrindra Izy, tamin'ny nanomezany ny ainy tamin'ny fangirifiriana sy fijaliana izay tsy hay lazaina, hampitraka ahy sy ny tsirairay amintsika ary ireo zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra rehetra avy ao amin'ny lavaka tsy hita noanoan'ny haizina mandrakizay manaraka ny fahafatesana. ... Tsy manam-petra ny fankasitrahako. Tsy misy fiafarany ny fisaorako ny Tompo.

"Izy no Andriamanitra sy Mpanjakako. Hanjaka sy hanapaka amin'ny maha-Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo Azy Izy hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Tsy hanam-pahataperana ny fanapahany. Tsy hisy farany ny voninahiny" ("My Testimony," *Ensign*, mey 2000, 71).

Ampahafantaro ireo mpianatrao ireto toe-javatra mety hisy manaraka ireto: Inona ireo hevitra telo na efatra izay tena tianao hamafisina raha misy manontany ianao hoe inona no zavatra inoanao momba an'i Jesoa Kristy? Omeo fotoana hanoratany ny heviny ireo mpianatra. Asaivo mandeha tsiroaroa ireo mpianatra ary hifampizara ny valinteniny amin'ny namany. Amporisihy izy ireo hiresaka momba ny antony nisafidianany an'ireo zavatra nataony ireo sy hiresaka traikafa vitsivitsy nananany izay nampatanjaka ny fahatakarany sy ny fitiavany ny Mpamonjy. Rehefa nomena fotoana ampy tsara ireo mpianatra, dia anontanio raha misy amin'izy ireo ny maniry ny hizara ny fijoroany ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy amin'ny mpianatra rehetra.

Farano amin'ny fijoroanao ho vavolombelon'ny asa fanompoana mandrakizain'ilay Kristy Velona ny lesona. Asehoy ny fankasitrahanao ireo anjara asa manan-danja maro nosahanin'ny Tompo Jesoa Kristy nandritra ny vanimpotoana rehetra. Omeo izao fanamby izao avy eo ny mpianatra: Saintsaino hoe iza amin'ny olona fantatrareo no mety hahazo hery avy amin'ny fijoroanareo ho vavolombelona an'i Kristy. Mandritra ny herinandro manaraka sy ny aorian'izay, manapaha hevitra ny amin'ny olona izay ho taominao sy ny fomba hizaranao ny fijoroanao ho vavolombelona aminy.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 5:14–16; 2 Nefia 25:26; Môsià 18:8–11; 3 Nefia 18:24.
- D. Todd Christofferson, "Becoming a Witness of Christ," *Ensign*, mar. 2008, 58–63.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba ho vakiana
9	Ny fitaomana lalina ananan'ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • 2 Korintiana 5:21; Hebreo 2:17–18; 4:15–16; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:22; Matio 4:1–11; Lioka 22:42, 44; Jaona 6:38; 3 Nefia 11:11; Jaona 4:1–29.
10	Avia, manaraha Ahy	<ul style="list-style-type: none"> • Jaona 1:35–47; 2 Nefia 26:33; Almà 5:33–34; Matio 4:18–22; Lioka 5:11; 9:57–62; 14:25–33. • Dieter F. Uchtdorf, "The Way of the Disciple," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2009, 75–78. • Joseph B. Wirthlin, "Follow Me," <i>Ensign</i>, Mey 2002, 15–17.
11	Nandehandeha nanao soa i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Asan'ny Apostoly 10:38; Matio 5:9–12, 21–24, 38–41, 43–47; 6:14–15; 7:1–5. • Dallin H. Oaks, "Fitiavana ny Hafa sy Fiainana ao anatin'ny Fahasamihafana," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Nôv. 2014, 25–28. • Jeffrey R. Holland, "Ny Sarany Efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin'ny maha-Mpianatr'i Kristy," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2014, 6–9.
12	Ireo Fahagagana teny amin'ny lalamben'i Palestina	<ul style="list-style-type: none"> • Marka 1:39–42; 2:1–12; 5:1–8, 19, 22–43; 8:1–9; Lioka 7:11–15; 1 Nefia 11:31; Môsià 3:5–6; 3 Nefia 17:5–9. • Sydney S. Reynolds, "A God of Miracles," <i>Ensign</i>, Mey 2001, 12–13.
13	Niantso Apôstôly Roambinifolo i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 10:1–8; 16:15–19; 17:1–8; Asan'ny apostoly 1:21–22; 2:22–24, 32; 3:12–16; 4:31–33; 5:29–32; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 107:23. • Boyd K. Packer, "The Twelve," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2008, 83–87.
14	I Jesoa Kristy no ilay Mesia	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 21:1–11; Lioka 4:16–24; Jaona 6:5–15, 31–32, 49–53, 66–69. • Torolalana ho an'ny Soratra Masina: "Mesia" ; scriptures.lds.org. • G. Homer Durham, "Jesus the Christ: The Words and Their Meaning," <i>Ensign</i>, Mey 1984, 14–16.
15	Nampiorina ny Fanasan'ny Tompo i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 26:26–28; Lioka 22:17–20; 1 Korintiana 11:27–30; 3 Nefia 18:1–11, 28–29; 20:8–9; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:75–79. • Dallin H. Oaks, "Sacrament Meeting and the Sacrament," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Nôv. 2008, 17–20.
16	Nanao ny Sorompanavotana ho an'ny Fahotan'ny Olona Rehetra ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Marka 14:33–36; Lioka 22:39–46; Jaona 15:13; 1 Petera 3:18; 2 Nefia 9:21; Môsià 3:7; Almà 7:11–13; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 19:15–20. • David A. Bednar, "The Atonement and the Journey of Mortality," <i>Ensign</i>, Apr. 2012, 40–47.
17	Nijaly sy Maty teo amin'ny Hazofijalian'i Kalvary ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 27:26–54; Lioka 23:34–46; Jaona 10:11–18; 19:10–11, 19–37; 1 Nefia 19:9. • Jeffrey R. Holland, "None Were with Him," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, Mey 2009, 86–88.
18	Nanao Asa Fanompoana tany amin'ny Tontolon'ny Fanahy ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 23:39–43; 1 Petera 3:18–20; 4:6; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 128:15, 22; 138:1–37. • Spencer J. Condie, "The Savior's Visit to the Spirit World," <i>Ensign</i>, Jolay 2003, 32–36.
19	Nitsangana tamin' ny maty lzy	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 24:1–48; Jaona 20; 1 Korintiana 15:1–29, 54–58. • Dallin H. Oaks, "Resurrection," <i>Ensign</i>, Mey 2000, 14–16.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba ho vakiana
20	Nanompo teo anivon'ny "Ondri[ny] Hafa" ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Jaona 10:11–16; 3 Nefia 11:1–17; 15:16–21; 16:1–3. • Ronald A. Rasband, "One by One," <i>Ensign</i>, Nôv. 2000, 29–30.
21	Nanorina ny Fiangonany i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 10:1–4; 16:19; 17:3–7; 18:18; Asan'ny apostoly 2:1–6, 14–26; 4:1–13, 18–21; Asan'ny apostoly 10:9–20, 25–28, 34–35, 44–48; Asan'ny apostoly 15:1–11, 13–19; Efesiana 2:19–20; 4:11–14. • Jeffrey R. Holland, "Prophets, Seers, and Revelators," <i>Ensign na Liahona</i>, Nôv. 2004, 6–9.
22	Niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray sy ny Zanaka	<ul style="list-style-type: none"> • Joseph Smith—Tantara 1:5–26. • Dieter F. Uchtdorf, "The Fruits of the First Vision," <i>Ensign na Liahona</i>, Mey 2005, 36–38. • Neil L. Andersen, "Joseph Smith," <i>Ensign na Liahona</i>, Nôv. 2014, 28–31.
23	Namerina Tamin'ny Laoniny ny Fisoronany sy ny Fiangonany ary ny Filazantsarany ny Mpamonjy	<ul style="list-style-type: none"> • Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:17, 38; 18:33–35; Joseph Smith—Tantara 1:17–20. • Tad R. Callister, "What Is the Blueprint of Christ's Church?" (Fampaherezam-panahy ho an'ny Tanora Tokan-tena sy Mpivady Vao Herotrerony an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiagonana Jan. 12, 2014);LDS.org
24	Velona lzy!	<ul style="list-style-type: none"> • Môsià 5:1–15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5; 76:19–24; 110:1–4.
25	Mbola Hiverina i Jesoa Kristy Indray Andro Any	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 25:1–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:3–19. • Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany"; scriptures.lds.org. • Dallin H. Oaks, "Preparation for the Second Coming," <i>Ensign na Liahona</i>, Mey 2004, 7–10.
26	Hanapaka amin'ny maha-Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Hitsara Izaio Tontolo Izaio i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 25:31–46. • Toko 45, "Ny Arivotaona," <i>Fitsipiky ny Filazantsara</i> [2009], 263–67. • Toko 46, "Ny Fitsarana Farany," <i>Fitsipiky ny Filazantsara</i> [2009], 268–74.
27	I Jesoa Kristy no fahazavana sy fiainana ary fanantenan'izaio tontolo izaio	<ul style="list-style-type: none"> • Salamo 146:5; Jaona 8:12; Romana 5:3–5; 15:13; 1 Petera 1:3; Etera 12:4, 32; Môrônia 7:3, 40–41; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–13; 138:14. • Dieter F. Uchtdorf, "Ny Fanantenana ny Fahazavan'Andriamanitra," <i>Ensign na Liahona</i>, Mey 2013, 70, 75–77.
28	Vavolombelona Manokan'i Jesoa Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 5:14–16; 2 Nefia 25:26; Môsià 18:8–11; 3 Nefia 18:24. • D. Todd Christofferson, "Becoming a Witness of Christ," <i>Ensign</i>, Mar. 2008, 58–63.



Fambara sy Tandindona ary Sariohatra maneho an'i Jesoa ilay Kristy

Fambara sy Tandindona ary Sariohatra maneho an'i Jesoa Kristy ao amin'ny Testamenta Taloha	Fahatanterahany teo amin'ny fiainan'i Kristy
Genesisy 22:1–14	Jaona 3:16; 19:16–18; Jakôba 4:4–5
Eksôdôsy 3:7–8, 10–12	Matio 1:21; 2 Nefia 6:17
Eksôdôsy 12:3, 5–7, 13–14, 46	Jaona 1:29; 19:14, 31–36; 1 Petera 1:18–19
Eksôdôsy 16:14–15, 18	Jaona 6:5–10, 48–51
Levitikosa 8:15, 30; 17:11	Hebreo 9:22; 13:12
Levitikosa 16:2–6, 17	Hebreo 9:6–12; 10:11–12
Levitikosa 22:19–22	Hebreo 9:14; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 20:22
Nomery 21:4–9	Jaona 3:14–15; Helamàna 8:13–15
Jona 1:17; 2:10	Matio 12:38–40

Fambara sy Tandindona ary Sariohatra maneho an'i Jesoa ilay Kristy

Fambara sy Tandindona ary Sariohatra maneho an'i Jesoa Kristy ao amin'ny Testamenta Taloha	Fahatanterahany teo amin'ny fiainan'i Kristy
Genesisy 22:1–14	Jaona 3:16; 19:16–18; Jakôba 4:4–5
Eksôdôsy 3:7–8, 10–12	Matio 1:21; 2 Nefia 6:17
Eksôdôsy 12:3, 5–7, 13–14, 46	Jaona 1:29; 19:14, 31–36; 1 Petera 1:18–19
Eksôdôsy 16:14–15, 18	Jaona 6:5–10, 48–51
Levitikosa 8:15, 30; 17:11	Hebreo 9:22; 13:12
Levitikosa 16:2–6, 17	Hebreo 9:6–12; 10:11–12
Levitikosa 22:19–22	Hebreo 9:14; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 20:22
Nomery 21:4–9	Jaona 3:14–15; Helamàna 8:13–15
Jona 1:17; 2:10	Matio 12:38–40



Manasitrana ny Marary



Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa tena ilaina ny finoana mba hisian'ny fahagagana:

“Tena ilaina ny finoana mba hanasitrana amin'ny alalan'ny herin'ny lanitra. Ny Bokin'i Môrmôna aza dia mampianatra mihitsy hoe 'raha tsy misy finoana eo amin'ny zanak'olombelona dia tsy afaka manao fahagagana eo anivony Andriamanitra' (Etera 12:12) [jereo koa ny 1 Nefia 7:12; F&F 35:9]. Tao amin'ny lahateny iray miavaka mikasika ny fametrahantanana amin'ny marary dia nilaza ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: 'Matetika dia atao ambanin-javatra ny filana finoana. Matetika ilay olona marary sy ny fianakaviany dia toa miantehitra tanteraka amin'ny herin'ny fisoronana sy ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitrana izay antenainy fa ananan'ireo rahalahy mametrahantanana, kanefa ny andraikitra lehibe kokoa dia an'ilay olona hametrahantanana. . . . Ny singa manan-danja indrindra dia ny finoan'ilay olona raha toa io olona io ka mahatsiaro saina sy tompon'andraikitra. Naverimberin'ny Mpampianatra matetika tokoa ny hoe "Ny finoanao no efa nahasitrana anao" [Matio 9:22] hany ka saika lasa litania' ["President Kimball Speaks Out on Administration to the Sick," *New Era*, Ôkt. 1981, 47]" ("Healing the Sick," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2010, 49).



Nampahatsiahy antsika ihany koa ny Loholona Dallin H. Oaks fa ny fahavononana hanaiky ny sitrapon'Andriamanitra dia ampahany manan-danja amin'ny fananana finoana.

“Rehefa mampiasa ilay hery tsisy fisalasan'ny fisoronan'Andriamanitra isika sy rehefa manome lanja ny fampanantenany fa handre sy hamaly ny vavaka atao am-pinoana izy, dia tokony hahatsiaro mandrakariva isika fa ny finoana sy ny hery manasitrana'ny fisoronana dia tsy afaka ny hanome vokatra mifanohitra amin'ny sitrapon'ilay tompon'ny fisoronana. Io fitsipika io dia ampianarina ao amin'ilay fanambarana izay manoro lalana fa ireo loholon'ny Fiangonana dia tokony

hametra-tanana amin'ny marary. Ny fampanantenana nomen'ny Tompo dia hoe 'izay manam-pinoana Ahy mba ho sitrana, *ary tsy voatendry ny ho faty*, dia ho sitrana' (F&F 42:48; nampiana fanamafisana). Mitovitovy amin'izany, ao amin'ny fanambarana maoderina iray hafa dia nanambara ny Tompo fa rehefa misy olona iray 'izay mangataka araka ny sitrapon'Andriamanitra . . . izany dia to araka izay angatahiny (F&F 46:30) [jereo koa ny 1 Jaona 5:14; Helamàna 10:5].

“Mianatra isika avy amin'izany rehetra izany fa na ireo mpanompon'ny Tompo aza, izay mampiasa ny heriny avy any an-danitra amin'ny toe-javatra izay ahitana finoana ampy hahasitrana, dia tsy afaka manome tsodranon'ny fisoronana izay hahatonga ny olona iray ho sitrana raha toa ka tsy izany fahasitrana izany no sitrapon'ny Tompo.

“Amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika, dia mahatoky Azy isika noho ny fahafantarantsika ny fitiavany lehibe sy ny fahalalany amin'ny farany hoe inona no tsara indrindra mba hahasoa antsika mandrakizay. Ny fitsipika voalohany amin'ny filazantsara dia ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ary ny finoana dia midika hoe fitokisana. Nahatsapa izany fitokisana izany aho tamin'ny lahateny iray izay nataon'ny zanaky ny nenitoako nandritra ny fotoam-pandevenana ny zatovovavy iray izay maty noho ny aretina iray mahery vaika. Nilaza ireto teny ireto izy, izay nahagaga ahy tamin'ny voalohany kanefa nankahery ahy rehefa avy eo: 'Fantatro fa sitrapon'ny Tompo ny nahafatesany. Nahazo fitsaboana tsara izy. Nomena tsodranon'ny fisoronana izy. Nosoratana tany amin'ny lisitry ny olona entina amim-bavaka any amin'ny tempoly ny anarany. An-jatony maro ny vavaka natao mba hahasitrana azy. Ary fantatro fa ampy ny finoan'ity fianakaviany hoe ho sitrana izy raha tsy hoe sitrapon'ny Tompo ny haka azy hody any aminy amin'izao fotoana izao.' Nahatsapa izany fitokisana izany ao tamin'ny teny nataon'ny rain'ny zazavavikely iray hafa miavaka izay namoy ny ainy noho ny homamiadana nandritra ny fahatanorany. Hoy izy 'Ny finoan'ny fianakaviany dia ao amin'i Jesoa Kristy ary tsy miankina amin'ny vokatra mitranga izany.' Toa tena marina ho ahy ireo fampianarana ireo. Manao izay rehetra azontsika atao isika mba hanasitrana ny olon-tiantsika, ary avy eo dia matoky ny Tompo ny amin'izay vokany hitranga" ("Healing the Sick," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2010, 50).



Teny notsongaina nataon'i Jeffrey R. Holland, "This Do in Remembrance of Me"



"Inona no mety hotadidintsika rehefa tonga eo amintsika ireo tandindona tsotra sy sarobidy ireo raha ny fahatsiarovana no anton-draharaha asaina hataontsika?"

"Azontsika atao ny mahatsiaro ny fiainan'ny Mpamonjy talohan'ny nahaterahany sy ny zavatra rehetra izay fantatsika fa nataony amin'ny maha Jehovah Lehibe Azy, izay nahary ny lanitra sy ny tany ary ny zavatra rehetra izay eo aminy. Azontsika atao ny mahatsiaro fa na dia nandritra ny Filankevitra Lehibe ny Lanitra aza dia tiantsika izy ary nahatalanjona ny heriny, hany ka nandresy isika tany tamin'ny alalan'ny fahefan'i Kristy sy ny finoantsika tamin'ny ran'ny Zanak'ondry (jereo ny Apô. 12:10–11).

"Azontsika atao ny mahatsiaro ny halehibeazana tsotra mikasika ny fahaterahany teto ambonin'ny tany. . . .

"Azontsika atao ny mahatsiaro ny fahagagana nataon'i Kristy sy ny fampianarany, ny fahasitranana nataony ary ny fanampiany. Azontsika atao ny mahatsiaro fa nampahiratra ny jamba, nampalady ny marenina ary nanafaka ny mandringa, ny kilemaina sy ny mati-ila izy. Ary rehefa tonga ny fotoana hahatsapantsika fa nitsahatra ny fivoarantsika na hahatsapantsika fa nihena ny fifaliantsika sy ny fomba fijerintsika, dia afaka mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy isika. . . .

"Azontsika atao ny mahatsiaro fa na dia nomena an'izany iraka feno voninahitra izany aza ny Mpamonjy, dia nahita fahafinaretana tamin'ny fiainana izy; nankafy ny olona izy ary nilaza ny mpianany izy mba hahery. Nilaza izy fa tokony hanana fientanentanam-po amin'ny filazantsara tahaka ny olona iray nahita harena lehibe, izay voahangy lafo vidy eo amin'ny varavarantsika isika. . . .

"Azontsika atao ny mahatsiaro fa niantso ny mpianany hoe namana i Kristy. . . .

"Azontsika atao—ary tokony—mahatsiaro isika an'ireo zavatra mahafinaritra izay tonga amin'ny fiainantsika ary tokony mahatsiaro isika fa 'ny zavatra rehetra izay tsara dia avy amin'i Kristy' (Môrô. 7:24). . . .

"Ho avy ihany koa ny fotoana hahatsiarovantsika ny fomba feno faharatsiam-panahy noheverana azy, ny nolavian'ny olona azy, sy ny tsy rariny—eny, ny tsy rariny—izay niainany. Rehefa miatrika ny sasany amin'izany ihany koa isika amin'ity fiainana ity, dia afaka mahatsiaro fa i Kristy dia voageja manodidina nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy namoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy; potraka, nefa tsy maty (jereo ny 2 Kôr. 4:8–9).

"Rehefa tonga amintsika ireo fotoan-tsarotra ireo, dia afaka mahatsiaro isika fa mila nidina ho ambanin'ny zava-drehetra i Jesoa alohan'ny nahafahany niakatra ho ambonin'ny zava-drehetra, ary niaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany izy mba hahatonga ny ao anatin'ny ho feno famindram-po ary mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny (jereo ny F&F 88:6; Almà 7:11–12).

"Ho an'ireo rehetra izay mivembena na tafintohina ka mianjera dia eo izy hanohana sy hankahery antsika. Rehefa tonga ny farany dia hamonjy antsika izy, noho izany rehetra izany no nanomezany ny fiainany. . . .

". . . Azontsika atao ny mahatsiaro an'izany rehetra izany rehefa manasa antsika ny hahatsiaro an'i Kristy mandrakariva ny mpisorona tanora iray izay mivavaka eo am-pandohalihana" (*Ensign*, nôv. 1995, 67–69).



Asa ho an'ny maty atao amin'ny andro farany

Ny Loholona John A. Widtsoe (1872–1952) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nam-



pianatra mikasika ny iraka efa voatendry hatramin'ny voalohany nomena antsika mba hamonjena ny zanakalahy sy ny zanakavavin' Andriamanitra:

“Talohan'ity fiainana ity, tamin'ny fotoana nanaovana ny filan-kevitra lehibe, dia nanao fifanekena maromaro tamin'Ilay Tsitoha isika. Nanolotra drafitra ny Tompo, izay novolavolainy. Nanaiky izany isika. Satria natao ho an'ny olona rehetra ny tempoly, dia lasa anisan'ireo famonjena ho an'ny olona rehetra eo amin'izany drafitra izany isika. Nanaiky izany isika, tamin'izay fotoana izay, tsy ho mpamonjy ny tenantsika fotsiny, fa . . . ho mpamonjin'ny fianakavian'olombelona iray manontolo. Lasa mpiara-miasa amin' Andriamanitra isika. Ny fanatanterahana izany drafitra izany dia tsy lasa asan'ny Ray irery fotsiny intsony, na koa asan'ny Mpamonjy irery intsony, fa asantsika ihany koa. Ny bitika indrindra amintsika dia miara miasa amin'Ilay Tsitoha amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny drafitra mandrakizay ny famonjena (“The Worth of Souls,” *Utah Genealogical and Historical Magazine*, ôkt. 1934, 189)” (ao amin'ny *Doctrine and Covenants and Church History: Gospel Doctrine Teacher's Manual* [1999], 173).



Ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia namporisika ny tanoran'ny Fiangonana mba hanao asan'ny tempoly ho an'ny razamben'izy ireo:

“Ho fotoana nolaniana tamin'ny zavatra tsara ny fanaovanao asa any amin'ny tempoly na inona izany na inona, fa ny fanaovanao ôrdônansy isolohanao tena ny iray amin'ireo razambenao dia hahatonga ny fotoana lany any amin'ny tempoly ho masina kokoa, ary vao mainka ho lehibe kokoa aza ireo fitahiana ho azo. . . .

“Moa ve ianareo tanora maniry ny hanana fomba azo antoka hamongorana ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo? Mirotsaha lalina amin'ny fikaro-

hana ireo razambenareo, omano ny anarany hanaovana ireo ôrdônansy masina isolohana tena any amin'ny tempoly ary avy eo mandehana any amin'ny tempoly mba hijoro eo amin'ny toerany sy hisolo tena azy ireo handray ireo ôrdônansin'ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina. . . . Tsy mahita fiarovana lehibe kokoa hafa noho izany aho eo anatrehan'ny fitarihan'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo” (“Ny Fialiana avy amin'ny Fanavotana ny Maty,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2012, 93–94).



Ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanome ity fanasana sy fampamantenana manaraka ity:

“Manasa ireo tanoran'ny Fiangonana aho mba hianatra momba ny Fianahin'i Elia sy hiaina izany. Mamporisika anareo aho handalina, sy hiaroka momba ireo razambenareo ary hiomana hanatanteraka batisa amin'ny alalan'ny fisoloana tena ao amin'ny tranon'ny Tompo ho an'ireo *razambenareo* (jereo ny F&F 124:28–36). Ary mamporisika anareo aho hanampy ireo olona hafa hamantatra ny tantaram-pianakaviana.

“Raha toa ka manaiky amim-pinoana izany fanasana izany ianareo, dia hitodika any amin'ny ray ny fonareo. Hitoetra ao am-ponareo ny fampanantenana natao tamin'i Abrahama, sy i Isaka ary i Jakoba. Ilay tsodranon'ny patriarika voarainareo izay ahitana fanambarana momba ny rohim-pirazanana dia hampifandray anareo amin'ireo rainareo ireo ary ho lasa manan-danja bebe kokoa aminareo. Hitombo ny fitiavanareo sy ny fankasitranareo ireo razambenareo. Ho lalim-paka sy haharitra ny fijoroanareo ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny fiovam-ponareo hanaraka Azy. Ary mampanantena anareo aho fa ho voaro amin'ny fisarihana mahery vaika ataon'ny fahavalo ianareo. Ho voaro ianareo ao anatin'ny fahatanoranareo sy mandritra ny fiainanareo rehefa mandray anjara ao anatin'izany asa masina izany ary mitia izany” (“Hitodika ny Fon'ny Zanaka,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2011, 26–27).



Ireo Fisehoan'Ilay Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny Maty ao amin'ny Testamenta Vaovao

Andinin-tsoratra Masina	Olona Novangiana	Daty na Fotoana	Toerana	Ny Zavatra Nitranga
Jaona 20:11–18; Marka 16:9				
Matio 28:1–10				
Lioka 24:34; 1 Korintiana 15:5				
Marka 16:12; Lioka 24:13–32				
Marka 16:14; Lioka 24:33, 36–49; Jaona 20:19–23				
Jaona 20:26–29				
Jaona 21:4–23				
Matio 28:16–20; Marka 16:15–18				
Marka 16:19–20; Lioka 24:50–53; Asan'ny Apôstôly 1:9–11				
1 Korintiana 15:6				
1 Korintiana 15:7				
Asan'ny Apôstôly 7:55–56				
Asan'ny Apôstôly 9:4–6; 1 Korintiana 9:1; 15:8				
Apôkalypsy 1:13–18				



Mitarika ny asan'ny famerenana amin'ny laoniny ny Mpamonjy

Fotopampianaran'ny Fiangonana	Ôrdônansy ao amin'ny Fiangonana	Fitarihana ao amin'ny Fiangonana
Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 76 lohan-dahatsoratra ny fizarana sy ny famintinana (Ireo fanjakamboninahitra, fiainana aorian'ny fahafatesana)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:37, 72–74 (Ireo fepetra izay takiana amin'ny batisa sy ny fomba marina fanaovana izany)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:38–59 (Ireo andraikitra amin'ireo anjara fanompoan'ny fisoronana)
Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 84:33–39 (Fianianana sy fanekehampihavanan'ny fisoronana)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:70 (Fitsofan-drano ny ankizy)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:61–62 (Fanaovana fihaonamben'ny Fiangonana isaky ny fotoana voatondro)
Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 128:1, 15, 18 (Batisa ho an'ny maty amin'ny alalan'ny fisoloana tena)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:75–77, 79 (Fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 26:2 (Faneken'ny rehetra)
Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 131:1–4 (Ilaina amin'ny fisandratana ny fanambadiana selestialy)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 124:33–39 (ireo ôrdônansin'ny Tempoly)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 107:22–27, 33–35, 64–67, 85–91 (Ireo andraikitra ao amin'ny fitarihana ny fiangonana)
Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 137:6–10; 138:29–35 (Afaka ny hanana fahafahana handray ny fanavotana ireo izay maty tsy nahalala ny fahamarinana)	Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 132:7, 15–20 (Fanambadiana mandrakizay)	

- Inona no naverin'ny Tompo tamin'ny laoniny teto an-tany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith?
- Inona no maha-zava-dehibe ireo fitsipika sy fombafomba hitanao tao?



Ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany

Faminaniana momba ny Fiaviana Fanindroany	Ny zavatra ianarantsika momba ny Fiaviana Fanindroany
Fotopampianarana sy Fanekehavanana 49:6–7; Joseph Smith—Matio 1:40	
Isaia 40:5; Matio 16:27	
Isaia 52:10; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 133:3	
Zakaria 13:6; 14:4; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 45:48, 51–53	
Isaia 63:2; Apôkalypsy 19:11–13; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 133:46–48	
Asan'ny Apôstôly 1:9–11; 1 Tesaloniana 4:16	
1 Tesaloniana 4:17; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 88:96–98	
Apôkalypsy 16:20; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 133:21–24	
Fotopampianarana sy Fanekehavanana 5:19; 101:24–25; 133:41	
2 Petera 3:10; Joseph Smith—Matio 1:46–48	



I Jesoa Kristy sy ny Arivotaona

Inona no hataon'i Kritsy mandritra ny Arivotaona?	Isaia 9:6–7; 33:22; Apôkalypsy 11:15; 1 Nefia 22:24	(Hitondra ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany lzy. Ho mpitsara sy ho mpanao lalàna lzy ary hanavotra antsika.)
Aiza i Kristy no hanjaka mandritra ny Arivotaona?	Zefania 3:15–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana; 45:59	(Hitoetra eto an-tany eo anivon'ny olony lzy.)
Ahoana no hanjakan'i Kristy mandritra ny Arivotaona?	Apôkalypsy 19:15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:21–22	(Ho mpanjaka sy mpanao lalàna i Kristy.)
Hiteraka inona ny fanjakan'i Kristy?	Isaia 2:2–4; 1 Nefia 22:25–28; 2 Nefia 30:10–18	(Fiadanana, firaisan-tsaina ary fahamarinana no haorina ato an-tany. Tsy hanan-kery eo amin'ny fon'ny olona i Satana.)

I Jesoa Kristy sy ny Arivotaona

Inona no hataon'i Kritsy mandritra ny Arivotaona?	Isaia 9:6–7; 33:22; Apôkalypsy 11:15; 1 Nefia 22:24	(Hitondra ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany lzy. Ho mpitsara sy ho mpanao lalàna lzy ary hanavotra antsika.)
Aiza i Kristy no hanjaka mandritra ny Arivotaona?	Zefania 3:15–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana; 45:59	(Hitoetra eto an-tany eo anivon'ny olony lzy.)
Ahoana no hanjakan'i Kristy mandritra ny Arivotaona?	Apôkalypsy 19:15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:21–22	(Ho mpanjaka sy mpanao lalàna i Kristy.)
Hiteraka inona ny fanjakan'i Kristy?	Isaia 2:2–4; 1 Nefia 22:25–28; 2 Nefia 30:10–18	(Fiadanana, firaisan-tsaina ary fahamarinana no haorina ato an-tany. Tsy hanan-kery eo amin'ny fon'ny olona i Satana.)

